# BOKY VOALOHANY

# LESONA VOALOHANY

# NY ISLAMO FINOANA ARA-PIARAHA-MONINA

Anisan'ny toetra manokana hananan'ny finoana Islâmo izay mampiavaka azy amin'ny ankamaroan'ny finoana rehetra sy ny antokom-pinoana hafa dia noho izy finoana ara-piaraha-monina, fa izy dia tsy mionona amin'ny fanazavana ny adidy tsy maintsy ataon'ny tsirairay sy ny fitaizana ny ara-panahy ary nyara-batana fotsiny, fa mitondra any amin'ny fandaminana ny rafi-piaraha-monina ihany koa.

Ho fanombohana dia ilaina ny famantarana ny foto-kevitra lehibe eo amin'ny fiainan'ny olombelona rehetra dia ny hahatongavana amin'ny fahasambarana izay voasokajy ho tanjona fara-tampony sy tena katsahina tokoa.

Ny olombelona araka ny nahariana azy dia mikatsaka hatrany ny fahalavorariana sy mitsiriritra ny fiadanana sy ny fandrosoana ao anatin'ny dingam-pivoarana, sy ny fahatongavana amin'ny ambaratonga fara-tampony ary ny fiainana lavitry ny fahantrana sy ny fahoriana.

Mazava tanteraka anefa fa izany dia tsy azo amin'ny fomba mora foana ho an'izay mitsipaka ny filaminana sy ny harena no tsy mila ny fahatafitana sy ny fandrosoana ary ny fahamboniana eo amin'ny fiainanany. Ny olombelona ankoatra ny nahariana azy hitia ny fahalavorariana sy ny

fandrosoana ary ny fahamboniana dia tsy te hijanona na dia segondra iray monja aza ao anatin'ny fizorany maika dia maika mankany amin'izany fahasambarana izany.

Koa raha misy olona iray voaterin'ny zava-misy mba hiato amin'ny làlan-kizorany eo amin'ny fiainana, dia ho hitanao tokoa izy fa hikofokofoka amin'ny alahelosyamin'ny fahoriana.

Izany tranga izany no antsoin'ireo manam-pahaizana islamika hoe : **« Fanirian-ko lafatra voajanahary »** ary manamafy izany koa ny tsy ahitana olona mihambahamba amin'izany tranga voajanahary izany; toy ny tsy fahitana eo anivon'ireo finoana sy ireo antokom-pinoana ny fifanoherana mikasika an'ity tranga ity; na dia eo aza ny fiononana tanteraka amin'izany faniriana izany dia hitatsika ny rehetra fa samy manaraka (araky ny fomba fijeriny avy) làlana manokana mba hahatongavana amin'izany fahalavorarian'ny olombelonakatsahina izany.

Ary hitantsika amin'ny fianarantsika momba ny finoana sy ny fomba finoana an'Andriamanitra samihafa na momba ny firehan-kevitra (tsy mino ny fisian'Andriamanitra) materialisma fa ny sori-dàlana izay nosoritan'izy ireo dia ny hahatongavan'ny olombelona any amin'ny fahalavorariana sy ny hahazoany ny fahasambarana.

Fa ny mahasamihafa azy ireo fotsiny dia ny amin'ny famaritana ny atao hoe fahalavorariana sy ny fahasambarana ary ny fampahalalana ny làlana izay miantoka ny olombelona amin'ny fahazoana izany fahalavorariana sy fahasambarana izany.

Efa noresahintsika moa fa ity fironana miafina lalina ao anatin'ny tenan'olombelona te ho lavorary ity dia tsy misy fahataperany na fitsaharany na fahalefahana; noho ny olombelona mikatsaka tanteraka izany sy ny fikarohany an'izany tsy misy farany. Ny fanoavantsika an'ity tranga ity, ny fahalavorariana izay katsahin'ny olombelona dia izay nofaritan'ny Islâmo synotandrovanydia ny fanatonana eo akaikin'i Allâh sy ny fahatongavana eo Aminy. Izany hoe, Izy Allâh irery ihany no Marina sy tena tonga lafatra tanteraka eo amin'izao fisiana izao.

Araka ny fomba fijerin'ny Islâmo ny olombelona dia tonga amin'ny fahalavorariana tena izy ao amin'ny "fanakaikezana an'i Allâh" , ka ny fankatoavana an'i Allâh amin'ny baikony sy ny fandraràny ary ny fitadiavana ny fifaliany (Ilay Mendrim-piderana sy Avo Indrindra) no miantoka an'izany.

Noho izany, ny zava-drehetra dia mizotra mankany amin'ny fahapotehana avokoa afa-tsy i Allâh, ary tsy misy zavatra ankoatra an'i Allâh no afaka manatanteraka ny fanirian'nyolombelona mba hitoetra mandrakizay, fa izay mihevitra fa ny vola aman-karena no mahatonga ny fahasambarana dia diso tanteraka; eny fa na dia manana ny heriny aza ny vola aman-karena dia manam-petra sy mielina ihany,indrindra moa fa ny fiainan'ny olombelona izay ahitana fahasahiranana betsaka sy olana samihafa ka tsy vitan'izany vola aman-karena izany akory ny mamaha izany. Fa i Allâh(Voninahitra anie ho Azy) kosa, no Mpahary ny zava-drehetra, Izy no loharanon'ny fahalavorariana sy ny fahasoavana aman-katsarana, Izy no sisa tafatoetra aorian'ny fahapotehan'ireo zava-drehetra, ka ny fiankinana sy ny

fianteherana Aminy no manamora ny olombelona ho tonga amin'izany fiadanana tena marina sy fiainana manadrakizay izany.

Hoy ny Kor'âny masina momba izany :

**« Ry olombelona : mahantra mila an'Andriamanitra ianareo, ary Andriamanitra, Izy no manana ny zavatra rehetra, ary Izy no mendri-piderana »** يَا أَيُّهَا النَّاسُ أَنتُمُ الْفُقَرَاء إِلَى اللَّهِ وَاللَّهُ هُوَ الْغَنِيُّ الْحَمِيدُ (Kor'âny 35:15)

Fa ny olombelona dia tena mahantra eo anatrehan'i Allâh izay Mpanankarena tanteraka. Hoy ny Imâmo Houssein(as) ao amin'ny tonombavaka Arafat, izay tonombavaka mampisongadina ny tena marina sy ny fahalalana ambony **« Inona moa no hananan'izay tsy manana Anao, ary inona no tsy hananan'izay manana Anao ?! »**

Ny lehibentsika Houssein(as) dia nampibaribary ny tena marina tamin'ny alalan'ny fehezanteny mavesa-danja fa tena marina i Allâh no fisiana lavorary, ka izay mizotra mankany amin'ny ankoatra an'i Allâh dia mizotra mankany amin'ny fahapotehana sy amin'ny tsy fisiana ary amin'ny fahaverezana; fa kosa izay mizotra mankany amin'i Allâh dia mizotra mankany amin'ny fahalavorariana sy amin'ny fananan-karena, ary ao anatin'izany làlan-kizorany izany izy dia tsy hahatsapa mihitsy ny tsy fahampiana na fahabangana tanteraka.

Koa raha ny finoana Islâmo no nametraka ny eo akaikin'i Allâh ho tanjona faratampony sy fahalavorariana ary

fahasambarana dia mba inona àry ny làlana izay mamaritra ny fahatanterahana an'izany?

Ny andininy soratra masina(ayat) no mamaly an'io fanontaniana io araka izao tenin'Ilay Avo Indrindra milaza hoe: فَمَن كَانَ يَرْجُو لِقَاء رَبِّهِ فَلْيَعْمَلْ عَمَلاً صَالِحاً وَلَا يُشْرِكْ بِعِبَادَةِ رَبِّهِ أَحَداً

**« Koa izay manantena ny hihaona amin'Andriamanitra Tompony, dia aoka izy hanao asa soa, ary aoka izy tsy hampikambana zavatra hafa amin'Andriamanitra Tompony amin'ny fanompoana Azy»** (Kor'âny 18 :110)

Ny fanirian'ny olombelona hihaona amin'i Allâh araka izany dia miankina amin'ny fepetra anakiroa:

1-Fanaovana an'ireo asa soa.
2-Fahadiovam-po sy fanafoanana tanteraka ny fanakambanan-javatra hafa ao amin'ny fanompoana an'i Allâh.

Tena marina fa ny fahazoana ny fahasambarana araka ny fijerin'ny finoana Islâmo dia mifototra amin'ny fanajana feno an'ireo baikon'i Allâh sy ireo fandraràny, ka ao amin'ny fanatanterahana an'ireo adidy tsy maintsy atao(wâjib) sy ny fanalavirana an'ireo izay voarara(harâmo) no hahazoana ny fifalian'i Allâh(Be Fahasoavana sy Avo Indrindra), izany hoe ny fanompoana an'i Allâh Tsitoha nohahazoan'ny olombelonaizany atao hoe fiadanana faratampony izany.

Ary rehefa mianatra ny vondron-dalànan'Andriamanitra isika, anisan'izany ny mikasika ny raharaham-panompoana sy ny hafa ankoatra izany dia ho hitantsika fa ny ankamaroan'izy ireny dia mifamatotra amin'ny fifadraisan'ny olombelona ao amin'ny fiaraha-monina, fa mahalana ihany no ahitana ny

fitsipi-dalàm-pinoana ho an'ny olona irery ka tsy miompana amin'ny fanomezan-danja ny fiaraha-monina.

Raha lazaina amin'ny fomba hafa, ny finoana Islâmo izay mahita fa ny fanompoan'nyolombelona an'i Allâh no làlana tokana hidirana ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra midadasika, dia tsy midika akory izany ho fisarahan'nyolombelonaao amin'ny fiaraha-monina izay iainany na koa ho fitokana-monina azy samirery, toy ny fialofany any an-dava-bato, any an-tendrombohitra na any anaty ala ka tsy manana fifandraisana amin'ny tontolo; fa kosa mifanohitra amin'izany, dia ny fikarakarana ny fiaraha-monina sy ny fandraisana anjara amin'ny famahana ireo olana mianjady amin'ny mpiara-belona amin'ny alalan'ny fifanampiana sy firaisankina ary firahalahiana no hahatongavana ho eo akaikin'i Allâh Tsitoha no sady mahalaza ny tena hevitry ny hoe fanompoana Azy (Andriamanitra) Dera anie ho Azy.

Ny lalàm-pinoana Islâmo dia tsy mionona fotsiny amin'ny filazany ny ara-piaraha-monina momba ny fitsipi-dalàna, miresaka an'izany mivantana fa manambara ihany koa momba ny ankamaroan'ireo fanompoana izay tanterahina miaraka amin'ny daholobe, ka hatramin'ny fanokanam-piainana ara-panahy (I'itikâf) amin'ny toerana iray mangina, izay asa amporisihina(moustahab) natao hanabeazana ny isam-batan'olona sy hanadiovany ny fo amam-panahy aza, dia tsy tanterahina raha tsy ao amin'ny toeram-pivavahana lehibe na Moske. Eny fa na dia ny fandaozana ny Moske mandritra ny fanaovana "i'itikâf" (fanokanam-piainana ara-panahy) aza dia tsy anisan'ireo fepetrany, dia hitantsika kosa anefa izany fa

azo atao ihany araky ny lalàm-pinoana amin'ny fotoana hanatanterahan'ny mpanokam-piainana ara-panahy (mpanao i'itikâf) ny adidy ara-piaraha-monina, toy ny famangiana ny marary ohatra. Amin'ny lafiny hafa, ny fitsipi-piainan'ny olombelona izay hiankinan'ny fahazoany fahasambarana tena izy dia tsy misy afa-tsy amin'ny alalan'ny fifandraisan'ny tsirairay ao anatin'ny fiaraha-monina; toy ny fampiharana ny teny hoe, nyrindran-damin'nyfitsipi-piainan'ny olombelona, amin'ny fitiavana sy ny fifankatiavana, fikelezan'aina, firaisankina, fahafoizan-tena, dia tsy hita taratra raha tsy amin'ny alalan'ny fifaneraseran'ny olombelona ao anatin'ny lasitry ny fiaraha-monina.

Ary ireto manaraka ireto ny fitsipi-dalàna sasany izay mampivoitra ny fiarovam-piaraha-monina ao amin'ny lalàm-pinoana islamika:

## Ny salât ataon'ny olona maro miaraka (jama'ât) :

Ho fanombohana, ny salât izay famantarana ny fanompoana sy ny fitompoana an'i Allâh(Be Voninahitra sy Avo Indrindra) dia mampiseho ny asa ataon'ny isam-batan'olona samirery izany hoe, mety amin'ny olombelona na iza na iza ny manatanteraka azy samirery mba hitadiavana ny fifalian'i Allâh sy ny valisoa avy Aminy; nefa kosa isika dia tsy maintsy mila mahafantatra fa ny lalàm-pinoana islamika mamporisika mafy amin'ny fanatanterahana ny salât ataon'ny olona maro miaraka ka hatramin'ny nametrahany izany ho tena zava-dehibe tokoa. Ny fanambaran'ny Kor'âny dia miantoka ny

firaharahana ny fiaraha-monina araka izao tenin'Ilay Avo Indrindra izao: وَأَقِيمُواْ الصَّلاَةَ وَآتُواْ الزَّكَاةَ وَارْكَعُواْ مَعَ الرَّاكِعِينَ

**« Tanteraho ny fanompoam-pivavahana (salât) , efao ihany koa ny hetra masina (zakât), ary miondreha miaraka amin'ireo mpiondrika »** (Kor'âny 2:43)

Tamin'ireo ady rehetra natrehin'ilay Irak'Andriamanitra(saw), miaraka amin'ny fahasarotam-potoana ao anatin'ny ady izay mitaky ny fanaraha-maso akaiky ny fihetsik'ireo fahavalo, ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia mbola manaja ny fanatanterahana ny salât ataon'ny olona maro miaraka.

Tamin'ny tranga mampalahelo ny 'Achourâ taona 61H. na dia nataon'ireo miaramila fahirano aza ny lehibentsika Houssein(as) ka niaina tamin'ny fotoan-tsarotra tokoa, dia niara-nanatanterakatamin'ny maro(jama'ât) ny salât-zohr, izany hoe Izy no nitarika ny fanompoam-pivavahana niarahany tamin'ireo sakaizany sy ireo Ahlol-Bayt fianakaviany, tamin'izany indrindra no nisy tifitra zana-tsipika nifanitsy taminy, saingy nosakanan'ny iray tamin'ireo sakaizany izany, tsy iza fa i Sa'id ibn Abdoullâh izay nianjera tamin'ny tany vokatr'izany ka maty maritiora; izany moa dia nohon'ny antony fanajana ny salât ataon'ny olona maro miaraka.

Araka ny voalazan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **« Tsy misy dikany ny salât tsy ataon'ny olona ao amin'ny Moske miaraka amin'ireo mpino silamo raha tsy misy antony manokana »**

Izany no mahatonga an'ireo manam-pahaizana momba ny lalàm-pinoana mametraka petrak'olan-dalàna ao amin'ireo bokin-dalàna momba ny asa fanompoana nosoratan'izy ireo, mikasika ny tsy fiantrehan'ny mpino silamo ny salât jama'ât; ka tsy tokony hataon'ny mpino silamo ny mamela izany jama'ât izany tsy misy antony manokana tsy azo anoharana.

Ary hitantsika ao amin'ireo andinin-teny atao tsianjery ao amin'ny salât sy ireo fotony, fa na dia ataon'ny olona samirery aza ny salât, tsy miaraka amin'ny be sy ny maro dia misongadina hatrany ao amin'ny famakiana ny tokon'ny "Al-Hamd" rehefa ny mpanao salât mamaky ny andininy hoe:

إِيَّاكَ نَعْبُدُ وإِيَّاكَ نَسْتَعِينُ

**« Ianao irery ihany no tompoinay ary Ianao irery ihany koa no hangatahanay famonjena »**

sy rehefa mamaky ny "taslim" amin'ny famaranana ny salât manao hoe: السلام علينا وعلى عباد الله الصالحين **« Fiadanana anie ho antsika sy ho an'ireo mpanompon'i Allâh mpanao soa »,**

ny firaharahana ny fiaraha-monina izay mitaona ny isam-batan'olona hahatsapa ny fiainana ara-piaraha-monina, na dia samirery aza ny hanaovany izany salât izany.

## Ny salât-joum'at fanao amin'ny andro Zoma :

Nataon'ny Islâmo antery ny fanaovana salât-joum'at ho solon'ny fanatanterahan'ny mpino silamo ny salât-zohr amin'ny andro Zoma; ary manana ny mahazava-dehibe azy

tokoa ny salât-joum'at dia ny mahafanompoana azy izay tsy azo tanterahina raha tsy iarahana amin'ny maro (jama'at); ankoatraizanydia ny tsy maintsy hanaovan'ny imam ao aminy ny toriteny milaza manokana momba ny raharaham-piaraha-monina sy izay mahasoa ny olonaary mamporisika ny tsirairay mba hanatanteraka ny adidy tsy maintsy ataony eo amin'ny fiaraha-monina.

## Ny famporisihana amin'ny fanaovan-tsoa sy ny fanakanana amin'ny fanaovan-dratsy :

Izany moa dia ny fiantsoana mba hanao ireo asa mahasoa sy fiezahana mba tsy hanao asa ratsy; ary nohon'ny anton'ireo adidy anakiroa tsy maintsy atao ireo no mahatonga ny vahoakan'ny Islâmo ho vahoaka mendrika. Hoy Ilay Avo Indrindra :

كُنتُمْ خَيْرَ أُمَّةٍ أُخْرِجَتْ لِلنَّاسِ تَأْمُرُونَ بِالْمَعْرُوفِ وَتَنْهَوْنَ عَنِ الْمُنكَرِ وَتُؤْمِنُونَ بِاللَّهِ« **Ianareo no vahoaka mendrika indrindra notsongaina avy amin'ny olombelona rehetra noho ianareo mamporisika amin'ny fanaovan-tsoa sy mandrara amin'ny fanaovan-dratsy sady mino an'i Allâh »** (Kor'âny 3:110)

Any misy vondron-tsoratra sy teny masina lehibe manamafy ny mahazava-dehibe an'ireto adidy tsy maintsy atao anakiroa ireto sy mamporisika amin'ny fanatanterahana azy roa. Ny fotokevitry ny lalàna mikasika azy roa ireo dia ny fanomezan-kasina ny fiaraha-monina ankapobeny, miahy ny fitondrantenan'ny mpiara-monina sy miaro azy amin'ny fahaverezana.

## Ny ampahadimin-karena(khoums) sy ny hetra masina(zakat) :

Adidy tsy maintsy atao anakiroa eo amin'ny fiaraha-monina izay nodidian'ny Islâmo ho tanterahin'ireo mpanan-karena, ka nametrahany fandaminana manokana sy ny zon'ny fiaraha-monina) sy ny mahantra amin'ny alalan'ny mpahay lalàm-pinoana.

Ny hetra masina (zakât) dia adidy lehibe tokoa izay nampifandraisan'Ilay Mpahary Tsitoha amin'ny salât fa tsy hahita mihitsy ianao amin'ny ankapobeny ny fiantsoana mba hanatanteraka ny salât raha tsy ampiarahana amin'izany koa ny fiantsoana mba handoa ny hetra masina zakat.

Hoy Ilay Tsitoha : وَأَقِيمُواْ الصَّلاَةَ وَآتُواْ الزَّكَاةَ وَارْكَعُواْ مَعَ الرَّاكِعِينَ

**« Tanteraho ny fanompoam-pivavahana (salât), efao ihany koa ny hetra masina (zakât), ary miondreha miaraka amin'ireo mpiondrika »** (Kor'âny 2:43)

Hoy Ilay Andriamanitra (Voninahitra anie ho Azy) :

الَّذِينَ إِن مَّكَّنَّاهُمْ فِي الْأَرْضِ أَقَامُوا الصَّلَاةَ وَآتَوُا الزَّكَاةَ

**« Ireo izay, raha omenay azy ireo ny hery ety ambonin'ny tany, dia manatanteraka ny salât sy manome ny zakât »** (Kor'âny 22:41)

Izay voatanisatsika teo izay dia ny vitsy monja ao anatin'ny maro mikasika ireo vondrom-pitsipi-dalàna ara-piaraha-monina ao amin'ny lalàm-pinoana islamika sy ireo didiny. Fa ny ezaka masina(jihâd), ny fikambanana sy ny fifanampiana,

ny firaharahana ny raharahan'ireo mpino silamo, ny firaisankina amin'ny asa tsara sy ny fahatahorana an'Andriamanitra, ny fanaovan-tsoa amin'ny kamboty, fanomezan-tanana ho any mahantra, dia ohatra hafa koa amin'ny fitsipi-dalànan'ny Islâmo ara-piaraha-monina.

Azo lazaina àry fa ny finoana islamika dia manoritra ny fanarahana azy ny làlana mankany amin'ny fahasambarana sy fahalavorariana, amin'ny alalan'ny firaisankinan'ny fiaraha-monina sy ny fifanampiana ary ny fifankatiavana eo amin'ny isam-batan'olonaao anatin'ny fiaraha-monina; amin'ny filaza ankapobeny dia amin'ny alalan'ny fifandraisan'nyfiaraha-monina eo amin'ny tsirairay.

Ary raha mino izany isika dia manana andraikitra isika hanatanteraka an'izao manaraka izao:

**Voalohany** : Ny isam-batan'olona ao anatin'ny fiaraha-monina dia manana ny zony sy adidy tsy maintsy ataon'ny tsirairay avy manoloana ny hafa.

**Faharoa** : Fisian'ny rindran-damina amin'ny foto-pitondrantena sy fitsipiky ny fiaraha-moninaizay mamaritra ny anjara toeran'ny mpiara-monina sy ireo zon'ny isam-batan'olona. Fa ny fanakorontanan'ny olonaireo adidiny eo amin'ny fiaraha-monina ireodia hiteraka ny fahaverezan-jo, ary hasehotsika amin'ireo lesona ho avy ny rindran-damina momba ny zo sy ny adidy izay mamaritra ny fifandraisana eo amin'ny tsirairay sy ny fiaraha-monina.

<u>**Famintinana**</u> **:**

- Ny fahalavorarian'ny olombelonaaraka ny fijerin'ny finoana Islâmo dia azo avy amin'ny fanatonana syan'Andriamanitra Allâh.
- Raha inoantsika ny mahazava-poana ireo zava-drehetra afa-tsy i Allâh, amin'izay fotoana izay isika dia mila miankina Aminy(Voninahitra anie ho Azy), izay miantoka ny fahazoana ny fahalavoraiana tanteraka, ary efa nofaritan'ny Bokin'i Allâh moa izany amin'ny lalan'ny fepetra anakiroa:
  -Fanaovana asa soa
  -Finoana ny mahatokana (Tawhîd) an'Ilay Mpahary sy fahadiovam-po(Ikhlâs) amin'ny fanompoana Azy.

Tsy ho tanteraka anefa ireo fepetra anakiroa ireo raha tsy amin'ny alalan'ny fanajana ireo hafatry ny lalàm-pinoana sy ny fandaminana ny fifandraisana ara-piaraha-monina, fa tsy amin'ny alalan'ny fiolonolona na fiatahana lavitry ny fiaraha-monina.

**<u>Fanontaniana</u>** :

1-Inona no hevitry ny hoe: **« Fanirian-ko lafatra voajanahary »**?

2-Tanisao ireo fepetran'ny Islâmo hahazoana ny fahasambarana tena izy.

3-Nahoana ny fahazoana ny fahasambarana tena izy no voafetra ao amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina?

4-Milaza tenin'ny Mpaminany masina iray manambara ny mahazava-dehibe ny fanaovana salât-jama'at.

5-Lazao ny andinin'ny Kor'âny masina mikasika ny maha-adidy tsy maintsy atao ny famporisihana amin'ny fanaovan-tsoa sy ny fanakanana amin'ny fanaovan-dratsy.

6-Nahoana ireo adidy tsy maintsy atao anakiroa, dia ny ampahadimin-karena(khoums) sy ny hetra masina(zakat) no manana ny mahazava-dehibe azy anankiroa eo amin'ny Islâmo?

**************

# LESONA FAHAROA

## NY FIRAHALAHIANA ISLAMIKA

Ny dingana voalohany notanterahin'ny Mpaminany Mohammad(saw) raha vao tonga tao Medina Izy dia ny nanamafy orina ny fifankatiavana sy nampifamatotra ireo mpino silamo Ansâr(mponina tao Madinat) sy ireo "Mouhâjirine"(mponina tao Makkat) ka ny isam-batan'olona rehetra ao amin'ny Ansâr dia samy maka ny tsirairay avy ao amin'ny "Mouhâjirine" mba ho rahalahiny, ary noho izany fifamatoram-pifandraisana masina izany no nampisy fiantraikany lalina tamin'ny fanamafisana ny fifandraisana ara-piaraha-monina. Rava noho izany nyhetaheta hamaly fatynisy teo amin'ny andaniny sy ny ankilany ary ny fiziriziriana tao anatin'ny habadoana fa niova ho fitiavana sy fifankatiavana ary firahalahiana ara-pinoana islamika izany; koa dia samy nilona ao anatin'ny lasitry ny finoana madio ny rehetra, izay nametraka azy ireo ao anatin'ny saranga tokana sy firenena tokana.

Efa nofoanan'Islâmo rahateo moa ny fiheverana ho ambonin'ny hafa sy ny fanavakavahana ara-piaviana sy ara-poko, ara-bolon-koditraary ara-tsarangam-piainana, fa ny tsirairay ao anatin'ny fiaraha-monina islamika dia samy manana ny zo sy adidy mitovy avokoa ; fa ny mahatonga ny fananana fahamendrehana dia ny fahatahorana an'Andriamanitra Tsitoha.

Mazava indrindra ny fanambaran'Andriamanitra mikasika izany manao hoe:

يَا أَيُّهَا النَّاسُ إِنَّا خَلَقْنَاكُم مِّن ذَكَرٍ وَأُنثَى وَجَعَلْنَاكُمْ شُعُوباً وَقَبَائِلَ لِتَعَارَفُوا إِنَّ أَكْرَمَكُمْ عِندَ اللَّهِ أَتْقَاكُمْ إِنَّ اللَّهَ عَلِيمٌ خَبِيرٌ

**« Ry olombelona !Noharinay avy amin'ny lahy iray sy vavy iray ianareo, ary nataonay ho firenena sy foko ianareo, mba hifankahalalanareo.Ny mendrika indrindra aminareo eo anatrehan'Andriamanitra dia izay manam-patahorana indrindra. Mahafantatra ny zavatra rehetra tokoa Andriamanitra ary tena mahalala »** (Kor'âny 49:13)

Ary ity tarigetra vaovao ity dia fahasoavana avy amin'i Allâh Avo Indrindra, hanasoavany avy amin'izany ny olombelona mba hampanjakany ny filaminana sy ny fahandriampahalemana. Hoy i Allâh Avo Indrindra hoe:

وَاعْتَصِمُواْ بِحَبْلِ اللّهِ جَمِيعاً وَلاَ تَفَرَّقُواْ وَاذْكُرُواْ نِعْمَتَ اللّهِ عَلَيْكُمْ إِذْ كُنتُمْ أَعْدَاء فَأَلَّفَ بَيْنَ قُلُوبِكُمْ فَأَصْبَحْتُم بِنِعْمَتِهِ إِخْوَاناً

وَكُنتُمْ عَلَىَ شَفَا حُفْرَةٍ مِّنَ النَّارِ فَأَنقَذَكُم مِّنْهَا كَذَلِكَ يُبَيِّنُ اللّهُ لَكُمْ آيَاتِهِ لَعَلَّكُمْ تَهْتَدُونَ

**« Ary aoka ianareo rehetra mba hiara-hamikitra amin'ny tadin'Andriamanitra ka aza misaratsaraka; tsarovy ihany koa ny fahasoavan'Andriamanitra eo aminareo : raha mpifahavalo ianareo tamin'ny fotoan'androny, dia Izy no nampihavana ny fonareo. Kanoho nyfahasoavany, dia nanjary mpirahalahy ianareo.Ary raha teo amoron-kadin'Afobe ihany koa ianareo, dia navotany tamin'izany. Toy izany no anehoan'Andriamanitra aminareo ireo famantarana Azy mba** hahatarika **anareo ho amin'ny fahitsiana »** (Kor'âny 3:13)

Namafisin'ny Mpaminany(saw) sy ireo Fianakaviany madio ara-panahy(as) ny fifanekem-pirahalahiana eo amin'ireo samy mpino mba hahatonga ny fifamatoram-pihavanana hatanjaka, hampitombo ny fifankahazoan'ny mpiara-monina sy manamafy ny fifandraisana matanjaka eo amin'ny tsirairay no sady fanoitra amin'ny fahazoam-boninahitra amin'ny andron'ny fitsanganana.

Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: **« Izay mirahalahy amin'ny firahalahiana ao amin'i Allâh dia hasondrotr'i Allâh voninahitra ao amin'ny paradisa izy izay tsy misy zavatra nahazoany an'izany teo amin'ny asany »**; Hoy Koa Izy(saw) hoe: **« Misy vondron'olona izay hapetraka amin'ireo seza manodidina ny seza fiandrianan'Andriamanitra amin'ny andron'ny fitsanganana, ny tarehin'izy ireo dia mazava toy ny volana amin'ny alin'ny fenomanana, mihorohoro ny olona nefa izy ireo tsy mba mihorohoro, matahotra ny olona nefa izy ireo tsy mba matahotra, izy ireo no sakaizan'i Allâh izay tsy mba misy fahatahorana eo amin'izy ireo no sady tsy mba malahelo.** Nisy nanontany hoe: Iza izy ireo ô ry ilay Irak'Andriamanitra? Hoy Izy namaly : **Izy ireo no mpifankatia ao amin'i Allâh »**

Hoy ihany koa Izy(saw) : **« Tena marina fa i Allâh Avo Indrindra dia niteny hoe: Ny fitiavako dia mendrika ho an'ireo izay mifamangy nohon'ny antony avy Amiko, ny fitiavako dia mendrika ho an'ireo izay mifamonjy nohon'nyantony avy Amiko, ny fitiavako dia mendrika ho an'ireo izay mifankatia nohon'ny antony avy Amiko, ny**

**fitiavako dia mendrika ho an'ireo izay mifanome izay hanany nohon'ny antony avy Amiko »**

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: Indray andro ilay Irak'Andriamanitra nanontany an'ireo mpanara-dia Azy nanao hoe: Inona no kofehy tena matanjaka mamatotra ny fananam-pinoana (imân)?

Namaly izy ireo hoe: Allâh sy ilay Irany no tena mahalala izany, fa ny sasany namaly hoe: ny salât, fa ny sasany namaly hoe: ny zakât, ao ny nilaza hoe: ny fifehezana(sawm), ao ny niteny hoe: ny fivahinianana masina(hajj) sy ny fitsidihanamasina('oumrat), ary nisy ny namaly hoe: ny ezaka masina(jihâd)

Fa hoy anefa ilay Irak'Andriamanitra: **« Izay rehetra nolazainareo teo dia ekena avokoa, saingy tsy dia izany loatra no marina, fa ny kofehy tena**matanjaka **mamatotra ny fananam-pinoana dia ny fitiavana sy ny fankahalana ho an'i Allâh sy ny fitiavana an'ireo olomasin'Andriamanitra ary fanalavirana an'ireo fahavalony »**

Tahaka ny raharaha rehetra ao amin'Islâmo izay itodihana mankany amin'Andriamanitra daholo, dia toy izany koa ny fitiavana sy ny fankahalana izay sokajiana ho anisan'ny andrin'ny finoana, indrindra moa fa misy lovantsofina sasany izay tena misokajy azy ho anisan'ny foto-pinoana avokoa raha toa ka atao amin'ny alalan'i Allâh sy ho an'i Allâh izany.

Fa ilay fifanekem-pirahalahiana islâmika dia tsy inona fa ny fifankatiavan'ireo mpino ao amin'i Allâh. Hoy ny Kor'âny masina hoe: إِنَّمَا الْمُؤْمِنُونَ إِخْوَةٌ**«Tena marina fa ny mpino dia mpirahalahy»** (Kor'âny 49:10), ary ity fifanekem-

pirahalahiana ity dia mamoha mazava tsara ny fananampinoana(imân) an'i Allâh sy ny fankatoavana Azy Andriamanitra Avo Indrindra, fa ny ankoatr'izany momba ny raharaha ara-nofo dia tsinontsinona, tsy dia omen-danja loatra.
Tena marina fa ireo izay mitia ny manan-karena na ny manampahefana ka mila fitiavana aminy sy mampiseho fanajana azy nohon'ny fahatahorana na nohon'ny faniriana na ilàna ranondranony aminy, dia tsy ho marim-pototra ny fifankatiavan'izy ireo no sady tsy haharitra noho izyireo manankina izany amin'ny alalan'ny harena na voninahitra fa raha avy ny fotoana mahafoana izany harena amamboninahitra izany dia rava hatreo koa izany fifandraisana izany. Koa ny mpifankatia vao omaly dia lasa mpifankahala ankehitriny. Fa ny fifankatiavana ara-pirahalahiana islâmika kosa dia marim-pototra, tsy misy fiafarana satria miorina amin'ny vato fehizoro miantehitra amin'Ilay Andriamanitra Maharitra Mandrakizay.
Arak'izany, ny fifanekem-pirahalahiana islamika dia lavitry ny fanomezan-danja momba ny ara-nofo rehetra eo amin'ny volon-koditra sy fiaviana sy voninahitra ary ireo fanomezandanja ara-nofo hafa ankoatra izany. Ary avy amin'izany no nahitana hatreny ampiandohan'ny vanim-potoan'ny Islâmo ity fatoram-pirahalahiana ity fa ny Mpaminanintsika(saw) diamiara-mipetraka amin'ny ankizy sy mpanompo eo ampisakafoanana.
Tamin'ny fotoanan'ireofoko arabo mifampirehareha amin'ny hamaroan'ny rameva sy ny zanaka aman-karena, hatramin'ny hamaroan'ny maty sy ny sora-drarivato eny am-pasana…sns sy fotoana nanamboniana ny arabo teo anatrehan'ny hafa firenena, sy ny fotsy teo anatrehan'ny mainty, no nandravan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) izany fiheverana mamohehatra izany ka tsy mahagaga raha lasa sakaizany i Bilâl Etiopianina, sy i Sohayb Romanina sy i Salmân Persianina; tsy mahagaga raha i Zayd ibn Hârithat no

nanambady Andriambavy avy amin'ny foko Qouraysh dia i Zaynab zanak'anabavin-drain'i Mohammad Mpaminanintsika(saw), sy i Jawbîr Afrikanina mahantra no nanambady an'i Zoulfâ izay zanaky ny iray amin'ireo mpanan-karena sy mpanam-pahefana, satria ny Mpaminany(saw) dia nilaza hoe: **«Ny mpino dia mitovy saranga amin'ny mpino»**.

Nosintomintsika avy tamin'ny lesona teo aloha fa ny fitiavana amin'Andriamanitra hafa ankoatraan'iAllâh dia voasokajy ho karazan'ny fanakambanana an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa (chirk), satria raha ny fihetsehampom-pitiavana no mitodika mankany amin'ny olona nohon'ny hatsarana ety ivelany na ao anatiny, nefa izany hatsarana izany dia i Allâh Avo Indrindra ihany no Mpahary azy, ka ny fanadinoana ny loharanon'izany hatsarana izany sy ny fitodihana mankany amin'ny ankoatra Azydia "chirk" fanakambanana an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa.

Fa matoa ny Islâmo no mampirisika amin'ny fitiavana an'i Allâh dia satria izany fitiavana izany dia mitodika mankany amin'ireo izay tian'i Allâh sy ireo olomasin'i Allâh ihany koa amin'ny lafiny iray; fa amin'ny lafiny hafa koa dia ny fitiavana an'ireo olomasin'i Allâh ireo no miteraka ny fahatsiarovana an'i Allâh, izany hoe hanandratana ireo toetran'AndriamanitraAvo Indrindra amin'ny alalan'ireo olomasiny ireo, raha tsorina dia manosika antsika ho eo akaikin'i Allâh**.**

Amin'ny alalan'izany fitiavana izany koa dia ny fitiavana an'Andriamanitra no mahatonga ny fanoherana sy fanalavirana an'ireo fahavalony sy ireo jentilisa mpanohitra

Azy satria ny fahavalon'ny olona tiako dia fahavaloko ihany koa.

Asongadin'ity andinin'ny soratra masina ity amin'ny fomba mazava izany hevitra izany manao hoe:

مُّحَمَّدٌ رَّسُولُ اللَّهِ وَالَّذِينَ مَعَهُ أَشِدَّاء عَلَى الْكُفَّارِ رُحَمَاء بَيْنَهُمْ

**«I Mohammad dia Irak'Andriamanitra ary izay miaraka Aminy mifampihenjana amin'ireo jentilisa fa mifamindrafo kosa amin'izy samy izy ireo»** (Kor'âny 48:29)

Koa anymisy ny fifandraisam-pitiavana eo amin'ny samy mpino izay nampiraisin'ny fitiavana an'Andriamanitra, dia ny fitiavana izay nahatonga azy ireo nanana hery matanjaka nanoherana an'ireo fahavalon'i Allâh. Voalaza ao amin'ny tonombavaka famangiana(zyârat) fanao amin'ny "Achourâ" ity fifanekena amin'Andriamanitra ity manao hoe:

اني سلم لمن سالمكم وحرب لمن حاربكم الي يوم القيامة

**«Tena marina fa izaho dia mifanaraka amin'izay mifanaraka aminareo, ary miady amin'izay miady aminareo hatramin'ny andron'ny fitsanganana»**

Ny fahamarinan'ny fitiavana an'Andriamanitra moa dia tanteraka amin'ny alalan'ny zavatra roa:

**Voalohany:** Fankatoavana an'i Allâh Avo Indrindra amin'ireo baikony sy ireo fandraràny, satria tsy marina ny filazana fa mitia nefa tsy Mankato an'ilay tiana, fa i Allâh(Voninahitra anie ho Azy Avo Indrindra) dia mitia antsika ka nomeny ireo fahasoavany tsy voatanisa ireo isika; ary isika kosa no

mankato sy misaotra Azymba hanehoantsika ny fitiavantsika Azy, sady koa ny fisaorana dia mampitombo ny fahasoavana araka ny tenin'Ilay Avo Indrindra hoe: **«**لَئِن شَكَرْتُمْ لأَزِيدَنَّكُمْ**Raha mahay mankasitraka ianareo dia vao mainka hampitomboiko»** (Kor'âny 15:7). Mihamitombo izany ny fahasoavana arakaraka ny fahatakaran'ny olombelona ny ambaratonga sy voninahitra ambony.

**Faharoa:** Ny fitiavana an'Andriamanitra dia mitaky ny fanatanterahana ireo adidy aman'andraikitra ara-piarahamonina, amin'ny lafiny fankatoavana ny ray aman-dreny sy ny fitadiavana ny fifalian'izy roa sy ny fanajana ny rohim-pihavanana, fanaovan-tsoa amin'ireo mpifanolobodirindrina, sy fiantrana an'ireo mahantra ireo fadiranovana,toy izany ihany koa ny fanalavirana sy ny fifampifahavalozana amin'ireo fahavalon'i Allâh. Efa nofeperan'ny Kor'âny masina rahateo moa ny fanapahan-kevitra hiaingana amin'ny fifandraisana manoloana ny namana sy fahavalo araka izao volazan'i Allâh Avo Indrindra izao hoe:

**«**يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُواْ لاَ تَتَّخِذُواْ الْكَافِرِينَ أَوْلِيَاء مِن دُونِ الْمُؤْمِنِينَ**Ô ianareo izay mino! Aoka ianareo mba tsy haka namana ireny jentilisa ireny afa-tsy ny mpino ihany »** (Kor'âny 4:144)

Hoy Ilay Avo Indrindra hoe:

**«**يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لَا تَتَّخِذُوا عَدُوِّي وَعَدُوَّكُمْ أَوْلِيَاء**Ô Ianareo izay mino ! Aoka ianareo mba tsy haka ny fahavaloko sy ny fahavalonareo, ho namana»** (Kor'âny 60:1)

Araka izany àry ny fifamatoram-pirahalahiana islamika dia fifamatorana mifototra sy mipoittra avy amin'ny

fahamarinan'ny fomba finoana islamika izay fototr'ity fomba finoana ity tokoa no sady tarigetrany.

**Famintinana** :

- Ny dingana voalohany nataon'ny Mpaminany(saw) raha vao tonga tao Madinat Izy dia ny fandaminany tamin'ny alalan'ny fifanekem-pirahalahiana teo amin'ny "Mouhâjirine" sy ny "Ansâr" ka niseho tamin'izany ny fifandraisana teo amin'ny tsirairay tao anatin'ny fiarahamonina islamika amin'ny endrika madio sy feno fifankatiavana sy fitiavana
- Napetrak'i Allâh Avo Indrindra ny "taqwâ" (fahatahoran'Azy) ho fanoitra fototra amin'ny hananan'nyolombelona fahamboniana noho ny hafa ary nofeperany ny fifandraisana ara-piarahamonina mba hiorina amin'ny fitiavana sy fankahalana ao amin'i Allâh, nohon'ny antony fitiavana ao amin'i Allâh sy ny fankahalana ao amin'i Allâh mitaky ny fanatanterahana an'ireo adidy eo amin'ny fiarahamonina manoloana an'ireo naman'i Allâh ary manapaka izay fomba fifandraisana rehetra ara-pisakaizana amin'ireo fahavalony

**Fanontaniana** :

1-Lazao ny fanoitra mahamendrika kokoa noho ny hafa eo amin'ny finoana Islâmo, ary porofoy amin'ny alalan'ny andininy masina ao amin'ny "sourat al-Houjrât" izany.

2-Lazao ny tenin'ny Mpaminany masina mampiseho ny mahazava-dehibe ny firahalahiana sy ny fifamatorana eo amin'ny samy mpino.

3-Inona no nolazain'ny Mpaminany(saw) amin'izay kofehy matanjaka kokoa mamatotra ny fananam-pinoana(imân)?

4-Inona no tanjon'ny fiantsoan'Islâmo antsika amin'ny fitiavana an'ireo mpino sy fisakaizana amin'ireo olomasin'i Allâh?

5-Inona no voalazan'ny Kor'âny masina mikasika ny toetran'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo mpanarak'Azy?

6-Inona no fepetra izay hiaingan'ny olombelona mpino amin'ny fitiavany an'i Allâh sy fankahalany ireo fahavalony?

**************

# LESONA FAHATELO

## IREO ZON'NY RAY AMAN-DRENY

Iarahantsika mahalala fa ny Islâmo dia sori-dàlana ara-piarahamonina, nyfanarahana azy dia manome vahana ny fifandraisan'izy ireo ao anatin'ny fiarahamonina ao amin'ny làlan'i Allâh Be Voninahitra sy fahazoana ny fifaliany. Ny fifankatiavana sy ny fitiavana misy eo amin'izy ireo dia manana ny tanjona masina arak'Andriamanitra ary ny fahasambaran'ny tsirairay mpiaramonina dia tanteraka amin'ny alalan'ny fifikirana amin'ny tadim-pamonjen'i Allâh.

Efa nambaran'Islâmo antsika moa ireo adidy sy andraikitra ara-pinoana, manamafy ny fifandraisantsika ara-piarahamonina; ka ny fahafantarana sy ny fanatanterahana an'izany dia anisan'ny antony hahazoana ny fifalian'i Allâh; sy hahazoantsika ny fahasambarana eto an-tany sy any ankoatra.

Koa raha ilaintsika ny mahafantatra ireo adiditsika eo anatrehan'ny hafa dia aoka aloha isika mba hahafantatra ireo zon'izy ireo eo amintsika.

Amin'ity lesona ity sy ao amin'ireo lesona manaraka, no hahafantarantsika izay tena lehibe amin'ireo zo sy ireo adidy izay tokony hotanterahin'ireompino sy hiandraiketany. Fa atokantsika ity lesona ity amin'ny fampahafantarana an'ireo zon'ny ray aman-dreny.

## 1-Ny fanaovan-tsoa amin'ny Ray aman-dReny :

Anisan'ny adidy lehibe ao amin'Islâmo ireo zon'ny ray aman-dreny manoloana ny zanaka; fa tena nampiarahan'i Allâh Avo Indrindra amin'ny fanompoana Azy(Be voninahitra) ny fanaovan-tsoa amin'ny ray aman-dreny; fa hoy Izy ao amin'ny Bokiny Ilay Tsitoha :

وَقَضَى رَبُّكَ أَلاَّ تَعْبُدُواْ إِلاَّ إِيَّاهُ وَبِالْوَالِدَيْنِ إِحْسَاناً إِمَّا يَبْلُغَنَّ عِندَكَ الْكِبَرَ أَحَدُهُمَا أَوْ كِلاَهُمَا فَلاَ تَقُل لَّهُمَا أُفٍّ وَلاَ تَنْهَرْهُمَاوَقُل لَّهُمَا قَوْلاً كَرِيماً وَاخْفِضْ لَهُمَا جَنَاحَ الذُّلِّ مِنَ الرَّحْمَةِ وَقُل رَّبِّ ارْحَمْهُمَا كَمَا رَبَّيَانِي صَغِيراً

**« Ary nandidy Ilay Andriamanitra Tomponao nanao hoe : Aza manompo afa-tsy Izy irery ihany ianareo ; ary manaova soa amin'ireo ray aman-dreny ; raha ny anakiray amin'izy ireo na izy roa no tratra antitraeo aminao, dia aza miteny velively amin'izy roa hoe : Eisy, ary aza atositosika izy ireo, fa manaova teny feno fanajana amin'izy roa. Ary amin'ny alalan'ny famindram-po dia ampidino ho azy ireo ny elatry ny fanetren-tena. Ary mangataha manao hoe : Tompoko ô! Mamindrà fo amin'izy roa ireo tahaka ny nitaizan'izy ireo ahy fony fahakely»** (Kor'âny 17:23-25)

Ao amin'ity andinin-tsoratra masina ity no ahitantsika ny fiavahana amin'ny didin'Andriamanitra; fa ny fanompoana Azy dia nampiarahany amin'ny fanaovan-tsoa amin'ny ray aman-dreny. Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) manazava ny hevitry ny hoe fanaovan-tsoa ao amin'ity andininy ity : **«Ny fanaovan-tsoa eto dia ny fanatsarana ny fiarahana**

**amin'izy roa no tsy mamela azy hangataka aminao vao manome izay zavatra ilainy, eny fa na dia manana ny ampy aza izy roa»** izany hoe, antery amin'ny mpino ny manatsara ny fitondran-tenany miaraka amin'ny ray aman-dreniny sy ny manatanteraka ny filàn'izy roa mialohan'ny hangatahan'izy roa izany.

Voalaza ao amin'ny tantara fa nisy iray tamin'izy ireo nanontany an'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **«Inona no zon'ny ray aman-dreny amin'ny zanany? Fa namaly ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : Izy roa ireo no paradisanao sy Afobenao».**

Izany hoe ny fiainan'ny olombelona any ankoatra dia miankina amin'ny fifandraisany amin'ny ray aman-dreniny. Izany no nahatonga ny teny masina nilazafa: **« Ny paradisa dia eo ambany faladian-tongotr'ireo ray aman-dreny»**

Koa raha manana tanjona ny hiditra ao am-paradisa isika dia tokony hanana fanetrentena amin'ny ray aman-dreny satria ny paradisa dia ao ambany faladian-tongotr'izy roa, ka ny fanaovan-tsoa amin'ny ray aman-dreny dia làlana izay mitondra antsika mankany amin'ny paradisa.

Eo anatrehan'ireo hamaroan'ny teny masina mikasika ny zon'ny ray aman-dreny amin'ny zanaka dia hitantsika ny fanamafisana ny mahalaharam-pahamehana ny zon'ny reny. Hoy ny Imâmo Sâjad lehibetsika Ali ibn Houssein(as) ao amin'ny bokiny mitondra lohanteny hoe "Rissâlat-oul-Houqouque" : **«Fa antery aminao aloha ny manatanteraka ny zon'ny reninao izay vao ny zon'ny rainao,ary farany ny zon'ny zanakao…»** avy eo dia navahan'ny Imâmo Sâjad(as)

ireo zon'ny reny, amin'ny teniny : «**Fa ny zon'ny reninao dia ny fahafantaranao fa izy no nitondra anao tao ambohoka izay tsy misy na iray aza afaka mitondra izany, sy nampisakafo anao amin'ny alalan'ny fitiavany izay tsy misy afaka mampisakafo toy izany na iray aza, ary izy no niaro anao tamin'ny alalan'ny sofiny sy ny masony sy ny tanany aman-tongony sy ny volo aman-kodiny ary ireo rantsam-batany rehetra ka nataony tamin'ny endrikamiramirana sy ampifaliana izany, sy niaretany izay zavatra tsy tiany sy izay nampaharary azy ary izay nampanahirana azy mandra-panosehan'ny tanan'Ilay Mahefa anao ka hivoahanao hiaina eto ambony tany, fa na dia noana aza izy dia faly nahavoky anao, na dia tsy nitafy aza izy dia niezaka nampitafy anao, na dia nangetaheta aza izy dia faly nampisotro rano anao, na dia nitapy hain'andro aza izy nampialoka anao, ary nanasoa anao izy tao anatin'ny fahantrany sy nanafosafo anao ho renoky ny torimaso izy na dia tsy ampy torimaso aza, ka ny kibony dia fitoerana, ny ampofoany dia fipetrahanao, ny nonony dia fisotroanao, ny tenany dia fiarovanao, miantefa aminy mivantana ny hafanam-piainana eto an-tany fa hampangatsiahany izany ho anao, koa aoka ianao mba hisaotra azy mifanaraka amin'izany fa tsy nahavita izany izy raha tsy nohon'ny fitahian'i Allâh sy ny fanambinany**»

Ity andininy malaza izay nosoritan'ny lehibetsika Ali ibn Houssein(as) ho antsika ity dia mampisongadina ny fitiavan'ny reny izay singan'ny famindram-pon'Andriamanitra, fa ny ampofoan'ny reny dia fandrian-jazakely manome hafanana sy fitiavana izay sarotra hazavaina.

Avy eo ny Imâmo vao miverina milaza ireo zon'ny ray miendrika filôzôfika manao hoe: **«Fa ny zon'ny rainao kosa dia fantaro fa izy no fototrao, ary ianao no rantsany ka raha tsy izy dia tsy nisy anao, koa raha mahita amin'ny tenanao zavatra mahatalanjona anao aza ianao dia fantaro fa ny rainao no fototry ny fahasoavana eo aminao,ka dia derao i Allâh ary misaora Azy mifanaraka amin'izany»**

## 2-Fanalavirana ny fanaovan-dratsy :

Ny zavatra farafahakeliny mety mahasosotra ny olona dia ny mimonomonona, ny fimonomononana dia feo avoaka amin'ny fofon'aina ankatezerana, fa na dia fetra farany ambany amin'ny fahatezerana aza dia sokajian'i Allâh Avo Indrindra ho fanaovan-dratsy amin'ny ray aman-dreny ka norarany hanao izany ny mpanompony; hoy Allâh Avo Indrindra hoe: فَلاَ تَقُل لَّهُمَا أُفٍّ« **Aza miteny velively amin'izy roa hoe : Eisy ! »** (Kor'âny18:24)

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) fa: **«Ny tsy fanajana ray aman-dreny farany tsotra dia ny fitenenana hoe "Eisy" fa raha fantatr'i Allâh ny tsotra kokoa noho izany dia mbola nosakanany ny fanaovana izany»**

Fa raha ny fitenenana "Eisy" fotsiny aza no voalohany efa voarara ka ahoana izany ny fitenenan-dratsy sy ny fampiakaram-peo manoloan'azy roa eo ampiresahana?!

Tsy mahagaga izany raha ahitantsika ny tsy fanajana ray aman-dreny ho anisan'ny tsiny lehibe, izany hoe fahadisoana sy fahotana lehibe izay hotsarain'i Allâh(Voninahitra anie ho Azy) amin'ny fitsarana henjana.

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: **«Ny tena lehibe indrindra amin'ny fahotana goavana eo anatrehan'i Allâh amin'ny andron'ny fitsanganana dia ny "chirk" fanakambanana an'i Allâh amin'andriamanitra hafa, sy famonoana ny mpino tsy amin'ny antony, sy ny fandosirana ny fizorana amin'ny làlan'i Allâh "fî sabîlillâh" amin'ny andron'ny fanafihan'ny fahavalo, ary ny tsy fanajana ny ray aman-dreny»**

Hoy koa Izy ao amin'ny "hadith" hafa :**«Lazaina amin'ny tsy mpanaja ny ray aman-dreny ny hoe: ataovy izay tianao fa tena marina Izaho dia tsy hamela anao»**

Midika àry izany fa ny tsy fanajana ny ray aman-dreny dia mahatonga ny tsy fahazoana miditra ao am-paradisa sy ny famelan-keloka amin'ny andro fitsanganana (mazava ho azy anefa fa ny tsy fanajana ray aman-dreny dia fahotana toy ny fahotana rehetra ihany ka efa nosokafan'i Allâh ho an'ireo mpanompony ny varavaram-pibebahana ary azo atao tsara ny fanarenan'ny olona izay tsy nety nataony teo anatrehan'ny ray aman-dreniny no sady manatsara izany amin'ny sisa manaraka).

Hevitra anakiroa no azontsika sintomina eto:

1-Ny fanaovan-dratsy amin'ny ray aman-dreny sy ny tsy fanajana azy roa araka ny voalazan'ireo teny masina sasany ka anisan'izany ny tenin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw): **«Izay mampahory ny ray aman-dreniny dia efa tsy manaja azy roa»**

Hoy koa ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Anisan'ny tsy fanajana ny fijeren'ny olona ny ray aman-dreniny ka mijery azy roa ampangarihana»**

Saro-pady tokoa ny tsy fanajana ray aman-dreny, raha toa aza ka ny ray aman-dreny no mampijaly ny zananyka na dia mitaraina amin'izany aza ny zanaka dia tsy azony hatao amin'izay fotoana izay ny mijery an'ireo ray aman-dreniny amin'ny fijery ratsy. Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) fa: **«Izay mijery ny ray aman-dreniny amin'ny fijery ratsy, na dia mampijaly azy aza izy roa ireo, dia tsy ankasitrahan'i Allâh ny salât izay ataony»**

2-Tsy voatokana ho an'ny finoana islamika ihany ny tsy fanajana ray aman-dreny lazaina eto fa mahasahana an'ireo hafa finoana rehetra, ny tsy fanomezan-jo sy ny tsy fanatanterahana ny adidy izay mahalaza ny hevitry ny hoe fanaovan-tsoa amin'ny ray aman-dreny dia mijanona manan-kery na amin'iza na amin'iza; fa ny zanaka silamo no takiana mba hankato ny ray aman-dreniny amin'ny zavatra rehetra afa-tsy amin'ny fanakambanana an'i Allâh(Voninahitra ho Azy) amin-javatra hafa(chirk).

Hoy Ilay Avo Indrindra : وَوَصَّيْنَا الْإِنسَانَ بِوَالِدَيْهِ حَمَلَتْهُ أُمُّهُ وَهْناً عَلَى وَهْنٍ وَفِصَالُهُ فِي عَامَيْنِ أَنِ اشْكُرْ لِي وَلِوَالِدَيْكَ إِلَيَّ الْمَصِيرُ وَإِن جَاهَدَاكَ عَلى أَن تُشْرِكَ بِي مَا لَيْسَ لَكَ بِهِ عِلْمٌ فَلَا تُطِعْهُمَا وَصَاحِبْهُمَا فِي الدُّنْيَا مَعْرُوفاً

**«Nodidinay hanaja ireo ray aman-dreniny ny olona; niaritra ny mafy ny reniny nitondra azy; afaka roa taona ny fanotazana azy koa mahaiza mankasitraka Ahy sy ny ray aman-dreninao ianao; fa any Amiko no hiafaranao. Ary raha manery anao hampikambana Ahy**

**amin'ny hafa izy roa, amin'ny zavatra izay tsy hananao fahalalana, dia aza mankatoa azy ireo ianao; saingy miaraha amin'ny fomba mendrika eo amin'izy ireo eto antany»** (Kor'âny 32:14-15)

Kristiana no finoan'i "Zakaria zanak'i Ibrahim" teo aloha, avy eo izy niditra ny finoana Islâmo teo anatrehan'ny Imâmo Sâdiq(as), fa indray andro, nanontany i Zakaria an'ny Imâmo momba ny lalàna : Manana reny jamba aho ary izaho dia miara-mipetraka amin'ny fianakaviako ka miara-misakafo amin'izy ireo ao amin'ny vilian'izy ireo, ka inona no fitsipidalàna amin'izany? Fa nanontany ny Imâmo : Moa ve ry zareo mihinana henan-kisoa? Hoy i Zakaria hoe: Tsia tompoko! Fa hoy ny Imâmo : Misakafoana miaraka amin'izy ireo ary manaova soa amin'ilay reninao araka izayazonao hatao.

Ary niverina nody tany Kouffat i Zakaria ka dia nampiseho fanajana ny reniny sy nikarakara azy; namahan-tsakafo andreniny izy sy nanasa ny lambanyary nanao izay nanadio azy, hany ka talanjona inty reniny fa dia nanontany azy indray andro nanao hoe: Ô ry zanako, tamin'ny ianao mbola nanaraka ny finoantsika kristiana dia tsy mba nanao tamiko izao zavatra nataonao tamiko tato ho ato izao io fa tena marina ianao lasa manao soa ahy sy mihantra ahy ary mitia ahy tokoa?! Fa hoy i Zakaria tamin'ny reniny tamim-pahalalam-pomban'Islâmo fatratra : Lehilahy iray taranaky ny Mpaminany no nanafatra ahy hanao izao. Mpaminany angaha Izy, hoy ny reniny. Fa namaly ilay zanany: Tsia ry Neniko, fa Izy dia anisan'ireo taranaky ny Mpaminany. Hoy ilay reniny : Fa kosa izao dia hafatr'ireo mpaminany. Hoy Zakaria : Ô ry Neny! Izy dia tsy mpaminany fa kosa anisan'ny taranany, ary Izy dia Imâmo. Fa

hoy ilay reny tamim-pitiavana nilaza hoe: Ô ry zanako Zakaria, tazomy tsara ny finoanao fa izany no anisan'ny finoana tena mendrika; avy eo izy mbola nanohy ny teniny: Ampahafantaro ahy izany finoana izany ry zanako. Koa dia ampifaliana no nanazavan'i Zakaria taminy ny fomba finoana Islâmo sy izay nandidian'i Allâh Avo Indrindra amin'ny fanarahana an'ity finoana marina ity. Feno fahatahorana ny fon'ilay reny ary dia niditra ho mpino silamo izy ka dia nianatra ny fanaovana salât; fa nony tonga ny antoandro dia mivavaka ny salât-Zohr izy, avy eo mivavaka ny 'Asr, rehefa mody ny masoandro dia mivavaka ny Maghrib izy, ary manao ny 'Icha, dia tratran'ny aretina izy taty aoriana ka tsy nahetsika teo ampandriana.

Sitrak'i Allâh(Voninahitra anie ho Azy) moa ny hakan'ilay Anjely ny fanahiny koa dia maty silamo sy mpino izy ary mpino silamo maro no nanatrika ny fatiny sy nadevina azy ao am-pasan'ireo mpino silamo.

## 3-Ny fahalemem-panahy sy famindram-po :

Teny ampiandohan'ity lesona ity isika dia namaky ampanajana ny andininy masina ao amin'ny tokon'ny Isrâ ka tonga teo amin'ny vakinteny: **«Ary** وَاخْفِضْ لَهُمَا جَنَاحَ الذُّلِّ مِنَ الرَّحْمَةِ **amin'ny alalan'ny famindram-po dia ampidino ho azy ireo ny elatry ny fanetren-tena»**

Ity filazana mafonja amin'ny endrika mazava ity dia mitaky ny fanambanian-tenan'ireo zanaka manoloana ny ray amandrenin'izy ireo. Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) manazava ny fomba fanatanterahana izany: **«Aza sokafana ny masonao eo ampijerena azy roa raha tsy amin'ny alalan'ny fitiavana sy**

**fiantrana, ary aza ampiakarina ny feonao mihoatra ny feon'izy roa, ary ny tananao,aza hatao eo ambony tanan'izy roa, ary aza mandeha eo alohan'izy roa»**. Avy eo Izy vao nanazava ny tian'ilay andinin-tsoratra masinahambara izay manao hoe:وَقُل لَّهُمَا قَوْلاً كَرِيماً **«Fa manaova teny feno fanajana amin'izy roa»** nilaza nanao hoe: **«Raha mikapoka anao izy roa dia mitenena amin'izy roa manao hoe: Havelan'i Allâh anie ny helokareo»**

**Famintinana :**

- Ny Islâmo dia finoana ara-piarahamonina ka ny fanarahan'azy dia mampijoro ny fifandraisan'izy ireo ara-piarahamonina ao amin'ny làlan'i Allâh sy fitadiavana ny fifaliany. Noho izany dia anisan'ny adiditsika isan'andro ny mahafantatra an'ireo zon'ny hafa eo amintsika mba ahafahantsika manatontosa izany adiditsika izany manoloana azy ireo.
- Anisan'ny zo lehibe ao amin'Islâmo ny zon'ny ray aman-dreny sy ny fanaovan-tsoa azy ireo, ary nampiarahan'i Allâh amin'ny fankatoavana Azy izany. Nofaritan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) ny toetran'izany fanaovan-tsoa amin'ny ray aman-dreny izany fa tena adidy goavana fa izy roa ireo no nolazainy(saw) ho: **«Paradisatsika sy Afobetsika»,** fa isika dia voabaiko hanao soa amin'ny ray aman-dreny na mpino silamo izy roa na mpanompo sampy ihany koa aza.

**Fanontaniana :**

1-Inona no lazain'ny Kor'âny masina mikasika ny fanaovantsoa ny ray aman-dreny?

2-Lazao ny tenin'ny Imâmo Sâjad ao amin'ny Bokiny: "Rissâlat-oul-Houqouque" mikasika an'ireo zon'ny reny

3-Lazao ny tenin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) momba ny tsy fanajana ny ray aman-dreny

4-Ahoana ny tsy fanajana ny ray aman-dreny araka ny voalazan'ireo lovan-tsofina

5-Ahoana ny fanazavan'ny Imâmo Sâdiq(as) ny hevitry ny andininy faha-25 ao amin'ny tokon'ny Isrâ?

**************

## LESONA FAHA-04

## FANOHIZANA NY ROHIM-PIHAVANANA

Anisan'ireo zo ara-piarahamonina izay namafisin'ny finoana Islâmo sy iangaviany ny mpino silamo mba hanaja izany, sy manamafy orina ny fifandraisana tsara eo amin'ny mpihavana ny atao hoe "rohim-pihavanana". Koa iangaviana ny mpino silamo mba hamangy ny fianakaviany sy ny havany; hitsidika azy ireo; hanao soa azy ireo; hanampy izay mila izany amin'izy ireo, ary hamonjy izay tra-pahoriana sy miray hina amin'izy ireo ary miara-miasa amin'izy ireo ao amin'ny hatsarana sy ny fahatahorana an'Andriamanitra. Raha sendram-pahorianany iray amin'izy ireo dia tolorana fampiononana, raha ianjadian'ny olana ny iray amin'izy ireo dia samy miara-mamaha izany ny rehetra; raha toa ka nanao haratsiana ny iray amin'izy ireo dia hiaraha-mizaka izany; aryraha hita fa mivaona amin'ny làlana diso ny iray amin'ireo havany dia omena hanatra amin'ny fomba mendrika.

Fa ny mpiray tampo sy ny havana amam-pianakaviana no hifampiankinan'ny olombelona, satria raha hianjadian'ny fahoriana eo amin'ny fiainana izy dia mitodika any amin'izy ireo ny fijeriny; araka izany dia omena lanja tokoa ny zon'izy ireo.

Hoy ny Imâmo Ali(as) : **«Ô ry olona, tsy afa-miala amin'ny fianakaviany ny olona na dia manan-karena aza izy, sady tsy afa-miala amin'ny fiarovan'izy ireo azy amin'ny alalan'ny tànan'izy ireo sy ny lelan'izy ireo, ary izy ireo no olona tena mendrika ny ho fiaro ao an-damosiny, sy**

**hampahafantariny ny fahasahiranany, sy mampionona azy amin'ny fahoriana raha sendra ory izy»**; avy eo Izy nilaza hoe: **«Aza mba misalasala ny iray aminareo manome fanampiana ny havany izay hitany fa mila fanampiana mba haharavoravo azy, fa ny tsy fanampianao azy dia tsy hampitombo ny harenanao sy ny fanampianao azy dia tsy hampihena izany; ary izay manakombona ny tanany amin'ireo havany, dia tena marina fa raha manakombona ny tanana iray amin'izy ireo ianao dia izy ireo koa manakombona tanana maro ho anao; izay manalefaka ny toetrany dia mampaharitra ny fitiavan'ny havany azy».**

Asehon'ny Imâmo amin'ity andalan-tsoratra ity ny endriky ny fiantraikan'ny fanapahan'ny olona ny fifandraisany amin'ny havany sy ny fianakaviany; fa ny havany dia very olona iray fa ilay mpanapaka rohim-pihavanana kosa dia very olona maro dia maro tokoa. Ary nohamafisin'i Imâmo fa ny fahatsaram-pifaneraserana no misarika ny fitiavan'ny fianakaviana no sady hahazoana fahasoavana betsaka. Isaky ny fianakaviana na ankohonana lehibe iray dia ahitana fivondronan'ny olona maromaro. Izy ireo tsirairay avy dia samy manana ny sarangam-piainany sy ny fahafaha-manaony ary ny hakingan-tsainy avy. Fa misy amin'izy ireo ny manan-katao, misy ihany koa ny mahantra, misy ny matanjaka ara-batana misy koa ny malemy, ao ny mahay, ao koa ny bado, ao ny manana ny maha-izy azy ao koa ny olon-tsotra, …sns. Koa inona àry no zavatra hitanao fa hampifandanja sy hampifameno ary hampatanjaka an'izany zava-misy izany?Ny fifandraisana marina am-pandraisana andraikitra, izay mampiharihary ny firaisankina sy ny fifamenoana ary ny fifanampiana no hahatongavana amin'izany tanjona kendrena izany.

Ny mpanan-karena no mitantana ireo mahantra ao amin'ny havany sy ny fianakaviany, ny matanjaka no manampy ny malemy am-pahamarinana sy mijoro eo anatrehany amin'ny fanoherana ny fahavalo. Ny fitohizan'ny rohim-pihavanana eo amin'ny havana amam-pianakaviana dia mampisy fifamatorana mafy sy matotra.

Izany no mahatonga ny fahalalam-pomban'ny Islâmo mamporisika an'ireo mpino silamo amin'ny fandalana ny fifandraisana ara-pirahalahiana eo amin'izy samy izy ireo sy mampitandrina amin'ny fanapahana izany fifandraisana izany amin'ny fomba rehetra.

Ireo teny masina (ahadith) dia manandratra ny fitohizan'ny rohim-pihavanana ao amin'ny finoana(dine) sy fananam-pinoana(imân); fa araka ny voalazan'ny Imâmo Bâqir avy tamin'ny razany, ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) nilaza fa: **«Izaho dia manafatra an'ireo vahoakako na eo izy na tsy eo, sy izay mbola ao an-tehezan-damosin'ny lehilahy sy ao ambohokan'ny vehivavy hatramin'ny andro fitsanganana, mba hanohy ny tsikalakalam-pihavanana eny fa na dia lavitra aza ny elanelan-tany misy azy ireo , satria izany dia anisan'ny finoana(dine)»**

Voalazan'ny Imâmo Zaynoul-Abidine avy tamin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) izay niteny fa: **«Izay maniry ny halavain'i Allâh ny andro iainany sy hivelaran'ny anjaramasoandrony dia aoka izy hanohy ny rohim-pihavanana; fa io rohim-pihavanana io dia manana lela amin'ny andro fitsanganana, mailaka miteny hoe: Tompo ô! Mihavana amin'izay mihavana amiko ary manapaha fihavanana amin'izay manapaka izany amiko»**

Voalazan'ny Imâmo Ridhâ araka ny nolazain'ny razany avy tamin'ny Mpaminanintsika Mohammad (saw): **«Izay manome antoka ho ahy amin-javatra iray dia izaho no manome antoka azy amin'ny zavatra efatra: manohy ny rohim-pihavavany fa hitia azy i Allâh Avo Indrindra, hampitombo ny anjaramasoandrony Izy, hanalava ny andro iainany, ary hampiditra azy ao am-paradisa izay nampanantenainy ho azy»**

Nilaza ny Imâmo Bâqir(as) : **«Ny fanohizana rohim-pihavanana dia manadio ny asa sy mampitombo ny harena sy miaro amin'ny loza ary manalava ny fe-potoana iainana»**

Hitanao amin'izany àry ny finoana sy ny fananam-pinoana, ny halavan'ny andro iainana, ny anjaramasoandro betsaka, ny fitiavan'i Allâh, ary ny paradisa. Fa tena marina ny fitohizan'ny rohim-pihavanana dia  miantoka ho an'ny olombelona harena eto an-tany ary any ankoatra paradisa sy fifalian'i Allâh Lehibe indrindra, izany hoe, fiainana mahafinaritra eto an-tany ary fiafarana maharavoravo amin'ny any ankoatra.

Raha fantatsika àry izao ny mahazava-dehibe ny fitohizan'ny rohim-pihavanana, moa ve azo atao  fialan-tsiny ny halaviran-tany sy ny fahamaroan-dahasa amin'ny hanapahana ny fifandraisana ao amin'ny olona sy ny havana? Moa ve azon'ny tsirairay atao ve izany raha toa ka misy ny iray amin'ny havany no milaza azy hoe mpanao ratsy na toy izany?

Tena marina fa ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo Imâmo madio ara-panahy avy amin'ny Fianakaviany(as) dia

nanoritra ho an'ny silamo mpino, làlana mazava hahafaly an'i Allâh amin'ireo mpanompony. Voalaza ao amin'ireo lovantsofina fa nisy nitaraina tamin'ny Mpaminany(saw) ny fampijalian'ny havany sy ny fianakaviany azy ka dia voatery izy nanalavitra ny havany sy nanapaka ny fifandraisany tamin'izy ireo; fa hoy ny Mpaminany(saw) : Noho izany dia tezitra aminao i Allâh. Fa hoy ilay lehilahy: Fa inona àry no hataoko ô ry Irak'Andriamanitra? Hoy Izy: **«Mifankahazoa amin'ny havanao, sy mifandraisa amin'izay manapaka fihavanana aminao, mamelà an'izay nanao ratsy anao, fa raha ataonao izany dia hiaro sy hitahy anao i Allâh Avo Inddrindra»**

Nilaza ny Imâmo Ali(as) : **«Mifandraisa amin'ny havanareo eny na dia manapaka izany aza izy ireo»**

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) fa: **«Ny fanohizana ny rohim-pihavanana sy ny fanaovan-tsoa dia manamora ny fitsarana sy miaro amin'ny fahotana, koa mba tohizo ny rohim-pihavananareo ary manaova soa amin'ny rahalahinareo eny fa na dia amin'ny alalan'ny fiarahabana tsara sy ny famaliana izany fotsiny aza»**

Araka ny voalazan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **«Tohizo ny rohim-pihavananareo na dia amin'ny alalan'ny fiarahabana ihany aza»**

Araka ny voalazany(saw) ihany koa : **«Tohizo ny rohim-pihavananao na dia amin'ny alalan'ny fampisotroandrano indray migoka fotsiny aza, ary ny tena mendrika amin'ny fanohizana ny rohim-pihavanana dia ny tsy fampijaliana azy»**

Amin'ny alalan'ireo teny masina ireo no ahafantsika mieritreritra fa ny fanohizana ny rohim-pihavanana dia misy fomba fifandraisana tsara, fa ianao dia tsy afaka ny hamangy ny havanao any lavitra any, nefa ny fandefasana taratasy no mampifandray anao aminy sy mitazona ny toeran'ny fanohizana ny rohim-pihavanana, toy izany koa ny fanomezanao firarian-tsoa, fiarahabana tsara amin'ny fianakavianao sy ny manana fihavanana aminao dia anisan'ny fanohizana ny rohim-pihavanana; eny fa hatramin'ny fanoloranao ho azy rano iray vera fotsiny dia efa karazan'ny nahatanteraka ny fanohizana ny rohim-pihavanana ianao. Indrindra koa fa tsy fanaovanao ratsy amin'ireo havanao dia anisan'ny endrika iray amin'ny fanohizana ny rohim-pihavanana izay nosokajian'ny Mpaminany(saw) ho tena mandrika.

## Fanapaham-pifandraisana amin'ireo havana :

Ankehitriny isika dia efa mahalala ny vokatsoan'ny fitohizan'ny rohim-pihavanana sy ny mahazava-dehibe ny fananganana fifandraisana tsara amin'ny havana eo amin'ny ara-pinoana. Izao kosa isika dia mila mahafantatra ny voka-dratsin'ny fanapaham-pihavanana sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiainan'olombelona silamo.

Hoy i Allâh Avo Indrindra ao amin'ny Bokiny masina milaza :

فَهَلْ عَسَيْتُمْ إِن تَوَلَّيْتُمْ أَن تُفْسِدُوا فِي الْأَرْضِ وَتُقَطِّعُوا أَرْحَامَكُمْ

**«Moa ve raha mivily lalana ianareo, dia hanimba ny fiainana ety an-tany sy hanapaka rohim-pihavananareo»** (Kor'âny 47:22)

Hoy koa Ilay Avo Indrindra hoe:

وَيُفْسِدُونَ فِي الأَرْضِ أُولَـئِكَ هُمُ الْخَاسِرُونَ الَّذِينَ يَنقُضُونَ عَهْدَ اللَّهِ مِن بَعْدِ مِيثَاقِهِ وَيَقْطَعُونَ مَا أَمَرَ اللَّهُ بِهِ أَن يُوصَلَ

**«Ireo izay mivadi-belirano tamin'i Allâh taorian'ny nanekena izany, sy manapaka amin'izay nodidin'i Allâh hifandraisana, sy manimba ny fiainana ety an-tany ; izy ireo no ilay matiantoka»** (Kor'âny 2:27)

Nampiarahan'i Allâh(Voninahitra anie ho Azy) amin'ny fanimbam-piainana eto an-tany ny fanapahana ny rohim-pihavanana ary hoy Izy : moa ve ianareo maniry ny famonjena sy ny fanavotana nefa ianareo manimba ny fiainana eto an-tany no tsy manatanteraka ny baiko izay miantefa eo aminareo sy manapaka ny fihavanana; izany no fanekena izay nandidian'i Allâh mba holalaina sy hamafisina.

Ireto manaraka ireto misy teny masina vitsivitsy manazava ny voka-dratsy hateraky ny fanapahana ny fihavanana.

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **«Ny fahasoavana dia tsy mirotsaka amin'ireo olona mpanapanaka ny fihavanana»**

Araka ny voalazan'ny Imâmo Bâqir(as): **«Hitanay ao amin'ny bokin'ilay Irak'Andriamanitra(saw): Raha manapaka ny fihavanana izy ireo dia mametraka ireo harena eo am-pelan-tànan'ireo olon-dratsy»**

Hoy Izy(as) araka ny voalazan'ilay Lehiben'ireo mpino(as) : **«Zavatra telo, izay mpanao azy ireo dia tsy ho faty mihitsy raha tsy efa nahitany voka-dratsin'izany: ny mpijangajanga sy ny mpanapaka fihavanana ary ny manao fianiavana amin'ny lainga, mihantsy ady amin'i Allâh amin'ny alalan'izany»**

Ny fahasoavan'Andriamanitra voalazan'ireo teny masina ireo dia tsy natao mihitsy ho an'ireo izay manapaka ny fifandraisan'izy ireo amin'ny fianakaviana sy ny havan'izy ireo ary ity tranga ratsy ity rehefa mianjady amin'ny olona dia miharitra ireo harenan'izy ireo ka mifindra eny ampelan-tànan'ireo olon-dratsy; ary mazava ho azy fa ny fitohizan'ny rohim-pihavanana izay anisan'ny antony iray lehibe miantoka ny firahalahiana dia mety ho rava,ary manjavona ny fahatsapan-tena mandray andraikitra dia mora amin'ireo mpandromba sy ireo olon-dratsy ny mandrombaka sy manjakazaka amin'ireo harenan'izy ireo.

Araka izany, ny fanapahana ny rohim-pihavanana dia anisan'ireo asa sy fihetsika izay ahitan'ny olona ireo voka-dratsiny eto an-tany satria ny fandravana sy ny fanimbana ny fifandraisana dia mitera-doza haingana eo amin'ny fiarahamonina, fa izay manapaka ny rohim-pihavanany dia toy ny mamboly "chardon" (karazan-java-maniry kely be tsilo madinika) ka tsy mioty afa-tsy ny tsilo, ary izay mamboly haratsiana dia hijinja ny nenina sy ny fatiantoka.

**<u>Famintinana</u> :**

- Anisan'ny adidy lehibe sy zo ara-pinoana sy ara-piarahamonina ny fanohizana ny rohim-pihavanana sy

ny fananganana ny fifandraisana tsara amin'ny havana, ny fitohizan'ny rohim-pihavanana dia midika hoe fifanampiana sy firaisankina ary fifanohanan'ny isam-batan'olona ao amin'ny fianakaviana, sy midika hoe fiombonana am-pifaliana sy am-piadanana; fa ny fanapahanany rohim-pihavanana dia miteraka ny fatiantoka eto an-tany sy nenina any ankoatra.

**Fanontaniana :**

1-Inona no tanjona kendrena amin'ny fanohizana ny rohim-pihavanana?

2-Hazavao ahoana ny fomba fanohizana ny rohim-pihavanana arak'ireo lovan-tsofinan'ny Islâmo?

3-Lazao ny tenin'ny Imâmo Ridhâ(as) mikasika ny fanohizana ny rohim-pihavanana?

4- Lazao ny tenin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) mikasika ny fanohizana ny rohim-pihavanana?

5-Lazao ny andininy masina(ayat) miresaka ny momba ny fanapahana ny rohim-pihavanana?

6-Lazao ny hadith notantarain'ny Imâmo Bâqir araka ny voalazan'ny Lehiben'ny mpino mikasika ny fampitandremana ireo asa ratsy sasantsasany.

**************

# LESONA FAHA-05

## ZON'IREO MPIFANOLOBODIRINDRINA

Namafisin'ny lalàm-pinoana islamika ny fanaovan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina ary napetrany ho singa iray tsy afa-misaraka amin'ny finoana(dine) sy ny fananam-pinoana(imân) izany; fa hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Manaova soa amin'ny mpifanolobodirindrina ianareo fa tena marina i Allâh Avo Indrindra dia nandidy izany»**, izany baikon'Andriamanitra izany moa dia hitantsika ao amin'ny andininy masina araka ny tenin'Ilay Be Hasoavana sy Avo Indrindra manao :

وَاعْبُدُواْ اللّهَ وَلاَ تُشْرِكُواْ بِهِ شَيْئاً وَبِالْوَالِدَيْنِ إِحْسَاناً وَبِذِي الْقُرْبَى وَالْيَتَامَى
وَالْمَسَاكِينِ وَالْجَارِ ذِي الْقُرْبَى وَالْجَارِ الْجُنُبِ وَالصَّاحِبِ بِالجَنبِ وَابْنِ السَّبِيلِ وَمَا
مَلَكَتْ أَيْمَانُكُمْ إِنَّ اللّهَ لاَ يُحِبُّ مَن كَانَ مُخْتَالاً فَخُوراً

**«Aoka ianareo hanompo an'i Allâh ary aza mampikambana Azy na amin'inona na amin'inona. Manasoava ihany koa ny ray aman-dreninareo ianareo, sy ireo izay akaiky anareo, ireo kamboty, ireo mahantra, ireo mpiaramonina mifanolobodirindrina aminareo, ireo mpiaramonina mifanalavitra aminareo, ireo sakaiza tsy mahasaraka anareo, ireo mpandeha lavitra ary ireo mpanomponareo manokana, hamafisina fa i Allâh dia tsy tia mihitsy ny mpisehoseho sy mpirehareha »** (Kor'âny 4:36)

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **«Manafatra ahy foana i Jibrîl momba ny mpifanolobodirindrina ka noheveriko mihitsy izy(Anjely) fa hampandova azy»**

Nilaza ny lehibetsika Ali(as) tao amin'ny hafany : **«Allâh Allâh (Tandremonareo) ny mpifanolobodirindrina aminareo, fa izany no hafatry ny Mpaminaninareo, ary nametrahany hafatra foana ny momba azy ireo ka noheverinay mihitsy Izy fa hampandova azy ireo»**.

Ity filazana ao amin'ny teny masina anakiroa ity dia mametraka ny hasin'ny mpifanolobodirindrana amin'ny toerana ambony saro-pady tokoa. Indreto manaraka ireto ny andian-tenymasina avy amin'ny hafatr'ilay Irak'Andriamanitra(saw):

(1)-«**Fanatsarana ny fifandraisana amin'ny mpifanolobodirindrina aminao dia mahatonga anao ho mpino»**

(2)-«**Ny hasin'ny mpifanolobodirindrina manoloana ny olombelona dia toy ny hasin'ny reniny»**

(3)-«**Tsy misy hasina nohamafisina tahaka ny hasin'ny fisakaizana sy fifanoloam-bodirindrina»**

(4)-Nisy nanontany an'ny Mpaminany(saw) : Ô ry Mpaminanin'i Allâh, moa ve ao amin'ny harena manana ny zony ankoatra ny zakât? Fa hoy Izy: **«Eny, fanaovan-tsoa amin'ny havana rehefa lasa miamboho izy ireo(maty), sy fifandraisana amin'ny mpifanolobodirindrina mpino, fa tsy mino Ahy izay matory am-pahavokisana amin'ny alina nefa ny mpifanolobodirindrina mpino aminy, dia noana»**

(5)-Lehilahy iray no tonga tamin'ilay Irak'Andriamanitra mba haka hevitra Aminy momba ny fividianana trano fa hoy ilay Mpaminany(saw) : **«Ny mpifanolobodirindrina aloha izay**

**vao ny trano, ny namana mialohan'ny fandehanan-davitra»**

(6)-Voalaza ao amin'ny sombin-tantara **«ilay Irak'Andriamanitra(saw) nilaza tamin'ireo mpanara-dia Azy : Mba fantatrareo ve ny zon'ny mpifanolobodirindrina? Tsia hoy izy ireo. Hoy Izy: Raha mila vonjy aminao izy dia vonjeo, raha mihindrana zavatra aminao izy dia ampindramo, raha mihamahantra izy dia omeo fanohanana, raha nahazo fahasoavana izy dia tolory fankasitrahana, raha marary dia vangio, raha tra-pahoriana dia omeo fampaherezana, raha iharan'ny fahafatesana izy dia miaraha amin'ny fandevenana azy, aza manangana trano mibahana amin'ny azy fa voasakana ny rivotra mankany aminy raha tsy hoe nahazo alalana avy aminy, raha mividy voankazo ianao dia manomeza ho azy, fa raha tsy afaka manao izany ianao dia ampidiro antsokosoko ao an-trano izany ary aoka ny zanakao mba tsy hamoaka izany hampaniry ny zanany, aza mampitsiriritra azy ny fofon-tsakafo ao am-bilaninao raha tsy hoe angaha mba omenaoamin'izany izy»**

(7)-Voalaza ao amin'ny Boky "Rissâlat-oul-Houqouque" an'ny Imâmo Sajâd(as) ity teny ity: **«Fa kosa ny zon'ny mpifanolobodirindrina aminao dia ny fiarovanao azy raha tsy eo izy ary fanajanao azy eo anatrehany, fanavotanao azy raha sendra voatsindrihazolena izy, ary aza manenjika ny kilemany, fa raha fantatrao misy haratsiana aminy dia aoka ianao hanafina izany, raha fantatrao fa mihaino ny hanatrao izy dia aoka ianao hananatra azy amin'ny mangingina eo anatrehanareo roa tonta ihany, aza mandao**

**azy ao anatin'ny fahasarotana, hakelezo ny fifanerserana aminy, mamela ny fahadisoany, mifandraisa aminy amin'ny fifandraisana mahafinaritra»**

Tamin'ny fahazazany ny Imâmo Hassan(as) dia nahita ny Reniny Andriambavy Zahrâ(as) izay nandratra ny tanany eny amin'ny lanitra tao anatin'ny fanaovany salât amin'ny alina(salât-oul-layl); ary dia nivavaka ho an'ireo mpifanolobodirindrina Aminy tsirairay avy Izy, ary efa fomba fanaony izany isaky ny alin'ny Zoma; ka indray andro nanontany an-dReniny Izy : Nahoana Ianao no tsy mba mivavaka ho an'ny tenanao ry Neny? Fa namaly ilay Andriambavin'ireo vehivavy manerana izao tontolo izao: **«Ô ry zanako! Ny mpifanolobodirindrina aloha vao ny trano»**

Ireo Ahlol-Bayt(as) dia tena modely amin'ny fanaovan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina, ary izy ireo dia mampirisika ny olona amin'izany, amin'ny alalan'ireo fananany sy ny fitsidihany, amin'ireo olona te haka tahaka an'izany fomba izany. Hoy ny lehibetsika Ali ibn Abi Tâlib(as): **«Izay hanao soa amin'ny mpifanolobodirindrina aminy dia mila mikarakara azy matetika»**; hoy koa Izy(as): **«Izay manatsara ny manodidina azy dia mihamaro ny mpifanolobodirindrina aminy »**

Hita eo amin'ny fiainan'ny olombelona fa raha ny olona no manao soa amin'ireo mpifanolobodirindrina aminy, ka mifanerasera amin'izy ireo amin'ny fomba tsara, dia toloran'izy ireo fankasitrahana am-pitiavana ary dia mifaninana izy ireo amin'ny fikarakarana azy izay mampiseho ny fitiavan-dry zareo azy no fanajan'izy ireo. Ny fanaovanao soa amin'ny mpifanolobodirindrina dia mahatonga ny olona

tsirairay liana te hahalala anao sy miresaka aminao foana ampitiavana; koa ataovy betsaka ny mpifanolobodirindrina ka velaro ny fifandraisanao tsara aman'ny olona.

Ny fanaovan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina dia misy fiatraikany amin'ny lafiny tsara, mahasoa eo amin'ny fiainan'ny olombelona; fa izany dia mampitombo ny anjaramasoandro(rizk), antony mampisy ny fandrosoana, sy manalava andro iainan'ny olombelona, fa hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Fanaovan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina dia mampitombo ny anjaramasoandro»**, hoy koa Izy(as) : **« Fanaovan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina dia mahabetsaka ny trano fonenana sy mampitombo ny andro iainana»**

## Fampijaliana ny mpifanolobodirindrina :

Eo anatrehan'ny fanamafisan'ny lalàm-pinoana amin'ny fifandraisana tsara amin'ny mpifanolobodirindrina, dia mampitandrina koa izy amin'izay fihetsika rehetra miendrika fampijaliana ny mpifanolobodirindrina ka ny resaka fanaovan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina sy ny tsy fampijaliana azy dia napetrany ho fepetran'ny fananam-pinoana(imân) an'i Allâh sy ny fiainana any ankoatra. Hoy ny lehibentsika sy Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **«Izay mino an'i Allâh sy ny andro farany, dia aoka tsy hampijaly ny mpifanolobodirindrina aminy»**

Tonga tamin'ny Mpaminany(saw) lehilahy iray "ansâr" ka niteny: Ô ry ilay Irak'Andriamanitra, nividy trano iray aho ary misy mpifanolobodirindrina amiko no tsy antenaina ny hatsarany sady tsy mampilamina ny haratsiany. Niantso olona

efatra ny Mpaminany(saw) dia i Ali sy Salmân, sy Abouzhar ary Miqdâd ka nirahiny hiteny amin'ny feo avo ao amin'ny Moske : **«Tsy manam-pinoana izay tsy mampandry fahalemana ny mpifanolobodirindrina aminy amin'ny alalan'ny fiarovany azy»**

Tonga tamin'ny Mpaminany Mohammad(saw) lehilahy iray ka nitaraina momba ny mpifanolobodirindrina aminy; fa hoy ny Mpaminany taminy hoe: Miareta! Fa niverina nitaraina taminyindray ilay lehilahy, fa hoy ihany Izy : Miareta! Tonga nitaraina fanintelony indray ilay lehilahy, fa nanome baiko azy ny Mpaminany(saw) mba hamoaka ireo entany ao an-trano ka hitoetra eo amoron-dàlana; ary raha manontany azy ireo olona mandalo dia holazainy amin'izy ireo ny haratsian-toetran'ny mpifanolobodirindrina aminy. Rehefa nahita izany ilay mpifanolobodirindrina mpanao ratsy dia natahotra ny fielezan'izany haratsiany izany amin'nyolon-drehetra ka dia tonga niala tsiny taminy sy niangavy azy mba hiverina ao an-trano ary nampanantena azy fa tsy hanao izany fampijaliana izany intsony.

Ary manelanelana nyfanaovan-tsoa sy fampijaliana ny mpifanolobodirindrina dia misy efitra telo dia ny tsy firaharahianany mpifanolobodirindrina amin'ny tsy fahalalana azy voky sa noana, faly sa malahelo, ary efa manambara amin'ny fomba samihafa ny tenin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo Imâmo avy amin'ny Fianakaviany voahosotra(as) ho an'ny mpino silamo izay tsy miraharaha ny mpifanolobodirindrina aminy. Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: **«Tsy mpino izay mandry**

**ampahavokisana nefa ny mpifanolobodirindrina aminy dia noana eo akaikiny»**

Nitantara ny lehibentsikaAli(as) araka ny voalazan'ny Mpaminany(saw) hoe: **«Tsy mino an'i Allâh sy ny andro farany izay mandry ampahavokisana nefa ny mpifanolobodirindrina aminy dia noana»**

Niteny ny mpanara-dia Azy iray hoe: Raha izany dia ho potika izahay ô ry Irak'Andriamanitra. Fa namaly ny Irak'Andriamanitra(saw) hoe: **«Avy amin'ny ambin'ny sakafonareo, avy amin'ny ambin'ny voan'antrendrinareo, ny fitafianareo, ny herim-ponareo, ny hakingan-tsainareo dia mampitony ny hatezeran'ny Tompo Andriamanitra»**

Ity teny masina(hadith) ity dia mitaona amin'ny fitsidihana an'ireo mahantra mpifanolobodirindrina ka manome azy ireo izay mihoatra amin'ny filàny ara-tsakafo sy fitafiana, izany rehetra dia fonosin'ny fitiavana sy ny hatsaran-toetra.

Ny mikasika ny fetra hamaritana ny azo antsoina hoe mpifanolobodirindrina kosa dia hitantsika ao amin'ny tenin'ny Imâmo Ali(as) izay milaza hoe: **«Ny faritra (harîm) masin'ny Moske iray dia mirefy efapolo hakiho ary ny fifanolorambodirindrina dia trano miisa efapolo avy amin'ny lafiny efatra»**

Ireo manam-pahaizana ara-pinoana Islâmo moa dia manaraka ny làlana nizoran'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo Fianakaviany voahosotra fa dia fakatahaka tokoa izy ireo amin'ny fanaovan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina.

Nitantara ny manam-pahaizana lehibe iray, Sayyed Jawâd al-'Amily izay tantara nitranga taminy:

Nipetraka aho indray alina mba hisakafo fa nisy nandondonany varavarana, rehefa novohaiko ny varavarana dia indro ilay mpanampin'ny mpampianatro, Olâma Bahroul-'Ouloum no teo ka nilaza tamiko hoe: Ny mpampianatra dia manasa anao ary tsy hisakafo izy raha tsy efa tonga ianao. Nitafy lamba haingana aho ka nankany aminy, nony niditra tao aminy anefa aho dia hatezerana no hitako misoritra mazava eo amin'ny endriny, fa niteny tamiko avy hatrany izy hoe: Tsy matahotra an'i Allâh angaha ianao? Tsy menatra amin'i Allâh angaha ianao? Fa hoy aho talanjona : Fa inona moa no zavatra nataoko? Hoy izy: Ny mpifanolobodirindrina aminao sy ny vadiny dia misedra hanoanana ary efa naharitra fito alina ry zareo no tsy mba nisakafo na dia voan'antrendry farany mora aza. Izy ireo dia mitrosa izany avy amin'ny mpivarotra hanin-kotrana(legioma) isan'andro saingy tsy nanome azy ireo androany ny mpivarotra voan'antrendry; noho izy ireo tsy nahita izay hanefan'izy ireo ny trosa, ka dia tsy nisakafo izy ireo anio alina. Ary hoy aho hoe: Tena ianianako amin'i Allâh fa tsy nahalala izany aho ry mpampianatro, fa raha nahafantatra izany aho dia tena mba namonjy azy ireo; fa namaly ilay mpampianatra hoe: Tena marina izaho dia malahelo amin'ny tsy fahalalanao ny fiainan'ireo mpifanolobodirindrina aminao. Ahoana no ahafahan'izy ireo miaina mandritra ny fito alina ao anatin'ny hanoanana nefa ianao dia manadino ny fiainan'izy ireo? Ary raha nahalala izany ianao nefa tsy nisy na inona na inona nataonao dia tsy mpino silamo ianao fa kosa jiosy.

Avy eo dia nirahin'ilay mpampianatra ny mpanampy azy mba haka sakafo an-dovia ka nandidy ahy hiaraka aminy ho any amin'ilay mpifanolobodidrindrina sady niteny hoe: Mankanesa any aminy miaraka amin'ity sakafo ity ka mitenena hoe tonga aho hisakafo alina ato aminao; ary raiso ity vola ity dia apetraho ao ambany karipetran'ny tranony. Izany zava-nisy izany dia manaporofo fa ny Sayyed Bahroul-'Ouloum dia tsy vitan'ny mitsidika manara-maso ny mpifanolobodirindrina ihany fa manara-maso ny fiainan'ny mpifanolobodirindrina mpianany ihany koa.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fanaovan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina dia anisan'ny toe-javatra izay hampirisihan'ny finoana Islâmo ary napetrany ho anisan'ny fahalalam-pomba ao amin'ny Islâmo fa dia nanamafy izany indrindra ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo Fianakavaiany madio ara-panahy izay nampahatsiahy fa ny fanaovan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina dia mampitombo ny anjaramasoandro sy mahalava andro iainana, mampivoatra ara-pandrosoana .
- Voalaza ao amin'ny lovan-tsofina fa ny fampijaliana ny mpifanolobodirindrina, eny fa hatramin'ny tsy firaharahianaazy dia mahatonga ny hatezeran'i Allâh ary tsy manam-pinoana(imân) izay olona mampijaly ny mpifanolobodirindrina aminy.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Milazà tenin'ny Mpaminany masina momba ny fanasoavan-tsoa amin'ny mpifanolobodirindrina.

2-Inona no vokatsoa izay nambaran’ny Imâmo Ali ao ambadiky ny fanaovan-tsoa amin’ny fanolobodirindrina.

3-Lazao ny lovan-tsofina mikasika ny fampijaliana ny mpifanolobodirindrina.

4-Ahoana ny filazan’ny Olâma Bahroul-‘Ouloum tamin’ny mpianany izay nanadino nijery ny fiainan’ny mpifanolobodirindrina aminy?

**************

# LESONA FAHA-06

# FAHALALAM-POMBA AMIN'NY FIFANERASERANA

Ireo fifandraisana sy ny fifamatorana an-kitsi-poeo amin'ny mpiaramoninana tsirairay dia mitaky fototra sy fatra izay tsy maintsy hajaina ka amin'izany no hahatanterahan'ireto manaraka ireto:

**Voalohany :**Fivoaran'ny maha-izy azy ny tsirairay vokatry ny fahombiazan'ny fifandraisany amin'ny olon-kafa ka hahatonga azy hizotra mankany amin'ny fahalavorariana.

**Faharoa :** Ny isam-batan'olona amin'ny alalan'ny fifampikasohany amin'ny hafa dia hahatsapa ireo zo ara-piaraha-monina ka mba tsy ho tafalatsaka dieny mialoha ao anatin'ny fandikàna an'izany, na fihoaram-pefy amin'ireo zon'ny hafa.

Ny fandaminana ny fototra amam-pitsipika dia mizara lafiny roa: ny lafiny mifono ireo toetra sy ny fitondrantena manokana izay tokony holalain'ny tsirairay eo anatrehan'ny hafa; sy ny lafiny hafa mikasika ireo toetra ratsy izay tsy maintsy halavirin'ny olona.

Raha lazaina amin'ny fomba hafa dia any misy baiko sy fandrarana ara-pitondrantena izay tokony hony isam-batan'olona rehetra ao amin'ny fiaraha-monina no hanaja azy. Fa ny fanajana izany no mahatonga ny olona hanana toetra

tsara izay lasa toetran'ny olombelona manokana sy fomba fiainanay.

## Hatsaran-toetra :

Manantena ny olona ao amin'ny fifandraisana ara-piarahamonina mba hahazo fanajana sy fitiavana ary lalain'nyolombelona. Izany fironan'nyolombelona amin'ny fikarohana ny anjara toerana ara-piarahamonina izany dia setrin'ny fahatsapam-pahatahorana ny ho tafasaraka na hatoka-monina na fahatsapana ho manirery ihany koa. Efa nasehontsika tamin'ireo lesona tany aloha moa fa ny filàn'nyolombelona eo amin'ny ara-batana na ara-panahy dia tsy tomombana raha tsy amin'ny alalan'ny fifamatorany amin'ny olon-kafa, ary tsy ho vitan'nyolombelona samirery ny hahazo izay faniriany, indrindra moa ny fahatsapana ny mahasamirery sy ny fitokana-monina dia hanaisotra ny herim-pon'nyolombelona ka hahatonga azy harisarisa sy alahelo sy hahatsapa ny fahabangana; ary izany olana mihatra amin'nyolona manirery izany no manosika azy hanorina fifandraisana an-kitsi-pomiaraka amin'ny mpiara-monina ka hianatra amin'ny alalan'izany, ireo fahambonian'ny toetran'nyolombelona maro, ka mampisongadina ny maha-izy azy ny olona sy mampivoatra amin'ny lafiny fahalavorariana.

Ny hatsaran-toetra no manana ny anjara asany lehibe amin'ny fisarihana ny fon'nyolona. Indrindra moa fa izany koa no fototr'ireo fahamendrehana; izany hoe, ireo fahamendrehana dia tsy manana ny hasiny raha tsy haseho amin'ny alalan'ny hatsaran-toetra, fa na inona na inona ohatra ny voninahitra omen'nyolona amin'ny endrika mikentrona sy tarehy maloka,

angamba ilay omena dia handà izany fanomezana izany satria izy tsy afa-ponoho izany toetra natao taminy izany.

Ireo manam-pahaizana ara-pitsipi-pitondrantena dia efa namaritra fa ny hatsaran-toetra dia toe-panahy mahatonga ny maha-olona ny olona ho mendrika, hifandraisany amin'ny olona amin'ny fiteny malefaka sy endrika miramirana.

Nisy nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) mikasika ny hatsaran-toetra fa hoy Izy : **«Halefaho ny fihetsikao sy hatsarao ny resakao ary aoka hihaona amin'ny rahalahinao amin'ny endrika mahafinaritra»**. Ny fanalefaham-pihetsika eto dia midika fanetrentena izay tanterahina amin'ny alalan'ny fomba fitondrantena sy fomba firesahana.

Voalaza ao amin'ny voninahitry ny hatsaran-toetra ireo teny masina (ahadith) maro maneho ny lanjany sy ireo vokatsoany eto an-tany sy any ankoatra.

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe:**«Ny mendrika aminareo dia izay tena tsara toetra aminareo, ireo mpandeha an-tongotra voaaro dia izay miaraka amin'ny maro ary iarahan'ny maro ary manaraka ny dian'izy ireo»**

Niteny izy fa ilay tso-dranon'i Allâh anie ho Aminy sy ireo Fianakaviny: **«Izay manana toetra tsara dia mahazo valisoa toy ny azon'ny mpanao "sawm" sy mpanao "salât"»**

Niteny koa Izy(saw) hoe: **«Ny voalohany apetraka eo amin'ny lelamizanan'ny mpanompo amin'ny andro fitsanganana dia ny hatsaran-toetra»**

Hoy koa Izy : **«Tsy misy zavatra tena manan-danja eo amin'ny mizana mihoatra ny toetra tsara»**

Hoy ihany Izy : **«Ny tena tiako sy ny tena akaiky Ahy aminareo amin'ny andro fitsanganana dia izay tena tsara toetra»**

Nilaza ny Imâmo Ali(as) hoe: **«tsy misy namana toyny hatsaran-toetra»**

Hoy koa Izy(as) : **«Ny lohantenin'ny bokin'ny mpino dia ny hatsaran-toetrany»**

Niteny ny Imâmo Hassan(as) hoe: **«Tena marina fa ny mendrika amin'ny hatsarana dia ny toetra tsara»**

Hoy ny Imâmo Bâqir(as) : **«Tena marina fa ireo mpino manam-pinoana(imân) tena feno sy tonga lafatra indrindra dia izay tena tsara toetra amin'izy ireo»**

Ao amin'ireto andiana teny masina avy amin'ny Mpaminany(saw) sy ireo Imâmo voahosotra avy amin'ny Fianakaviany(as) ireto dia maneho ny mahazava-dehibe ny hatsaran-toetra sy ny anjara toerany amin'ny tanjon'ny fiainan'ny olombelona. Fa napetraky ny Mpaminany(saw) ho zava-dehibe tokoa ny fananana ny hatsaran-toetra ka izay mandray ny olona amin'ny teny mahafinaritra sy endrika falifaly no olona mendrika ary amin'ny alalan'izany fomba fitondrantena tsara izany no hahazoan'ny olona tombontsoa sy valisoa; satria izany fitondrantenany izany dia fanompoana izay hahazoana valisoa tsy latsa-danja amin'ny fanompoana hafa toy ny manatanteraka ny fifehezana(sawm) sy ny salât mandritra ny fiainany.

Amin'ny andro farany koa ny olombelona dia hotsaraina araka ny toetrany teto an-tany ary tsy misy mampavesa-danja ny mizanan'ny olona amin'izany fotoana izany mihoatra ny hatsaran-toetra. Arakaraka ny fahambonian'ny hatsaran-toetran'ny mpino silamo no mampanakaiky azy sy hitiavan'ny Mpaminany(saw) azy amin'ny andron'ny fitsanganana. Allâh Avo Indrindra moa dia efa nidera ny toetran'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) manao hoe: وَإِنَّكَ لَعَلى خُلُقٍ عَظِيمٍ

**«Tena marina fa ianao dia tena ambony toetra tsara indrindra»** (Kor'âny 68:4)

Hitantsika ao amin'ny andininy hafa koa ny filazana ny toetran'ity lehibentsika ity araka ny tenin'Ilay Avo Indrindra hoe:فَبِمَا رَحْمَةٍ مِّنَ اللّهِ لِنتَ لَهُمْ وَلَوْ كُنتَ فَظّاً غَلِيظَ الْقَلْبِ لاَنفَضُّواْ مِنْ حَوْلِكَ**«Fa noho ny Indrafo avy amin'i Allâh no nahatonga anao ho malefaka amin'izy ireo; fa raha ohatra ianao ka henjana sy mafy fo dia nandositra niala teo amin'ny manodidina anao izy ireny» (**Kor'âny 02:159)

Ny Imâmo Ali(as) kosa dia milaza ny toeran'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) manao hoe: **«Izy dia tena malala-tànana, be fandeferana noho ny olon-drehetra, marin-teny noho ny olon-drehetra, mpanatontosa ny adidiny, tena mora fo, tena mandray olona, izay mahita Azy dia manaja Azy avy hatrany, izay mifanerasera Aminy dia miaiky sy mitia Azy. Tsy mbola nahita ny tahaka Azy Aho na tany alohany na taty aoriany»**

Fa ny Mpaminany(saw) dia faratampony amin'ny fahamendrehan-toetra amin'ny fahatsorana sy amin'ny

fahalalan-tànana, sy amin'ny fandeferana, sy amin'ny fahamarinana, sy amin'ny fanatontasana ny adidiny, izay mifanerasera Aminy dia raiki-pitia Aminy.

Ndao isika hanandratra ny fanambaran'ny Imâmo Ali(as) mikasika ny toetran'ny Mpaminany(saw) amin'ny alalan'ity tantara ity:

Nisy fotoana ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) dia nananan'ny lehilahy jiosy iray trosa. Indray andro àry ilay jiosy tonga tamin'ny Mpaminany(saw) mba hitaky ilay trosa; fa hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) taminy hoe: Tsy mbola manam-bola aloha Aho izao. Fa hoy ilay jiosy hoe: Raha izany dia tsy handao Anao mihitsy aho mandra-pandoavanao izany vola izany. Hoy ny Mpaminany(saw) : eny ary! Noho izany dia tsy nisaraka tamin'ny Mpaminany(saw) mihitsy ilay lehilahy jiosy ary nanao salât-zohrayne, sy ny 'Ichâ-ayne tao antranony ihany ny Mpaminany(saw), ary natory tao Aminy iny alina iny ilay lehilahy jiosy,ary nanao ny salât-fajr Izy (saw).

Ary tonga ireo mpanara-dia ny Mpaminany(saw) nandrahona sy niteny mafy an'ilay lehilahy jiosy, fa hoy ny Mpaminany(saw) nanohitra izany: Fa inona izao ataonareo izao? Fa hoy izy ireo : Maneritery Anao ity jiosy ity! Namaly anefa ny Mpaminany(saw) hoe: Tena marina fa i Allâh Avo Indrindra dia tsy naniraka Ahy mba hanindrihazolena ny olona.

Nony atoandron'iny dia hitan'ny olona ilay lehilahy jiosy niditra tao amin'ny Moske ka nizotra nankeo amin'ny Mpamiany ary nijoro teo anatrehany sady niteny hoe: Manaiky

marina aho fa tsy misy andriamanitra afa-tsy i Allâh, ary manaiky marina aho fa i Mohammad dia Irak'i Allâh( اشهد ان لا اله الا الله واشهد ان محمدا رسول الله). Avy eo izy nilaza hoe: Ianianakoamin'i Allâh fa tsy nanao izao aho raha tsy nohon'ny fahalalako ny toetranao satria hitanay voasoratra ao amin'ny bokinay Taorat ny hoe: Mpaminanin'Andriamanitra Mohammad zanak'i Abdallâh ho teraka ao Makkat sy hifindra monina any Taybat (Madina), tsara toetra tsy mpitabataba no tsy mpanozona. Koa indreto ny harenako ry Irak'Andriamanitra hafoiko ho Anao, hampiasainao araka izay itiavanao azy; izany lehilahy izany moa dia mpanankarena ka nanolotra ny harenany ho an'ny Mpaminany(saw).

Ary ny zavatra takiana amintsika dia ny fanarahantsika ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) fa hoy i Allâh Avo Indrindra : لَقَدْ كَانَ لَكُمْ فِي رَسُولِ اللَّهِ أُسْوَةٌ حَسَنَةٌ

«**Tena marina fa ao amin'ilay Irak'Andriamanitra no misy ohatra fakan-tahaka tsara tokoa ho anareo**»(Kor'âny 33:21)

Io hatsaran-toetran'ny Mpaminany Mohammad(saw) io nisy fiantraikany lehibe tamin'ny fanaparitahana ny finoana Islâmo satria ny olona dia nahita teo amin'ny fiainanany modely, olomasina, mampanetry tena ny fanahy sy mampitepo ny fo.

## Ny vokatsoa ateraky ny hatsaran-toetra :

Ny hatsaran-toetra dia manana ny vokatsoany izay hiotazan'nyolombelona eo amin'ny fiainany eto an-tany mialoha ny any ankoatra. Anisan'izany vokatsoany izany dianoho izy mampitombo ny anjaramasoandro.

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe : **«Ny hatsaran-toetra dia mampitombo ny anjaramasoandro»**

Ary niteny ny lehibentsika Ali(as) hoe: **«Ny hatsaram-pitondrantena dia mampirotsaka ireo anjaramasoandro, mahatamana an'ireo namana»**; hoy koa Izy(as) : **«Izay manatsara ny toetrany dia mihabetsaka ny mpitia azy ary mahatamana ny olona ny eo aminy»**

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: **«Ny asa soa sy hatsaran-toetra dia mampitombo ny hatsarana ao amin'ny trano sy mampitombo ny andro iainana»**; hoy koa Izy(as) : **«Ny hatsaran-toetra dia mampitsonika ny fahadisoana tahaka ny masoandro mampitsonika ny ranomandry ary ny haratsian-toetra dia manimba ny asa tahaka ny vinaigitra manimba ny ranon-tantely»**

Ny hatsaran-toetra dia herin'nyolombelona amin'ny lafiny tsara manaparitaka ny hafanana, noho izy afaka mampitsonika ny fahadisoana araka ny voalazan'ny Imâmo(as), fa mifanohitra amin'izany, ny haratsian-toetra izay miteraka voka-dratsy sy manafoana ny tombontsoan'ny asa soa sy ny vokatsoany.

Efa nampitandrina antsika moa ny Mpaminany(saw) sy ireo Imâmo madio ara-panahy avy amin'ny Fianakaviany(as) mikasika ny haratsian-toetra sy nanazava tamintsikany voka-dratsin'izany.

Hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **«Ny haratsian-toetra dia fahotana tsy ho voavela»**

Niteny ny Imâmo Ali(as) hoe: **«Ny haratsian-toetra dia namana ratsy»**

Niteny ny Imâmo Ali (as) hoe: **«Ny haratsian-toetra dia mamotika ny fiainana no sady mampijaly ny tena»**

Hoy koa Izy(as) : **«Ny haratsian-toetra dia mampitoka-monina ny olona sady mampiala ny fahazoa-namana»**

Hoy ihany Izy(as) : **«Ny haratsian-toetra dia mampanalavitra ny akaiky ary mampandositra ny lavitra»**

Hotaperintsika àry ity lesona ity amin'ny alalan'ny tenin'ny Mpaminany masina Mohammad (saw) manao hoe: **«Toetra anankiroa no tsy ho hita amin'ny mpino dia ny fahihirana sy ny haratsian-toetra»**

Tamin'ny alalan'ireo teny masina (ahadith) ireo no nahitantsika fa ny hatsaran-toetra dia misy vokatsoany eo amin'ny fiaraha-monina syny isam-batan'olona, fa izany dia mahatonga ny olona hahazo fahasoavana betsaka ka hahatsapany ny fahasambarana sy fitoniana ary fandriampahalemana; fa mifanohitra amin'izany kosa ny haratsian-toetra dia mametraka ny tenan'nyolombelona hiaina ao anatin'ny fijaliana mandrakizay.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fananganana ny fifandraisana ara-piarahamonina dia mitaky ny fisian'ny fototra syny fitsipika izay tsy maintsy arahina ka izany fototra izany dia mizara lafiny anankiroa: dia ny lafiny izay mifono ny

baikon'Andriamanitra sy ny lafiny mahafaoka ny fandraràna.

- Ny hatsaran-toetra dia fototra iankinana amin'ny fahalalam-pomba momba ny fifaneraserana sy ny fahombiazan'ny fifandraisan'ny isam-batan'olona sy ny mpiara-monina.

**Fanontaniana :**

1-Ahoana no hamaritan'ireo manam-pahaizana mikasika ny fitsipi-pitondrantena ny hatsaran-toetra?

2-Lazao ny andinin'ny soratra masina(ayat) izay hideran'i Allâh Avo Indrindra ny toetran'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw).

3-Tantarao ny ohatra ara-tantara momba ny toetran'ny Mpaminany(saw) sy ny fomba fiarahany amin'nyolon-kafa

4-Mitanisa vokatsoan'ny hatsaran-toetra anankiroa.

5-Inona no voalazan'ny Mpaminany mikasika ny haratsian-toetra?

**************

# LESONA FAHA-07

## NY FANETREN-TENA

Ny fanentren-tena no lohalaharana amin'ny fototra syny fitsipi-pitondrantena eo amin'ny fiarahana amin'ny olona. Ary efa napetrak'Ilay Andriamanitra Be voninahitra sy Avo Indrindra ho anisan'ny famantarana ny fanompoanaamin'ny fo madio an'i Allâh izany. Nilaza Allâh Avo Indrindra ao amin'ny Bokiny masina manao hoe:

وَعِبَادُ الرَّحْمَنِ الَّذِينَ يَمْشُونَ عَلَى الْأَرْضِ هَوْناً وَإِذَا خَاطَبَهُمُ الْجَاهِلُونَ قَالُوا سَلَاماً

**«Ireo mpanompon'ilay Be Indrafo dia ireo izay mandeha ampanetren-tena eny ambonin'ny tany, ary raha miteny amin-dry zareo ireo bado, dia milaza izy ireo hoe : "Fiadanana anie"»** (Kor'âny 25:63)

Ny hevitra soritan'ity andinin'ny soratra masina ity dia manome taratra amin'ny fananana ny fitoniana sy voninahitra ary fanetren-tena, satria ny fomba fandehanana dia mampiseho ny fihetseham-po ao anatin'nyolombelona ao; fa ny mpanambony tena dia mandeha araka ny taratry ny fanamboniany tena sy ny fizahozahoany ary ny fihambohamboany ka hitanao izy fa mampiseho endrika manao tsinontsinonany olona; mihevi-tenaho toy izany izy ka mila manakatra ny tendrombohitra ny halavany na toy ny handoaka ny tany ny famindrany!

Izany no ahitantsika an'ny Imâmo Ali(as) milaza ny toetran'ireo mpino matahotra an'Andriamanitra manao hoe: **«Ary ny famindran'izy ireo dia ampanetren-tena»**

Ny fanetren-tena dia anisan'ny tena famantarana an'ireo mpino izay mitia an'i Allâh Avo Indrindra ary Izy koa tia azy ireo, hoy Ilay Be fahasoavana sy Avo Indrindra :

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُواْ مَن يَرْتَدَّ مِنكُمْ عَن دِينِهِ فَسَوْفَ يَأْتِي اللّهُ بِقَوْمٍ يُحِبُّهُمْ وَيُحِبُّونَهُ أَذِلَّةٍ عَلَى الْمُؤْمِنِينَ أَعِزَّةٍ عَلَى الْكَافِرِينَ

**«Ô ry izay mino! Izay mivadika amin'ny finoany aminareo dia hiantso vahoaka izay tiany sy izay tia Azy i Allâh, malefaka eo anatrehan'ireo mpino ary mirehareha amin'ny tanjanyeo anatrehan'ireo tsy mpino»** (Kor'âny 5:54)

Ny fanetren-tena dia anisan'ireo toetra izay manandratra ny olona eo anatrehan'ny hafa, fa isaky ny mitombo ny fanetrentenan'ny olona dia mitombo koa ny fanandratan'nyolona azy. Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: **«Tena marina fa ny fanetren-tena no manandratra ny fahambonian'izay manana azy, koa manetre tena ianareo fa hohambonian'Andriamanitra»**

Nilaza ilay tso-dranon'Andriamanitra anie ho Azy hoe: **«Izay manetry tena ho an'i Allâh dia asandratr'i Allâh, tsinontsinona no fahitany ny tenany fa eo imason'nyolona izy dia manana ny maha-izy azy»**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Nilaza i Louqmân tamin-janany hoe: Tsy misy voninahitra afa-tsy ho an'izay miondrika amin'i Allâh ary tsy misy fanandratana afa-tsy ho an'izay manetry tena amin'i Allâh»**

Hoy koa Izy(as) : **«Tena marina fa any an-danitra dia misy Anjely anankiroamiandraikitra an'ireo mpanompo, fa izay**

**manetry tena amin'i Allâh dia asandratr'Izy roa ary izay manambony tena dia ahetrin'Izy roa»**

Ireo Ahlol-Bay(as) dia mampirisika an'ireo mpino mpanara-dia Azy ireo mbahisalotraizany fanetren-tena izany satria izany no haingo sy fanadiovam-boninahitra ankoatra ny maha-endriky ny fanompoana lehibe azy no sady koa fahasoavana mampitsiririritra; hoy ny Imâmo Ali(as) : **«Haingon'ny voninahitra ny fanetren-tena»**, hoy koa Izy(as) : **«Ny fanetren-tena no fanadiovana ny voninahitra»**

Hoy Izy(as) nanafatra an-janany i Hassan Moujtabâ(as) : **«Aoka Ianao hanetri-tena fa tena fanompoana lehibe izany»**

Araka ny voalazan'ny Imâmo Askary(as), hoy Izy : **«Ny fanetren-tena dia fahasoavana tsy misy mpitsiririritra»**

Ny fanetren-tena dia ny tsy fametrahanao ny tenanao ho mendrika noho ny hafa, ary tsy maintsy ilaina amin'ny fanatanterahana ny fanatren-tena ireto manaraka ireto:

**Voalohany:** Ny fantren-tena dia atao anatin'ny làlan'i Allâh, araka izanydia tsy azo atao izany raha tsy eo anatrehan'ireo mpino ihany, fa voarara(harâmo) ny fanetren-tena eo amin'ny fiarahana amin'ireo jentilisa sy ireo mpanompo sampy satria fahafaham-baraka izany.

**Faharoa:** Ny fanetren-tena dia mifamatotra amin'ny fananam-pinoana(imân) sy amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra, ny fanetren-tena ho an'ireo mpanan-karena dia hambom-poeo ampela-tanan'izy ireo dia tsy ankasitrahana izany. Nilaza moa ny Imâmo Sâdiq(as) araka ny voalazan'ny Mpaminanintsika

Mohammad(saw) manao hoe: **«Izay tonga amin'ny mpanankarena ka mampihetry ny tenany eo aminy mba hahazoany zavatra eo ampela-tanany dia very ny ampahatelon'ny finoany»**

Hoy koa ny Imâmo Ali(as) mikasika an'izany :**«Mahafinaritra ny fanetren-tenan' ny mpanan-karena amin'ireo mahantra mba hihandrandran'ireo izay eo ampela-tanan'i Allâh, ary ny tsara kokoa noho izany dia ny fihatahan'ny mahantra amin'ny mpanan-karena nohon'ny fahatokisany an'i Allâh»**

Noho izany ny fanetren-tena dia asa izay lanjain'ny fananam-pinoana sy fahatahorana an'Andriamanitra ary fanompoanaan'i Allâh Avo Indrindra ka tsy mila mitodika any amin'ny harena na saranga ambony, na toerana ara-piarahamonina satria ny finoana Islâmo dia tsy manaiky raha tsy amin'ny alalan'ny fahatahorana an'Andriamanitra(taqwâ) ihany no andanjana ny fahamendrehana.

**Fahatelo:** Ny fanetren-tena dia fitondran-tena voalanjalanja mitoetraho fifampitoviana lavitry ny tafahoatra sy ny latsaky ny antonony, fa ny fanetren-tena diso tafahoatra dia miteraka ny fahambanian-toetra sy ny mahatsinontsinona ny tena no sady mahatonga ny fanesoesoana; ary ny tsy fahampian'izany kosa dia mahatonga ny olona ho tonga amin'ny fanambonian-tena na fihambohamboana. Izany no mahatonga an'ity fiteny ity manao hoe: **«Ny fanambonian-tena amin'ny mpanambony tena dia fanetren-tena»** satria ny fanetren-tena amin'ny mpanambony tena dia mahalatsa-boninahitra ny olona no sady vao mainka mampahazo vahana ny

fizahozahoana sy ny hakevohan'ny mpanambony tena sy ny fahatsapana ny fitiavan-tena.

## Famantarana ny fanetren-tena:

Voalaza ao amin'ireo teny masin'ireo Ahlol-Bayt(as) izay anoritany mazava amintsika ny endriky ny famantarana ny fanetren-tena, fa nisy nanontany an'ny Imâmo Ridhâ(as) mikasika ny fetran'ny fanetren-tena ka hoy Izy(as) : **«Ny fahafoizanao ho an'nyolona izay tian'ny tenanao mba hahafoizan'nyolona ny tahaka izany koa ho anao».**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Ny fantren-tena dia ny fanekenao ny fipetrahana amin'ny toerana izay tsy hananam-boninahitra ao amin'ny fivoriana iray sy ny fiarahabanao an'izay mifanena aminao, sy ny famelanao ny olona na dia manana ny marina aza ianao, ary ny lohan'ny hatsarana dia ny fanetren-tena»**

Nampian'ny Imâmo Sâdiq(as) famantarana hafa koa izany araka ny teniny milaza hoe: **«Ary tsy mitia ny deraina fa manana fahatahorana an'Andriamanitra»**

## Vokatry ny fanetren-tena :

Hoy ny Imâmo Moussâ al-Kâzim(as) : **«Toy izany ny fahendrena dia mitoetra ao am-pon'ny mpanetry tena fa tsy mitoetra am-pon'ny mpanambony tena mpanjakajaka satria i Allâh dia nanao ny fanetren-tena ho fitaovan'ny saina sy nanao ny fanambonian-tena ho fitaovan'ny habadoana»**

Voalaza fa ny lehibentsika Issâ zanak'i Maryam(as) dia nilaza tamin'ireo mpianany hoe: Milaza aminareo Aho raha mba mankato Ahy ianareo. Namalyizy ireo hoe**:** Mankato Anao izahay ô ry Mpaminanin'i Allâh; fa nitsangana ny lehibentsika Issâ(as) ka nanasa ny tongotr'izy ireo tsirairay avy. Nahatsiaro menatra ireo mpianany kanefa efa nampanantena Azy amin'ny fankatoavana ka dia namela Azy nanasa ny tongotr'izy ireo. Rehefa vita ny fanasana ny tongotr'izy ireo dia hoy izy ireo :Ianao no Mpampianatray ka tokonyho izahay no hanasa ny tongotrao fa tsy Ianao no nanasa ny tongotray. Fa hoy ilay Mpaminany(as) tamin'izy ireo : Nataoko izao mba hampianarako anareo satria ny olona dia tokony hifanasoa amin'ny olona, ianareo no hampianatra ny olona any aoriakorahatrizay. Koa aoka ny fanetren-tena no sori-dàlanareo, ary fantaronareo fa ny fahendrena dia mitsiry ao amin'ny sahan'ny fanetren-tena; toy ireo zava-maniry mitsiry amin'ny tany lonaka fa tsy mitsiry amin'ny tendrombohitry ny vatolampy.

Anisan'ny vokatry ny fanetren-tena izao voalazan'ny Imâmo Ali(as) izao manao hoe: **«Vokatry ny fanetren-tena ny fitiavana ary ny vokatry ny fanambonian-tena dia ny faniratsirana»**

Ny fanetren-tena dia mahatonga ny olona handry fahalemena, sy mampitafy azy ny firavaky ny haja amam-boninahitra.

Hoy Izy(as) : **«Ny fanetren-tena dia mampahazo anao ny fandriam-pahalamena»**; hoy koa Izy(as) : **«Ny fanetren-tena dia mampitafy voninahitra ho anao»**

Rehefa mielipatrana ny fantren-tenan'ny olona dia tsy hisy intsony ny toeran'ny fireharehana sy ny fanambonian-tena, tsy hisy intsony koa ny toeran'ny asa ratsy sy ny fifankahalana. Voalazan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: **«Tena marina fa Allâh Avo Indrindra dia nanambara tamiko mba hifanetry tena ianareo, ka tsy hifampirehareha ny tsirairay aminareo no sady tsy hifanao ratsy»**

Hofaranantsika ity lesona ity amin'ny alalan'ny sombin-tantara anankiroan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo Fianakaviany madio ara-panahy(as):

Voalaza ao amin'ny tantaran'ny Mpaminany masina fa ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia niaraka tamin'ireo mpanara-dia Azy nanao dia lavitra(safar) ; nony tonga ny fotoam-pisakafoanana dia nijanona izy ireo ary niteny ny iray tamin'izy ireo hoe: Anjarako ny mamono ondry. Niteny indray ny hafa hoe: Anjarako ny manapatapaka azy. Nilaza kosa ny fahatelo hoe: Anjarako ny manasaly azy. Nony niteny ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia hoy Izy : Anjarako ny manangona kitay; fa hoy ireo mpanara-dia Azy : Ô ry Irak'Andriamanitra! Ampy Anao izahay hikarakara izany! Namaly anefa Izy(saw) hoe: Fantatro izany nefa i Allâh Avo Indrindra dia tsy mitia ny mpanompo manavaka ny tenany amin'ireo rahalahiny. Izany no izy hoy ny Mpaminany(saw) sady lasa Izy nitady kitay.

Sombin-tantara iray hafa araka ny voalazan'nyImâmo Hassan Askary(as) hoe: **«Izay manetry ny tenany eto an-tany amin-drahalahiny dia izy eo anatrehan'i Allâhno anisan'ireo olo-marina sy anisan'ny mpanara-dia an'i Ali ibn Abi Tâlib(as) marina»**. Ary tonga tamin'i Ali Lehiben'ireo

mpino(as) ireto mpisakaiza mpino mpianaka roalahy ireto fa nitsangana Izy nandray azy ireoam-panajana sy nanome toerana azy ireo teo amin'ny toerana fipetrahany ary Izy dia nipetraka nanoloana azy mianaka avy eo Izy nanome baiko mba hanolorana sakafo; fa dia nihinana tamin'izany izy mianaka. Avy eo dia tonga i Koumbar nitondra tavindrano sy jogy mba hanasany ny tanan'ny lehilahy iray. Nihofokofoka tamin'ny tany ilay lehilahy sady niteny hoe: Ô ry ilay Lehiben'ireo mpino, i Allâh dia mahita ahy amin'izao ianao manasa ny tanako izao?! Hoy Izy: Mipetraha ianao ary manasà tanana fa tena marina i Allâh Avo Indrindra mahita anao, ary ny rahalahinao izay tsy manavaka ny tenany aminao sady tsy mihevi-tena ho ambony noho ianao no manompo sy mikarakara anao, amin'izay izy hahazo amin'ny alan'izany fikarakarana anao izany ao am-paradisa miisa impolo avo heny amin'ny isan'ny mponina eto an-tany, ka arakaraka izany no haben'ny fanjakany ao am-paradisa. Koa dia nipetraka ilay lehilahy ka hoy ihany i Ali(as) taminy: Ianianako amin'ny alalan'ny hagoavan'ny zoko izay fantatro fa ny fanetren-tenanao ho an'i Allâh rehefa ianao misasa ampitoniana dia tahaka Izaho ihany no manasa ny tananao na dia i Koumbar aza no nanondraka ny rano taminao! Fa dia nataon'ilay lehilahy izany, nony vita dia nomeny an'ny zanany i Mohammad ibn al-Hanafyat ilay jogy ka niteny izy hoe: Ô ry zanako, matoaity ankizy ity ihany no tonga teto tsy niaraka tamin-drainy dia notondrahako rano ny tanany, kanefa i Allâh Avo Indrindra no tsy manaiky ny hampitoviana ny zanaka amin-drainy rehefa miaraka amin'ny toerana iray izy ireo; fa ny ray no manondraka rano amin'ny ray ary ny zanaka amin-janaka; koa dia notondrahan'i Mohammad ibn al-Hanafyat rano ihany ilay ankizilahy. Avy eo nilaza i Hassan zanak'i Ali

Askary(as) hoe: **«Izay manaraka an'i Ali amin'izany dia izy no mpanara-dia marina»**

**<u>Famintinana</u> :**

- Anisan'ny toetra tsara mendri-piderana ny fanetren-tena ary efa nosokajian'i Allâh Avo Indrindra ho anisan'ireo toetran'ny fanompoana Azy.Ny fanetren-tena dia anisan'ireo antony ahazoana ny fahendrena, sy ny fitiavana sy ny voninahitra ary ny fahambonian-toerana…sns.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Hazavao ny dikan'ny hoe fanetren-tena.

2-Araka ny voalaza ao amin'ny andininy masina faha-63 tokon'ny "Al-Fourqân", lazao ny voalohan'ireo toetran'ireo mpanompon'i Allâh madio fo. Ary satria nahoana?

3-Inona no nolazain'ny Imâmo Ridhâ(as) momba ny fanetren-tena?

4-Tanisao ireo vokatry ny fanetren-tena.

**************

# LESONA FAHA-08

## FANAJANA NY FAMPANANTENANA

Ny fanajana ny fampanantenana dia anisan'ny fototry ny fitsipi-pitondrantena izay tsy maintsy hajain'ireo mpino silamo amin'ny fifaneraseran'izy ireo ao anatin'ny fiaraha-monina. Ireo andininy masina sy ireo lovan-tsofina hain-teny avy amin'ireo Ahloul-Bayt(as) dia mampirisika mba hananana an'ity toetra ambony sy mendri-piderana ityeo amin'ny fiainan'nyolombelona.

Hoy i Allâh Avo Indrindra hoe: وَأَوْفُواْ بِالْعَهْدِ إِنَّ الْعَهْدَ كَانَ مَسْؤُولاً

**«Ary tanterahonareo ny fifanekena satria hanontaniana mikasika ny fifanekena ianareo»** (Kor'âny 17:34)

Hoy Ilay Be Fahasoavana sy Avo Indrindra :

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُواْ أَوْفُواْ بِالْعُقُودِ

**«Ô ry izay mino, tanterahonareo ny fampanantenanareo»** (Kor'âny 5:1)

Ny mpino, rehefa miteny dia manatanteraka izany; satria i Allâh(Dera anie ho Azy) dia tezitra amin'izay tsy mba mifanarakaamin' ny zavatra lazainy ny zavatra ataony, hoy indrindra Andriamanitra :

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لِمَ تَقُولُونَ مَا لَا تَفْعَلُونَ كَبُرَ مَقْتاً عِندَ اللَّهِ أَن تَقُولُوا مَا لَا تَفْعَلُونَ

**«Ô ianareo izay mino!Nahoana ianareo no milaza zavatra izay tsy hotanterahinareo akory? Hatezerana lehibe eo**

**anatrehan'i Allâh ny fitenenanareo izay zavatra tsy hotanterahinareo akory»** (Kor'âny 61:2-3)

Ny fampanantenana sy ny fifanarahana ary ny fifanekena dia antery(wâjib) ny fanatanterahana sy ny fanajana azy. Adidin'ny mpino silamo ny manatanteraka ny fampanantenana nataony tamin'ny olona na mpino silamo izany na jentilisa.

Efa nisy rahateo taloha ny fifanekena teo amin'ny mpino silamo sy ireo mpanompo sampy fa dia notanterahin'ny MpaminanyMouhammad(saw) izany fifanekena izany saingy ireo mpanompo sampy sy ireo jiosy kosa no namitaka. Hoy ny Kor'âny masina :فَأَتِمُّوٓاْ إِلَيۡهِمۡ عَهۡدَهُمۡ إِلَىٰ مُدَّتِهِمۡ:

**«Hajaonareo tanteraka ny fifanekena nataonareo tamin'izy ireny mandra-pahatongan'ny fe-potoana nifanarahana»** (Kor'âny 9:4)

Voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) ao amin'ny teniny ny hoe: **«Anankitelo no tsy misy fialan-tsiny na amin'iza na amin'iza ny fanatanterahana azy: Fanomezam-pahatokisana amin'ny olon-tsoa na olon-dratsy, fanajana ny fampanantenana amin'ny olon-tsoa na olon-dratsy, fanaovan-tsoa amin'ny ray aman-dreny na izy roa olon-tsoa na olon-dratsy»**

Ny fanajana ny fampanantenana sy ny fifanekena ary ny fifanarahana dia manana ny fepetrany izay tsy maintsy ilaina amin'ny fandrindrana ny fiaraha-monina sy ny filaminany. Fa raha miely ao amin'ny fiaraha-monina ny fitaka sy ny fivadiham-pahatokisana dia mivaha ny fatorany ary rava ny fifampitokisana ka amin'izay fotoana izay dia manjavona ny

firaisankina izay fototry ny filàn'ny fiaraha-monina ary dia hihinana ny zon'ny malemy ny matanjaka, izany no nahatonga an'ny Imâmo Sâdiq(as) nanamafy amin'ny fifanajana sy ny fifampitokisana ka tsy misy afaka miala tsiny amin'ny tsy fanatanterahana an'izany.

**«Raha nisy fifanarahana teo aminao sy ny fahavalonao na nisy andraikitra nampanantenainao azy dia aoka ianao hanaja ny fampanantenana nataonao amin'ny alalan'ny fanatanterahanao izany, aoka ianao hiadidy ny andraikitrao amin'ny alalan'ny fampahatokisana,aoka ianao hanome antoka izay zavatra omenao, fa tena marina tsy misy didin`Andriamanitra tena henjana amin`ny olona mihoatra ny fanomezan-danja ny fanatanterahana ny fampanantenana na dia eo aza ny fahasamihafan`ireo hevitr`izy ireo sy ny tsy fitovian`ireo filan`izy ireo. Eny na dia ireo mpanompo sampy aza dia nanaja izany teo amin`izy samy izy ireo noho ny fahatsapan`izy ireo ny voka-dratsin`ny famitahana, koa aza mba mivadi-pitokisana sy mandiso ny fampanantenanao, na mamely ampitaka ny fahavalonao, fa tsy misy olona sahisahy amim`i Allah afa-tsy ny olona bado tsy mataho-tody, fa efa nataon`i Allah ny fampanantenany sy ny fanomezany toky ho fandriampahalemana sy ho zava-masina izay naeliny eny amin`ireo mpanompony mba hialofan`izy ireo eo ambany fiahian`i Allah sy higohan`izy ireo ny fahasoavany, ka tsy tokony hisy ny fitaka sy ny hafetsena ary ny fanambakana amin`izany.**

## Ny mahazava-dehibe ny fanajana ny fampanantenana :

Amin'ny alalan'ireo soratra masina ao amin'ny Kor'âny sy ireo teny masin'ireo Ahloul-Bayt(as) no nahafantarantsika ny tsy maintsy hanajana ny fampanantenana natao tamin'ny mpino silamo sy ny ankoatra ny mpino silamo. Fa ankehitriny isika dia andeha hahafantatra ny mahazava-dehibe ny fanajana azy sy ny anjara toerany eo amin'ny lafiny ara-pinoana sy ara-pitondrantena:

1-Ny Kor'âny masina dia manasokajy ny fanajana ny fampanantenana ho anisan'ireo toetra mampiavaka an'ireo mpino, fa hoy Ilay Mendri-piderana :

وَالَّذِينَ هُمْ لِأَمَانَاتِهِمْ وَعَهْدِهِمْ رَاعُونَ

**«Ary ireo izay ny fampahatokisan'izy ireo sy ny fampanantenan'izy ireo dia tena tandreman'izy ireo tsara»** (Kor'âny 23:8)

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: **«Izay mino an'i Allâh sy ny andro farany dia aoka hanatanteraka ny fampanantenana izay nataony»**

Nilaza ny lehibentsikaAli(as) hoe: **«Ny fanajana ny fampanantenana dia anisan'ireo famantarana an'ireo olom-pinoana»**, hoy koa Izy(as) : **«Ny foto-pinoana dia ny fanajana ny fampahatokisana sy ireo fampanantenana»**

2-Allâh Avo Indrindra dia midera an'ireo Mpaminany sy ireo Iraka amin'ny fanajan'Izy ireo ny fampanantenana sy ny fifanarahana, fa hoy Izy mikasika an'Ismâ'il(as) :

وَاذْكُرْ فِي الْكِتَابِ إِسْمَاعِيلَ إِنَّهُ كَانَ صَادِقَ الْوَعْدِ وَكَانَ رَسُولاً نَّبِيّاً

**«Ary tsarovy ao amin'ny Boky i Ismaela. Fa ny tena marina dia nanaja ny fampanantenana nomeny Izy, izay Iraka no sady Mpaminany »** (Kor'âny 19:54)

Ny toetra izay ilazan'ny Kor'âny an'Ismâ'il(Ismaël) dia ny fahamarinany amin'ny fampanantenana, ary izany dia mialoha ny filazany ny maha-Mpaminany sy Iraka Azy.

Voalazan'nyImâmo Ridhâ(as) araka ny nolazain'ny Rainy momba ny tantara izany nitranga tamin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) raha nisy lehilahy iray nifanome fotoana taminy teny amin'ny vatolampy dia tonga ny Mpaminany(saw) tamin'ny fotoana nifanomezana, saingy tsy tonga kosa anefa ilay lehilahy. Tamin'izay fotoana izay ny tara-masoandro dia tena nigaingaina nafana tokoa, ka hoy ny mpanara-dia Azy(saw) sasany : Ahoana raha mba ho any amin'ny alokaloka isika ô ry Irak'Andriamanitra?! Fa namaly ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: Teto no fotoana nifanaovanay ka tsy hihetsika eto amin'ity toerana ity mihitsy Aho mandra-pahatongany.

3-Voalaza ao amin'ireo hain-tenin'ireo Ahloul-Bayt(as) fa ny fanajana ny fampanantenana dia anisan'ireo zon'ireo mpino, hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Ny mpino(Mou'omine) dia rahalahin'ny mpino, masony sy mpanoro làlana azy, izay tsy mamitaka azy sy tsy manao ratsy azy sy tsy**

**misoloky azy ary tsy mandiso ny fampanantenana izay nomeny azy»**

4-Ny toetran'ny fanajana ny fampanantenana dia sahala amin'ny fahamarinana ka ny mifanohitra aminy dia ny hafetsena sy ny fitaka sy ny fanambakana, nilaza ny lehibentsika Ali(as) hoe: **«Ny fanajana ny fampanantenana dia tsy misy valaka amin'ny fahamarinana ary Izaho dia tsy mahalala fiarovan- tena amin`ny fitaka tena matanjaka mihoatra ny fanajana ny fampanantenana nefa hitantsika amin`izao vanim-potoana izao ny ankamaroan`olona dia mandray ny fitaka ho fananan-tsaina fa ireo bado koa dia mahita izany ho tetika mahomby hiatrehana fiainana, nefa tsy izany akory no marina, haringan`i Allah anie izy ireo amin`izany…»**

Amin'ny alalan'ny ity teny masina (hadith) ity no ahitantsika fa ny endriky ny fitaka dia miely ao anatin'ny fiaraha-monina feno habadoana, fa ny olona bado dia mitazana fotsiny ny mpanao politika izay mamitaka ny hasin'ny maha-olombelona azy. Ny lehibentsika Ali(as) anefa dia mihevitra izany olona izany hoao anatin'ny hadalana tanteraka satria ny fitaka dia toetran'ny faharatsiana ka ny olona tsy mba mino an'Andriamanitra sy ny andro farany no manana toetra toy izany; ny mpino dia tsy mba afaka mamitaka satria ny fitaka dia mifanohitra amin'ny fananam-pinoana(imân). Izany no ahitantsika ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) manatanteraka ireo fifanarahany tamin'ireo mpanompo sampy sy ireo jentilisa sy miaritra izay fampijaliana sy fanaratsiana ary fivadiham-pifanekena avy amin'izy ireo mandra-pahatongan'ny baikon'Andriamanitra manafoana izany

fifanarahana teo aminy(saw) sy izy ireo izany, tahak'izao voalazan'i Allâh Avo Indrindra izao:

بَرَاءةٌ مِّنَ اللّهِ وَرَسُولِهِ إِلَى الَّذِينَ عَاهَدتُّم مِّنَ الْمُشْرِكِينَ

**«Fandavana tanteraka avy amin'Andriamanitra sy ny Irany ho amin'ireo izay nanaovanareo fifanekena tamin'ireo mpanompo sampy»** (Kor'âny 9:1)

Taorian'ity andininy ity sy ireo andininy hafa manaraka azy ao amin'ny tokon'ny Tawbat dia noravaina ny fifanarahana izay nisy teo amin'ireo mpino silamo sy ireo mpanompo sampy afa-tsy tamin'ireo mpanompo sampy izay tsy mba nivadi-pifanekena tamin'ireo mpino silamo.

5-Ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo Imâmo madio ara-panahy(as) dia manamafy amin'ny fanajana ny fifanarahana sy mampirisika an'ireo mpino silamo mba handala izany, sady koa mampitandrina amin'ny fanaovana fitaka, satria ny fitaka dia fihatsarambelatsihy izay mahatezitra an'i Allâh no sady koa mahatezitra ny mpiara-belona ao anatin'ny fiaraha-monina. Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: **«Anankitelo ny famantarana ny mpihatsaravelatsihy: Rehefa miresaka izy dia mandainga, rehefa mampanantena izy dia mandiso izany, ary rehefa ametraham-pitokisana izy dia mivadika amin'izany»**

Izao no voalaza ao amin'ny fifanarahan'ny lehibentsika Ali(as) tamin'i Mâlik Al-Achtar rehefa notendreny ho goverinora tao Ezypta izy: **«Mitandrema ianao… rehefa manao fifanarahana amin'izy ireo ianao dia mba hanaja ny fifanarahanao fa tsy hivadika, …fa ny famadihana dia**

**mahatonga ny hatezerana eo amin'i Allâh sy eo amin'ny olombelona; hoy i Allâh Avo Indrindra :**

كَبُرَ مَقْتاً عِندَ اللَّهِ أَن تَقُولُوا مَا لَا تَفْعَلُونَ**(Hatezerana lehibe eo anatrehan'i Allâh ny fitenenanareo izay zavatra tsy hotanterahinareo akory) »**

Voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) fa: **«Ny fampanantenan'ny mpino amin'ny rahalahiny dia voady izay tsy misy onitra ho azy ka izay mivadika amin'izany dia mivadika amin'i Allâh ankitsirano ka dia ny hatezerany no setrin'izany araka ny teniny milaza hoe:**

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لِمَ تَقُولُونَ مَا لَا تَفْعَلُونَ كَبُرَ مَقْتاً عِندَ اللَّهِ أَن تَقُولُوا مَا لَا تَفْعَلُونَ

(**Ô ianareo izay mino! Nahoana ianareo no milaza zavatra izay tsy hotanterahinareo akory? Hatezerana lehibe eo anatrehan'i Allâh ny fitenenanareo izay zavatra tsy hotanterahinareo akory) »**

Ny fampanantenana dia ambony tantana kokoa noho ny voady. Ianao rehefa nanao voady dia mbola afaka manonitra izany raha toa ka tsy nahatanteraka izany; fa ny fampanantenana kosa dia voady izay tsy mba misy onitra hanonerana azy.

Izany no ananaran'ireo Ahloul-Bayt(as) antsika mba tsy hampanantena zavatra izay tsy ho vitantsika akory ny hanatanteraka azy, hoy ny lehibentsika Ali(as) : **«Aza mampanantena zavatra izay tsy azonao tanterahina»**; hoy koa Izy(as) : **«Aoka mba tsy hanao fampanantenana izay tsy hananan'ny tenanao fahatokisana ny hahatanteraka azy»**

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fanajana ny fampanantenana dia anisan'ireo fototry ny fitsipi-pitondran-tena, ary efa noderain'ny Kor'âny masina ireo mpino amin'ny fanajana izany fampanantenana izany. Adidin'ny mpino silamo ny manatanteraka ny fampanantenany rehefa manao fampanantenana izy na manao fifanarahana amin'ny mpino silamo na amin'ny ankoatra ny mpino silamo.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Inona no lazain'ny Kor'âny masina mikasika ireo izay tsy manatanteraka ny fampanantenan'izy ireo?

2-Lazao izay voalaza ao amin'ny fifanarahan'ny Imâmo Ali(as) tamin'i Mâlik Al-Achtar mikasika ny lohahevitry ny fifanarahana.

3-Inona no anjara toeran'ny fifanekena eo amin'ny finoana Islâmo?

4-Inona no fepetra amin'ny fifanarahana atao miaraka amin'ny olona hafa finoana?

**************

# LESONA FAHA-09

## NY HALEMEM-PANAHY-(1)

Ny tsirairay dia miatrika ny fiainany ara-piaraha-monina amin'ny fomba samy hafa araka ny maha-olombelona sy manangana fifandraisana ara-piaraha-monina amin'nyolona maro mandrakariva. Ny tsirairay araka ny filazan'izy ireo dia singa iray ao anatin'ny fianakaviana tokana dia ny fiaraha-monina izay misy azy ireo avy.

Ny isam-batan'olona  dia samy manana ny maha-izy azy manokana ara-toetra sy ara piaraha-monina ka ireo toetrany sy ireo fitondran-tenany ireo eo amin'ny fifaneraserany sy fifandraisany amin'ny olona dia misy lafiny tsara, ao koa anefa ny lafiny ratsy; noho izany dia ahoana àry ny fomba ifandraisantsika amin'ny tsirairay?

Misy angamba ny sasany hihevitra avy hatrany fa ny fomba mendrika dia ny fanapahana ny fifandraisantsika amin'ireo izay manana toetra ratsy ka tsy mifandray afa-tsy amin'ny olon-tsoa ary amin'izay fotoana izay isika dia hiaina ao anatin'ny saina milamina sy fiadanana!

Izany fomba izany anefa tsy azo tanterahina satria isika dia tsy hahita mihitsy fiaraha-monina iray ka hitovy saina sy hitovy toetra sy fitondran-tena avokoa ny tsirairay ao aminy. Toy izany no namoronan'i Allâh(Dera anie ho Azy) ny olombelona ho samy hafa fisainana sy fitondran-tena aman-toetra fa tena mahalana dia mahalana no ahitantsika olon-droa ka hitovy tanteraka ny fomba fisainan'izy ireo sy ny fijerin'izy ireo ary ny toetran'izy ireo. Tsy vitan'izany fa ny filantsika ao amin'ny

fiaraha-monina dia tsy voaantoky ny fifandraisana voafetra amin'ny olom-bitsy, indrindra moa isika raha mbola hanapaka izany fifandraisantsika izany amin'ny hafa, dia tsy manana antoka ihany koa amin'ny fanarahan'izy ireo izany fisainana tokana izany amin'ny alalan'ny fanapahana ny fifandraisana.

Misy koa angamba ny sasany hanome vahaolana hafa dia ny fiadiana amin'ireo izay rehetra ratsy fitondran-tena; sy fifandonana amin'izay rehetra mivoaka miala amin'ny(mivily làlana) ary amin'ny farany dia hiaina ao anatin'ny fifanarahana ny mpiara-monina tsirairay, kanefa ny tantara dia maneho ny mifanohitra amin'izany; satria ny famakian'ady amin'ny isam-batan'olona ao amin'ny fiaraha-monina iray dia hiteraka fiafarana ratsy izay tsy dia ankasitrahana loatra. Ny ankamaroan'ireo ra mandriaka dia voka-dratsy ateraky ny ady. Angamba ny fikasan'ny sasany amin'ny ady dia ny mba hisian'ny fampihavanana nonyamin'ny farany. Nefa moa ve hiafara toy izany avokoa ny zavatra rehetra? Tsia, tsy akory, satria ny afo hono araka ny fiteny dia mijanona foana ao ambanin'ny lavenona, fa ny fifandirana ara-piaraha-monina mantsy dia miteraka fialonana miangona ao am-pon'ny ankilany resy an'ady, izay mampirisikaazy foana hitady fotoana hanaovana valifaty…fa ny valifaty dia famelana ny jamba ho irery tsy mahalala ny làlan-kombana. Ary vao mainka aza ny fiainana dia hihasarotra sy hanahirana tanteraka ao amin'ny fiaraha-monina izay maloky ny ady sy vao mainka miredareda izaitsizy ny fifampialonana sy ny fifankahalana.

## Inona àry no vahaolana azo atolotra?

Mikasika ny tranga toy izany ny Islâmo dia manolotra vahaolana mifanaraka amin'izany dia ny **"halemem-panahy sy ny fitazoman-katezerana"**.

Teboka anankitelo no horesahintsika eto dia ny:

1-Ny havinirana sy ny hatezerana araka ny fomba fijerin'ny Islâmo.

2-Ny lanjan'ny halemem-panahy sy ny fitazoman-katezerana araka ny fomba finoana islamika.

3-Ohatra vitsivitsy amin'ny halemem-panahy sy ny fitazoman-katezerana.

## Fampianarana voalohany: Ny hatezerana

Ireo lovantsofina(riwâyât) sy ireo teny masina(ahadith) hainteny dia manome endrika ny hatezerana ho anisan'nyiray amin'ireo faharatsian-toetran'ny olombelona, koa indreto àry teny masina vitsivitsy manambara izany:

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Ny hatezerana dia fanalahidin'ny haratsiana rehetra»**

Hoy ny Imâmo Ali(as) : **«Ny hatezerana dia haratsiana, raha hapoakanao izany dia mandravarava»**

Hoy koa Izy : **«Ny hatezerana dia mamotika ny tompony sy mampibaribary ny kilemany»**

Hoy ihany Izy : **«Ny hatezerana dia mampihombo ny herin'ny fialonana»**

Hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **«Ny hatezerana dia vain'afo avy amin'ny Satana»**

Hoy ny Imâmo Ali(as): **«Ny hatezerana dia afo mandoro ka izay nahatazona ny hatezerany dia nahafaty an'ilay afo, fa izay manapoaka azy kosa dia izy ihany no voalohany ho main'izany afo izany »**

Hoy Izy(as) : **«Mitandrema amin'ny hatezerana fany tena marina izy io dia miaramila goavana avy amin'ireo miaramilan'Iblis»**

Hoy koa Izy(as) : **«Arovy ny tenanao amin'ny hatezerana, fa ny fiandohany dia hadalana ary ny fiafarany dia fanenenana»**

Hoy ihany Izy(as) : **«Ny hatezerana dia anisan'ny hadalana satria mampanenina ny tompony, fa raha tsy mba manenina izy dia vao mainka manjaka ny fahadalany»**

Hoy hatrany Izy(as) : **«Manimba saina sy mampanalavitra amin'ny fahitsiana (ny hatezerana)»**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Izay tsy mba mahafehy ny hatezerany dia tsy mahafehy ny sainy»**

Ireo teny masina voalaza teo ireo dia manambara amintsika ny tanjaky ny hatezerana sy ny haben'ny famotehany rehefa mitranga eo amin'ny fiainan'nyolombelona.

Indreto atolotra anao koa ny teny masina vitsivitsy hafa izay midera ny olona mahafehy sy mahafolaka ny hatezerany:

Hoy ny Imâmo Ali(as) : **«Ny fifehezana tena mendrika dia ny fifehezana ny hatezerana»**

Hoy Izy(as) : **«Ny olona tena manana fahafahana mandeha amin'ny fahitsiana dia izay tsy mba tezitra»**

Hoy koa Izy(as): **«Nandresy ny Satana izay naharesy ny hatezerany, fa resin'ny Satana kosa izay babon'ny hatezerany»**

Hoy ihany Izy(as) : **«Ny hatezerana dia fahavalo koa aza manaiky ho baboiny(hobaboiny) ny tenanao»**

Hoy hatrany Izy(as) : **«Izay resin'ny hatezerany sy ny fanirian'ny nofony dia efa anisan'ny biby»**

Hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : **«Tsy mahery akory ny mpiady fa ny tena mahery dia izay mahafehy ny tenany amin'ny hatezerana»**

Hoy Izy(saw) : **«Ny mpiady noho ny mpiady rehetra: lehilahy izay tezitra ka mivalomena ny endriny, sy mihoron-koditra izy nohon'ny hamafin'ny hatezerany, nefa miady manohitra izany hatezerany izany izy»**

Hoy ny Imâmo Ali(as) : **«Ny olona tena matanjaka dia izay mahay mampitony ny hatezerany»**

Hoy ny Imâmo Bâqir(as) : **«Tsy misy hery tahaka ny fanoherana ny hatezerana»**

Voalaza amin'ny tantara masina fa nisy lehilahy iray tonga tamin'ny Mpaminany Mohammad (saw) ka niteny taminy nanao hoe: Anaro aho ô ry Irak'Andriamanitra! Dia hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) taminy : Aza mety tezitra ianao! Ampio ny anatrao ho ahy, hoy ilay lehilahy; fa hoy ilay Irak'Andriamanitra hoe: Aza mety tezitra ianao! Hoy ihany ilay lehilahy hoe: Ampio ny anatrao ho ahy, namaly azy hatrany ilay Irak'Andriamanitra hoe: Aza mety tezitra ianao! Avy eo lasa niverina nody tany amin'ny fokony ilay lehilahy dia nahita azy ireo nihomana hamonjy ady, rehefa avy nanontany ny antony izy dia nahalala fa ireo tsirairay ao amin'ny fokony dia handeha hanafika foko iray hafa sy handroba ny harenan'izy ireo; ary dia raikitra ny ady teo amin'ny foko roa tonta. Nony hitany ireo olona avy amin'ny fokony izay naratra dia nentin'ny hatezerana izy ka niditra tao an-tranolay misy azy mba hitafy fanamiana entina miady, tamin'izay indrindra anefa no tsaroany tampoka ilay anatra nomen'ilay Mpaminanintsika Mohammad(saw) azy nanao hoe: «Aza mety tezitra ianao», koa dia niova hevitra indray izy sy nandinika izay ho fiafaran' izany; hany ka natsipiny ny sabany sady lasa izy nanatona ny foko etsy ankilany ary dia nitondra teo amin'ireo lehiben'izany foko izany ny takalo hanonerana izay fatiantoka vokatry ny ady tamin'izy ireo, sady hoy izy tamin'ireo: Indro ny harenako ka raisonareo avy amin'io avokoa izay rehetra mahafa-po anareo ka aza mifandatsa-drà intsony ianareo amin'ny manaraka! Talanjona tamin'izany fihetsiny mendrika izany ireo lehilahy tamin'ilay foko ka namaly azy nanao hoe: Efa nahafa-po anay ny teninao taminay ka mandehana am-pilaminana ianao! Dia izany tenin'ny Mpaminaninsika Mohammad(saw) hoe:«Aza mety tezitra ianao»izany no namonoany ny afon'ny ady sy ny fifampialonana.

Ireo lovantsofina izay novakiantsika tetsy aloha ireo dia ahitantsika hevitra anankiroa:

1. voalohany dia ny fanomezan-tsiny amin'ny fahatezerana,
2. faharoa dia ny fiderana ny fifehezana azy; fa ho hitantsika ihany koa ny hevitra fahatelo ao amin'ireo teny masina izay maneho ny hatezerana atao nohon'nyantony Andriamanitra sy ao amin'ny làlan'Ilay Be Fahasoavana sy Avo Indrindra.

Nilaza ny Imâmo Ali(as) hoe: **«Izay mandrangitra ny lefon'ny hatezerana ho an'i Allâh dia mahery amin'ny famonoana an'ireo mpiziriziry amin'ny hadisoana»**

Nilaza koa Izy(as) hoe: **«Izay mankahala ny mpanao ratsy sy tezitra ho an'i Allâh dia tezitra aminy i Allâh fa faly aminy kosa amin'ny andron'ny fitsanganana»**

Hoy Izy(as) tamin'ny  nanao veloma farany ilay sakaizany hajaina dia i Abouzhar rehefa izy natao sesi-tany:**«Ô ry Abouzhar, tena marina fa ianao dia tezitra ho an'i Allâh, fa sokafy ny fonao amin'izay hananao hatezerana. Tena marina ny vahoaka dia matahotra anao amin'ny fiainan'izy ireo fa ianao kosa matahotra azy ireo amin'ny finoanao;koa avelao eo am-pelatanan'izy ireo izany zavatra  atahoran'ireoanao izany, ary mandosira azy ireo ianao amin'izay atahoranao amin'izy ireo, satria fatratra ny filan'izy ireo ny zavatra izay nandraranaoazy ireo, ary tsy misy ny ilanao ny zavatra izay tsy nomen'ireoanao izany, fa ho hainao ihany izay hahazo tombony rahampitso sy izay be fialonana. Eny fa na dia ny lanitra sy ny tany aza no hikombona amin'ny mpanompo iray matahotra an'Andriamanitra dia hosokafan'Andriamanitra moramora ho azy izany.Ataovy tsy misy zavatra tena**

**maminao afa-tsy ny fahamarinana ary tsy misy zavatra tena halanao afa-tsy ny fahadisoana; fa raha manaiky ny fiainan'izy ireo ianao dia hitia anao izy ireo, raha migoka amin'izany ianao dia hatoky anao izy ireo»**

Ary voalaza ao amin'ny fitalahoan'ny lehibentsika Moussâ zanak'i 'Imrân(as) izay nanontany an'i Allâh Avo Indrindra nanao hoe: **«Iza no afaka mamotika an'ireo izay alokalofanao eo amin'ny aloky ny seza fiandriananao amin'ny andro tsy mampisy aloka afa-tsy ny alokao ihany?»** Tonga ny valim-panontaniana avy amin'Ilay Andriamanitra Tokana hoe: **«…Ireo izay tezitra amin'ireo zavatra norarako rehefa natao halâl, tahaka ny liona rehefa noratraina»**

Araka izay voalaza rehetra teo izay dia haintsika fa ny hatezerana dia hery sy tanjaka iray napetrak'i Allâh ao amin'ny tenan'nyolombelona ka ity hery ity dia tokony hakana tombon-tsoa ao anatin'ny làlan'i Allâh.

Fa raha misy ny mankahala ny finoana sy mihoa-pefy amin'ny lalànan'i Allâh(Dera anie ho Azy) dia lasa ilaina sy ara-dalàna ny fahatezerana; koa anjaran'ny mpino silamo ny mitandrina sy mahatsapa fa ny hatezerany dia nohamasinina nohon'ny antony Andriamanitra Allâh sy ao amin'ny làlany.

Izany no ahitantsika ny Kor'âny masina miangavy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) mba hanohitra ny fanoheran'ireo jentilisa sy ireo mpihatsaravelatsihy ary hihenjana mafy amin'izy ireo, hoy Andriamanitra :

يَا أَيُّهَا النَّبِيُّ جَاهِدِ الْكُفَّارَ وَالْمُنَافِقِينَ وَاغْلُظْ عَلَيْهِمْ

**«Ô ry Mpaminany! Miadia amin'ireo tsy mpino sy amin'ireo mpihatsaravelatsihy, ary aoka ianao hasiaka amin'izy ireo »** (Kor'âny 9:73)

Noderain'ny Kor'âny masina koa ireo mpino izay mahay mifamindra fo amin'izy samy izy fa mifampihenjana kosa amin'ireo jentilisa araka izao voalazan'i Allâh Avo Indrindra izao:

مُّحَمَّدٌ رَّسُولُ اللَّهِ وَالَّذِينَ مَعَهُ أَشِدَّاء عَلَى الْكُفَّارِ رُحَمَاء بَيْنَهُمْ

**«I Mohammad dia Irak'Andriamanitra ary izay miaraka Aminy mifampihenjana amin'ireo jentilisa fa mifamindrafo kosa amin'izy samy izy ireo»** (Kor'âny 48:29)

**Famintinana :**

- Tena ilaina eo amin'ny fiainana ara-piaraha-monina ny fifandraisan'ny tsirairay isam-batan'olona; ary nohon'nyantony fahasamihafana sy ny fifanoherana misy eo amin'ny fisainana sy ny toetran'ny tsirairay no mahatonga ny fifandonana sy fifandirana izay miteraka ny fifampialonana, miroso amin'ny famahana izany olana izany sasany amin'ny alalan'ny fampiasan-kery, ny sasany indray mamaha olana amin'ny alalan'ny fanapahana ny fifandraisana, fa ny finoana Islâmo kosa dia mahita ny vahaolana amin'ny alalan'ny fampiasana ny "halemem-panahy" sy ny "fitazomana ny hatezerana" ary manasokajy azy roa ireo ho fomba mahomby sy azo antoka amin'ny fandaminana nyfifandraisana ara-piaraha-monina.

**Fanontaniana :**

1-Inona no dikan'ny hoe halemem-panahy?

2-Nahoana ireo lovantsofina(riwâyât) sy ireo teny masina(ahadith) no mamaritra ny  hatezerana ho faharatsiana?

3-Lazao ny teny masina(hadith) an'ny Imâmo Ali(as) milaza ny fifehezana ny hatezerana.

4-Inona no lazain'ny Imâmo Ali(as) mikasika ny hatezerana teo anatrehan'ny fahatsoran'ny sakaiza hajaina i Abouzhar(as)?

**************

# LESONA FAHA-10

# NY HALEMEM-PANAHY-(2)

## Fampianarana faharoa:Ny halemem-panahy

Efa fantatsika ankehitriny fa ny hatezerana dia tsy azo ampiharina raha tsy amin'ny alalan'ny fanoherana ny fahavalon'i Allâh(Dera anie ho Azy) fa raha eo anatrehan'ireo mpino no hanaovana izany dia hadalana sy voarara(harâmo); fa ahoana àry no hodiantsika tsy hita ny fahadisoana sy ny fihoaram-pefy ataon'ireo namantsika sy ireo rahalahintsika?

Araka ny efa voalazantsika tamin'ny lesona teo aloha fa ny Islâmo dia efa nametraka ny halemem-panahy sy ny fitazoman-katezerana mba ho fombam-pifandraisana ara-piaraha-monina; satria ny ankamaroan'ireo fifandirana sy ny fifanoherana eo amin'ny tsirairay dia mety ho voavahan'ny fahalem-panahy sy ny fampiharana ny fifehezan-tena. Izany no mahatonga ny lalàm-pinoana islamika manasokajy ny halemem-panahy ho anisan'ny toetra mendrika izay tokony holalain'ireo mpino.

Ny Kor'âny dia mampirisika amin'ny fahaizana mitony sy mifehy tenaamin'ny fotoana mahatezitra, hoy Ilay Avo Indrindra : وَالْكَاظِمِينَ الْغَيْظَ وَالْعَافِينَ عَنِ النَّاسِ وَاللَّهُ يُحِبُّ الْمُحْسِنِينَ

**« …Sy ireo mahafehyny fahatezerany ary ireo mpandefitra aman'nyolona fa i Allâh tia ireo mpanao ny soa»** (Kor'âny 3:134)

Hoy koa Ilay Avo Indrindra :

وَلَا تَسْتَوِي الْحَسَنَةُ وَلَا السَّيِّئَةُ ادْفَعْ بِالَّتِي هِيَ أَحْسَنُ فَإِذَا الَّذِي بَيْنَكَ وَبَيْنَهُ عَدَاوَةٌ كَأَنَّهُ وَلِيٌّ حَمِيمٌ ...

**«Tsy mitovy ny asa soa sy ny asa ratsy. Atoseho amin'ny tsara kokoa ny ratsy; dia indro fa lasa namanao mahafatrapo ilay nifankahala taminao. Saingy tsy omena afa-tsy amin'izay manam-paharetana izany, sy ho an'izay manam-pahasoavana tsy manam-petra »**(Kor'âny 41:34-35)

Ny kolon-tsain'ny halemem-panahy dia mifanohitra amin'ny kolon-tsain'ny valifaty ratsy; satria ny valifaty dia mampahery vaika ny fifankahalana sy mampirehitra ny fialonana, fa ny halemem-panahy kosa mametraka antsika hifandray foana amin'ny mpanohitra  fa raisina toy ny namana lalaina ihany izy ireo, fa ny halemem-panahy dia fahazavana manila ny làlan'ny olombelona ary ny valifaty dia afona hadalana mandoro ny fiaraha-moninan'ny olombelona.

Ireo Imâmo madio ara-panahy(as) dia midera ny fahalemem-panahy sy miantso an'ireo mpino mba hankamamy ny halemem-panahy sy ny fifehezan-tena, koa ireto manaraka ireto ny teny masina vitsivitsy milaza izany:

Hoy ny Imâmo Ali(as) : **«Ny halemem-panahy dia aro amin'ireo loza»**

Hoy koa Izy(as) :**«Ny halemem-panahy dia fahazavana ka ny saina no ilony»**

Hoy koa Izy(as) :**«Tsy misy voninahitra tena ambony mihoatranoho ny halemem-panahy»**

Hoy Izy(as) :**«Mianara ny halemem-panahy ianareo, fa ny halemem-panahy no sakaizan'ny mpino sy solon-tenany»**

Hoy Izy(as) :**«Aoka ianao hanana halemem-panahy fa izy io no vokatsoan'ny fahalalana»**

Hoy ihany Izy(as) :**«Izay malemy fanahy dia andrianina»**

Hoy ihany Izy(as) :**«Ny fandriam-pahalemana dia vokatsoan'ny halemem-panahy»**

Hoy hatrany Izy(as) :**«Ny tambiny voalohany omena ny malemy fanahyamin'ny hatsaran-toetra izay ananany dia ny olona miara-miombona aminy amin'ny fanoherana ny haratsian'ny bado »**

Hoy hatrany Izy(as) :**«Izay mampiasa halemem-panahy aminao dia mandresy anao sy mendrika noho ianao»**

Nilaza koa ny Imâmo Mohammad Al-Jawâd(as):**«Ny halemem-panahy dia fitafian'ny manampahaizana, koa aza manaboridan-tena amin'izany»**

Araka izany ny dikan'ny halemem-panahy dia mitovy hevitra amin'ny fifehezan-tena sy ny fitazoman-katezerana fa ireo teny masina moa dia manamafy izany.

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe:**«Izay mahatazona ny hatezerany dia fenoin'i Allâh "imân" ny fony»**

Hoy ny Imâmo Ali(as) :**«Izay mahasakana ny hatezerany dia horakofan'i Allâh ny kilemany»**

Hoy ny Imâmo Bâqir(as):**«Izay mahatazona ny hatezerany nefa afaka mampihatra izany dia hototofan'i Allâh fahalemana sy "imân" ny fony amin'ny andron'ny fitsanganana»**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Izay mahatazona ny hatezerany nefa afaka manatanteraka izany sy malemy fanahy dia omen'i Allâh valisoan'ny maritiora»**

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :**«Ny tena olon-kendry dia izay tena mahatazona ny hatezerany»**

Hitantsika àry tamin'ny alalan'ireo teny masina ireo fa ny fifehezan-tena dia miainga avy amin'ny fahazavan'ny fananam-pinoana(imân) izay manilo ny làlan'ny olombelona ka hahafantarany ny tena toerana misy azy marina.

Fa ny fahalemem-panahydia manafina ireo kileman'ny olombelona satria ny fahatezerana tafahoatra dia mampiharihary ny ankamaroan'ireo kileman'ny olombelona.

Ary ny fahalemem-panahin'ny olomelona dia manan-danja mihoatra ny fahafatesana maritiora, satria ny olombelona rehefa manohitra ny haratsiana amin'ny alalan'ny ady ara-batana dia iray amin'ireto hasoavana anankiroa ireto ihany no mety ho vokany dia ny fandresena na ny

fahafatesanamaritiora; fa ny olona malemy fanahy kosa dia mitoetra manam-pahendrena, ka ny fahendrena dia anisan'ireo toetran'ny mpitondra manana ny maha-izy azy tokoa.

Izany no nahatonga ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) nilaza fa:**«Ny tena olon-kendry dia izay tena mahatazona ny hatezerany»**

Nisy nanontany an'ny Imâmo Hassan(as) momba ny halemem-panahy ka hoy Izy :**«Fitazoman-katezerana sy fifehezan-tena»**

Niteny ny Imâmo As-Sajâd Ali ibn Al-Houssein(as) :**«Tena mahatalanjona Ahy ny lehilahy izay resin'ny fahalemem-panahiny ny hatezerany»**

Nisy iray tamin'izy ireo, nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) : Moa ve tsy fahafaham-baraka ny fialana amin'ny ady(olona izay mifanditra amin'ny tena)? Namaly ny Imâmo(as) : **«Tena marina ny afa-baraka dia ny mpanao ratsy»**

Mety hisy olona hiady hevitra aminao mikasika ny petrak'olana iray, ary ianao araka ny hevitrao no manana ny marina kanefa ilay mpiady hevitra aminao dia mitompo teny fantatra amin'ny heviny foana. Ny fahalalam-pomban'ny làlana islamika dia madrisika anao mba hiala amin'izany ady hevitra izany satria tsy misy tombotsoa akory ny ao ambadikan'izany, sady mety hiteraka lonilony, ka izany fanapahan-kevitrao izany dia tsy fahafaham-baraka velively, fa ny fahamarinana dia sahala amin'ny masoandro izay tsy hijanona ho takon'ny rahona foana; fa mbola ho tsapan'ilay

namanao na ilay sakaizanao ihany ny fahadisoany indray andro any.

Ity toetra ara-pahalemem-panahin'nyolombelona ity dia miaro azy amin'ny fifandraisany amin'ny tsirairay mpiara-monina.

## Fampianarana fahatelo: Ohatra vitsivitsy amin'ny fahalemam-panahy sy ny fitazoman-katezerana

Amin'ity fampianarana ity isika dia hampiseho ohatra vitsivitsy mikasika ny halemem-panahy sy ny fitazoman-katezerana mba hisintonantsika lesona sy anatraavy amin'izany.

(1)- Nirehitra ny ady nifandonan'ny foko anankiroa, ny Aws sy ny Khazraj tamin'ny vanim-potoan'ny habadoana (talohan'ny finoana silamo) avy eo taty aoriana dia notarihin'i Allâh(Avo Indrindra) ireto foko anankiroa ireto ao amin'ny fahazavan'ny Islâmo ary dia maty ho azy izany afon'ny hadalana izany ka dia lasa mpirahalahy mifakantia ny andaniny sy ny ankilany. Ilay fifankahalana feno habadoana iny dia niova hofirahalahiana ara-pinoana islamika, fa dia miara-mipetraka amin'ny toerana iray izy ireo no sady mifampiresaka ampirahalahiana sy ampitiavana, indray andro nisy jiosy iray antsoina hoe "Châsse ibn Quays" nahita azy ireo izay nanana fialonana tamin'izy ireo, ka navandravandrany ny masony mariky ny fanambaniana sy fanesoany azy ireo; fa mila mihantsy ady sy mitady ampirehitra ny afon'ny fifankahalana izy ka nandefa lehilahy

ratsy fanahy iray tamin’ny toerana fivorian’izy ireo ary dia nirahiny mba hamaky tononkalo fahiny manoloana azy ireo.

Koa lasa ilay lehilahy jiosy nipetraka teo anivon’izy ireo ka nanomboka namaky tononkalo iray mikasika ny foko Aws sy tononkalo iray koa momba ny Khazraj, ary izany tononkalo nataony izany dia miresaka momba ny tsy fifankahazoanafahiny ka niverina nirehitra tsikelikely indray ilay fifankahalana taloha ka dia velona indray ny fiainana habibiana, koa dia nifampiantso handray ny fiadiana sy ny lefona izy ireo; fa dia raikitra sy vaky indray àry ny ady teo amin’ireo foko roa tonta.

Rehefa nahare izany ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) dia lasa avy hatrany nandeha tamin’ilay toerana misy ny korontana ka niantso tamin’ny feo avo:**«Ô ry vondrona mpino silamo! Allâh, Allâh, mitandrema ianareo amin’izao fihetsika feno habadoana izao, ary Izaho no teo anatrehanareo, fa taorian’ny nitarihan’i Allâh anareo ho amin’Islâmo sy nanomezany anareo voninahitra sy nanafahany anareo tamin’ny fiainana feno habibiana sy nanavotany anareo hiala tao anatin’ny fanoherana an’Andriamanitra(koufr) ary nampifankatiavany anareo dia mbola hiverina ho amin’ny fiainanareo teo aloha izay mpanohitra an’Andriamanitra indray ve ianareo?!»**

Niverina tamin’ny fahitsiana ireo mpino silamo, araka izany, fa nahatsapa ho nahavita hadisoana goavana ary dia samy nanenina izy ireo ka nanavao indray ny fifanaraham-pirahalahiana islamika; ary dia toy izany no namonoan’ny fahazavan’ny Islâmo ny afona habadoana, fa dia maty koa ny afon’ady izay saika narehitr’ilay jiosy ratsy fanahy.

(2)-Voalaza ao amin'ny tantara fa Arabo anankiray no niditra tao amin'ny Moske ary naneho ny fangatahany zavatra tamin'ilay Irak'Andriamanitra(saw) ka nomen'ny Mpaminany(saw) azy vola izay azony nomena. Nataon'ilay Arabo tsinontsinona anefa izany fanomezana vola, nomena azy izany ka namoaka teny feno hatezerana tamin'ny Mpaminany(saw) izy. Nitsangana haingana ireo mpanara-dia ny Mpaminany saika hanafay azy saingy nosakanan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) izy ireo.

Nivoaka ny Moske ny Mpaminany(saw) izay Arabo ihany koa ka niantso azy ho any an-trano ary nanome ho azy vola hafa indray. Rehefa hitan'ilay Arabo ny tranon'ny Mpaminany izay mitovy tsy misy valaka amin'ny tranon'nyolona mahantra dia nalahelo sy nanenina ary dia nifona sy nisaotra ny Mpaminany(saw) tamin'ny fihetsika tsy mety nataony teo. Fa hoy ny Mpaminany(saw) : Atahorako hanao ratsy anao ireo izay naheno ny resakao tamiko tao amin'ny Moske ka tokonyhasehonao ny fifalianao.

Nanetsika ny lohany ilay Arabo marika ny fanekeny, ka nony ampitson'iny ihany dia niseho tao amin'ny Moske ilay Arabo ary hoy ny Mpaminany(saw) rehefa nahita azy : Ity lehilahy ity dia efa faly amiko, ary nanaiky izany tenin'ny Mpaminany(saw) izany koa moa ilay Arabo nilaza hoe: Marina izany, avy eo izy lasa nivoaka ny Moske.

Fa hoy ny Mpaminany(saw) nampianatra an'ireo mpanara-dia Azy : Ny tahaka Ahy dia tahaka an'ity lehilahy iray izay nitsoaka nandositra ny ramevany, ary nikasa hisambotra azy avokoa ny olon-drehetra ka nanenjika avy aorian'ilay rameva, kanefa isaky ny mahare ny feon'izy ireo mikotaba ilay rameva

dia vao mainka mandositra mafy. Fa hoy ilay lehilahy tompondrameva tamin'izy ireo : avelaonareo izy fa izaho mahita hevitra hisamborako azy; koa dia naka vilona ilay lehilahy ka natsipiny teo akaikin'ilay rameva, fa dia tamy ilay rameva nanatona sy niraotra nihinana an'ilay vilona ary dia nosamborin'ilay lehilahy mora foana izy. Tena marina fa raha navelako hanao izay sitrakareo ianareo omalydia angamba novonoinareo izy, kanefa jereonareo ny nanehoany ihany ny fahatsorany avy eo.

(3)-Nisy lehilahy syrianina iray tonga ao Madinat-oul-Mounawwarat fa raha nahita an'ny Imâmo Hassan zafin'ny Mpaminany(saw) izy dia nahafantatra Azy ka dia avy hatrany dia niteny ratsy Azy, fa nangina ihany ny Imâmo tsy namaly azy; fa rehefa afa-po tamin'ny teny ratsy nataony ilay lehilahy dia hoy ny Imâmo niteny taminy tamim-pitiavana sy fitsikiana :**«Ô ry rangahy! Vahiny angamba no fiheverako anao? Koa raha misy zavatra tianao hangatahina aminay dia tena omenay anao izany, raha mila torolàlana avy aminay ianao dia hotarihinay làlana, raha mitady fanampiana avy aminay hitondra ny entanao ianao dia hoentinay izany, raha noana ianao dia hotoloranay sakafo, raha mahantra ianao dia omenay fanampiana, raha tsy manan-kialofana ianao dia ampiantranoinay»**. Raha mbola manambitamby azy amin'ny fiteny mamy ny Imâmo dia efa niala tao antsain'ilay lehilahy ny toetra ratsy sy ny fialonana ary hita soritra teny amin'ny endriny ny fanenenana, ka dia nanao azafady tamin'ny Imâmo izy ary nilaza hoe:**«Allâh dia mahalala tokoa amin'izay olona ametrahany ny finoany»**

Ny tena marina ny Imâmo dia tsy vitan'ny nitazona ny hatezerany foana fa naneho ny hatsarana mandrakariva manoloana ny haratsiana, sy naneho tamin'ilay syrianina ny toetra maha-olona ny olombelona, ary nampiseho ny fahavononana amin'izay fanampiana ilainy; koa tamin'ny alalan'izany fitondran-tena ambony izany no nandresen'ny hatsarana ny haratsianasy ny fahamendrehana ny habibiana sy ny fahalalana ny habadoana ary ny Islâmo ny fahamaizinana.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ireo olomasin'i Allâh dia modely faratampony amin'ny fandalàna ny fifandraisana ara-piaraha-monina, fa amin'ny alalan'ny halemem-panahy sy ny fitazoman-katezerana sy ny famaliana ny haratsiana amin'ny alalan'ny hatsarana no nanehoan'izy ireo ny oha-piainana tsara indrindra eo amin'ny fitondran-tena mendrika. Tena marina dia ao amin'ny fahalemem-panahy no misy hafatra lehibe ho an'ny fiainan'ny olombelona sy ny fiaraha-monina.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Hazavao ny vokatsoan'ny halemem-panahy eo amin'ny fiainana ara-piaraha-monina.

2-Nahoana ny Imâmo Ali(as) no nanamafy ny fampianarana fahalemem-panahy?

3-Hazavao ny fifandraisana misy eo amin'ny halemem-panahy sy ny fitazoman-katezerana.

4-Milaza ohatra ara-tantara islamika mikasika ny halemem-panahy.

***************

# LESONA FAHA-11

# NY FAMELAN-KELOKA SY NY FANDEFERANA

Nianarantsika tamin'ireo lesona anankiroa lasa teo fa ny Islâmo dia nametraka ny fahalalam-pomban'ny fahelemem-panahy eo anatrehan'ny fanaratsiana ataon'ny hafa mba hiarovana ny fifandraisana ara-piaraha-monina, ary rehefa mireska momba ny halemem-panahy isika dia miresaka ihany koa mikasika ny fitazoman-katezerana sy ny fifehezan-tena, fa amin'ity lesona ity kosa isika hahita fa ny halemem-panahy dia tsy misaraka ihany koa amin'ny famelan-keloka sy ny fiaretana ary ny fandeferana.

Sokajiana ny toetrana famelan-keloka ho anisan'ny fahamendrehana sy fototry ny fitsipi-pitondran-tena sy ny fahalalam-pomba islamika izay namafisin'ny lalàm-pinoana eo amin'ny lafiny fifandraisana ara-piaraha-monina.

Araka ny efa nolazaintsika tamin'ny lesona teny aloha dia ny fifankahalana sy ny fandikana ny zon'ny hafa hafa eo amin'ny sehatry ny fiaraha-monina, dia mety mahavery ireo zo sasany manokana iainana andavanandro, toy ny tabataba izay re avy amin'ny onjam-peo na fakana an-keriny amin'ny fitsambikinan-daharana eo amin'ny fiandrasan-javatra, ka raha ny herisetra sy ny fitompoan-teny fantatra no ataon'ny rehetra ho filamatra amin'ny fitakiana ny zon'izy ireo dia ho hitantsika fa tsy hanam-pahataperana ny disadisa sy ny

fifandirana izay hahatonga ny fiainana andavanandroho henjana tsy ho zaka. Izany no mahatonga ny lalàm-pinoana mitondra vahaolana ara-pitondran-tena mendrika, ka mampirisika ireo mpino halemy fanahy sy hahafehy tena sy hamela heloka ary handefitra.

Efa nanambara izany moa ny Kor'âny masina araka ny tenin'i Allâh Avo Indrindra hoe:

خُذِ الْعَفْوَ وَأْمُرْ بِالْعُرْفِ وَأَعْرِضْ عَنِ الْجَاهِلِينَ**«Raiso ny famelana, ary mibaikoa amin'ny tsara ary halaviro ireo bado»**(Kor'âny 7:199)

Ny famelan-keloka dia tsy maintsy mba ho toe-panahintsika fa tsy natao ho zavatra mandala ara-potoana sy mielina fotsiny. Izany no voalaza ao amin'ny fanazavana ny andininy masina tetsy aloha toy izao manaraka izao:**«Nanontany an'i Jibrâil ilay Irak'Andrimanitra(saw) mikasika izany fa hoy Izy : tsy haiko raha tsy hanontany an'i Allâh Manam-pahaizana Aho. Nony nahazo valiny ilay Anjely dia hoy Izy : Ô ry Mohammad, i Allâh dia mibaiko anao mba hamela ny helokan'izay nanao ratsy anao sy hanome amin'izay tsy manome anao, ary mifandray amin'izay manapaka fifandraisana aminao»**

Noderain'i Allâh Avo Indrindra koa moa ity toetra ity manao hoe: وَالْكَاظِمِينَ الْغَيْظَ وَالْعَافِينَ عَنِ النَّاسِ

**« …Sy ireo mahafehy ny fahatezerany ary ireo mpandefitra aman'olona »** (Kor'âny 3:134)

Izany koa no nahatonga ny Kor'âny masina mandrisika amin'ny famelan-keloka, araka izao voalaza izao:

وَلْيَعْفُوا وَلْيَصْفَحُوا أَلَا تُحِبُّونَ أَن يَغْفِرَ اللَّهُ لَكُمْ وَاللَّهُ غَفُورٌ رَّحِيمٌ

**«Aoka izy ireo hamela heloka sy handefitra sa tsy tianareo ve ny hamelan'i Allâh heloka anareo?**

**FaAllâhdia Mpamela heloka sy Mpamindrafo»**(Kor'âny 24:22), hoy koa Izy Andriamanitra hoe:

وَإِن تَعْفُوا وَتَصْفَحُوا وَتَغْفِرُوا فَإِنَّ اللَّهَ غَفُورٌ رَّحِيمٌ

**«Fa raha mamela ny heloka sy mandefitra ary mamindrafo ianareo dia fantaro fa Mpamela heloka sy Mpamindrafo i Allâh »** (Kor'âny 18:14)

Toy izany koa no ahitantsika ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo Imâmo madio ara-panahy Fianakaviany(as) mampirisika an'ireo mpino mba handala ity toetra mahate hidera ity; hoy ny Mpaminany(saw) :**«Tena marina i Allâh fa Mpamela heloka ka mitia ny famelan-keloka»**

Hoy Izy(saw) :**«Izay mamela heloky nympino iray dia avelan'i Allâh koa ny helony amin'ny andron'ny fitsanganana»**

Hoy koa Izy(saw) :**«Aoka ianareo hamela heloka fa tena marina ny famelan-keloka dia mampitombo ny voninahitry ny mpanompo, koa mifamelà heloka ianareo fa hasandratr'i Allâh voninahitra»**

Hoy koa Izy(saw) :**«Izay mamela heloka imbetsaka dia mitombo ny andro iainany»**

Hoy ny Imâmo Ali(as) :**«Ny famelan-keloka dia satro-boninahitry ny fahamendrehana»**

Hoy Izy(as) :**«Zavatra anankiroa no tsy voalanja ny valisoany: Ny famelan-keloka sy ny fanaovana ny rariny»**

Hoy koa Izy(as) :**«Olon-dratsy izay tsy mba mamela ny fahadisoana sy tsy mba manafina ny kilema»**

Hoy koa Izy(as) : **«Ny havitsian'ny famelan-keloka dia kilema tena ratsy, ary ny fahamaikàna hamalifaty dia tena fahotana goavana»**

Hoy ny Imâmo Bâqir(as) : **«Ny fanenenana vokatry ny famelan-keloka no tsara sy mora kokoa noho ny fanenenana vokatry ny sazy»**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : **«Izahay Ahlol-Bay(as) dia toetranay ny famelan-keloka an'izay manao ratsy aminay»**

Hoy koa Izy(as) : **«Zavatra telo no fahamendrehana ety an-tany sy any ankoatra:ny famelanao heloka amin'izay manao ratsy anao, sy nyfifandraisanao amin'izay manapaka fifandraisana aminao, ary ny fampisehoana halemem-panahyamin'izay manao hadalana aminao»**

## Ny mahasamy hafa ny famelan-keloka sy ny fandeferana :

Mitovy hevitra ny teny hoe fandeferana sy ny famelan-keloka, fa samy manana ny dikany iraisana dia ny tsy famaliana ratsy ny ratsy sy ny tsy fampiharana sazy amin'ny heloka na fankahalana; fa ny fandeferana dia manana hevitra

midadasika kokoa noho ny famelan-keloka, fa raha ny famelan-keloka dia midika ho fanekena ny fisian'ny fahadisoana avy eo vao mamela izany, ny fandeferana kosa dia midika ho mody tsy mahita ny fahotana sy ny fahadisoana ka toy ny tsy nisy na inona na inona.

Hoy ny Kor'âny masina :

وَجَزَاء سَيِّئَةٍ سَيِّئَةٌ مِّثْلُهَا فَمَنْ عَفَا وَأَصْلَحَ فَأَجْرُهُ عَلَى اللَّهِ إِنَّهُ لَا يُحِبُّ الظَّالِمِينَ

**«Asa ratsy mitovy amin'izany ihany no sazin'ny asa ratsy. Fa izay mamela heloka ka manao izay hahatsara,diaany amin'i Allâh no valisoany. Fa Izy dia tsy mitia an'ireo mpanao ratsy»**(Kor'âny 42:40)

Hoy koa ny filazany mikasika ny fandeferana:

فَاصْفَحْ عَنْهُمْ وَقُلْ سَلَامٌ

**«Mandefera amin'izy ireo ianao, ka lazao hoe : "Arahabaina !" »**(Kor'âny 43:89), hoy koa ny filazany : فَاصْفَحِ الصَّفْحَ الْجَمِيلَ**«Koa mandefera amin'izy ireo amin'ny fandeferana tsara»** (Kor'âny 15:85)

Ny andininy voalohany dia milaza ny fisian'ny fahadisoana sy naneho ny sazy mifanaraka amin'izany ihany koa, izay vao niantso amin'ny famelan-keloka eo anatrehan'ny valisoan'Andriamanitra. Fa ny andininy faharoa sy fahatelo kosa miangavy an'ny Mpaminany(saw) hanakipy ny masony tsy hijery ny fahadisoana, toy izao ny fanazavana an'ilay andininy : فَاصْفَحِ الصَّفْحَ الْجَمِيلَ**«Koa mandefera amin'izy ireo amin'ny fandeferana tsara»** araka ny voalazan'nyImâmo

Ridhâ(as) manao hoe:**«Ny famelan-keloka tsy arahina fanomezan-tsiny»**

## Famelan-keloka eo anatrehan'ny fahafahana :

Ny hevitry ny teny hoe mamela heloka dia tsy mitombona raha tsy misy ny fahafahana hampihatra izany; araka izany ny hevitry ny famelan-keloka dia mitsipaka ny tsy fahafahana mamaly izany heloka izany, indraindray anefa izany tsy fahafahana izany dia mety ho tanteraka nohon'ny fahatsapana ny fisian'ny lolom-po sy ny fankahalana sy endrikendrika na fialonana sy lainga…sns.

Fa matoa miantso ny lalàna islamika amin'ny famelan-keloka, dia satria ny fiaraha-monina sy ny firenena islamika efa niantoka ny fanaovana ny rariny sy ny hitsiny sy ny fanasaziana ny mpanao heloka.

Izany no ahitantsika ireo lovantsofina islamika sy ireo teny masina mampiaraka ny famelan-keloka sy ny fahafahana. Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe:**«Izay mamela heloka amin'ny fahafahany hampihatra izany dia havelan'i Allâh izy amin'ny fahadisoany»**

Hoy ilay tso-dranon'i Allâh ho Aminy sy ireo Fianakaviany :**«Ny olona tena mendrika ny mamela heloka dia izay tena manam-pahafahana manasazy amin'izy ireo»**

Hoy ny lehibenttsika Ali(as) :**«Raha manam-pahafahana amin'ny fahavalonao ianao dia omeo famelana izy ho fisaorana ny fahafahanao aminy»**; hoy koa Izy(as)

:**«Ny famelan-keloka dia fitomboan'ny (zakât) fahafahana»**

Hoy ny Imâmo Hassan(as) hoe:**«Ny tena mpamela heloka amin'ny olombelona dia izay mamela heloka eo anatrehan'ny fahafahany mamaly izany»**

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) :**«Ny famelan-keloka eo anatrehan'ny fahafahana dia anisan'ny fomba amampanaon'ireo Irak'Andriamanitra sy ireo izay matahotra an'Andriamanitra»**

Tamin'ny fanafahana ny Makkat, rehefa niditra tao ny miaramila silamo mpialoha làlana, tamin'izay fotoana izay ny faneva dia teny ampelan-tanan'i Sa'ad ibn 'Ibâdat izay nikiaka mafy avy lavitra nanao hoe: "Ankehitriny dia andron'ny fifandonana, androany no azo atao ny voarara"

Rehefa nahare izany ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) dia naniraka an'i Ali(as) haingana mba haka ny faneva eny an-tanany ka hanao fanitsiana. Lasa haingana àry ny Imâmo ka naka ilay faneva teny amin'i Sa'ad ary nikiaka mafy nanao hoe: "Tsia fa ankehitriny andron'ny famindram-po"

Nasongadin'ny Islâmo tanteraka ny hevitry ny teny hoe famelan-keloka na dia teo aza ny fahafahan'ireo miaramila manao valifaty sy mamotika ny tanànan'i Makkat, ary ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) teo anoloan'ireo fampijaliana rehetra izay nahazo Azy, teo anatrehan'ireo ady sy fifamonoana nisy, dia namela helok'ireo fahavalony

rehetra, ka nahatonga ny andro fanafahana ny Makkat ho voarakitra eo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona.

## Toeran'ny famelan-keloka:

Aiza no hanasongadinana ny hevitry ny famelan-keloka? Ary amin'ny fihetsika manao ahoana no azo atao izany? Ho valin'izany dia azo atao ny milaza fa ny famelan-keloka dia tsara tanterahina amin'izay rehetra mahakasika ny raharahan'ny tena manokana fa raha mahakasika ny zon'olombelona sy an'Andriamanitra dia tsy azo atao.

Ny fanimbana ny hasin'ny fiaraha-monina dia tsy toeran'ny famelan-keloka, toy izany koa ny famerezana ny zon'i Allâh sy ny fihoaram-pefy amin'ny lalànany.

Voalaza ao amin'ny tantaran'ny Islâmo fa ny Imâmo Ali(as) nandefa taratasy tamin'iray amin'ireo governorany sy mpiasany (izay nanodinkodina ny tahirim-bolan'ny vahoaka) amin'ny fiteny henjana toy izao:**«Fa matahora an'i Allâh ary avereno any amin'ireo vahoaka ny harenan'izy ireo, fa raha tsy tanterahinao izany ka omen'i Allâh fahefana aho aminao dia tsy misy ala-tsiny amin'i Allâh intsony ary hokapohiko amin'ny sabatro ianao, ka izay olona kapohiko amin'izany sabatra izany dia miditra ao amin'ny Afobe. Ary tena hifantako amin'i Allâh fa na dia i Hassan sy i Houssein aza no nanao toy izao nataonao izao dia tsy mba nananako indrafo sady tsy misy fandresena azoko raha tsy efa tanteraka amin'izy roa ny rariny, sy voafafa ny heloka vokatry ny haratsiana nataon'izy roa»**

Raha nojerentsika ny tantaran'ireo olomasina dia hitantsika izy ireo fa tena manana ny famelan-keloka sy ny fandeferana ary famindram-po avo indrindra mikasika ny zo sy ny raharahan'izy ireo manokana sy samirery, fa raha mikasika ny zon'Andriamanitra sy ny fiaraha-monina dia tonga amin'ny fetra tsy azo anoharana loatra.

Ny famelan-keloka dia fomba ara-pitondran-tena entina mba ho fampitandremana amin'ny fahadisoana sy miaro amin'ny tsy hiveranan'izany fahadisoana izany; ka izany no ahitantsika ny olona miala tsiny amin'ny ratsy nataony fa ny famelan-keloka dia misy voka-tsoany amin'ny olon-tsara fa ny olon-dratsy kosa dia tsy misy vokany aminy ny famelan-keloka fa vao mainka aza izy manao sy mampitombo ny ditrany.

Nilaza ny Imâmo Ali(as) nanao hoe:**«Ny famelan-kelokaamin'nyolon-dratsy dia manimba nefa mahatsara ny olon-tsara»**

Nilaza koa ny Imâmo Zaynoul-'Abidine(as) hoe:**«Zon'izay manao ratsy aminao ny famelanao ny helony na dia fantatrao aza fa tsy mampiova azy izany. Niteny i Allâh Be Fahasoavana sy Avo Indrindra hoe: Izay niova fo taorian'ny nanaovany haratsiana diatsy azo atao na inona na inonaizany olona izany».**

**Famintinana :**

- Ny famelan-keloka sy ny fandeferana dia anisan'ireo fototry ny fitsipi-pitondran-tena ao amin'ny Islâmo sy ny fiainana ara-piaraha-monina. Ny hevitr'izy roa ireo

dia tsy mitombona raha tsy amin'ny fahafahana mamaly ny heloka tahaka izany sy manome ny fanasaziana. Nankatoavin'ny lalàna ny famelan-keloka amin'ny petrak'olana sy tranga samirery fa raha fandikana ireo zon'Andriamanitra sy ny ara-piaraha-monina kosa dia tsy azo atao izany.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Hazavao ny maha-samy hafa ny famelan-keloka sy ny fandeferana?

2-Lazao ny vakin-taratasy izay nalefan'nyImâmo Ali(as) tamin'ny governora mpanodinkodim-bola.

3-Nahoana no mahasoa ny olon-tsara ny famelan-keloka fa tsy misy fiantraikany kosa amin'olon-dratsy?

4-Lazao ny tenin'nyImâmo Sâdiq(as) mikasika ny fahamendrehana ety an-tany sy any ankoatra.

**************

# LESONA FAHA-12

# NY RARINY

Ny rariny sy ny hitsiny dia anisan'ireo fototry ny fitsipi-pitondran-tena ao amin'ny Islâmo. Ny rariny eo amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina dia ny fahamarinana sy ny tsy fiangarana ampiharina eo amin'ny fiainantsika.Izany hoe: miteny am-pahamarinana isika, sy miasa am-pahamarinana na dia mihatra amin'ny tenantsika aza. Ary koa tiavintsika ho an'ny hafa izay tiantsika ho an'ny tenantsika.Ny rariny sy ny hitsiny dia mitaky ny fisian'ny fototra mafy orina eo amin'ny fiainam-piaraha-monina iorenan'ireo fitsipi-dalànany ho an'ny rehetra. Ny rariny sy ny hitsiny dia midika ho fampiharana azy araka ny lalàna.

Ireo zon'ny tsirairay sy ireo adidy tsy maintsy ataony dia zaraina araka ny rariny sy ny hitsiny. Ny tsy fisian'izany fizarana izany dia midika fa tsy misy ny rariny. Ny olan'ny olombelona dianoho izy ireo miresaka mikasika ireo zo imbetsaka nefa raha misy resaka ny zo amin'ny lafiny iray, sy zo manome vahana ny tombontsoan'ny tenany amin'ny lafiny iray hafa dia aleon'izy ireo ny misafidy ny ahazoan'izy ireo tombontsoa manokana, ary misy aza ny sasany manova ny lalàna mba hifanaraka amin'ny tombontsoan'ny tenany samirery.

Hoy ny Imâmo Ali(as) ho:**«Fa ny famaritana ny rariny dia faran'izay midadasika amin'ny zavatra rehetra, sy faran'izay tery kosa amin'ny fampiharana azy»**

Izany hoe, rehefa miresaka momba ny rariny isika dia betsaka ny teny azontsika resahina, am-pitenenana mafy, ary mety ho tafakatra eny amin'ny lanitra aza ny hevitra lazaina, fa rehefa hampihatra izany rariny izany amin'ireo zon'ny hafa sy hanatanteraka ny adidintsika eo anatrehan'izy ireo dia tena tafalatsaka ao anatin'ny fahasarotana tokoa isika!

Ny petrak'olana momba ny hitsiny sy ny rariny amin'ny resaka sy ny fihetsika dia petrak'olana tena saro-pady tokoa, koa adidintsika ny manehoampahamarinana ny fitenintsika sy ny fihetsitsika.

I Allâh Avo Indrindra nilaza fa:

وَإِذَا قُلْتُمْ فَاعْدِلُواْ وَلَوْ كَانَ ذَا قُرْبَى وَبِعَهْدِ اللّهِ أَوْفُواْ ذَلِكُمْ وَصَّاكُم بِهِ لَعَلَّكُمْ تَذَكَّرُونَ**«Ary raha miteny ianareo aoka ianareo hijoro amin'ny fahamarinana na dia amin'ny havana akaiky aza. Ary tanteraho ny fifanekenareo amin'i Allâh, izany no nandidiany anareo; angamba ianareo mba hahatsiaro» (**Kor'âny 6:152)

Hoy Ilay Be Fahasoavana sy Avo Indrindra :

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُواْ كُونُواْ قَوَّامِينَ بِالْقِسْطِ شُهَدَاء لِلّهِ وَلَوْ عَلَى أَنفُسِكُمْ

أَو الْوَالِدَيْنِ وَالأَقْرَبِينَ

إِن يَكُنْ غَنِيّاً أَوْ فَقَيراً فَاللّهُ أَوْلَى بِهِمَا فَلاَ تَتَّبِعُواْ الْهَوَى أَن تَعْدِلُواْ

وَإِن تَلْوُواْ أَوْ تُعْرِضُواْ فَإِنَّ اللّهَ كَانَ بِمَا تَعْمَلُونَ خَبِيراً

**«Ô ianareo izay mino! Aoka ianareo hijoro amin'ny fahamarinana ary ho vavolombelon'i Allâh, na dia zavatra manohitra ny tenanareo na koa manohitra ny**

**ray aman-dreny sy ireo havana akaiky aza. Na mpanefoefo izy na koa mahantra, dia i Allâh no lohalaharana (manan-danja) kokoa noho izy roa ireo.Koa aoka ianareo tsy hanaraka ny sitrapo, mba hahamarina anareo. Ary raha mitsangana ho vavolombelona mandainga ianareo na koa mandà izany, dia hamafisina fa i Allâh no mahafantatra izay rehetra ataonareo»** (Kor'âny 4:135)

Ho fanarahana an'ity andininy masina ity, no mahatonga ireo olombelona mpino tsy mihevitra afa-tsy ny fahamarinana sy ny rariny sy ny hitsiny. Any anefa misy mizana marina dia ny fahamarinana. Ity mizana ity dia tsy milefitra eo anatrehan'ireo hery hafa ivelany.Izany hoe tsy misy fiantraikany aminy ny fifampikasohana, sy ny tambitamby, sy ny faniriana ihany koa. Araka izany ny olona dia mampihatra ny rariny foana na dia manohitra ny rahalahiny sy ny ray aman-dreniny aza izany, sy mampihatra hatrany ny rariny na dia olona mahantra mendrika hiantrana aza no iharan'izany; ary isika dia tsy mampihatra ny rariny noho izy manan-karena na nohon'ny harena eo am-pelan-tanany.

Ny mizanan'ny fahamarinana dia mizanan'ny rariny sy ny hitsiny ary manana fatra tokana ho an'ny rehetra; hoy i Allâh Avo Indrindra :

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُواْ كُونُواْ قَوَّامِينَ لِلّهِ شُهَدَاء بِالْقِسْطِ وَلاَ يَجْرِمَنَّكُمْ شَنَآنُ قَوْمٍ عَلَى أَلاَّ تَعْدِلُواْ اعْدِلُواْ هُوَ أَقْرَبُ لِلتَّقْوَى وَاتَّقُواْ اللّهَ إِنَّ اللّهَ خَبِيرٌ بِمَا تَعْمَلُونَ

**«Ô ianareo izay mino!Aoka ianareo ho hentitra amin'i Allâh, ary aoka ho vavolombelona amin'ny rariny. Ary aoka tsy hanosika anareo amin'ny fanaovana ny tsy**

**rariny ny fankahalanareo ny vahoaka . Manaova ny rariny sy ny hitsiny ianareo, fa izany no akaiky kokoa ny fahatahorana. Ary matahora an'i Allâh ianareo, satria hamafisina fa i Allâh dia mahafantatra izay ataonareo»**(Kor'âny 5:8)

Ny mizanan'ny rariny dia tsy misy fiantraikany aminy koa ny fifampikasohana amin'ny tontolo hafa, fa angamba misy olon-kafa manao asa ratsy izay tsy mahafinaritra antsika ny asa ataon'izy ireo, na izany aza anefa dia tsy azontsika atao ny manao fihetsika amin'izy ireo afa-tsy ny fihetsika ara-drariny sy ny hitsiny hatrany.

Voalaza ao amin'ireo teny masina avy tamin'ny Mpaminany(saw) sy ireo Fianakaviany madio ara-panahy(as) ny fiderana ny fanaovana ny rariny sy ny hitsiny; nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe:**«Ny olona tena mpanao ny rariny dia izay mankasitraka ho an'ny hafa izay ankasitrahany ho an'ny tenany sy mankahala ho azy ireo izay ankahalainy ho an'ny tenany»**

Nilaza Izy(saw) fa:«**Izay manampy ny mahantra sy mampihatra ny rariny amin'ny olona avy amin'ny tenany dia izany no tena mpino marina»**

Hoy ny lehibentsika Ali(as) :**«Izay mampihatra ny rariny amin'ny olona avy amin'ny tenany dia ampitomboin'i Allâh ara-boninahitra»**

Hoy Izy(as) nanafatra an-janany, i Hassan(as) hoe:**«Ô ry zanako, apetraho ny tenanao ho mizana eo anatrehanao sy ireo olon-kafa, ka mba tiavo ho an'ny hafa izay tian'ny**

**tenanao, sy hankahalao ho azy izay ankahalainao, sy aza manao ny tsy rariny tahaka ny tsy itiavanao ny hanaovana tsy rariny aminao, manasoava tahaka ny itiavanao ny hanavana soa aminao, izay tsapanao fa ratsy amin'ny tenanao dia aoka ho tsapanao koa fa ratsy amin'ny hafa, ankasitraho amin'ny hafa izay sitraky ny tenanao, sy aza miresaka izay tsy hainao fa miresaha izay hainao, ary aza miresaka zavatra izay tsy tianao horesahina aminao»**

Hitantsika amin'ity hafatra ity ireo ohatra antsipiriany momba ny fanaovana ny rariny dia ny fametrahana ny vatantena ho mizana. Izany hoe ny itiavantsika ho an'ny hafa izay tiantsika ho an'ny tenantsika sy ny ankahalantsika ho an'ny hafa koa izay ankahalaintsika ho an'ny tenantsika, ary tsy manao ny ratsy amin'ny hafa isika tahaka ny tsy itiavantsika ny hanaovana ratsy amintsika; izany no hevitra fonosin'ny teny voalazan'ny ankamaroan'ireo lovantsofina sy teny masina manao hoe: **«Mpanao ara-drariny amin'ny olona avy amin'ny tena»**

Hoy Izy(as) tao amin'ny fifanarahana nataony tamin'i Malik Achtar :**«Manaova ny rariny amin'i Allâh sy manaova ny rariny amin'ny olona noho ny amin'ny tenanao, sy noho ny amin'ny fianakavianao manokana, sy noho izay olona omenao fitiavana manokana izay tezainao, fa ny tena marina raha tsy ataonao izany dia manao ny tsy rariny ianao, ka izay manao tsy rariny amin'ireo mpanompon'i Allâh dia i Allâh mihitsy no iadiany fa tsy ireo mpanompony, ary izay miady amin'i Allâh dia ataotsinontsinona ny fiarovan-tenany, sy iadivan'i Allâh foana izy mandra-pibebahany»**

Indreto koa misytenin'ny Imâmo(as) mahakasika ny rariny:

**1-Ny fanaovana ny rariny dia mampaharitra ny fitiavana**
**2-Ny fanaovana ny rariny dia mampifamatotra ny fo-Ny fanaovana ny rariny dia mampiala ny fifandirana sy mahatonga ny fifankahazoana**

## Fanamarihana ny ara-pitsipi-pitondrantena:

Sintonintsika avy amin'ireo teny masina rehetra voalaza tetsy aloha, fa ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina dia ny fampitoviana ny tena amin'ny hafa amin'ireo zo ara-piaraha-monina rehetra, fa ny fiaraha-monina islamika izay manangana ny fitovian-jo aman'andraikitra dia fiaraha-monina, fonenana, firaisankina, fifampiantohana izay hanjakan'ny fitiavana sy fifankatiavana ary fisakaizana. Noho izany isika dia tokony hahatsapa fa ny fanaovana ny rariny amin'ny olona noho ny amin'ny tena dia zavatra sarotra satria manohitra ny atao hoe:**«fitiavan-tena»** izay miorim-paka ihany koa ao amin'ny tenan'ny olombelona. Izany no nahatonga an'ny Imâmo Sâdiq(as) nilaza hoe:**«Moa ve hambarako anareo izay tena henjana amin'ireo didy napetrak'i Allâh amin'ireo zava-boahariny, dia ny fanaovana ny rariny amin'ny olona noho ny amin'ny tenan'izy ireo»**

Voalaza ao amin'ny tantaran'ny Imâmo Sâdiq(as) fa nisy mpanara-dia Azy iray nandefa taratasy tany Aminy mba

hanontany Azy zavatra maromaro izay novalian'ny Imâmo avokoa afa-tsy zavatra iray, izay mahakasika ireo zon'ireo mpino; rehefa nikasa hanao fandehanana lavitra ilay mpanara-dia Azy ka tonga tao amin'ny Imâmo mba hanao veloma Azy dia nanararaotra nanontany hoe: Ô ry lehibeko, tsy novalianao akory ny fanontaniako iray? Fa hoy ny Imâmo Sâdiq(as) namaly azy :**«Matahotra Aho sao ianao raha miteny dia tsy tanterahinao akory ka mampiala anao ao amin'ny finoana, avy eo hoy Izy nanohy ny teniny: tena marina fa ny tena henjana amin'ny didin'i Allâh amin'ny mpanompony dia miisa telo: Fanaovana ny rariny amin'ny olona noho ny amin'ny tenanao, ka mba ataovy amin'ny rahalahinao mpino izay tianao hataon'nyolona aminao; sy karakarao amin'izay hanananao ireo rahalahinao; ary ny fahatelo dia ny fahatsiarovana an'i Allâh amin'ny fotoana rehetra, ny fahatsiarovana eto dia tsy ny fitenenanao manao hoe: Voninahitra anie ho an'i Allâh(Soubhânallâh), Dera anie ho an'i Allâh(Al-Hamdo lillâh), fa raha tojo zavatra voarara(harâmo) kosa ianao dia mahatsiaro avy hatrany an'i Allah Tomponao.»**

Ny fanaovana ny rariny no tena henjana amin'ireo didin'i Allâh izay nandidiany an'ireo mpanompony. Noho izany, dia ilaina ny mpino silamo mba hanao ezaka amin'ny tenany sy hamolaka azy mandra-pahitany ny rarinyeo ambany masonyka tsy hiteny izy raha tsy ny ara-drariny, tsy hanao asa izy raha tsy ny ara-drariny sy mandra-pahatonga azy hitia ho an'ny hafa izay tiany ho an'ny tenany, sy hankahala ho an'ny hafa izay hankahalainy ho an'ny tenany ary ny hirariany soa ho an'ny hafa sahala amin'ny hirariany soa ho an'ny tenany.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fanaovana ny rariny dia ny fampitoviana ny "hafa" amin'ny "tena" amin'ireo zo ara-piaraha-monina, ka ny fanajana ny hitsiny sy ny rariny dia mampisy ny fitoniana sy ny fandriam-pahaleman'ny fiaraha-monina, ary koa mampitombo ny firaisankinan'ny tsirairay sy ny fifampiantohan'izy ireo; koa dia mieli-patrana ao amin'ny fiaraha-monina ny herim-pitiavana sy ny firahalahiana.
- Ny fanaovana ny rariny (araka ny voalazan'ireo tany masina) dia anisan'ireo didin'Andriamanitra tena sarotra sy tena henjana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Nahoana no tsy azo raisina ho anisan'ny fepetra hijoroana vavolombelona ny  toy ny fahantrana sy ny fananan-karena sy ny fihavanana sy ny fifandirana amin'ny fijery ankapobeny?

2-Inona no fanoitra izay nofaritan'ny Imâmo Ali(as) amin'ny fanaovana ny rariny araka ny hafany tamin-janany i Hassan(as)?

3-Hazavao  ireo tombontsoa sy ny vokatsoan'ny fanaovana ny rariny?

4-Nahoana no sokajiana ho adidy ara-pitondran-tena sarotra ny fampitoviana ny tena amin'ny hafa?

**************

# LESONA FAHA-13

## NY FITSIKITSIKIANA SY NY SANGISANGY

Ny fahamiramiranana sy ny fitsikiana dia anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo eo amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina, sy anisan'ny fanehoam-pitondran-tena tsara eo amin'ny fiainan'ny olombelona. Fa ny fitsikiana dia anisan'ireo toetran'ireo Mpaminany sy olomasin'Andriamanitra, izany no nilazan'ny Mpaminany Mohammad(saw) nanao hoe:**«Tena marina fa ianareo dia tsy afaka hanome fahafaham-po ny olona mihitsy amin'ny alalan'ny harenanareo fa miatreha kosa azy ireo amin'ny endrika mahate ho tia sy tarehy miramirana»**

Ity fehezanteny mazava ity dia manambara amintsika ny zava-misy marina, fa raha ny tanjontsika dia ny hahazo ny fitiavan'ny rehetra dia tsy misy fomba azontsika ampiasaina ankoatra ny fitondrantena, ary farafaharatsiny amin'ny azo atao dia ny fiatrehana ny olona amin'ny alalan'ny endrika ahitana taratra ny fitsikitsikiana sy ny hafaliana.

Araka izany ny olombelona mpino dia mila manafina ny alahelony ao am-pony, ka mihaona amin'ny olona amin'ny tarehy miramirana.

Niteny ny lehibentsika Ali(as) hoe:**«Ny mpino dia mampiseho ny hafaliany amin'ny endriny ary ny alahelony ao am-pony»**

Araka izany, ny mpino dia tokony hihaona amin'ireo sakaizany sy ireo rahalahiny ary ireo mpifanolo-bodirindrina aminy amin'ny tarehy miramirana, fa raha sendra ka reraky ny olana samihafa na raha sendra ka oriory nohon'ny antony samihafa dia tokony hafeniny ao am-pony ihany izany, fa ny fanehoana ny alahelo sy ny fahasorenana amin'ny tarehy dia hampisy fijery ratsin'ny olon-kafa aminy; fa raha omentsika vahana ho hita soritra eny amin'ny tava ny aloka maintin'ny alahelo dia mahatonga ny fiaraha-monina hanana toetra manjombona tsikelikely ihany koa. Tsy toy izany kosa anefa ny fiaraha-monina islamika fa tokony ho fiaraha-monina finaritra, feno fahavitrihana sy fahazotoana.

## Tombontsoa sy vokatsoan'ny fitsikiana:

Ny fitsikiana sy ny fifaliana ary ny fahamiramiranan'ny tava dia misy fiantraikany mahasoa eo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona sy ny fiarahamonina; ireo teny masina (ahadith) avy tamin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo Fianakaviany voahosotra(as) dia milaza ny tombontsoan'izany betsaka. Nilaza ny Mpaminany(saw) hoe: **«Ny fanehoam-pifaliana dia mampiala ny lolom-po»**.Izany hoe ny fitsikitsikiana dia manohitra ny fananana ny lolom-po sy manadio ny fo tsy hisy an'izany.

Niteny ny Imâmo Ali(as) hoe:**«Ny tsikisiky no kofehim-pitiavana»**, eto ny kofehy dia midika hoe tady izany hoe fifamatorana sy fifandraisana.

Hoy Izy(as) :**«Ny fitsikiana dia mampiray ny fihavanan'olon-droa»**

Hoy koa Izy(as) :**«Atreho am-pitsikiana izy ireo dia maty ny fankahalan'izy ireo»**

Hoy ihany koa Izy(as) :**«Rehefa mihaona amin'ny rahalahinareo ianareo dia mifandraisa tananasy manehoa fitsikiana amin'izy ireo sy amin-karavoana no hifampisarahanareo dia ho afaka ny lonilony nisy taminareo»**

Hoy koa Izy(as) amin'ny teniny hafa :**«Ny tena mampiraiki-po ny olona naman'izy ireo sy manafaka ny lolom-po ao am-pon'ireo fahavalon'izy ireo dia ny firavoravoana eo ampihaonana amin'izy ireo sy ny fitsidihana amin'ny tsy fahitana azy ireo ary ny fitsikitsikiana eo anatrehan'izy ireo»**

Hoy koa Izy(as) : **«Ny firavoravoanao dia maneho ny fahalalahan'ny tenanao»**

Hoy ny Imâmo Bâqir(as) :**«Ny firavoravoana sy ny fahamiramiranana endrika dia mampahazo fitiavana sy mampanakaiky amin'i Allâh Avo Indrindra, ary ny fikentronana endrikasy fahasosorana dia mampahazo tsiny sy mampanalavitra amin'i Allâh».**

Ireo teny masina ireo dia manamafy ny anjara asan'ny fitsikiana sy fahamiramiranana endrika amin'ny fandalana ny fifandraisana ara-piaraha-monin'ny tsirairay, fa ny mpino silamo moa dia tsy mionona fotsiny amin'ny fiainana eto an-tany dia misy koa ireo teny masina hafa manambara ny vokatsoan'ny fitsikitsikiana amin'ny fiainana any ankoatra.

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:**«Zavatra telo ka izay mahavita na dia iray amin'izy ireo fotsiny aza dia tsy maintsy hampidirin'i Allâh ao am-paradisa: fiantoham-pandaniana ho an'izay tsy manam-bola, sy firavoravoana ho an'ireo olona rehetra, ary ny fanaovana ny rariny mihoatra amin'ny tenany»**

## Ny sangisangy:

Rehefa nilaza momba ny fitsikitsikiana sy ny fahamiramiranana ireo teny masina dia tonga ao an-tsaina avy hatrany ny sangisangy sy ny vazivazy.

Rehefa tiantsika ho fantatra ny fipetraky ny lalàm-pinoana islamika momba ny sangisangy dia hofantarintsika amin'ny alalan'ireo teny masina izany. Rehefa nojerentsika ireo teny masina milaza mahakasika izany, dia hita fa mizara ho vondrona anankiroa: ny andaniny dia mankamamy ny sangisangy, fa ny hafa ny ankilany kosa dia manome tsiny sy mandrara izany.

## Vondrona voalohany:

1-Nilaza ilay Irak'Andriamanitra(saw) hoe:**«Ny mpino dia mivazivazy milalao, fa ny mpihatsaravelatsihy kosa dia mikentrona masiaka»**

2-Hoy koa Izy(saw) :**«Ny Tena marina dia mivazivazy Aho kanefa tsy milaza afa-tsy ny marina »**

3-Hoy ny Imâmo Bâqir(as) :**«Tena marina fa i Allâh dia mitia ny mpivazivazy miaraka amin'ny maro tsy misy fanafintohinana»**

4-Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) :**«Tsy misy ny mahampino raha tsy misy ao aminy ny vazivazy, nisy nanontany hoe inona izany vazivazy izany? Hoy Izy(as) : ny sangisangy»**

5-Nitantara i Younous Chaybâny izay anisan'ireo mpanara-dia ny Imâmo Sâdiq(as) nanao hoe:**«Nilaza tamiko i Abou Abdallâh (Sâdiq)-as- hoe: Manao ahoana ny fisangisangian'ny sasany aminareo? Hoy aho namaly: kely ihany! Fa hoy Izy hoe: Aza manao izany ianareo, fa ny sangisangy dia anisan'ny hatsaran-toetra ary amin'izany ianao dia mampiditra fifaliana amin'ny rahalahinao, ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia mba misangisangy amin'ny olona izay tiany hampifaliany»**

## Vondrona faharoa:

1-Hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :**«Ô ry Ali, aza misangisangy fa lasa miala ny hatsaran-tarehinao, ary aza mandainga fa lasa miala ny hazavanao»**

2-Hoy ny Imâmo Ali(as) :**«Tsy ho tonga amin'ny fananam-pinoana(imân) marina ny mpanompo iray raha tsy efa miala amin'ny sangisangy sy ny lainga sy miala amin'ny fifanoherana na dia manana ny marina aza izy»**

3-**«Ny sangisangy dia mahatonga ny fifampialonana»**

4-**«Ny zava-drehetra dia manam-pototra, ka ny fototry ny fifankahalana dia sangisangy»**

5-**«Manimba ny fananan-kaja, ny sangisangy»**

6-**«Izay misangisangy dia latsa-boninahitra»**

7-Hoy ny Imâmo Sâdiq(as): **«Aza misangisangy ianao fa lasa sahisahin'olona»**

8-**«Mitandrema ianareo amin'ny sangisangy fa izy io dia manimba ny hatsaran-tarehy sy ny fiandrianan'ireo lehilahy»**

9-**«Mitandrema ianao amin'ny sangisangy, fany tena marina izy io dia mampiala ny hatsaran-tarehy»**

Avy amin'ireo vondrona teny masina anankiroa ireo no nahafantarantsika fa ny Islâmo dia tsy mionona fotsiny amin'ny fomba fijery tokana amin'ny petrak'olonan'ny sangisangy, fa nosokajiany ho petrak'olana mitaky fepetran'ny fandanjalanjana; satria ny Islâmo dia tsy mankasitraka ny mpino mpivazivazy foana mandritra ny fiainany. Ny irina amin'ny mpino silamo dia ny mba ho matotra amin'ny fizorany mankany amin'ny fahalavorariana, ka ny fijanonana ao anatin'ny vazivazy foana dia mifanohitra amin'ny tanjona tiana hotratrarina. Toy izany koa moa ny fanaovana vazivazy sy ny sangisangydia miteraka fahasorenana sy fialonana eo amin'ny tenan'izy ireo. Nefa koa ny Islâmo dia mikendry ny hampanjaka ny fifankatiavana sy ny fifaliana eo amin'ny tsirairay ao anatin'ny fiaraha-monina sy hampiely ny fahavitribitrahana, dia izany no itiavany an'ireo mpino ny mba hitsikisiky sy ny hisangisangy raha toa izany ka mbola tsy

mivaona amin'ny fetran'ny fahamarinana no sady koa tsy hampiasana ireo teny manafintohina manimba ny hasin'ny fitondrantena.

Noho izany, dia azo atao ny mampitovy ny sangisangy amin'ny sira fanasina sakafo izay entina mba hanome tsiro ny sakafo.

## Vondrona fahatelo :

Rehefa hodinihintsika ny vondron'ny teny masina fahatelo dia tsapa fa ny hanomezan-tsiny ny sangisangy dia miankina amin'ny habetsahany fotsiny:

1-Hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :**«Ny habetsahan'ny vazivazy dia mampiala ny hatsaran-tarehy»**

2-Hoy Ali(as) :**«Ny habetsahan'ny sangisangy dia mandatsa-boninahitra»**

3-Hoy Ali(as) :**«Ny habetsahan'ny sangisangy dia mampiala ny hatsaran-tarehy sy mahatonga ny fifankahalana»**

4-Hoy Ali(as) :**«Izay manabetsaka ny sangisanginy dia mampihena ny hajany»**

Fantatra àry izany fa ny tsiny dia miantehitra amin'ny fihoarana ny fetra amin'ny sangisangy, satria izany fihoarana ny fetra izany dia miteraka ny tsy fananam-boninahitra aman-kasina sy fanajana eo amin'ny fiainan'ny tsirairay, sady koa mamboly ny lolom-po ao amin'ny tenan'ny hafa, sy manapaka ny tadim-pitiavana sy firahalahiana eo amin'ny tsirairay.

Raha mamaky ny tantaran'ny Mpaminany(saw) sy ireo Fianakaviany madio ara-panahy isika dia ahitantsika ny modely tsara indrindra momba ny sangisangy madio mampiditra haravoana ao am-po sy ny fahamiramiranan'ireo endrika:

Nisy vaviantitra iray tonga tamin'ny Mpaminany sy niangavy Azy mba hangataka ho azy ny fidirana ao am-paradisa, fa hoy ny Mpaminany(saw) :**«Tsy mba misy olona antitra ao am-paradisa»**; rehefa nitomany noho izany àry ilay vaviantitra dia novakian'ny Mpaminany(saw) ny tenin'Ilay Avo Indrindra hoe:

إِنَّا أَنشَأْنَاهُنَّ إِنشَاء فَجَعَلْنَاهُنَّ أَبْكَاراً**«Izahay no nahary azy ireo ho tongalafatraary nataonay ho virijiny izy ireo»**(Kor'âny 56:35-36)

Niova ho miramirana indray ilay vaviantitra rehefa nahatakatra fa ireo vehivavy ao am-paradisa dia ataon'i Allâh(Avo Indrindra) hitovy taona amin'ireo tanora avokoa.

Tonga tamin'ny Mpaminany(saw) i Oumm Ayman ka nilaza hoe: Mandefa arahaba ho Anao ny vadiko! Fa hoy ny Mpaminany Mohammad(saw) : Ny vadinao izay misy fotsy ny masony. Nihevitra ilay vehivavy mpanara-dia fa ny areti-maso no tian'ny Mpaminany hambara, ka hoy izy : Tsy misy fotsy akory ny masony kah! Nilaza anefa ny Mpaminany hoe: Tena misy fotsy ny masony e! Hoy ilay vehivavy: Tsia, mianiana amin'i Allâh aho fa tsy misy fotsy ny masony e! Niteny taminy am-pitsikiana àry ny Mpaminany nanao hoe: Fa iza moa no tsy mba misy fotsy amin'ny anakandriamasony?!

Namaly Azy ampitsikiana koa i Oumm Ayman noho izanyvazivazy izany.

Nisy lehilahy iray mpifindrafindra fonenana, tonga tamin'ny Mpaminany(saw) sy nitondra fanomezana ho Azy nefa tsy niala teo Aminy ilay lehilahy mandra-pahazoany ny vidin'ilay fanomezana, fa dia nitsikitsiky ny Mpaminany(saw) ary nihomehy kosa izay nanatrika teo; ary izany no nahatonga ny Mpaminany(saw) rehefa mahatsiaro malahelo dia niteny hoe: raha mba tonga amin'ny fotoana tahaka izao ilay lehilahy tambanivohitra iny!

Lehilahy iray no tonga tamin'ny Mpaminany(saw) mba hangataka boriky hitondra azy, fa hoy ny Mpaminany(saw) : Izahay tsy manana afa-tsy zana-boriky! Fa hoy ilay lehilahy: ny entako dia mavesatra ihany ka tsy ho zakan'izay zana-boriky; fa hoy ny Mpaminany taminy tamim-pitsikiana hoe: Moa ve ny boriky rehetra tsy zanaky ny boriky avokoa?! Nihomehy ilay lehilahy nandre izany sangisangy izany.

Indray andro niara-nihinana antrendry ny Mpaminany(saw) sy Ali(as), fa napetraky ny Mpaminany teo anilan'i Ali ireo voan'antrendry avy nihinanany, fa rehefa maromaro ireo voan'antrendry dia hoy Izy tamin'i Ali : Ianao no tena nahalany antrendry betsaka indrindra! Nitodika i Ali ka nahita ireo voan'antrendry niangona teo anilany nefa ny teo anilan'ny Mpaminany kosa dia tsy nahitana na dia anakiray monja aza, ka dia nitsiky Izy namaly hoe: Ny tena nahalany mihoatra Ahy dia izay nihinana ny antrendry miaraka amin'ny voany! Ary dia hita soritra teny amin'ny tavan'ny Mpaminany(saw) koa ny fitsikiana.

Hitanao amin'ireo sombin-tantara ireo àry ny fisangisangiana madio mangarangarana tsy misy lainga sy teny ratsy, ka hakantsika lesona amin'ny fomba fisangisangiana amin'ireo rahalahintsika sy hampidirantsika fifaliana ao ampon'izy ireo sy ny haravoana, mba hampitombo ny herin'ny fifamatorana.

**Famintinana** :

- Ny fitsikitsikiana dia anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo, ity toetra ity dia mampitombo ny voninahitry ny tena sy ny hatsaram-pitondrantena. Izy io dia manana ny anjara toerana lehibe amin'ny fanamafisana ny tadim-pitiavana eo amin'ny tsirairay mpiara-monina. Ary ny sangisangy dia anisan'ny fitaovam-pitsikitsikiana raha toa ka tsy atao diso tafahoatra no sady tsy manimba ny hasin'ny fitondrantena.

**Fanontaniana** :

1-Inona avy ireo vokatsoan'ny fitsikitsikiana araka ny voalazan'ireo Imâmo madio ara-panahy(as)?

2-Rahoviana ny sangisangy no ilaina?

3-Milaza tenin'ny Imâmo Ali(as) anankiray manambara momba ny fitsikitsikiana.

4-Inona no tombontsoa sy ny vokatsoan'ny fitsikitsikiana any amin'ny fiainana any ankoatra?

**************

# LESONA FAHA-14

## NY FANKAHEREZANA SY NY FANATANTERAHANA NY FILANA

Noresahintsika tamin'ny lesona faharoa fa ireo mpino dia mpirahalahy sy mpirahavavy ka mitaky ny firaisankina sy ny fifanampiana; ary izy ireo no singa ao anatin'ny fianakaviana tokana, dia ny fiaraha-monina islamika. Anisan'ny fahalalam-pomban'ny firahalahiana ny manolotra famonjena ny rahalahiny raha sendra ka ianjadian'ny olana na raha sendra tafalatsaka ao anatin'ny fahasahiranana lalina izy; izany petra-kevitra izany dia voafintina ao anatin'ity tenin'ny Mpaminany masina  Mohammad (saw) malaza ity: **«Tena marina fa ireo mpino ao amin'nyfifampihantrana sy ny fiarahan'izy ireo miory dia tahaka ny vatana iray fa raha misy marary ny rantsam-batana iray dia manafosafo azy ny rantsam-batana hafa amin'ny fiarovana sy fitandremana azy fatratra»**

Koa satria ny tsirairay ao amin'ny fiainana dia hisedra fahasahiranana sy olana samihafa, ka raha mahita ireo rahalahiny miray hina aminy sy mijoro eo anilany izy dia hanana ny fiononam-po sy fanantenana ihany ary anjarany koa ny mijoro eo anilan'ireo rahalahinyrehefa mila fanampiana sy vonjy avy aminy izyireo; avy amin'izany no hampiely ny fifankatiavana sy ny firaisan-tsaina eo amin'ny tsirairay mpiara-monina. Hoy Allâh Avo Indrindra : وَتَعَاوَنُواْ عَلَى الْبرِّ

وَالتَّقْوَى« **Miraisa hina ianareo ao amin'ny asa tsara sy fahatahorana an'Andriamanitra»** (Kor'âny 5:2)

Ny resaka momba ny firaisankina dia mitaky nyfananan'nympino silamo tsirairay toe-panahy tia miraharaha ny mpiray tanindrazana aminy sy ireo rahalahiny, izany no nahatonga ny Mpaminany(saw) nilaza hoe: «**Izay tra-maraina ka tsy mba mivaky loha amin'ireo raharahan'ireo mpino dia tsy mba anisan'izy ireo, sy izay mahare olona iray miantsoantso hoe ô ry zareo mpino silamo kanefa tsy mamaly azy dia tsy azo lazaina ho mpino silamo**»

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) dia hoy Izy :«**Tsy mba mino an'i Allâh sy an'i Mohammad ary i Ali, izay olona nahatongavan-drahalahiny mpinohangataka zavatra aminy ka tsy mba manao izay hahafaly azy; fa raha misy aminy ny zavatra hangatahany dia hotanterahiny haingana izany, fa raha tsy misy aminy kosa dia alefany any amin'nyolon-kafa izy mandra-pahatanteraka izany aminy; fa raha mifanohitra amin'izany ny toetrany dia tsy misy ny fifamatorana eo aminay sy izy»**

Ny fifanampiana sy ny fifanomezan-tanana ho an'ireo mpino dia tsy maintsy atao araka ny finoana islamika, ary ny olona rehefa mba nomena ny anjaramasoandrony ara-karena avy eo mandà izany ho an'ireo rahalahiny sy mahihitra amin'ny harenany ka tsy mba manatanteraka ny filàn'ny mahantra, no sady tsy mba manome fanampiana ho an'izay mila vonjy sy fanomezan-tanana aminy dia esorina aminy ny mahampino silamo azy, satria anisan'ny fahalalam-pomban'ny

islamo ny fananana ny toe-panahy mahalala manampy ny hafa; ary efa voalaza ao amin'ny tenin'ny Imâmo Bâqir(as) fa: «**Izay mahihitra tsy manampy ny rahalahiny mpino sy tsy mijoro manatanteraka ny filàny, dia hotsapaina amin'ny fanampiana ny olona izay manao ratsy aminy ka tsy ahazoany tambiny** »

Hoy koa ny Imâmo Sâdiq(as) :«**Na iza na iza olona anisan'ny mpanara-dia anay ka nisy olona iray tonga taminy mba hitaho fanampiana aminy nefa tsy nomeny fanampiana na dia manam-pahafahana hanao izany aza izy, dia hotsapain'i Allâh izy amin'ny alalan'ny fanatanterahany fanampiana ho an'ny hafa izay avy amin'ireo fahavalonay,hosazian'i Allâh amin'izany izy amin'ny adron'ny fitsanganana**»

Hoy ny Imâmo Moussâ Kâzim(as): «**Izay nitalahoan'ny iray amin'ireo rahalahiny mba hamonjy azy amin'ny fahasahiranany sasany, kanefa tsy mba novonjeny na dia afaka manatanteraka izany aza izy dia efa tapaka ny fifamatorany amin'i Allâh Be Fahasoavana sy Avo Indrindra**».

Voalaza ao amin'ny teny masin'ny Imâmo Sâdiq(as) fa ny fanaovana antsirambinaamin'izany fanampiana ny hafa izany ho famitahana, araka izao teniny izao: «**Na iza na iza mpino ka tsy manome ho an'ny mpino iray izay zavatra hangatahiny aminy na dia afaka manome izay avy aminy na avy amin'ny olon-kafa ankoatra azy aza izy dia hatsangan'i Allâh izy amin'ny andro farany miaraka amin'ny tarehiny mivalomainty, ny voamasony mangana, ny tanany roa mifatotra eo amin'ny tendany, ary misy**

**milaza hoe indrono mpamadika izay namadika an'i Allâh sy ilay Irany, avy eo izy alefa mankany amin'ny Afobe**». Ity lovatsofina ity dia mananatra araka izay azo atao mba tsy ho tia tena loatra fa mba hisokatra araka izay tratra amin'ny fanatanterahana ny filàn'ny mpino amin'ny alalan'ny fanampiana ny hafa isam-batan'olona na fikambanana.

Nisy nitantara avy amin'ny Al-Wâqadî (manam-pahaizana ara-pinoana islamika) nilaza: Izaho dia nanana namana anankiroa, izay Hâshimî ny iray amin'izy roa ary izahay dia tena niray saina tokoa fa ny vatanay ihany no anankitelo, indray taona nandritra ny taona maro aho no mba tra-pahasahiranana, nefa efa akaiky koa ny fety 'îdd tamin'izay fotoana izay,ary niteny ny vadiko : Izaho sy ianao dia afaka miaritra amin'izany fa ireto zanatsika ireto raha vao mahita ireo zanak'ireo mpifanolo-bodirindrina izay mba mitafy fitafiana sy ravaka vaovao nefa ny azy ireo fitafiana efa tonta dia halahelo ny fon'izy ireo, noho izany dia mba mitrosa vola mba hividianantsika ny fitafian'izy ireo vaovao ho an'ny fety.

Nandefa taratasy tamin'ilay namako Hâshimî àry aho mba handefasany  volaho ahy, ary dia nandefasan'ity namako ity entana iray fonosana aho izay nanoratany ho ahy koa fa misy vola arivo dirham ao anatiny. Raha iny niomana ny hanokatra ny fonosana entana iny aho dia nisy nandodona teo am-baravarana izay nanolotra taratasy ho ahy koa avy tamin'ny namako hafa mba hangataka vola amiko ihany koa; ary dia nafoiko ho azy ilay fonosam-bola ka lasa aho nankany amin'ny Moske sady menamenatra an'ny vadiko. Nifanena tamin'ilay namako Hâshimî tao Moske aho izay nisy fonosana entana ihany koa teny an-tanany.

Fa hoy izy tamiko : Nataonao inona ny vola izay nalefako taminao?

Nony notantaraiko taminy ny zava-niseho, dia hoy izy tamiko : Mba fantatrao moa fa ilay vola nalefako taminao dia ny rehetra izay teo ampelan-tanako; fa rehefa nandefa azy taminao aho dia mba nanoratra taratasy tany amin'ilay namantsika ihany koa nanambarako ny filàko vola nefa tsy mba nisy teny aminy, ka dia iny izy nanoratra taminao mba hangataka vola iny. Ary ny nataonao dia ny nandefa taminy ity fonosam-bola ity izay nalefany taty amiko, dia izao izy hitanao voarain'ny tompony izao indray. Araka izanytranga niseho izany àry dia aleo hozaraintsika telo ity vola ity noho isika samy mila azy avokoa.

Diniho àry izany fifamatoran'ny fisakaizana izany eo amin'ny fahafoizan-tena sy fankaherezana. Hoy indrindra ny Imâmo Ali(as) nilaza fa:«**Tsy ho sakaiza ny sakaiza raha tsy mahaaro ny rahalahiny izy amin'ny zavatra telo: ao amin'ny fahoriany sy amin'ny fotoana tsy maha-eo azy, ary amin'ny fahafatesany** »

Izany hoe, ny sakaiza dia manolotra fanampiana ny sakaizany amin'ny fahoriana, miaro ny ankohonany amin'ny tsy maha-eo ny sakaizany, ary amin'ny fahafatesana dia tonga manatrika ny fanatanterahana ny zon'ny fisakaizana sy ny fanaovana ireo adidy tsy maintsy hatao mifanaraka amin'izany.

Milaza ny Kor'âny masina momba ny toetran'ireo mpino : وَيُؤْثِرُونَ عَلَى أَنفُسِهِمْ وَلَوْ كَانَ بِهِمْ خَصَاصَةٌ«**Ary izy ireo dia tia azy ireo mihoatra noho ny tenan'izy ireo, na tsy misy aza na inona na inona aza eo amin'izy ireo**» (Korâny 59:9), fa

hitanao ny iray amin'izy ireo dia mahafoy ho an'ny rahalahiny mpino ny zavatra izay nangatahiny omaly, ary mahita tsirony amin'izany asa soa izany, nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) fa: «**Lehilahy iray no nangataka zavatra tamiko fa dia notanterahiko haingana avy hatrany izany nohon'ny fahatahorana tsy hahafahana manatanteraka izany ka tsy hahita ny azo atao rehefa tonga izy**»

Ny fifanampiana sy ny fanatanterahana ireo filàn'ireo mpino dia manana ny anjara toerana tokoa amin'ny fanamafisana ny fifandraisana ara-piaraha-monina ankoatra izany dia manana ny vokatsoany lehibe ity fahalalam-pomba sy fitondran-tena islamika ity, sy ity toetra  mendrika amin'ny maha-olona ny olona ity; nilaza ny Imâmo Ali(as) fa:«**Ny fankaherezana ny rahalahy ao amin'i Allâh Avo Indrindra dia mampitombo ny anjaramasoandro**»

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) : «**Manatona an'i Allâh amin'ny alalan'ny fankaherezana ny rahalahinareo**»

Hoy koa Izy(as) : «**Izay manatontosa ny filàn'ny rahalahiny mpino dia tontosain'i Allâh koa ny filàny miisa iray hetsy amin'ny andro fitsanganana ka ny voalohany amin'izany dia ny fidirany ao am-paradisa, anisan'izany koa ny hampidirana ireo havany sy ireo olom-pantany sy ireo rahalahiny ao am-paradisa raha tsy nisy fankahalana anay Ahloul-bayte teo amin'izy ireo**»

Hoy ihany koa Izy(as) : «**Nohon'ny fanatanterahan'ny mpino silamo ny filàn'ny mpino silamo dia hiantso azy i Allâh Be Fahasoavana hanao hoe: Anjarako ny mamaly**

**soa anao ary tsy misy ny mahafaly Ahy ho anao raha tsy ny fidiranao ao am-paradisa**»

Tafapaka hatrany amin'ny anjara toeran'ny fanompoana ity fahalalam-pomba masina sy fitondran-tena ambony ity araka izao tenin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) izao:«**Ianiavako amin'i Allâh fa ny fanatanterahana ny filàn'ny mpino dia tsara mihoatra ny fifehazana iray volana sy ny fanokanam-piainana ara-panahy(i'itikâf) mandritra izany**»

Nitantara ny iray amin'ireo mpanara-dian'ny Imâmo Sâdiq(as) nilaza : «Indray taona aho nivoaka hanao fivahinianana masina(hajj); ary nanatona an'i Abou Abdallâh, i Sâdiq Ja'afar zanak'i Mohammad(as) aho, fa hoy Izy: Avy taiza ianao? Hoy aho: Hajaina anie Ianao fa izaho dia avy nanao fivahinianana masina. Fa hoy Izy: Mba fantatrao ve inona no valisoa azon'ny mpanao fivahinianana masina?! Hoy aho: Tsy fantatro akory mandra-pampianaranao ahy izany! Hoy Izy: Ny mpanompo rehefa mihodidina an'ity trano ity herinandro[1] (1-manambara isa im-pito fa tsy andro fito akory no dikan'ny herinandro eto) sy manao salât in-droa mihondrika (roa raka'at) sy mivezivezy amin'ny havoan'i Safâ sy Marwat, dia soratan'i Allâhhovalisoany ny hatsarana miisa enina arivo sy hofafana ny fahotany miisa enina arivo, sy asondro-boninahitra enina arivo izy, sy hotanterahina ny filàny miisa enina arivo eto an-tany sns, dia toy izany koa ny any ankoatra sns, fa hoy aho taminy hoe: Hajaina anie Ianao fa tena betsaka izy izany; fa hoy Izy: Tsy tianao ho lazaiko anao ny betsaka mihoatra an'izany voalaza izany ? Hoy aho: Eny tokoa! Ary hoy Izy(as) :**Ny fanatanterahana ny filàn'nyolona mpino iray dia**

**mendrika noho ny fivahiniana masina, sy ny fivahiniana masina ary ny fivahiniana masina hatramin'ny fivahiniana masina im-polo** »

Izany dia ohatra ihany amin'ny voalazan'ireo Ahlol-Bayt(as) mikasika ny valisoan'ny fanatanterahana ny filàn'ireo mpino sy ny fankaherezana azy ireo.

**Famintinana:**

- Ny isam-batan'olona ao amin'ny fiaraha-monina islamika mba hanamafy orina ny fifandraisana sahala amin'ireo rantsam-batan'ny vatana iray dia mila ny firaisankina sy ny fankaherezana ary ny fanatanterahana ny filàn'ireo mpino izay anisan'ny fahalalam-pomban'izy ireo sy fitondran-tenan'izy ireo. Misy valisoa lehibe avy amin'Andriamanitra izany fa ny fanaovana tsirambina izany kosa dia mahatonga ny fahatezeran'i Allâh(Voninahitra anie ho Azy) sy ny fanasaziany.

**Fanontaniana :**

1-Nahoana no sokajian'ny Mpaminany(saw) ho fepetra mahasilamo ny tsirairay ny firaharahana ny fiainan'ireo mpino silamo?

2-Ahoana no filazan'ny Kor'âny ny toe-pifandraisan'ireo mpino sasany? Lazao ny andininy manambara izany.

3-Milaza ohatra amin'ny vokatsoan'ny fanatanterahana ny filàn'ireo mpino araka ny voalazan'ireo teny masina (ahadith).

4-Lazao ny tenin'ny Imâmo Sâdiq(as) mikasika ny fanatanterahana ny filàn'ny mpino iray.

**************

## LESONA FAHA-15

## FANOMEZAM-PIFALIANA SY FAMPIHAVANANA EO AMIN'IREO MPINO

Nambarantsika tamin'ny lesona teo aloha fa ny fanatanterahana ny filàn'ny olona sy ny firaharahana ny olan'izy ireo dia voalohan-daharana amin'ny fahalalam-pomba izay hamafisin'ny finoana islâmo sy ampirisihany an'ireo mpino mba handala izany. Fa amin'ity lesona ity koa isika dia hanambara toetra tsara hafa dia ny fampihavanana eo amin'ireo mpino sy ny fampidiran-kafaliana ao am-pon'izy ireo.

Nisy nanontany an'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : Inona amin'ireo asa no tena tian'i Allâh? Hoy Izy(saw) :«**Famalifaliana an'ireo mpino** », nisy nanontany : Ô ry Irak'Andriamanitra ahoana ny famalifaliana ny mpino? Hoy Izy(saw) : «**Famokisana ny hanoanany, sy fiaraha-miory aminy, ary fanefana ny trosany** »

Hoy ny Imâmo Ali(as) niresaka tamin'i Koumeil iben Zyâd :«**Ô ry Koumeil, didio ny fianakavianao mba hivelatra amin'ny fanaovana asa soa, sy hanatanteraka ny filàn'ny**

**olona amin'izy matory, fa ianiavako amin'Ilay tsy misy fetrany ny fandrenesany ireo feo, fa tsy misy olona iray manao izay hahafalifaly ny fo raha tsy hanamboaran'i Allâh avy amin'izany hafaliana izany, fahasoavana ho azy, ka rehefa milatsaka amin'ny fony ny fahoriana dia mikoriana aminy fotsiny toy ny rano mikoriana amin'ny toerana misolampy ary dia roahin'ny hafaliana toy ny fandroahana ny boriky dia**»

Hoy ny Imâmo Bâqir(as) :«**Ny fitsikian'ny olona iray eo anatrehan'ny rahalahiny dia asa soa, sy ny fanesorana ny vovoka eny aminy ihany koa, fa tsy misy zavatra hanompoana an'i Allâh tena tiany noho ny fampidiran-kafaliana ao amin'ireo mpino** »

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) :«**Aza mihevitra ny iray aminareo rehefa izy mampidi-kafaliana amin'ny mpino iray ka mampiditra izany ho azy irery ihany, fa tena marina aminay sy amin'ilay Irak'Andriamanitra ihany koa no nampidirany izany hafaliana izany**»

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Izay mampifaly ny mpino iray dia mampifaly Ahy, ary izay mampifaly Ahy dia mampifaly an'i Allâh**»

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) :«**Nambaran'i Allâh Avo Indrindra tamin'i Dâwod(as) fa: ny mpanompo avy amin'ireo mpanompoko manatona Ahy amin-katsarana dia omeko ny paradisako, fa hoy Dâwod(as) hoe: Tompo ô! Fa inona izany hatsarana izany? Hoy Izy: ny mampiditra ao amin'ny mpanompoko fifaliana na dia kely toy ny**

**voan'antrendry; fa hoy Dâwod(as) : zon'izay mahalala Anao ny tsy manapaka ny fanantenany Aminao** »

Fa araka ny voalazan'ny Mpaminany masina(saw) fa:«**Izay manome voninahitra ny rahalahiny silamo amin'ny alalan'ny teny mahafaly azy sy manafaka ny sorisoriny dia hitoetra foana eo ambany alokan'ny fahasoavan'i Allâh midadasika raha mbola eo foana izany** »

Ireo andian-teny masina ireo dia nisintomantsika lesona mazava tsara dia ny fampidirana ny fifaliana sy fitsikiana sy ny haravoana ao am-pon'ny mpino silamo dia singa iray izay tsy azo sarahina amin'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo sy ny fampianaran'ny lalàna masina. Misy fomba maro no azo entina hampidirana ny fifaliana ao am-pon'ireo silamo. Raha sendra ohatra mifanena amin'ny olona noana dia mamoky azy, na malahelo dia manala ny alahelony eny amin'ny tavany, na be trosaaza izy dia mandoa ny trosany, indrindra fa ny fitsikitsikiana mivantana maneho ny fitiavana sy ny fanajana dia tena mampiditra ny fifaliana ao am-po.

Ity fitondran-tena mendrika ity dia miovaho fitoniana sy ho fahatsapam-piadanana ao amin'ny tenan'ny olombelona fa izany no anisan'ireo fanomezan'i Allâh atolony ho an'ny mpanompony izay mampidi-kafaliana ao am-pon'ny olona mpanao soa.

Rehefa isika moa no nampiditra hafaliana ao amin'ireo mpino dia efa nampiditra ihany koa ny hafaliana ao amin'ireo olo-masina Ahlol-Bayt(as) ireo sy amin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) ka hahazoantsika ny fankasitrahan'i Allâh Avo Indrindra izany.

## **Fampihavanana ireo mpino**:

Ny asa fampiraisana izay fisarahana nisy sy famerenana indray ny fifandraisana ara-pitiavana eo amin'ireo mpino dia anisan'ny adidy tsy maintsy hatao ao anatin'ny fiarahamonin'ny Islâmoizany. Efa nampitandrina moa ny lalàmpinoana islamika an'izay manapaka ireo fifandraisana arapirahalahiana eo amin'ireo samy mpino, toy izany koa no hanambaran'ireo teny masina avy amin'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ny Ahlol-Bayt(as) ny maha asan'ny Satana izany. Araka izany,ny fanohizana foana ny fanapahana ny fifandraisana sy ny fiziriziriana amin'izany dia ahazoana sazy sy tsiny eo amin'ny fiainan'ny olombelona silamo.

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Na iza na iza silamo anankiroa nisara-bazana naharitra telo andro fa tsy mbola nifanaraka dia samy nivoaka miala ao amin'ny Islâmo izy roa, ary tsy misy fifamatorana mihitsy eo amin'izy roa; fa izay voalohany miresaka amin'ny rahalahiny amin'izy roa no hialoha lalana ho any amparadisa amin'ny andro fitsarana**»

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) fa: «**Tsy mbola mifandao akory ny olon-droa mpisara-bazana no mirotsaka amin'iray amin'izy roa ny tsiny sy ny ozona ary mety hihatra amin'izy roa tonta izany** »

Ny soratra masina islâmo dia maneho ny fifandrafiana eo amin'ny samy mpino silamo ho anisan'ny asan'ny Satana; milaza ny Kor'âny masina fa: إِنَّمَا يُرِيدُ الشَّيْطَانُ أَن يُوقِعَ بَيْنَكُمُ الْعَدَاوَةَ وَالْبَغْضَاء«**Ny Satana dia tsy mitady afa-tsy ny hampisy ny**

**fifampirafesana sy fifankahalana eo aminareo**» (Kor'âny 5:91)

Ireo Imâmo avy amin'ireo Ahlol-Bayt(as) dia manazava ny asan'ny Satana ratsy fanahy sahala amin'izao hitantsika ao amin'ny tenin'ny Imâmo Bâqir(as) izao: «**Tena marina ny Satana dia maka fanahin'ireo mpino mba hahatonga ny tsirairay tsy hiraharaha ny finoany intsony, fa raha manao izany izy ireo dia hatory amin'ny lamosiny izy sy hivalampatra avy eo dia hiteny hoe: tafita aho. Fa fahasoavan'i Allâh anie ho an'izay olona mampihavana olona ora avy amin'ireo mpanara-dia anay, ô ry vondron'ireo mpino, mifandraisa sy mifankatiava ianareo** »

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) :«**Mbola faly foana i Iblis raha mbola mifandrafy ny mpino silamo anankiroa; fa rehefa mifanaraka izy roa, dia mihovitrovitra ny lohaliny anankiroa ary tapatapaka ny vanin-taolany ka hitaraina izy hoe inty lozako fa tojo fatiantoka aho** »

Ny fifandraisana eo amin'ireo mpino dia fifandraisana ara-pirahalahiana mamoha ny fitiavana sy ny fifankatiavana ka izay rehetra manimba izany fifandraisana izany sy manao izay mahatapaka azy dia asan'ny Satana avokoa, izany no mahatonga ny Kor'âny masina mampirisika amin'ny fampihavanana sy ny famerenana amin'ny laoniny indray ny fatoram-pirahalahiana tapaka. Hoy ny Kor'âny masina :

إِنَّمَا الْمُؤْمِنُونَ إِخْوَةٌفَأَصْلِحُوا بَيْنَ أَخَوَيْكُمْ«**Tena marina fa ireo mpino dia mpirahalahy. Koa aoka ianareo hanatsara ny fifandraisana amin'ireo rahalahinareo**»(Kor'âny 49:10)

Hoy koa izy amin'ny fomba hafa : فَاتَّقُواْ اللّهَ وَأَصْلِحُواْ ذَاتَ بِيْنِكُم«**Matahora an'i Allâh ianareo ary hatsarao ny fifandraisana eo aminareo**» (Kor'âny 8:1) Efa nampanantena tombontsoa sy valisoa koa moa i Allâh(Avo Indrindra) ho an'izay manao asa fampihavanana aman'olona, fa hoy Ilay Avo Indrindra fa: لاَّ خَيْرَ فِي كَثِيرٍ مِّن نَّجْوَاهُمْ إِلاَّ مَنْ أَمَرَ بِصَدَقَةٍ أَوْ مَعْرُوفٍ أَوْ إِصْلاَحٍ بَيْنَ النَّاسِ وَمَن يَفْعَلْ ذَلِكَ ابْتَغَاء مَرْضَاتِ اللّهِ فَسَوْفَ نُؤْتِيهِ أَجْراً عَظِيما«**Tsy mahasoa ny ankabetsahan'ny takoritsika ifanaovan'izy ireny, afa-tsy izay mamporisika hanao fanomezana na asa soa, na koa fampihavanana eo amin'ny samy olombelona. Ary izay manao izany mba ho fikatsahanany ny fankasitrahan'Andriamanitra, dia homenay azy ny valisoa goavana**» (Kor'âny 4:114)

Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : «**Moa ve hambarako anao sy lazaiko aminao ny fanomezana izay tian'i Allâh sy ilay Irany? Mampihavana ny olona raha mifanaratsy sy mifanalavitra izy ireo**»

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) fa :«**Fanomezana tian'i Allâh ny fampihavanana ny olona raha mifanaratsy izy ireo sy mampifanatona azy ireo raha mifanalavitra**»

Voalaza ao amin'ny hafatry ny Imâmo Ali(as) tamin'ireo zanany roa i Hassan sy Houssein(as) :«**Mananatra anareo roa Aho sy ireo zanako rehetra sy ny fianakaviako ary ireo iantefan'ity sora-tanako ity, amin'ny fahatahorana an'i Allâh sy amin'ny fandaminana ny raharahanareo ary ny amin'ny fanatsarana ny fifandraisanareo fa henoko ny Raibenareo ilay Irak'Andriamanitra(saw) nilaza fa: Ny fanatsaram-pifandraisana dia mendrika noho ny fitambaran'ny salât sy ny sawm**»

Toy izany no ahitantsika ny fananan'ity fahalalam-pomba islamika ity anjara toerana lehibe mampiakatra azy hitovy tantana amin'ny fanomezana(sadaqa) izay tian'i Allâh Avo Indrindra sy ilay Irany(saw), indrindra fa ny Mpaminany(saw) koa dia mbola nilaza fa: ny fanatsaram-pifandraisana dia mendrika noho ny fitambaran'ny salât sy ny sawm.

Hitantsika ao amin'ny tantaran'ireo Ahlol-Bayt(as) ny firaharahana izany araka izao manaraka izao:

1-Ny Imâmo Sâdiq(as) dia nanokana ny ampahany amin'ny harenany mba hampiasainy amin'ny fampihavanana sy hampitsaharana ny fifandirana eo amin'ireo silamo.

Nilaza i Moufadhil iray amin'ireo mpanara-dian'ny Imâmo(as) : Nilaza i Abou Abdallâh i Sâdiq(as) fa:«**Raha mahita fifandirana ianao eo amin'ny olon-droa izay anisan'ny mpanara-dia Anay dia onero amin'ny alalan'ny volako izany**»

Nitantara i Abou Hanîfat izay nanao asa mpitarika ireo mpandeha manao fivahinianana masina fa:« Nandalo teo anatrehanay i Moufadhil tamin'ny fotoana izaho sy ny vinantoko mifamaly amin'ny ady lova. Nijanona teo aminay nandritran'ny fotoana fohy izy avy eo niteny taminay : Andao ho any an-trano ianareo; fa nanaraka azy izahay ary nampihavaniny tamin'ny alalan'ny vola efa-jato dirham izay naloany ho anay avy tao aminy, ka rehefa samy nifanome toky hifanaraka ny tsirairay dia hoy izy: Fa tena marina izy ity dia tsy volako fa kosa i Abou Abdallâh nandidy ahy fa raha misy zavatra mampifanditra olon-droa mpanara-dia Anay dia

ampihavaniko izy roa ary onerako amin'ny alalan'ny volany izany, fa dia volan'i Abou Abdallâh ity»

2-Iarahantsika mahalala fa ny lainga dia anisan'ny toetra tena ratsy sy tena fahotana ratsy nampitandreman'ny kor'any masina, nefa kosa raha atao fitaovana entina hampihavanana ny fifandraisan'ireo mpino simba izany dia miova ho fenitra hafa indray; izany no nahatonga an'ny Imâmo Sâdiq(as) nilaza fa:« **Ny mpampihavana dia tsy mba mpandainga izany**». Nilaza ny tantarany ity mpanara-diany iray ity nilaza : Niteny tamiko i Abou Abdallâh(as) : Ampitaho avy Amiko ny toy izao sy izao amin'ireo zavatra nodidiako, hoy aho, nampitako tamin'izy ireo ny hafatrao fa moa lazaiko avy amiko koa ve izay nolazainao tamiko sy ny ankoatra izay nolazainao? Hoy izy: Eny,«**Tena marina fa ny mpampihavana dia tsy mba mpandainga, fa tena marinatsy hisy nyfampihavanana tsy hisy lainga**»

Ilay lehilahy eto dia mampiasa ny lainga ka mametraka ireo teny masina(ahadith) amin'ny fiteny roa mifanipaka, mba hahatongavana amin'ny fahazoana sy fampihavanana ary ny fiverenan'ny fifandraisana ara-pirahalahiana.

Toy izany àry no ahitantsika fa ny fampihavanana eo amin'ireo mpino mitazona ny mahazava-dehibe azy tokoa ao amin'ny fahalalam-pomba islamika.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fampidirana hafaliana ao am-pon'ny olona dia anisan'ny fahalalam-pomban'ny fiaraha-monina ao amin'ny Islâmo ka ity fitondran-tena mendrika ity dia

manana ny tombon-tsoany sy ny vokatsoany amin'ny lafiny tsara eto an-tany sy any ankoatra. Tahakaizany ihany koa ny fampihavanana eo amin'ireo mpino sy ny famerenana ny fifandraisana ara-pirahalahianadia anisan'ireo adidy tsy maintsy atao amin'ny fiaraha-monina araka ny lalàm-pinoana islamika, ary efa nampirisika ny amin'izany moa ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) sy ireo Imâmo madio ara-panahy(as) ka nametraka izany ho anisan'ny asa manana ny lanjany lehibe tokoa eo amin'ny fiainan'ny tsirairay sy ny mpiara-monina.

**Fanontaniana :**

1-Inona no asa tena tian'i Allâh Avo Indrindra? Lazao ny voalazan'ny tenin'ny Mpaminany masina momba izany.

2-Ny fampidirana y fifaliana ao am-pon'ny mpino ve dia voafetra amin'ny fanampiana ara-karena foana?Hazavao izany.

3-Nahoana ny Satana no voan'ny fahatahorana amin'ny fampihavanana eo amin'ireo mpino?

4-Nahoana ny Imâmo Sâdiq(as) no nanokana ny ampahan-karenany ho an'ny fampihavanana?

5-Nahoana no azo atao ny mandainga nohon'ny tanjona hamerina ny fifandraisana ara-pirahalahiana eo amin'ireo mpino?

**************

# LESONA FAHA-16

# FIAHIANA NY KAMBOTY SY FIKARAKARANA NY MAHANTRA

Ny finoana Islâmo dia loharanon'ny famindram-po sy ny fangorahana ary ny fitiavana koa tsy mahagaga àry ny ahitantsika ny finoantsika izay mijoro hatrany amin'ny fahamarinanana, mikarakara ireo ankizy kamboty sy mangoraka azy ireo ary miezaka manao izay mampilamina ny fon'izy ireo mbola marefo; izany no ahitantsika ny Kor'âny masina mandrisika ireo mpino hanatanteraka an'ity andraikitra masina amin'ny fiaraha-monina sy amin'ny maha-olombelona ity. Milaza Ilay Avo Indrindra mampahatsiahy ny Mpaminaniny amin'ny fahasoavam-pangorahana izay natolotra ho Azy taorian'ny nahafaty ny Rainy:

أَلَمْ يَجِدْكَ يَتِيماً فَآوَى«**Moa tsy hitany kamboty ianao ka nomeny fialofana**» (Kor'âny 93:6); avy eo nananatraAzy koa Ilay Be Voninahitra niteny hoe:فَأَمَّا الْيَتِيمَ فَلَا تَقْهَرْ«**Koa aza ratsy fitondra amin'ny kamboty ianareo**» (Kor'âny 93:9)

Ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) dia efa nisedra izany fahakambotiana izany tokoa nohon'ny famoizan-dRainy Azy(ny famoizany an-drainy) raha mbola vao tao am-bohokan'ny Reniny Izytao am-bohoka Izy avy teo dia namoy ny Reniny koa Izy taorian'ny taona vitsivitsy nahaterahany. Allâh Avo Indrindra dia efa nanomana olona afaka hitaiza Azy dia ny Raibeny Abdoul-Moutalib avy eo dia ny rahalahin-

dRainy i Abou Tâlib; araka izany dia efa hatramin'ny ela Izy(saw) no efa nanamafy amin'ny fanajana ny kamboty, hoy indrindra Izy(saw) :«**Ireo trano tian'i Allâh Avo Indrindra dia ny trano misy kamboty voahaja**», miteny koa Izy(saw) hoe:«**Manaova ho an'ny kamboty toy ny Ray be fiantra ary fantaro fa arakaraka izay volenao ihany no hojinjainao**»; milaza ihany koa Izy(saw) hoe:«**Tena marina fa ao amin'ny paradisa dia misy trano izay lazaina fa tranon'ny fifaliana ka tsy misy hiditra ao aminy afa-tsy izay namalifaly ny kambotin'ireo mpino**»

Voalaza koa araka ny teniny(saw) hoe:«**Izay mitaiza kamboty anankitelo dia sahala amin'ny manao fanompoana amin'ny alina sy mifehy amin'ny antoandro ary rahampitson'iny izy lasa nandray ny sabany ho any amin'ny làlan'Andriamanitra, Izaho sy izy anie ao am-paradisa dia mpirahalahy toy ireto rantsana roa ireto** (sady natambany ny fanondrony sy ny fanondro adala)»

Amin'ny mahazava-dehibe ny fiahiana ny kamboty sy ny fanajana azy, ny lalàm-pinoana dia nanokana amin'ny hetra masina(zakat) mba haloa ho azy ireo sahala amin'ny fandoavana ho azy ireo izany dia anisan'ny làlana izay entin'ny olombelona hanatonana an'i Allâh akaiky indrindra; hoy Allâh Avo Indrindra :

«وَآتَى الْمَالَ عَلَى حُبِّهِ ذَوِي الْقُرْبَى وَالْيَتَامَى**...sy izay nahafoy ny fananana am-pitiavany ho an'ireo havany akaiky azy, sy ireo kamboty…**» (Kor'âny 2:177)

Ary ny sombin-tantaran'ireo Ahlol-Bayt(as) nanao fanomezana(sadaqat) ny sakafon'Izy ireo rehetra nandritra

nyteloalina nifanesy  dia tena malaza ka nahatonga ny soratra masina nidina ho fiderana Azy ireo ao amin'ny Kor'âny araka izao tenin'i Allâh Avo Indrindra izao: وَيُطْعِمُونَ الطَّعَامَ عَلَى حُبِّهِ مِسْكِيناً وَيَتِيماً وَأَسِيراً إِنَّمَا نُطْعِمُكُمْ لِوَجْهِ اللَّهِ لَا نُرِيدُ مِنكُمْ جَزَاء وَلَا شُكُوراً«**Ary manome sakafo ho an'ny mahantra, ny kamboty sy ny gadra izy ireo, na dia eo aza ny fitiavany izanysakafo izany; nohoAndriamanitra no anomezanay sakafo anareo, ka tsy mila valisoa na fisaorana avy aminareo izahay**» (Kor'âny 76:8-9)

Noho izany, efa anisan'ireo adidy ara-piaraha-monina ao amin'ny Islâmo ny fikatsahana ireo kamboty sy ny fiantohana azy ireo ary fanomezana fiainana mendrika ho azy ireo. Izany anefa dia tsy vitan'ny amin'ny lafiny ara-pananana fotsiny satria tsy izany ihany no ilain'ny kamboty fa ilaina koa ny fanomezana azy ny tambitamby sy fitiavana izay tsy nisy taminy.

Ny Kor'âny masina dia manakana ny fanaovana antsirambina ireo kamboty araka ny tenin'Ilay Avo Indrindra : فَأَمَّا الْيَتِيمَ فَلَا تَقْهَرْ«**Koa aza ratsy fitondra an'ireo kamboty ianareo**» toy izany koa ny fanambaran'ny Kor'âny ny sazy ratsy ho an'ny fiarahamonina izay manao tsinontsinona ny kamboty no sady tsy mba manolotra ho azy filaminan-tsaina sy fitiavana: كَلَّا بَل لَّا تُكْرِمُونَ الْيَتِيمَ وَلَا تَحَاضُّونَ عَلَى طَعَامِ الْمِسْكِينِ «**Tsia !ianareo aza no tsy mba niantra ireo kamboty. Tsy mba nifampitaona hanome sakafo ireo mahantra ihany koa**» (Kor'âny :17-18)

Raha dinihintsika tsara ny andinin-tsoratra masina dia hita fa ny teny fiantrana tiany holazaina dia tsy dia ny fiantohana azy ara-karena fa mihoatra lavitra noho izany. Fa

mety hisy koa ny kamboty tsy dia mahantra loatra amin’ny ara-pananana fa mahantra kosa amin’ny ara-pitiavana sy tambitamby. Ka ny fiantrana ny kamboty dia ny fanajana ny maha-olona sy ny maha-izy azy sy ny fitondrana azy amin’ny fomba tsara.

Fa ny fampirisahana amin’ny fanomezana sakafo an’ireo mahantra dia voalaza aorian’ny fiantrana ny kamboty ary ny fampirisahana ny fiaraha-monina hanome anjara fiveloman’ireo mahantra dia mety hatao amin’ny alalan’ny fanampian’ny isam-batan’olona na amin’ny alalan’ny fikambanana mpanao asa soa izay tohanan’ny mpiara-monina tsirairay avy ara-bola sy fanampiana ara-pihariana.

Ny fandroahana ny kamboty sy ny tsy fanomezan-tsakafo ny mahantra dia fanoherana ankitsorano sy fampandaingana ny hafatr’Andriamanitra, fa hoy i Allâh Ta’ala :

أَرَأَيْتَ الَّذِي يُكَذِّبُ بِالدِّينِ فَذَلِكَ الَّذِي يَدُعُّ الْيَتِيمَ وَلَا يَحُضُّ عَلَى طَعَامِ الْمِسْكِينِ

«**Hitanao ve ilay olona mampandainga ny fisian’ny andro farany?Izy mihitsy no nanosi-bohon-tanana ny kamboty. Sady tsy nampirisika tamin’ny fanomezan-tsakafo ny mahantra**» (Kor’âny 107:1-3)

Izany no ahitantsika ao amin’ireo teny masina ny fanamafisana amin’ny lafiny tambitamby toy izao lazain’ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) izao:«**Izay manafosafo amin’nytanany ny lohan’ny kamboty iray amim-pitiavana azy dia omena fahasoavana mitovy isa amin’ny volon-doha izay nandalovan’ny tanany** »

Iray amin'ireo mpanara-dia no nitantara fa nisy ankizy lahy iray no tonga tamin'ny Mpaminany(saw) tamin'ny fotoana izahay niara-nipetrapetraka fa hoy ilay ankizy : Tena marina fa kamboty aho ary manana anabavy kamboty ihany koa fa ny reninay dia vehivavy mananotena koa omeo sakafo izahay amin'ny sakafo omen'i Allâh Anao ary omeo anay izay omen'i Allâh Anao raha sitrakao; fa hoy ny Mpaminany(saw) : Izany hatsaran'ny zavatra resahinao izany ô ry tanora, ka hoy Izy tamin'i Bilâl hoe: Avia ary ento aty izay sakafo ananantsika! Koa dia lasa Bilâl nitondra voan'antendry miisa iraika amby roapolo ka nomen'ny Mpaminany(saw) voan'antrendry ilay ankizy lahy sady niteny hoe: Voan'antrendry fito ho anao sy fito ho an'ny anabavinao ary fito koa an'ny reninao. Ary nitsangana ny mpanara-dia iray antsoina hoe Ma'âzh ibn Jabal ka nisafo ny lohan'ilay ankizy lahy sady niteny hoe: Hamorain'i Allâh anie ny fahakambotianao ary ataony ho taranaka tsara hoan'ny rainao ianao; fa nilaza ny Mpaminany(saw) hoe: Fa inona no tianao hahatongavana amin'izany? Namaly i Ma'âzh hoe: Izaho mila manambitamby azy! Nilaza àry ny Mpaminany(saw) hoe:«**Tsy misy ny iray aminareo hahatongavana kamboty iray ka manatsara ny fisakaizana aminy, ary mametraka ny tanany eo an-dohany raha tsy ho soratan'i Allâh ho azy isaky ny volon-doha ny fahasoavana, sy ho fafany koa ny fahotana mitovy isa amin'ny volon-doha sady asondrony amin'ny voninahitra mitovy isa amin'izany volo izany** »

Voalazan'ny Mpaminany (saw) ihany koa fa hoe:«**Nytena marina ny kamboty rehefa mitomany dia mihovitrovitra ny seza fiandrianana ary hoy ny Tompo Be Fahasoavana sy Avo Indrindra : Iza ity**

**nampitomanynympanompoko ity, izay nalaiko tamin'ny fahakeliny ny ray aman-dreniny, fa noho ny Voninahitro sy ny Fahamboniako dia tsy misy olona mampangina azy ka tsy ataoko antery ho azy ny paradisa**»

Olona iray no tonga nitaraina tamin'ny Mpaminany(saw) fa manana fo vato; dia hoy Izy(saw) :«**Tianao ve ny hampalemy ny fonao sy hahazoanao ny filànao? Miantrà ny kamboty sy misafoa ny lohany ary manomeza sakafo azy avy amin'ny sakafonao fa halemy ny fonao sy ho azonao ny filànao** »

Andeha hodinihintsika kosa izao ity fitondran-tena sarotra tanterahina izay asongadin'ny Imâmo Ali(as) ao amin'ny tantarany ity, ny tantara dia milaza hoe: Nahita vehivavy iray izay nitondra sinin-drano teny an-tsorony ny Imâmo Ali(as) ( tamin'ny fotoana naha-"khalîfat" Azy) fa dia noraisiny ilay sinin-drano ka nentiny hatrany amin'ny toerana hametrahana azy ary nanontany ny momba ilay vehivavy Izy, izay namaly hoe: Nirahin'i Ali zanak'i Abou Tâlib ny vadiko hamonjy ady ka dia maty tany ary namela amiko zaza kamboty maromaro nefa aho tsy manana na inona na inona hamelomako azy ireo ka voatery aho mandeha manompo olona hitadiavako fivelomana; nalahelo mafy ny Imâmo(as) nahare izany, ka lasa Izy niala teo ary tsy nahita tory tamin'iny alina iny nohon'ny fiasan-doha; fa nony maraina ny andro dia nitondra harona misy sakafo Izy, ary nisy niteny taminy nanao hoe: omeo aty hitondrakoazy, namaly ny Imâmo(as) hoe: Iza moa no hibaby ny fahotako amin'ny andro fitsanganana? Fa nony tonga teo an-tranon'ilay vehivavy Izy dia nandodom-baravarana, fa hoy ilay vehivavy: Iza izao mandondona izao?

Namaly Izy hoe: Izao ilay mpanompo izay nitondra ny sinindrano, ka mba vohay varavarana Aho fa misy zavatra homeko an'ireo zaza ireo. Fa hoy ilay vehivavy: Hankasitrahan'i Allâh anie ianao ary hitsara ahy sy i Ali zanak'i Abou Tâlib, fa niditra Izy ka niteny hoe: Tena marina Aho fa mitia ny hahazo valisoa, koa misafidiana ianao arakaizay tianao na hanao koba na mofomamy sy amin'ny hikarakara ireo zaza fa Izaho no hikarakara ny mofomamy. Hoy ilay vehivavy : Avelao aho hikarakara ny mofo sy hahandro azy fa ianao no mikarakara ireo zaza. Ary noraisin'ilay vehivavy ny lafarina ka nanamboarany mofo fa i Ali(as) kosa naka ny hena ka nohandrahoiny. Nofahanany tamin'ilay hena sy voan'antrendry sy sakafo hafa koa ireo zaza fa isaka ny mandray izany ilayzazadia hoy Izy : ô ry zanako, ataovy mba ho afaka amin'ny tsy fitandremana nataony tamin'ny fiainanao anie i Ali zanak'i Abou Tâlib; rehefa voavoatra ny lafarina dia hoy ilay vehivavy: Ry mpanompon'i Allâh areheto ny lafaoro fa dia narehiny ny lafaoro, nony nirehitra izany dia nisy may teny amin'ny tavany ka niteny Izy hoe: Andramo izao ry Ali ho valin'izay tsy niraharaha ny vehivavy mananotena sy ny kamboty. Nijery azy ilay vehivavy ka nahalala azy avy hatrany ary niteny tamin'ny tompon-trano hoe: Inty lozanao fa indro Amiroul-Mou'omine(Lehiben'ireo mpino). Niteny haingana àry ilay vehivavy nanao hoe: Menatra Anao aho ry Amiroul-Mou'omine; fa hoy koa Izy: Izaho no tena menatra anao ry reny amin'i Allâh nohon'ny antsirambina vitako tamin'ny fiainanao; nony avy eo Izy dia lasa fa ilay zaza dia voky fa Izy kosa dia latsa-dranomaso teny an-dàlana.

Ary ireo mahantra mendri-piantrana koa manana zo eo amin'ny fananan'ireo mpanan-karena. Ny fiaraha-monina

islamika izay mifandray amin'ny alalan'ny fatoram-pirahalahiana misy eo amin'ny tsirairay dia fiaraha-monina miray hina sy mifanampy. Ny mpanana manome tanana ny mahantra, ny mpanan-karena manampy ny rahalahiny fadiranovana. Ny tanjona amin'ny fandoavana hetra masina(zakât) dia fanolorana fanampiana an'ireo mahantra sy fadiranovana. Hoy Allâh Avo Indrindra ao amin'ny Bokiny masina :

وَفِي أَمْوَالِهِمْ حَقٌّ لِّلسَّائِلِ وَالْمَحْرُومِ«**Ary ao amin'ny harenan'izy ireo dia misy anjaran'ny mpangataka sy ny tsy manana**» (Kor'âny 51:9); hoy koa Ilay Be Fahasoavana sy Avo Indrindra :

وَالَّذِينَ فِي أَمْوَالِهِمْ حَقٌّ مَّعْلُومٌ لِّلسَّائِلِ وَالْمَحْرُومِ

«**Ary ao amin'izay harenan'izy ireo dia manana zon-ketra voafaritra mazava tsara; mbaho an'ny mpangataka sy ny tsy manana**» (Kor'âny70:24-25)

Amin'ny alalan'ireto andininy masina voalaza teo ireto no nahafantarantsika fa ny fanampiana ny mahantra sy ny mpangataka sy ny fanoloram-pamonjena ny sahirana sy ny tsy manana dia anisan'ireo adidy ara-piaraha-monina tsy maintsy atao ao amin'ny Islâmo.

Anjarantsika ny milamamantatra fa ny fanatanterahantsika izany eo amin'izy ireo dia tsy midika ho fahamboniana fa fanatanterahana kosa ny adidy ara-pinoana sy araka ny lalàna, Allâh Avo Indrindra dia nametraka ao amin'ny harenan'ireo mpanana zo ho an'ireo mahantra ka adidin'ireo mpanan-karena no mandoa izany ho azy ireo tsy

misy fandatsana. Tena marina fa izay manolotra fanomezana (sadaqat) avy amin'ny harenany avy eo arahina latsa na fihambohamboana dia simba(batil) ny asa nataony, izany no nahatonga an'i Allâh Avo Indrindra nilaza hoe:

«يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُواْ لاَ تُبْطِلُواْ صَدَقَاتِكُم بِالْمَنِّ وَالأذَى **Ô ianareo izay mino! Aoka ianareo mba tsy hanimba ny fanomezana izay ataonareo amin'ny teny fandantsana sy teny fandratsiana**» (Kor'âny 2:264)

**Famintinana :**

- Sokajiana ny fanajana ny kamboty sy ny fanampiana ny mahantra ho fanatanterahana ny fampidiran-kafaliana sy anisan'ny fahalalam-pomba ara-piarahamonina ao amin'ny Islâmo.
- Ny fanajana ny kamboty sy ny fiahiana ny filany ara-batana sy ara-pitiavana dia antery amin'ny fiarahamonina indrindra fa ny mpino silamo ny manatanteraka izany.
- Ny fijoroantsika manefa ny adidy eo anatrehan'ny kamboty sy ny mahantra dia ampahany iray amin'ireo zon'izy ireo ka tsy azo atao ny mampiaraka izany amin'ny alalan'ny fandatsana sy fisehosehoana ho ambonin'izy ireo.

**Fanontaniana :**

1-Milaza iray amin'ireo hafatry ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) mikasika ny kamboty.

2-Hazavao amin'ny fomba tsotra ny valisoa izay miandry an'izay manaja ny kamboty sy miahy azy ireo?

3-Ahoana ny fomba hahazoana miahy ny filàn'ny kamboty?

4-Amin'ny inona no nampanantenain'i Allâh Avo Indrindra an'izay mampidi-kafaliana sy haravoana ao am-pon'ny kamboty?

5-Hazavao ny mahasamy hafa ny filàn'ny kamboty amin'ny mahantra.

6-Nahoana no manimba ny hasin'ny fanomezana(sadaqa) ny latsa?

**************

## LESONA FAHA-17

## FAMANGIANA NY MARARY

Ny famangiana ny marary dia anisan'ny fanatanterahana ny "fampidiran-kafaliana" ao am-pon'ireo mpino no sady anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo ara-piaraha-monina. Ny famangian'ireo sakaiza sy havana sy olom-pantatra ny marary dia tena zava-dehibe amin'ny fanamafisana ny fifandraisan'ny tsirairay.

Fa inona no atao hoe famangiana sy ny fahalalam-pombaatao aminy ary ahoana ny fijerin'ny Islâmo izany?

### 1-Famangiana:

Sokajian'ny finoana Islâmo madio ho adidy tsy maintsy atao amin'ny fiaraha-monina ny famangiana izay tanterahin'ny silamo eo anatrehan'ny rahalahiny ara-pinoana, ary ny silamo marary manan-jo amin'ny famangian'ireo rahalahiny sy ny fitsidihan'izy ireo azy.

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: «**Anisan'ny zon'ny mpino silamo amin'ny mpino silamo rehefa mifanena aminy dia ny miarahaba azy, sy rehefa marary izy dia hovangiana, ary rehefa maty izy dia ny mandeha mikarakara ny fatiny**»

Nilaza ny Imâmo Ali(as) araka ny nolazain'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe:«**Ny silamo dia**

**manana zo miisa telopolo amin'ny rahalahiny tsy afa-tsiny amin'izany izy raha tsy manatanteraka na nomena famelana… famangiana an'izay marary»**

Nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) i Mou'allâ ibn Khanîs nanao hoe: Inona no zon'ny silamo amin'ny silamo? Hoy Izy(as) : «**Anankifito ireo zo tsy maintsy atao, tsy misy amin'izy ireo zo iray ka tsy antery ny fanatanterahana azy, fa raha misy tsy tanteraka ny amin'izany dia tafavoaka miala ao anatin'ny fitiavan'i Allâh izy sy miala amin'ny fankatoavana Azy ary tsy manana anjara amin'i Allâh izy. Hoy aho taminy : Hajaina anie Ianao fa inona izany? Hoy Izy: Ô ry Mou'allâ, tena marina mihantra anao Ahoka matahotrasao dia ataonao antsirambina sy tsy hajainao izany, sao hainao nefa tsy tanterahinao. Fa hoy aho taminy: Tsy misy tanjaka afa-tsy avy amin'i Allâh. Fa hoy Izy(as): Ny zo mba mora amin'izany dia ny fitiavanao ho azy izay tian'ny tenanao, sy hankahalainao aminy izay hankahalainao amin'ny tenanao,…ary ny zo fahafito dia ny fanajanao ny fianianany, sy fanekenao ny fanasany, sy ny famangianao ny marariny, ny fanatrehanao ny fahafatesany, ary raha vao fantatrao fa manana zavatra ilaina izy dia haingàna manatanteraka izany ho azy** ».

Nanontany an'ny Imâmo Sâdiq(as) koa i Mou'âwyat ibn Wahab, nanao hoe: Hoy aho tamin'i Abou Abdallâh(as) : Ahoana no tokony hataontsika manoloana ny vahoakantsika sy manoloana ny olona mpifanerasera amintsika? Hoy Izy(as) namaly : «**Manolotra fampahatokisana amin'izy ireo, sy mijoro ho vavolombelona miaro na manohitra azy ireo, sy**

**mamangy ny mararin'izy ireo, ary ny manatrika ny fatin'izy ireo »**

Tena marina fa ny famangiana ny marary dia asa ara-pitondran-tena mampiditra hafaliana sy haravoana ary hakevohana ao am-pon'ny marary izay miteraka vokatsoa amin'ny fahasitranany na manamaivana ny fanaintanany.

## 2-Fampirisihana amin'ny famangiana:

Raisin'ny Islâmo ho adidy tsy maintsy atao eo amin'ny fiaraha-monina ny famangiana izay tokony ho tanterahin'ny mpino silamo ary efa nanokanan'i Allâh(Avo Indrindra) valisoa lehibe ity asa soa ity; hoy ny lehibentsika Mohammad(saw) :«**Rehefa mamangy ny rahalahiny ny mpino silamo sy mitsidika azy dia hoy i Allâh Ta'ala : Fiadanana ho anao sy ny làlana izoranao fa ianao dia manorina trano ao am-paradisa**»

Hoy koa Izy(saw) :«**Na iza na iza mpino mamangy mpino iray marary, rehefa ao anatin'ny aretina izy dia Anjely fito alina no manotrona azy amin'ny maraina, raha mipetraka izy dia horakofan'ireo Anjely fahasoavana izy ary ireo Anjely dia mangata-pamelan-keloka ho azy mandra-paharivan'ny andro, fa rehefa hariva ny andro dia hahazo toy izany hatrany izy mandra-paharainan'ny andro** »

Araka ny voalazany koa hoe:« **Tevatevain'i Allâh Avo Indrindra ny mpanompo iray avy amin'ireo mpanompony amin'ny andron'ny fitsanganana, manao hoe: Ry mpanompoko! Inona no nanakana anao**

**tsynamangy Ahy raha narary Aho, fa hoy izy: Voninahitra anie ho Anao ry Tompo Andriamanitr'ireo mpanompo fa tsy mba marary Ianao no tsy mba voan'aretina, ka hoy Izy: Narary ny rahalahinao mpino fa tsy mba novangianao ary ianiavako amin'ny Voninahitro sy ny Fahamboniako fa raha novangianao izy dia hohitanao tao aminy Aho avy eo dia iantohako ireo filànao ka hotanterahiko ho anao fa izany no voninahitry ny mpanompoko mpino fa Izaho dia Be Famindram-po sy Be Fiantrana»**

Araka ny voalazan'ny Imâmo Bâqir(as) hoe: «**Anisan'ny resaka mangingina nifanaovan'i Moussâ ibn 'Imrân tamin'Andriamanitra Tompony Avo Indrindra ny teniny hoe: Ô ry Tompo Andriamanitra! Inona no tambiny azo avy amin'ny famangiana marary mba ho valisoa? Hoy Izy: Handefasana Anjely izy hamangy azy ao am-pasany hatramin'ny fitsanganany amin'ny maty**»

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Izay mamangy marary ao amin'i Allâh, dia tsy misy zavatra hangatahin'ilay marary ho an'ny mpamangy ka tsy hovalian'i Allâh ho azy**»

## 3-Fahalalam-pomba amin'ny famangiana:

Ho amin'ny famangiana dia misy fahalalam-pomba sy fototra izay tokony ho hajaintsika :

a)-Ny itondrantsika fanomezana mba hahafaly ny fon'ilay marary na mitondra zavatra ho azy izaymetyhilainy.

Hoy ny Mpaminany (saw) :«**Izay mampisakafo ny marary sakafo mampazoto azy dia omen'i Allâh sakafo avy amin'ny voankazon'ny paradisa izy**»

> Voalaza oa amin'ireo bokin'ireo lovantsofina fa nisy olona iray narary ka nandeha ireo vondron'olona avy amin'ny rahalahiny mba hamangy azy ary nifanena tamin'ny Imâmo Sâdiq(as) teny an-dàlana izy ireo, izay nanontany ny tany halehan'izy ireo, fa hoy izy ireo : Izahay handeha hamangy an-dRanona, fa hoy Izy(as): Mijanona kely ianareo!Fa dia nijanona izy ireo. Hoy Izy: Misy aminareo ve mba nitondra paoma na voan-kaotsy(coing) na sedera(cédrat) na ranomanitra na emboka manitra? Namaly izy ireo hoe: Tsy misy na inona na inona ety aminay! Hoy Izy(as) :«**Moa va tsy hainareo angaha fa ny marary dia hiala sasatra amin'izay rehetra omena azy?**»

b)-Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny famangiana ny manafohy fotoana hijanonana eo amin'ny marary fa tsy mila mampanahirana azy; nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) nanao hoe:«**Famangiana tena tsara dia ny manafaingana izany**»; hoy koa Izy(saw) :«**Ny faharetan'ny famangiana dia toy ny fe-potoan'ny rameva vavy**», izany hoe toy ny fe-potoana fialan-tsasatry ny rameva.

Nilaza ny lehibentsika Ali(as) hoe:«**Ny anisan'ireo famangiana tena hahazoana valisoa goavana eo anatrehan'i Allâh dia ny fanafainganana ny fipetrahana afa-tsy hoe angaha ilay marary no mitia izany sy mila azy**»

d)-Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny famangiana ny hanontaniantsika ny fivoaran'ny aretin'ny marary ka hanaovantsika tonombavaka fanasitranana ho azy sy ny hifandraisantsika tanana aminy an-kafanana sy am-pitiavana fa hoy ny Mpaminanintsika Moammad(saw) :«**Fahalavorarian'ny famangiana marary ny fametrahan'nyiray aminareo ny tanany eo aminy sy ny manontany ny momba azy: manao ahoana ny fahasalamany ny maraina, ary manao ahoana ny hariva? Ary ny fahalavorarian'ny fiarahabanareo dia ny fifandraisanareo tanana**»; hoy koa Izy(saw) :«**Vangionareo ny marary… ary mivavaha ianareo ho an'ny marary, ka mitenena hoe: Tompo ô! Sitrano izy amin'ny alalan'ny fanasitrananao sy tsaboy amin'ny alalan'ny fanafodinao ary afaho amin'ny sazinao izy(**

**اللـهم اشفه بشفائك وداوه بدوائك وعافه من بلائك**

e)-Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny famangiana ao amin'ny Islâmo ny fanomezantsika azy fanantenana ka miresaka aminy amin'ny endrika miramirana sy mankahery ny sainy ary mampatanjaka ny finoany ; hoy ny lehibentsika :«**Rehefa miditra ao amin'ny marary ianareo dia alavironareo aminy ny fiahiahiana ny ho faty fa izany akory dia tsy manova na inona na inona fa** mampahazo aina azy kosa». Eny fa na dia efa mahakivy aza ny aretin'ilay marary dia ilaina ihany isika rehefa mamangy azy dia mba miresaka aminy ny fahasitranany, fa amin'izany no hahazoan'ilay marary fahafinaretana; ary tsy afangarontsika amin'ny alahelo sy hakiviana ny aretina.

f)-Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny famangiana izay tokonyhohajaina ny tsy fihinanan-kanina; fa isika dia tsy mila miandry izany sakafo izany avy amin'ny fianakavian'ny marary. Fa hoy indrindra ny Imâmo Ali(as) :«**Noraran'ilay Irak'Andriamanitra ny fisakafoanan'ny mpamangy ao amin'ny marary fa hofoanan'iAllâh ny valisoan'ny famangiany**»

Fa tsy mety amin'ny olona silamo ny misakafo eo anatrehan'ny marary, fa ny tokony hataony dia ny manao izay hahafaly sy hampisy fanantenana ao am-pony ary ny manao resaka izay manamaivana ny fanaintanany sy ny fahangotsohany.

**<u>Famintinana</u>:**

- Ny famangiana marary dia anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo ao amin'ny fiaraha-monina, ary izy io dia mampiditra hafaliana ao am-pon'ireo mpino. Ny Islâmo dia manasokajy ny famangiana ho anisan'ireo zo izay tokony hotanterahin'ny mpino silamo amin'ireo rahalahiny amin'ny fotoana mamparary, fa misy valisoany betsaka sady lehibe ny famangiana.
- Manana ny fombany sy ny fototra izay manery antsika hanaja izany ny famangiana ka ny zava-dehibe aminy dia ny fitondrantsika fanomezana mifanaraka amin'izany. Ary koa ny manafohy ny fe-potoana hijanonana sy hipetrahana eo aminy sy ny manontany ny fahasalamany sy ny aretiny sady koa ny mangataka ho azy ny fahasitranana.

**<u>Fanontaniana</u>:**

1-Nahoana ny famangiana no sokajiana ho fanatanterahana ny “fampidiran-kafaliana”?

2-Inona no ilazantsika fa ny famangiana dia anisan’ireo zon’ireo mpino?

3-Inona no tiana hambara amin’ny hoe “famangiana an’i Allâh”?

4-Lazao amin’nyteny fohy ny fahalalam-pomba amin’ny famangiana.

**************

# LESONA FAHA-18

# FIOMBONAN-KAFALIANA SY ALAHELO

Ireo mpino, araka ny fifandraisana ara-pirahalahiana sy firaisan-kina ary fifampiahiana dia miombona ihany koa ao amin'ny hafaliana sy ny alahelo. Raha mahita ny olona eo anilany miara-ory aminy ny olona iray dia hitany maivamaivana sy mihamalefaka ny fahatsapany ny alahelony sy ny fahoriany. Araka izany ny fiombonana alahelo sy ny hafaliana amin'ny hafa dia manamarina ny fifandraisana ara-pirahalahiana.

Fa voajanahary amin'ny olombelona ny mitia ny hiombonana amin'ny hafaliany sy alahelony, amin'ny haravoany sy ny fahoriany. Araka izany dia antery amintsika ny miombona amin'ny hafa amin'ny fifaliana sy fahorian'izy ireo. Ao amin'ny haisoratry ny Islâmo dia ahitantsika ireo voambolana toy ny firahalahiana sy ny fifamangiana sy ny sisa izay maneho ny fifamalian'ny fitiavana ara-pirahalahiana sy ny fifamalian'ny famangiana, ary ny fampitoviana eo amin'ny lafiny rehetra.Ankehitriny isika dia hitodika amin'ny lafiny fiombonana ara-pirahalahiana.

## 1-Fanekem-panasana:

Anisan'ireo adidy tsy maintsy ataon'ny tsirairay silamo eo anatrehan'ireo rahalahiny ara-pinoana ny manaiky ny fanasana rehefa mandefa fanasana izy ireo; fa ny mpanome fanasana dia manana ny zony dia ny fanekena izany; hoy ny

Imâmo Sâdiq (as) :«**Anisan'ny zon'ny silamo ny manaiky ny fanasany rehefa manasa izy**»

Anisan'ny haratsiam-panahy ny tsy famaliana ny fanasan'ny rahalahiny na manaiky ny fanasana ihany fa avy eo dia mihinana ny sakafo ao an-tranony.

Nilaza ny Imâmo Sâdiq (as): «**Anankitelo no anisan'ny haratsiam-panahy… dia ny fanasan'ny olona mba hisakafo nefa tsy valiany na mamaly ihany izy fa tsy mba mihinana**», hoy koa Izy(as) :«**Anisan'ireo zo tsy maintsy tanterahin'ny mpino amin'ny mpino ny manaiky ny fanasany**»

Ny fanasana ho amin'ny fisakafoanana sy fandraisam-bahiny no ankamaroan'ny fanasana mateti-pitranga ao amin'ny fiaraha-monina islamika. Mazava ho azy moa fa ny tompom-panasana no mikarakara sy manomana ny fandraisana an'ireo vahininy, ka mahatsiaro malahelo izy raha tsy mankasitraka ny fanasany ireo nasaina.

Ny tompom-panasana dia ravoravo amin'ny fahatongavan'ireo rahalahiny nasaina sy mahatsapa fanomezam-panajana ho azy avy amin'izy ireo, izy ireo rahateo dia efa nampidi-kafaliana ao am-pony tamin'ny alalan'ny fanekena ny fanasany.Fa ny famaliana sy ny fanekena ny fanasana dia antery amin'ny nasaina ary zon'ny mpanome fanasana; fa hoy indrindra ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Hanafarako ny tonga sy ny tsy tonga amin'ny vahoakako ny mba hanaiky ny fanasan'ny silamo na dia lavitry ny dimy maily aza (1maily = 1609metatra) fa anisan'ny finoana izany**»; miteny koa Izy(saw) amin'ny teny

masina hafa :«**Izay tsy mamaly fanasana dia efa nanota amin'i Allâh sy ilay Irany, ary tsy ankasitrahana ny fanekena ny antson'ireo mpanan-karena izay tsy mba nanasa ireo mahantrahanatrika ny fisakafoanana ao amin'izy ireo**»

Tena efa narindran'ny Islâmo tsara ny fifandraisan'ny tsirairay hifanaraka amin'ny tanjon'ny firahalahiana sy fitoviana ka nanaovany ny tsy famaliana ny fanasan'ny rahalahy silamo ho fahotana amin'i Allâh sy ilay Irany; satria ny tanjona amin'ny fanekena ny fanasana dia ny fanamafisana orina ny firahalahiana ary ny fanatrehana hisakafo amin'ny mpanan-karenaizay tsy nanasana ny mahantra dia fomba tsy tsara atao (makrouh).

Ny fety fiaraha-misakafo ataon'ny mpanan-karena matetika dia nohon'ny antony fireharehana sy fihambohamboana amin'ny fananana sy harena izay tsy mifanaraka amin'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo sy ny hasin'ny fitondran-tena.

Voalaza ao amin'ny tantara fa i Othmân ibn Hounaîf izay Sahaba hajaina dia Governora tao amin'ny tanànan'ny Basrâ tamin'ny fitondran'ny (khîlafat) Imâmo Ali(as), nisy iray amin'ireo mpanan-karena tao an-tanàna no nanasa azy mba hisakafo ka nanaiky izany fanasan'ny mpanan-karena izany ity Governora ity, fa rehefa tonga tany amin'ny Imâmo Ali(as) izany vaovao izany dia nandefa taratasy taminy Izy mba hampitandrina azy nanao hoe:«**Ô ry zanak'i Hounaîf, henoko fa misy lehilahy anisan'ny mpanana amin'ny vahoakan'i Basrâ no nanasa anao amin'ny sakafo ka nekenao haingana izany mba hampilendaledana anao**

**karazan-tsakafo sy hanaovana anao ho tsinontsinona, fa tsy mba nodinihinao akory fa ianao dia manaiky ny hihinana ny sakafon'ny vahoaka izay natao tsinontsinona ny mahantran'izy ireo, ary ny mpanana amin'izy ireo ihany no nasaina**».

Hitantsika amin'ity hafatra an-taratasy ity àry ny fampiharana ny tenin'ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) mikasika ny tsy fankasitrahana (makrouh) ny fanasam-pisakafoanana tsy nanasana akory ny mahantra.

## 2-Fanatrehana ny fampiononana sy fivoriam-pisaonana :

Anisan'ny adidy tsy maintsy ataon'ireo mpino amin'izy samy izy ireo ny fiombonana amin'ny fivoriana fampiononana sy fisaonana amin'ny fanahin'ny maty ary efa voalaza ao amin'ireo teny masina(ahadith) ny fanamafisana ny fiombonana amin'ny fanotronana ny fahoriam-pahafatesana sy fanolorana ny fampiononana ny fianakaviana idonam-pahoriana.

Toy izany koa ny resaka momba ny fampandroana ny maty sy ny famonosan-damba azy sy ny fanaovana salât aminy dia "wâjibo kifâ-y" antery voafetra ao amin'ny lalàna islamika (izany hoe: asa an-tery ho an'olona rehetra nefa raha misy olona iray mitsangana manatanteraka izany asa izany dia tsy an-tery amin'olona hafa intsony ny manao azy)

Ireto manaraka ireto àry ny vondron'ny teny masina mahakasika izany:

Hoy ny Imâmo Baqîr(as): «**Izay manotrona ny fatina mpino dia mahazo amin'ny andro farany, fanelanelanana efatra; ary isaky ny mitenyizy dia hoy ny Anjely hoe: Ho azonao ny toy izany**»

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) :«**Izay manotrona ny fatina mpino hatramin'ny fandevenana ao am-pasany dia andefasan'i Allâh Avo Indrindra, Anjely mpanotrona fito alina no manotrona azy sy mangata-pamelan-keloka ho azy rehefa mivoaka avy ao ampasany** »; hoy koa Izy(as) :«**Izay manotrona fatina mpino dia esorina aminy ireo fahotana lehibe miisa dimy amby roapolo**»; hoy hatrany Izy( miresaka amin'ny mpanara-diany anankiray) :«**Ô ry Khaythamat! Mampamangy hombam-piadanana amin'ireo mpanara-dia Anay ary mananara azy ireo mba hananana fahatahorana an'i Allâh Be Voninahitra,… sy mba hanotrona ny fatin'izy ireo ny velona amin'izy ireo**»

Hoy ny Imâmo Bâqir(as) : «**Na iza na iza mpino mampandro fatina mpino ka miteny toy izao rehefa mamadika azy: ( اللهم هذا بدن عبدك المؤمن وقد أخرجت روحه منه وفرقت بينهما فعفوك عفوك)Tompo ô! Indro ny vatan'ny mpanomponao mpino ary efa nesorinao tao aminy ny fanahiny ka nosarahanao izy roa, koa mba mamindrà fo Ianao, mamindrà fo Ianao; dia ho voavelan'i Allâh ny fahotany nandritra ny iray taona afa-tsy ny heloka lehibe**»

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) :«**Izay mampandro fatina mpino ka mametraka fampahatokisana ao aminy dia ho voavela ny helony; nisy nanontany hoe: fa ahoana ny mametraka fampahatokisana ao aminy? Hoy Izy namaly: Tsy manambara izay zavatra hitany**»

Hoy ny Imâmo Hassan(as) avy tamin’ny Raibeny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Tsy misy mpino izay manao salât amina faty raha tsy ataon’i Allâh antery aminy ny paradisa afa-tsy hoe angaha olona mpihatsaravelatsihy izy na mpanohitra ray aman-dreny**»

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) avy tamin’ny Mpaminany(saw) :«**Izay manao salât ho an’ny faty dia hanao salât ho azy ny Anjely miisa fito alina, sy ho voavelan’i Allâh ny fahotany mbola hataony sy efa nataony, fa manomboka izy mitsangana hatramin’izay mandevina sy manototra tany aminy dia hahazoany isaky ny dingana hifindrafindrany antokom-bolamena iray ho valisoany ka ny antokom-bolamena iray dia mitovy habe amin’ny tendrombohitr’i Ohod**»

Ireo teny masina voalaza ireo dia ahitana ny fiombonana amin’ny fampandroana sy ny famonosan-damba sy fanotronana ary ny fanaovana salât izay misy valisoa araka ny lazain’ireo teny masina ireo.

Misy koa any ny adidy hafa tsy maintsy ataon’ireo mpino dia ny famakiana ny tokon’ny Al-Fâtihat ao amin’ny Boky masina ao amin’ny fampiononana sy fiantrehana ny fivoriana(Majlisse) fisaonana.

Hoy ny Mpaminany(saw) :«**Izay mampionona amin’ny fahoriana dia hovalianasoa mitovy amin’izany**»; hoy koa Izy(saw) :«**Izay mampionona ny rahalahiny mpino amin’ny fahoriany dia ampitafian’i Allâh Avo Indrindra ravaka sarobidy amin’ny andro fitsanganana**»

Araka ny voalazan'ny lehibentsika Ali(as) :«**Izay mampionona ny maty anaka dia alokalofan'i Allâh izy amin'ny alalan'ny aloky ny seza fiandrianany amin'ny andro tsy hisian'ny aloka afa-tsy ny alony**»

Toy ny amin'ny famangiana ny fasan'olo-maty, indrindra fa an'ny ray aman-dreny dia misy valisoa lehibe sy tombontsoa betsaka satria izany dia mampidi-kafaliana ao amin'ireo milevina ao am-pasana.

Niteny ny lehibentsika Ali(as) :«**Vangionareo ny fatinareo fa izy ireo dia faly amin'ny famangianareo ary aoka ny olona hangataka ny filàny eo amin'ny fasan-drainy sy ny reniny aorian'ny fangatahana nataony ho azy ireo**»

Voalaza ao amin'ny tantaran'ireo Ahlol-Bayt(as) fa nisy iray amin'ireo mpanara-dia an'ny Imâmo Sâdiq(as) nanontany an'ny Imâmo mahakasika ny olona mamangy ny fasan'ireo ray aman-dreniny na ny sakaizany raha mba hisy fiantraikany amin'ilay maty izany, fa hoy ny Imâmo(as) :«**Eny, fa izany dia mampiditra ao aminy hafaliana, toy ny iray aminareo idiran-kafaliana amin'ny fanomezana omena azy**»

Voalazan'ny iray amin'ireo mpanara-dia ny Imâmo(as) hoe: Hoy aho tamin'i Abou Abdallâh(as), hanao salât ho an'ny maty ve izahay? Hoy Izy:«**Eny, amin'izay raha misy maneritery azy dia i Allâh no hanome azy fahalalahana amin'izany teritery izany, avy eomisy Anjely tonga milaza aminy hoe: Nohamaivanina aminao ity teritery ity noho ny salât nataon-dRanona rahalahinao**»

Hoy koa Izy(as) :«**Ny maty dia faly amin'ny fangatahana famindram-po sy famelan-keloka ho azy sahala amin'ny velona faly amin'ny fanomezana omena azy**»

**<u>Famintinana</u> :**

- Antery amin'ny mpino ny manaiky ny fanasana ataon'ny rahalahiny, fa anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo ny fanekem-panasana, sy ny fiombonan'ireo mpino amin'ny hafalian'izy ireo sy ny alahelon'izy ireo. Anisan'ny adidy tsy maintsy ataon'ireo mpino eo amin'izy ireo samy izy ireo ny fiatrehana ny fivorian-kafaliana sy ny fiombonana amin'ny fivoriam-pisaonana ary ny fanolorana ny fampiononana amin'ny tompom-pahoriana sy ny fianakaviany.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Nahoana no sokajiana ho haratsiam-panahiny ny fanaovana antsirambina ny fanasana ataon'ny mpino?

2-Fanasana manao ahoana no tsy ankasitrahana ny fanekena azy?

3-Inona no adidy tsy maintsy ataontsika manoloana ny fatin'ireo mpino?

4-Inona no adidy tsy maintsy ataontsika manoloana ny tompom-pahoriana?

5-Moa ve azo atao ny mampiditra hafaliana amin’ny mpino aorian’ny fahafatesany? Atao ahoana?

**************

## LESONA FAHA-19

## NY FIVAHINIANANA SY NY FITSIDIHANA

Anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo ara-piaraha-monina ny fifampitsidihan'ireo mpino sy ny fifampiantranoan'izy samy izy . Zava-dehibe eo amin'ny ara-pitondran-tena ny iahian'ny mpino ny rahalahiny mpino ka hitsidihany azy sy iahiany amin'ny fiainany. Fa izany no manamafy, eo amin'ireo mpino ny fatoram-pirahalahiana sy ny fifankatiavana ary ny fisakaizana.

Ary raha mahalana ny fomba fifampitsidihan'ireo mpino dia mitombo ny fifanalaviran'izy ireofo ka mihamalemy ny fifandraisana ara-pirahalahiana. Arakaizany dia adidin'ny mpino ny miaro ny fifankahazoanyamin'ireo mpino amin'ny alalan'ireo fitsidihana; fa raha misy ny tsy fahafahana manao fitsidihana dia ny mandefa taratasy no ataony, ka mampiseho ho azy ny fitiavany sy ny herim-pony ary ny firaharahiany amin'ny fiainany.

Ny finoana Islâmo dia nametraka ny fifandraisana ara-pirahalahiana islamika sy fifankatiavana ao anatin'ny làlan'i Allâh ho tarigetran'ireo fitsidihana ara-pirahalahiana. Izany hoe, ny fitsidihan'ny mpino an-drahalahiny dia  atao ho an'i Allâh amin'ny fo madio.

Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) fa :«**Izay mitsidika ny rahalahiny ao an-tranony tsy mila na inona na inona aminy dia soratana ho anisan'ireo**

**mpitsidika an'i Allâh ary zon'i Allâh moa ny manaja an'ireo vahininy**»; hoy koa Izy(saw) :«**Izay mitsidika ny rahalahiny ao an-tranony dia hoy i Allâh Avo Indrindra aminy hoe: Ianao dia vahiniko sy mpitsidika Ahy, miantefa aty Amiko ny firarian-tsoanao koa dia tsy maintsy homeko dia homeko anao tokoa ny paradisa**»

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Izay mitsidika ny rahalahiny ao amin'i Allâh, dia hoy i Allâh Avo Indrindra : Izaho dia Izaho no tsidihinao, ny valisoanao dia ety Amiko, ary Izaho dia tsy mankasitraka valisoa ho anao afa-tsy ny paradisa** »

Nitantara ny Imâmo Bâqir(as) avy tamin'ireo Razany avy tamin'ny Raibeny Irak'Andriamanitra(saw) hoe:«**Niteny tamiko ny Jibraîl(as) hoe: Tena marina fa i Allâh Avo Indrindra dia nampidina eny ambony tany Anjely iray ka nanaiky izany ilay Anjely ary nandeha namindra hatreny am-baravarana izay misy olona mandondona mangata-dàlana amin'ny tompon-trano. Fa hoy ilay Anjely aminy hoe: Inona no ilainao ao amin'ity tompon-trano ity? Hoy izy : Ny rahalahiko mpino no hotsidihikoao amin'i Allâh Be Fahasoavana sy Avo Indrindra. Fa nanontany azy ilay Anjely hoe: Tsy misy afa-tsy izany ihany ve no nahatongavanao?Hoy izy: Tsy misy afa-tsy izany ihany no nahatongavako! Niteny ilay Anjely hoe: Tena marina fa izaho dia Irak'Andriamanitra ho aminao ary Izy dia nandefa ny arahaba ho anao sy nilaza hoe: Tsy maintsy omeko anao ny paradise; ary niteny ilay Anjely hoe: Tena marina fa i Allâh Avo Indrindra dia nilaza hoe: Na iza na iza mpino mitsidika ny mpino dia tsy izy akory no**

**notsidihany fa Izaho dia Izaho no tsidihany kany valisoany eo Amiko dia ny paradisa**»

Avy amin'ity teny masina ity sy ny hafa ankoatra azy no nahafantarantsika fa ny fitsidihana an'ireo mpino ao amin'i Allâh dia fitsidihana an'i Allâh Avo Indrindra. Araka izany dia antery ho antsika ny manaja an'ity fahalalam-pomban'ny Islâmo manana ny anjara toerany avo ity.

Ny fifampitsidihan'ireo mpino dia ahafahana mifanakalo hevitra izay ahazoana tombontsoa ara-kolontsaina ho an'ny rehetra sy ara-panahy, ary mampitombo eo amin'ny lafiny ara-pitiavana.

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Mifampitsidiha ianareo fa ao amin'ireo fitsidihanareo no misy ny famelombelomana ny fonareo sy ny fahatsiarovana an'ireo teninay, fa ireo teninay no mampisy ny fifankatiavana eo aminareo, koa raha raisinareo izany dia voahitsy ianareo sy voavonjy fa raha avelanareo kosa izany dia very ianareo sy potika, ka dia raisinareo izany fa Izaho no miantoka ny famonjena anareo** »

Nilaza ny Imâmo Bâqir(as) hoe:«**Mifampitsidiha ianareo ao an-tranonareo fa izany no famelomana nyraharahanay, hamindran'i Allâh fo anie ny mpanompo izay mamelona ny raharahanay** »

Ireo teny masin'ireo Ahlol-Bayt(as) mahakasika ny fahalalam-pomban'ny fifampitsidihana ireo dia mifono ny fiangaviana antsika mba hanatanteraka izany an-tsitrapo, satria ny fampielezana ny kolontsain'ny fifampitsidihana dia mitaky

ny fanatanterahan’ireo mpino izany an-tsitrapo ary tokony hasiana tanjona ny fitsidihana dia ny hampitsiry ny fanahimpifankatiavana.

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe:«**Ny fitsidihana dia mampitsiry ny fifankatiavana**»

Niteny ny lehibentsika Ali(as) hoe:«**Ny fihaonan’ny mpirahalahy dia ahazoana tombontsoa lehibe na dia mahalana aza** »

## Ny fivahiniana :

Fomba mahazatra ny hiomanan’ny olona amin’ny fandraisana ireo vahininy sy ireo mpitsidika azy, ka manomana toeram-pandraisana feno haja amam-pitiavana. Ny fivahiniana moa dia manamafy ny fatoram-pirahalahiana eo amin’ny samy mpino ka dia mampirisika sy mandrisika hanao izany ireo teny masina,sy mametraka ny fivahiniana ho hanana ny lanjany ara-pitondran-tena tokoa.

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) hoe : «**Ny trano rehetra izay tsy idiram-bahiny dia tsy idiran’ireo Anjely** »

Hoy koa Izy(saw) : « **Tsy misy soa ao amin’izay olona tsy mampivahiny** »

Ary efa norarany(saw) ny amin’ny fampiantohana ny vahiny satria mety hahatezitra azy izany araka ny teniny hoe : «**Aza mampiantoka ny vahiny ianareo fa lasa mankahala azy ianareo, tena marina fa izay mankahala vahiny dia**

**mankahala an'i Allâh ary izay mankahala an'i Allâh dia ankahalain'i Allâh** »

Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) mikasika ny vahiny nanao hoe : « **Ny vahiny dia mampirotsaka ny anjaramasoandro sy mampiala ny fahotana amin'ireo tompon-trano**»

Niteny ny lehibentsika Ali(as) hoe : « **Izay nomen'i Allâh harena dia aoka hizara izany amin'ny havany sy hanasoavany avy amin'izany ny vahiny** »

## Fahalalam-pomba amin'ny fivahiniana :

Ny fivahiniana dia manana ny fahalalampomba amampitsipika arahina ka ao ny mikasika ny fitondran-tenan'ny mpampivahiny ao koa ny mikasika ny fitondran-tenan'ny vahiny ary ireto manaraka ireto no tena manan-danja amin'izany :

1-Ny firaharahiana ny tarigetram-pinoana ao amin'ny fivahiniana, ka mba mipetraka miara-misakafo aminao ireo mpino vontom-pinoana(mpatahotra an'Andriamanitra). Hoy ny Mpaminany(saw) : «**Aza mihinana afa-tsy ny sakafon'ny mpatahotra an'Andriamanitra ary tsy misy mihinana ny sakafonao afa-tsy ny mpatahotra an'Andriamanitra** » ; hoy koa Izy(saw) : « **Aza mihinana ny sakafon'ireo mpanao ratsy**» ; hoy ihany koa Izy(saw) : « **Arosoy ny sakafonao sy ny rano fisotronao ho an'izay tianao ao amin'i Allâh** »

Efa nianarantsika tamin'ny lesona tany aloha moa ny tsy anavakavahana amin'ireo fanasana an'ireo mpanan-karena

sy ireo mahantra ary ny fanajana ny tarigetram-pinoana sy ny ara-pitondran-tena fotsiny.

2-Tsy anavakavahana ny mahantra sy ny mpanan-karena ny fanekem-panasana fa tokana ihany ny tarigetra dia ny mahampino sy mpatahotra an'Andriamanitra ny mpanome fanasana.

Hita ao amin'ny tantaran'ny lehibentsika Hassan(as) tamin'izy nandalo teo anatrehan'ireo vondron'olona mahantra izay efa nametraka teo ambony tany ireo tapa-mofo nangonin'izy ireo teny an-dàlana etsy sy eroa ka nihinana tamin'izany izy ireo ary dia nanasa Azy mba hiaraka hihinana amin'izy ireo ; nanaiky izany fanasan'izy ireo izany Izy sady niteny hoe : «**Tena marina fa i Allâh dia tsy mitia ny mpanambony tena**» ; fa rehefa avy nihinana dia nasainy izy ireo mba hivahiny any Aminy ka nampisakafoanany sy nampitafiany izy ireo ary dia nataony afa-po tokoa .

Sahala amin'izany koa ny tsy tokony hanaovana fialan-tsiny amin'ny fandehanana sy fanekem-panasana nohon'nyantony fahalaviran-dàlana, ary efa novakiantsika tao amin'ny lesona tany aloha moa ny tenymasina milaza hoe : « **Hanafarako ny eo sy ny tsy eo amin'ny vahoakako ny mba hanaiky ny fanasan'ny mpino na dia lavitry ny dimy maily aza (1maily = 1609metatra) fa anisan'ny finoana izany**»

3-Anisan'ny fahalalam-pomba amin'ny fivahiniana ny tsy hiahiahian'ny vahiny ao amin'ny fiantrehana ny fivoriana sy ny handraisany fipetrahana amin'izay mba hiafara aminy ny fandraisana ny fipetrahana, ary mba tsy nohon'ny ny antony(noho ny) fisiany no hanelingelina an'ireo vahiny hafa

eo amin'ny fitoeran'izy ireo ; anisan'ny fahalalam-pomba koa ny hankatoavany ny mpampivahiny amin'ny fisafidianana ny toerana hipetrahana.

4-Ny mpampivahiny dia tsy tokony hampiasa ireo vahininy na amin'ny asa inona na amin'ny asa inona, hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : «**Noraran'ilay Irak'Andriamanitra ny fampiasana ny vahiny** »

5-Ny mpampivahiny dia tsy tokony hiahy an'ireo vahininy amin'izay tsy ho zakany,ary tsy tokony hiantehitra amin'ny fianakaviany amin'ny fiomanana ny fandraisana ireo vahiny sy ny fitsenana azy ireo, voalaza ao amin'ny sombin-tantaran'ny lehibentsika Ali(as) fa nisy olona iray nanasa Azy ho any an-tranony ka dia namepetra zavatra anankitelo taminy nilaza hoe : « **Aza mampiditra ho ahy zavatra avy any ivelany sy aza manao tsinontsinona ho ahy ny zavatra ao an-trano ary aza mampanahirana an'ireo fianakaviana**», koa rehefa nanaiky izany ilay lehilahy dia nanaiky ny fanasany ny Imâmo(as).

Ny fandaniana amin'ny fiomanana fitsenana an'ireo vahiny dia mifanohitra amin'ny fifandraisana ara-pirahalahiana kanefa raha vao fantatry ny vahiny fa ny mpampivahiny azy no nanao fandaniana ho azy sy nampanahirana an'ireo fianakaviany tamin'izany dia hahatsapa alahelo izy ka hieritreritra ny tsy hiverina hanao fitsidihana intsony amin'ny manaraka. Angamba koa mety hananana eritreri-dratsy ilay vahiny ka hanalava ny fotoam-pivahiniana izay miteraka ny fandaniana mihoa-pampana sy disadisa ka miafara amin'ny fahalemen'ny fifandraisana ara-pirahalahiana tena marina.

6-Ny mpampivahiny no tokony hanomboka ny fisakafoanana no sady tsy hanaisotra ny tanany mialoha, fa hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : « **Ilay Irak'Andriamanitra rehefa miara-misakafo amin'ny olona dia Izy no voalohany manatsotra ny tanany amin'nysakafo no sady farany manaisotra izany mba hihinan'ny olona** »

Ity fihetsika ataon'ny mpampivahiny ity dia mifanaraka tsara amin'ny toetran'ny vahiny izay mety ho menatra ny handray ny sakafo voalohany.

7-Anisan'ny fahalalam-pomba ara-piaraha-monina amin'ity lafiny ity ny hitsanganan'ny mpampivahiny manatitra an'ireo vahininy hatreny am-baravarana amin'nyfandehanan'izy ireo mody. Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe : « **Anisan'ny fomba atao amin'ny vahiny ny fanaterana azy hatreny am-baravaran'ny trano rehefa izy handeha hody** »

Toy izany koa ny vahiny dia tsy tokony handeha raha tsy efa nahazo alalana avy tamin'ny mpampivahiny sy manao veloma azy amin'ny tarehy falifaly sy endrika miramirana ka mampiseho aminy fankasitrahana sy fanampiany tamin'izany fivahiniana izany.

<u>**Famintinana**</u> **:**

- Ny fifampitsidihana ifanaovan'ireo mpino dia manamafy ny fifandraisana ara-pirahalahiana sy mampitombo ny fifampisakaizana sy ny fifankatiavana eo amin'izy ireo. Izany no mahatonga ireo teny masina ireo no manamafy amin'ny

fifampitsidihana. Ary ny fivahiniana rahateo moa dia manana ny anjara toerany lehibe amin'izany. Anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo ny hanomezana fanasana an'ireo mpino sy ireo olona mpanao soa fa tsy manasa an'ireo olona mpanao ratsy sy heloka, ary koa tsy tokony hisy ny fanavahana ny mahantra sy ny mpanana satria ny tarigetran'ny finoana islamika dia ny fanomezam-boninahitra an'ireo mahantra.

- Ny vahiny dia miditra amin'ny endrika falifaly ao amin'ny tokantranon'ny mpampivahiny ary mivoaka ny trano ampanehoana ny fankasitrahana azy sy fahafahampo; ka anjarany ny mipetraka amin'izay miafara aminy ny fandraisana ny fipetrahana.
- Ny mpampivahiny dia tsy tokony hampiasa ny vahininy na asa inona na asa inona no sady tsy tokony hampanahirana ny tenany na ny fianakaviany amin'ny fiomanana fandraisana ny fivahiniana, ary ny manatitra ny vahininy hatreny am-baravarana amin'ny fotoana fodiany.
- Ny mpampivahiny no manomboka mandray ny sakafo ka tsy mba manaisotra ny tanany izy raha tsy efa avy tapitra nanaisotra ny tanany daholo ireo vahininy.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Inona no mahazava-dehibe ny fifampitsidihan'ireo mpino araka ny voalazan'ireo teny masina(ahadith)?

2-Inona no tarigetran'ny fifampitsidihana sy ny tanjona ao ambadiky ny fitsidihana araka ny fahalalam-pomba islamika?

3-Hazavao ny lanjan'ny fifampitsidihana eo amin'ny samy mpino.

4-Inona ny mahazava-dehibe ny fivahiniana arak'ireo teny masin'ireo Ahlol-Bayt(as)?

5-Ambarao fohifohy ny fahalalam-pomba amin'ny fivahiniana.

***************

# LESONA FAHA-20

# NY FIARAHABANA SY NY FIRARIAN-TSOA

Ny fiarahabana dia anisan'ireo fomba amampanaon'ireo vahoaka sy ny firenena ; amin'ny alalan'ny fiarahabana sy ny fifandraisan-tànana ary ny fifamihinana no anehoan'ny olombelona ny fifampitsimbinany eo ampihaonana. Ao amin'ny fahalalam-pomba islamika rehefa tafahaona ny tsirairay dia manao ny fiarahabana toy izao: **«السلام عليكم Fiadanana anie ho aminareo (As-salâmo 'alaykoum) »**

Ny voambolana hoe "As-salâmo"(Fiadanana) dia manana ny heviny betsaka avy eo dia arahina fifandraisan-tànana sy fifamihinana izany mba hanehoana ny fahadiovampo sy fifankatiavan'ny isam-batan'olona ao amin'ny fiarahamonina.

Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : «**Ny salâmo (fiadanana)dia fiarahabana ao amin'ny finoanay sy fiarovana amin'ny andraikitray** »

Ny Kor'âny dia nanambara imbetsaka an'ity fiarahabana henim-pahasoavana ity ka ireto manaraka ireto ny sasany amin'izy ireo:

1-Hoy Ilay Avo Indrindra :

فَإِذَا دَخَلْتُم بُيُوتاً فَسَلِّمُوا عَلَى أَنفُسِكُمْ تَحِيَّةً مِّنْ عِندِ اللَّهِ مُبَارَكَةً طَيِّبَةً كَذَلِكَ يُبَيِّنُ اللَّهُ لَكُمُ الْآيَاتِ لَعَلَّكُمْ تَعْقِلُون

«**Fa rehefa miditra ao an-trano ianareo dia aoka hifampirahaba amin'ny fiarahabana avy amin'i Allâh,izay voatsodrano nohasoavina. Toy izany no hanehoan'i Allâh ireo Teniny mba handinihanareo** » (Kor'âny 24:61)

2-Hoy Ilay Avo Indrindra :

وَعِبَادُ الرَّحْمَنِ الَّذِينَ يَمْشُونَ عَلَى الْأَرْضِ هَوْناً وَإِذَا خَاطَبَهُمُ الْجَاهِلُونَ قَالُوا سَلَاماً

«**Ary ireo mpanompon'Ilay Be Fiantrana dia ireo izay mandeha am-panetrentena eny ambon'nytany, ary raha miteny amin'izy ireo ny bado dia mamaly izy ireo hoe: Fiadanana anie! (salâma)** » (Kor'âny 25:63)

Amin'ity andininy ity no hahitantsika ny olombelona mpino izay afaka mifampiresaka amin'ireo bado ka mamaly azy ireo amin'ny alalan'ny teny hoe "fiadanana anie"(salâmo).

3-Rehefa nitsangana i Azhar nampihorohoro an'Ibrahim(Abrahama) sy nandidy Azy mba hiverina hanompo sampy dia namaly an-drainy Ibrahim nanao hoe: قَالَ سَلَامٌ عَلَيْكَ سَأَسْتَغْفِرُ لَكَ رَبِّي إِنَّهُ كَانَ بِي حَفِيّاً

«**Hoy Ibrahim : Fiadanana anie ho anao! Fa hitalaho amin'ny Andriamanitra Tompoko Aho mba hamelany ny helokao fa manome fahasoavana ho Ahy mandrakariva anie Izy** » (Kor'âny 19:47)

Rehefa tonga ireo Anjely niomana hanao vahiny ka niditra tao an-tranon'Ibrahim dia niarahaba Azy Izy ireo nanao hoe: قَالُواْ سَلاَماً قَالَ سَلاَمٌ«**Hoy Izy ireo : Fiadanana(Salâma)! Hoy Izy namaly hoe: Fiadanana!** » (Kor'âny 11:69)

4-Ny tokon'ny Sâfât dia mifono ny fiarahaban'i Allâh Avo Indrindra an'ireo Mpaminaniny sy ireo Irany toy izao voalaza izao: سَلَامٌ عَلَى نُوحٍ فِي الْعَالَمِينَ«**Fiadanana ho an'i Nouh(Noa) manerana an'izao tontolo izao** » (Kor'âny 37:79); سَلَامٌ عَلَى إِبْرَاهِيمَ«**Fiadanana anie ho an'Ibrahim(Abraham)** » (Kor'âny 37:109);

سَلَامٌ عَلَى مُوسَى وَهَارُونَ«**Fiadanana anie ho an'i Moussâ(Mosesy) sy Hâroun(Harona)**» (Kor'âny 37:120); سَلَامٌ عَلَى إِلْيَاسِينَ«**Fiadanana ho an'i Elia sy ireo mpanara-dia azy** » (Kor'âny 37:130)

5-Amin'ny fotoana izay hiakaran'ny fanahin'nyolona mpino dia tsenain'ireo Anjely amin'ny alalan'ny fiarahabana feno fahasoavana sy hanambaran'Izy ireo ny fiafarana tsara, manao hoe:

الَّذِينَ تَتَوَفَّاهُمُ الْمَلآئِكَةُ طَيِّبِينَ يَقُولُونَ سَلامٌ عَلَيْكُمُ ادْخُلُواْ الْجَنَّةَ بِمَا كُنتُمْ تَعْمَلُونَ

**«Ireo izay esorin'ireo Anjely ny fanahiny, nefa olon-tsoa izy ireo dia hoy ireo Anjely amin'izy ireo hoe: Ho aminareo anieny fiadanana! Midira ao am-paradisa ianareo nohon'ny asa nataonareo** » (Kor'âny16:32). Ary ao am-paradisa ireo Anjely dia miarahaba an'ireo olon-tsoa manao hoe:

سَلاَمٌ عَلَيْكُم بِمَا صَبَرْتُمْ فَنِعْمَ عُقْبَى الدَّارِ«**Fiadanana anie ho aminareo nohon'ny fiaratenareo fa dia ho tsara tokoa ny**

**fonenanareo any aoriana** » (Kor'âny13:24). Sahalaamin'izany koa ireo olon'ny paradisa dia mifampiarahaba toy izao: تَحِيَّتُهُمْ فِيهَا سَلاَمٌ«**Ny fiarahaban'izy ireo ao dia ny hoe fiadanana anie!** » (Kor'âny10:10).

Ary ny momba ny mahazava-dehibe an'ity fiarahabana ity sy ny anjara toerany eo amin'ny fiarahamonina mba hanamafy ireo fifandraisana sy fifamatorana ara-pirahalahiana dia voalaza ao amin'ireo teny masina avy amin'ny tenin'ny Mpaminany(saw) sy ireo Fianakaviany madio ara-panahy(as) ny fanamafisana izany, ka ireto ny vondron'izany teny masina izany:

1-Hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :« **Tena marina fa ao amin'ny paradisa dia misy efi-trano: ny ety ivelany mahita ny ao anatiny ary ny ao anatiny mahita ny ao ivelany mba hipetrahan'ireo vahoakako izay manatsara ny fitenenany, sy manome sakafo, sy miarahaba hombam-piadanana, ary manao salât amin'ny alina amin'ny olona efa matory** »

2-Avy amin'ny Imâmo Sâdiq(as) izay niteny hoe: Ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) dia nilaza hoe:«**Ô ry taranaky ny Abdoul-Moutalib, aelezonareo ny arahaba hombam-piadanana, sy tohizonareo ny rohim-pihavanana, sy mivavaha ianareo amin'ny alina amin'ny olona efa matory, sy manomeza ny sakafo, ary hatsaraonareo ny fitenenana ka dia midira ianareo ao am-paradisa am-piadanana** »

3-Avy amin'ny Mpaminany(saw) dia hoy Izy :«**Arahabao izay olona mihaona aminao**

**diahampitomboin'i Allâh ny fahasoavanao ary arahabao ao an-tranonao dia hampitomboin'i Allâh nyanjaramasoandronao** »

4-Hoy koa Izy(saw) :«**Lazaiko aminareo ve ny hatsaram-pitondran-tenan'ny olona eto an-tany sy any ankoatra? Namaly izy ireo hoe: Eny ô ry Irak'Andriamanitra! Hoy Izy: Fampielezana arahaba hombam-piadanana ny olona rehetra**»

5-Hoy Izy(saw) :«**Tena marina fa ny Fiadanana(Salâmo) dia iray amin'ireo anaran'i Allâh Avo Indrindra ka aelezonareo izany eo aminareo samy ianareo** »

6-Hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : «**Izay miteny hoe:**

**سلام عليكم ورحمة الله Fiadanana anie ho aminareo sy famindram-pon'i Allâh, dia hahazo fahasoavana roapolo** »

Hoy koa Izy(as) : «**Tena marina fa anisan'ny antony hahazoana ny famelan-keloka ny fiarahabana hombam-piadanana sy ny firesahana teny soa** »

Hoy ihany Izy(as) :«**Anisan'ny fanetrentena ny fiarahabana hombam-piadanana amin'izay mihaona aminao** »

Ny fiarahabana moa dia teny soa izay tsy vidian'nyolona vola ka ny fahihirana amin'izany dia manambara ny fahihirana mafy izaitsizy amin'ny olona; izany no nahatonga ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) nilaza

hoe:«**Ny tena mahihitra amin'ny olona dia izay mahihitra amin'ny arahaba** »

## Fahalalam-pomba amin'ny fiarahabana sy firarian-tsoa :

Ny fiarahabana sy ny firarian-tsoa dia manana ny fahalalam-pombany ao amin'ny Islâmo izay tokony hotandremantsika:

1-Ny tena mendrika dia ny manolotra mialoha ny fiarahabana, satria ny fiarahabana dia anisan'ny asa soa ka ny fifaninanana manolotra ny fiarahabana dia asa voadera, arakaizao lazain'i Allâh Avo Indrindra izao:

فَاسْتَبِقُوا الْخَيْرَاتِ«**Koa mifaninàna amin'ny asa soa ianareo** » (Kor'âny :48)

Ary voalaza ao amin'ny tantaran'ny faminaniana masina fa ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) no voalohany manolotra ny fiarahabana hatrany. Fa araka ny voalazany dia hoy Izy(saw): «**Ny fiarahabana dia misy fahasoavana fitopolo ka ny sivy amby enim-polo amin'izany dia ho an'izay nanolotra fa iray ihany no ho an'izay namaly** »

2-Tokony hatao amin'ny feo mazava sy re tsara ny fiaharahabana dia toy izany koa ny valiny dia tokony hatao amin'ny feo mazava sy re tsara; hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) momba izany :«**Rehefa miarahaba ny iray aminareo dia aoka hiteny mafy amin'ny fiarahabany. Fa aza manao toy izao: Izaho no miarahaba dia tsy misy**

**mamaly Ahy ianareo, angamba mety niarahaba ihany izy saingy izy ireo tsy nahare izany; ary rehefa mamaly ny iray aminareo dia aoka hiteny mafy amin'ny famaliana ny arahaba ary aoka tsy hanao toy izao ny mpiarahaba, Izaho no miarahaba dia tsy misy mamaly Ahy ianareo**»

3-Ny fanatanterahana ny fiarahabana sy ny firariantsoa dia nofeperana mba hatao mialoha ny fitenenana sy ny firesahana, fa hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Izay manomboka ny fitenenana mialoha nyfiarahabana dia aza mamaly ny teniny** »; hoy koa Izy(saw) :«**Aza manasa olona ny hisakafo ao aminao na dia iray aza mandra-piarahabany** »; nilaza ny lehibentsika Houssein(as) hoe:«**Aza manome olona iray alalana mihitsy mandra-piarahabany** »; nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Fiarahabana no mialoha ny firesahana** ».

4-Ny finiavana hanolotra ny arahaba dia zavatra tena ilain'ny rehetra na dia eo aza ny voninahitr'izy ireo ary ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) dia mampirisika ny mba hanarahana Azy amin'izany; fa voalaza ao amin'ny tantarany masina ny teniny(saw) milaza hoe:«**Anankidimy no zavatra tsy azoavela mihitsy mandra-pahafaty… ary ny fiarahabana amin'ireo ankizy izay ho zary fomba amampanao any aoriako** »

Ny fahalalam-pomba amin'ny fiarahabana ao amin'ny finoana Islâmo dia nofaritan'ny Mpaminany(saw) arakaizao teniny masina izao:«**Araka ny fomba amam-panao(sounnat) dia ny mandeha ampitaingenan-javatra no miarahaba ny mandeha an-tongotra, ny mpitaingina soavaly no miarahaba ny mpitaingina boriky, ny kely no miarahaba**

**ny lehibe; ny vitsy no miarahaba ny maro ary ny mitsangana no miarahaba ny mipetraka** ».

5-Anisan'ny fomba amam-panaon'ny Islâmo sy fahalalam-pombany amin'ny fiarahabana ny famaliana ny arahaba mitovy na tsara kokoa noho izany, fa hoy i Allâh Avo Indrindra ao amin'ny Bokiny masina hoe:

وَإِذَاحُيِّيْتُم بِتَحِيَّةٍ فَحَيُّواْ بِأَحْسَنَ مِنْهَا أَوْرُدُّوهَا إِنَّ اللَّهَ كَانَ عَلَى كُلِّ شَيْءٍ حَسِيبًا

«**Ary rehefa misy ny miarahaba anareo amim-panajana dia valio ny arahaba amin'ny fomba tsara kokoa mihoatra ny nataony na valio mitovy amin'ny nataony. Tena marina fa i Allâh dia mahaisa ny zava-drehetra** » (Kor'âny 4:86)

Voalaza ao amin'ny tantaran'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: Nisy fotoana Izy naira-nipetraka tamin'ireo mpanara-diany ka tonga ny lehilahy iray ary niarahaba nanao hoe: Fiadanana anie ho Aminao! Namaly ny arahabany ny Mpaminany(saw) nanao hoe: Ho aminao koa anie ny fiadanana sy ny famindram-pon'i Allâh! Nisy lehilahy iray hafa koa no tongaka niarahaba nanao hoe: Fiadanana sy famindram-pon'i Allâh anie ho Aminao! Namaly ny arahabany ihany koa ny Mpaminany(saw) nanao hoe: Ho aminao koa anie ny fiadanana sy ny famindram-pon'i Allâh ary ny fahasoavany!

Tonga indray koa ny lehilahy fahatelo izay niarahaba niteny hoe: Fiadanana sy famindram-pon'i Allâh ary ny fahasoavany anie ho Aminao! Namaly ny arahaba hatrany ny Mpaminany(saw) nanao hoe: Ho aminao koa anie ny fiadanana sy ny famindram-pon'i Allâh ary ny fahasoavany!

Nitodika tamin'ny Mpaminany(saw) ny mpiara-dia iray nanontany ny antony nahatonga Azy namaly an'ireo fiarahaban'ireo lehilahy anankiroa voalohany izay misy fanampiny hatrany nefa tamin'ny lehilahy fahatelo dia novaliany mitovy amin'ny fiarahabana ihany, dia hoy ny Mpaminany nanazava hoe: Fa ilay fahatelo dia tsy nisy ambin'ny fiarahabana tavela intsony.

Araka izany dia fantatsika hatreo fa ny fiarahabana feno dia ny fitenenan'ny olona hoe: Fiadanana sy famindram-pon'i Allâh ary ny fahasoavany anie ho aminareo!( السلام عليكم و رحمة الله و بركاته)

## Ny fifandraisan-tanana sy fifamihinana :

Anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo sy fomba amam-panaony hafa koa ny mifandray tanana sy ny mifamihina. Hoy ny lehibentsika Ali(as) : «**Rehefa mihaona amin'ny rahalahinareo ianareo dia mifandraisa tanana ianareo ary misehoa am-pitsikiana sy am-pifaliana amin'izy ireo fa rehefa misaraka ianareo dia voafafa izay fahotana eo aminareo** ». Niteny ny Imâmo Bâqir(as) hoe:«**Raha mifampihaona ianareo dia aoka hihaona amin'ny alalan'ny fifampiarahabana sy fifandraisan-tanana ary raha hisaraka ianareo dia aoka hisaraka amin'ny alalan'ny fangataham-pamelan-keloka** »

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) momba ny mahazava-dehibe ny fifandraisan-tanana:«**Mifandraisan-tanana ianareo fa ny fifandraisan-tanana dia mampiala ny lolopo** », ny lolopo dia ny fialonana sy ny fankahalana ao am-po.

Hoy koa Izy(saw) : «**Tena marina fa ny fiarahabana feno ho an'nyolona eo an-toerana dia ny fifandraisan-tanana fa ho an'ny avy nandeha lavitra ny fiarahabana feno dia ny fifamihinana** »

Voalaza ao amin'ny tantara masina fa ny Mpaminany Mohammad(saw) rehefa mifandray tanana amin'ny olona iray dia tsy mba manaisotra ny tanany raha tsy efa manala ny azy ilay olona; ary izany dia maneho ny fitiavana sy ny fifankatiavana ary fifanajana eo amin'ny andaniny sy ny ankilany.

Voalaza ao amin'ny tenin'ny Imâmo Bâqir(as) hoe:«**Ny mpino anankiroa rehefa mihaona sy mifandray tanana dia ampidirin'i Allâh ny tanany eo anelanelan'ny tanan'izy roa ka horaisiny ny tanan'izay tena be fitiavana indrindra noho ny namany,amin'izy roa**».

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fiarahabana sy ny firarian-tsoa sy ny fifandraisan-tanana ary ny fifamihinana dia anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo sy fomba amam-panaony, efa voalaza ao amin'ireo teny masina ny fomba tsy maintsy ataon'ny olona amin'ny firarian-tsoa na fiarahabana sy ny fifaninana amin'ny fanolorana ny arahaba toy izany koa ny famaliana ny arahaba amin'ny fomba tsara kokoa na mitovy tahaka izany, fomba izay tsy maintsy hajain'ireo mpino silamo rehetra. Toy izany koa ny voalaza ao amin'ny fomba amam-panaon'ny Islâmo fa ny fiarahabana aloha vao

ny firesahana, ny fiarahabana sy ny firarian-tsoa fiandohan'izay resaka hifanaovan'ireo samy mpino.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Inona no azontsika tsoahina ao amin'ireo andinin-tsoratra masina(ayât) izay miresaka momba ny firarian-tsoa sy ny fiarahabana?

2-Inona no hevitry ny hoe mampiely ny fiarahabana hombam-piadanana?

3-Lazao ireo fahalalam-pomban'ny fiarahabana izay voalaza ao amin'ny tenin'ny Mpaminany(saw)?

4-Ahoana no famaliana ny fiarahabana?

5-Hazavao ny tenin'ny Mpaminany masina mikasika ny fiarahabana feno sy firarian-tsoa feno.

**************

# LESONA FAHA-21

# FIAROVANA IREO ZAVA-MASINA

Nahary an'ireo mpanompony i Allâh Avo Indrindra ka nomeny ho azy ireo ny zon'izy ireo sy ny fitsipika mifehy azy ireo ary ny fahamasinana; ka naniraka azy rehetra Izy mba hanaja izany sy nandrara ny fihoaram-pefy amin'izany. Fa ny olombelona dia manana ny hajany sy ny zony ao amin'ny fandriam-pahalemana sy fahavelomana ary voninahitra.

Ny fanajan'ny tsirairay ao amin'ny fiaraha-monina an'ity foto-pitsipika ity no manome ho azy ireo ny fitoniana sy ny filaminana ary ny fandriam-pahalemana, fa raha tsy izany dia lasa hisavoritaka sy hikorontana ny fiaraha-monina. Ny fiaraha-monina izay ny isam-batan'olona ao aminy tsy mba miraharaha ny hasin'ny fananan'ny hafa sy tsy miraharaha nylalànan'ny fahalalahana sy ny fahamaotinana ary ny fahamendrehana dia hikororosy fahana ny fiainam-piaraha-monina sy hikorontana sy hanjavona ary horava.

Araka izany dia nataon'i Allâh (Dera anie ho Azy) ho an'ireo mpanompony ireo hasina sy ireo zo ka nandefa ireo Mpaminaniny Izy mba hanambara amin'ny olona izany ary ireto manaraka ireto ny anankitelo amin'ireo zava-dehibe momba ireo zon'nyolombelona.

## 1-Ny hasin'ny isam-batan'olona :

Ny olona tsirairay avy dia samy manana ny fiainanany manokana faizy dia miaina an-kahalalahana tanteraka ao an-tranony sy mahazo fiarovana feno amin'izay olon-kafa miditra ao aminy.

Anisan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo ny tsy maintsy hanajana ny fiainan'ny tsirairay manokana, voalaza ao amin'ny Kor'âny masina ny fanamafisana sy ny fiarovana ny fiainan'ny isam-batan'olona sy ny fananana manokana, hoy Ilay Be Voninahitra sy Avo Indrindra hoe:

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لَا تَدْخُلُوا بُيُوتاً غَيْرَ بُيُوتِكُمْ حَتَّى تَسْتَأْنِسُوا وَتُسَلِّمُوا عَلَى أَهْلِهَا ذَلِكُمْ خَيْرٌ لَّكُمْ لَعَلَّكُمْ تَذَكَّرُونفَإِن لَّمْ تَجِدُوا فِيهَا أَحَداً فَلَا تَدْخُلُوهَا حَتَّى يُؤْذَنَ لَكُمْ وَإِن قِيلَ لَكُمُ ارْجِعُوا فَارْجِعُوا هُوَ أَزْكَى لَكُمْ وَاللَّهُ بِمَا تَعْمَلُونَ عَلِيمٌ

«**Ô ianareo izay mino! Aza miditra amin' ny trano hafa ankoatra ny tranonareo ianareo raha tsy efa nangataka alalana amin'ny fomba mendrika sy niarahaba ny tompontrano. Izany no tsaratsara kokoa ho anareo amin'izay ianareo mba hahatsiaro tena. Raha tsy mahita olona ao ianareo, dia aza miditra alohan'ny hanomezana alalana anareo. Ary raha ilazana ianareo hoe : « Miverena », dia miverena. Izany no madio kokoa ho anareo. Ary i Allâh dia mahafantatra izay zavatra rehetra ataonareo**» (Kor'âny 24:27-28)

Mikasika ny fangatahan-dàlana dia hoy ny Imâmo Sâdiq(as) : «**Ny fangatahan-dàlana dia anankitelo: Voalohany amin'izany dia ny fihainoan'izy ireo, ny faharoa dia ny fampitandreman'izy ireo, ary ny fahatelo dia ny fanomezany alalana raha sitrany na ny tsy fanekeny raha sitrany ka miverin-dàlana ilay mpangata-dàlana** »

Tamin'ny andron'ny habadoana, dia fomban'ireo arabo ny fidirana ao an-trano na dia tsy amin'ireo varavaran'ny trano aza; fa rehefa tonga ny finoana Islâmo dia nametraka fahalalam-pomba amin'izany izay tsy maintsy hajain'ny silamo; hoy ny Kor'âny masina milaza :

وَلَيْسَ الْبِرُّ بِأَنْ تَأْتُوْاْ الْبُيُوتَ مِن ظُهُورِهَا وَلَـكِنَّ الْبِرَّ مَنِ اتَّقَى وَأْتُواْ الْبُيُوتَ مِنْ أَبْوَابِهَا وَاتَّقُواْ اللّهَ لَعَلَّكُمْ تُفْلِحُونَ

«**Ary tsy midika hosoatoavina (hatsarana) ara-pinoana akory ny fidiranareo ireny trano avy ao an-damosiny, fa ny soa soatoavina (hatsarana) ara-pinoana, dia eo amin'izay manana fahatahorana sy miditra ireny trano ireny avy eo am-baravarany. Ary aoka ianareo hatahotra an'i Allâh, amin'izay ianareo mba ho anisan'ireo tafita**» (Kor'âny 2:189)

Toy izany koa ny nandaminan'ny Islâmo ireo fifandraisana sy fahalalam-pomba ara-piaraha-monina ao anatin'ny tokantrano toy izao voalazan'Ilay Avo Indrindra izao:

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لِيَسْتَأْذِنكُمُ الَّذِينَ مَلَكَتْ أَيْمَانُكُمْ وَالَّذِينَ لَمْ يَبْلُغُوا الْحُلُمَ مِنكُمْ ثَلَاثَ مَرَّاتٍ مِن قَبْلِ صَلَاةِ الْفَجْرِ وَحِينَ تَضَعُونَ ثِيَابَكُم مِّنَ الظَّهِيرَةِ وَمِن بَعْدِ صَلَاةِ الْعِشَاء ثَلَاثُ عَوْرَاتٍ لَّكُمْ لَيْسَ عَلَيْكُمْ وَلَا عَلَيْهِمْ جُنَاحٌ بَعْدَهُنَّ طَوَّافُونَ عَلَيْكُم بَعْضُكُمْ عَلَى بَعْضٍ كَذَلِكَ يُبَيِّنُ اللَّهُ لَكُمُ الْآيَاتِ وَاللَّهُ عَلِيمٌ حَكِيمٌوَإِذَا بَلَغَ الْأَطْفَالُ مِنكُمُ الْحُلُمَ فَلْيَسْتَأْذِنُوا كَمَا اسْتَأْذَنَ الَّذِينَ مِن قَبْلِهِمْ كَذَلِكَ يُبَيِّنُ اللَّهُ لَكُمْ آيَاتِهِ وَاللَّهُ عَلِيمٌ حَكِيمٌ

«**Ô ianareo izay nino ! Aoka hangataka alalana aminareo alohan'ny hiditra ireo andevonareo, ary koa ireo izay mbola tsy ampy taona aminareo, amin'ny fotoana telo : alohan'ny fanompoam-pivavahana (Salât) amin'ny vaomangirandratsy, amin'ny mitataovovonana raha**

**manaisotra ny fitafianareo ianareo, ary koa aorian'ny fanompoam-pivavahana (Salât) amin'ny alina; vanimpotoana telo mba hialanareo akanjo. Ankoatra ireny fotoana ireny, dia tsy misy tsiny na ho anareo na ho azy ireo ny hifampitsidihanareo. Dia toy izany no ampisehoan'i Allâh mazava ny Teniny (andininy) ary i Allâh moa dia Mahalala ny zava-drehetra sy feno Fahendrena. Ary rehefa ampy taona ireo ankizy ao aminareo, dia aoka izy ireo hangata-dàlana alohan'ny hiditra, tahaka ny nataon'ireo zokiny. Dia toy izany no ampisehoan'i Allâh mazava ny Teniny (andininy) ary i Allâh dia Mahalala ny zava-drehetra sy feno Fahendrena** » (Kor'âny 24:58-59)

## 2-Fanafenana ireo kilema :

Tsy hisy ny olona izay tsy hanana ny kilemany; tahaka ny tsy hisian'ny olona tsy hanana ny fahotana ary voalaza ao amin'ny teny masina fa ny taranak'i Adam rehetra dia mpanota avokoa. Ary ara-boajanahary moa ny olona dia miezaka manafina izany fahotany izany; fa i Allâh Avo Indrindra, Izy no manafina ireo fahotan'nyolombelona ka mitia an'ireo mpanafina izany.

Arakaizany ny fitsikilovana ireo kilema dia toetra ratsy sy asa voarara(harâmo), ary miteraka ny fankahalana ny hajan'ny olon-kafa. Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: « **Izay mahalala ny fahotan'ny rahalahiny ka manafina izany dia afenin'i Allâh koa ny azy amin'ny andro fitsanganana** »

Voalaza ao amin'ny tantara masina fa nisy niteny tamin'ny Mpaminany(saw) hoe: Tiako raha mba afenin'i Allâh ireo kilemako, dia hoy ny Mpaminany(saw) hoe: « **Afeno ireo kileman'ireo rahalahinao dia afenin'i Allâh koa ireo kilemanao** »

Araka ny tantara avy Aminy(saw) niteny hoe: « **Izay mitantara amin'ny mpino tantara entina hanalana baraka sy hamotehana ny olona tantaraina mba ho very hasina eo anatrehan'ny olona dia roahin'i Allâh amin'ny fanarahana Azy mba ho any amin'ny fanarahana ny Satana kanefa tsy manaiky azy ny Satana** »

Niteny ny Imâmo Bâqir(as) hoe: «**Ny fanakaikezan'ny mpanompo ho any amin'ny tsy finoana an'Andriamanitra dia ny firahalahian'ny olona amin'ny olona mpivavaka, ka hitanisany ireo fahadisoany sy ny fahotany mba hanaratsiany azy indray andro any**»

Niteny ny Imâmo Ali(as) ao amin'ny fifanarahana nataony tamin'i Malik Achtar hoe: «**Aoka halavirinao sy hankahalainao amin'ireo vahoakanao izay fatra-pikaroka ireo kileman'ny olona fa ny olombelona dia samy manana ny kilemany, ka ny mpitondra no tena mendrika hanafina izany, koa aza misahirana mikaroka ny kileman'ny olona tsy fantatrao fa ny adidinao dia ny manarina an'izay fantatrao, ary afeno arakaizay azonao atao ny henatra mba hafenin'i Allâh izay tianao hafenina amin'ny vahoakanao**»

## 3-Fanatanteraham-pahatokisana :

Anisan'ireo zon'ny silamo ny fanatanterahana fahatokisana na izany harena na entana na tsiambaratelo ; ny fanatanteraham-pahatokisana dia antery(wâjib) amin'ny silamo rehetra ka ny famitahana amin'izany dia anisan'ny fihoaram-pefy sy fanoherana an'ireo zom-pinoana islamika.

Ny fahalalam-pomban'ny Islâmo dia manasokajy ny fanatanteraham-pahatokisana nohon'ny lanjany ho voalohan-toetran'ireo mpino fa ny fanaovana fitaka amin'izany dia anisan'ny heloka lehibe.

Hoy ny Kor'âny masina hoe : وَالَّذِينَ هُمْ لِأَمَانَاتِهِمْ وَعَهْدِهِمْ رَاعُونَ «**Sy ireo izay mitandrina tsara ireo fahatokisana nankinina taminy ary ireo izay manaja ny fampanantenan'izy ireo** » (Kor'âny 23:8)

Hoy koa Izy amin'ny fomba filaza hafa : إِنَّ اللّهَ يَأْمُرُكُمْ أَن تُؤدُّواْ الأَمَانَاتِ إِلَى أَهْلِهَا «**Marina fa i Allâh dia mandidy anareo hamerina ny fananan'nyolona nametraha-pitokisana taminareo ho amin'ny tompony**» (Kor'âny 4:58)

Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe : «**Tsy manana finoana(dine) izay tsy ananana fahatokisana ny aminy** » ; hoy koa Izy(saw) : «**Tsy anisan'ny mpanara-dia Anay izay mamita-pahatokisana** » ; hoy ihany Izy(saw) : «**Nyfamantarana ny fihatsarambelatsihy dia anankitelo : Rehefa miresaka dia mandainga, rehefa mampanantena dia mandiso izany, rehefa hametraham-pahatokisana dia mivadika** »

Niteny ny Imâmo Ja’afar Sâdiq(as) hoe : « **Aza mijery ny halavan’ny fiondrehan’ny olona sy ny fiankohofanyianareo fa izany dia nohon’ny fahazarany ihany ka raha tsy manao izany izy dia ho sorena ; fa jerenareo izy amin’ny famahamarinan’ny teniny sy ny fanatanteraham-pahatokisana azy** »

Ny fanatanteraham-pahatokisana dia ampahany iray ao ami’ny toetran’ny olombelona sy ny natiorany ka natao ho anisan’ny antony nandefasana ny hafatr’Andriamanitra ; hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) : «**Tena marina fa i Allâh Avo Indrindra dia tsy nandefa mpaminany afa-tsy ny mba hiteny am-pahamarinana sy ny hanatanteraka ny fampahatokisana amin’ny olon-tsoa sy olon-dratsy** »

Hoy koa Izy(as) : « **Tanteraho ny fampahatokisana na dia amin’ny olona izay namono an’i Houssein ibn Ali aza** »

Hoy ny Imâmo Ali(as) : « **Aza mivadi-pahatokisana ianao na dia nivadika taminao aza izy; ary aza mamoaka ny tsiambaratelony ianao na dia navoakany aza ny tsiamabaratelonao** »

Ity fomba ara-pitondrantena sy fahalalam-pomba islamika mendrika ity dia misy vokatsoany eto an-tany sy valisoany lehibe any ankoatra. Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe:«**Ny fahatokisana dia mitarika ny harena fa ny famitahana dia mitondra fahantrana** »

Hoy ny Imâmo Ali(as) ao amin’ny teniny mitovy amin’izany hoe:«**Ny fahatokisana dia misintona ny**

**anjaramasoandro fa ny famitahana dia manintona ny fahantrana** »

Hoy Izy(as):«**Raha arovanao ny fampahatokisana dia mihabetsaka ny fahamarinana** »

Hoy ihany koa Izy(as) :«**Ny fampahatokisana dia mitarika mankàny amin'ny fanaovana ny marina** »

Efa voalaza tetsy aloha moa fa ny fampahatokisana dia tsy voafetra amin'ny harena sy zavatra sarobidy fotsiny fa mahafaoka an'ireo zavatra sarobidy sy tsotra ihany koa ary toy izany koa ny tsiambaratelo; ka ny silamo dia takiana mba hanatanteraka ny fampahatokisana, fa isika dia tsy mamitaka an'izay mamitaka antsika no sady tsy manaboraka ny tsiambaratelon'izay manaboraka ny tsiambaratelontsika.

Tena marina àry fa ny fanatanteraham-pahatokisana dia nataon'Andriamanitra antery ho silamo sy mpino rehetra.

__Famintinana__:

- Ny olombelona rehetra dia samy manana ny fomba fiainany manokana izay misy hasiny ka tsy azon'iza na iza idirana. Manana ny harenany izy sy ny voninahiny ary ny tsiambaratelony, ka adidin'ny rehetra ny manaja azy sy ny manatanteraka ny fampahatokisana aminy; ary tsy azo atao ny miditra ao an-tranony raha tsy nahazo alalana avy aminy, tsy azo atao koa ny mamboraka ny tsiambaratelony na maneho ny kilemany fa izay manao izany dia olona mpamitaka.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Inona no tiana hambara amin'ny hasin'ny maha-olona sy hasin'ny tena manokana?

2-Moa ve ny vahiny ihany no sakanana tsy hioa-pefy amin'ny hasin'ny tena manokana?

3-Inona avy ireo fotoana voalazan'ny adinin-tsoratra masina tokony hangatahana alalana rehefa hiditra ao an-trano?

4-Nahoana ny Islâmo no milaza fa ny fanehoana ny kilema dia fanoherana ny hasin'ny olombelona?

5-Ambarao ireo zavatra izay azo heverina ho tafiditra ao anatin'ny fampahatokisana.

**************

# LESONA FAHA-22

# NY NAMANA AMAN-TSAKAIZA (1)

Ny fisakaizana dia anisan'ny zavatra fahita ao amin'ny fiainana ara-piaraha-monina, ary matetika ny olona dia misafidy ny namana maromaro na tadiaviny amin'ny alalan'ny traik'efam-piainana ananan'izy ireo, fa ny sakaiza dia olona iray hafa iray fitepon'ny fon'ny tena sy fanahy; ny fiainana ara-piaraha-monina koa moa dia mitaky ny fisian'ireo sakaiza mba hiankinana amin'ny fotoan-tsarotra na fasahiranana samihafa. Ny soratra masina islamika dia mampirisika amin'ny fisakaizana sy mamatreka izany amin'ny toerana tsy manam-paharoa, fa niteny ny lehibentsika Ali(as) hoe: «**Izay tsy mba manana sakaiza dia tsy mba manana tahiry** »; hoy koa Izy(as) :«**Ireo mpisakaiza dia fanahy tokana ao amin'ireo vatana samihafa** ». Raha te hahafantatra ny mombamomba ny olona irayisika dia azontsika fantarina izany amin'ny alalan'ny fahalalana ny mombamomba ny sakaizany; hoy indrindra ny lehibentsika sy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Ny olona eo anatrehan'ny finoana dia miankina amin'ny namany, koa aoka ny tsirairay aminareo mba hijery izay tokony hataony namana** ». Hoy koa Izy(saw) :«**Fantaronareo ny olona amin'ny alalan'ireo izay ifaneraserany fa ny olona dia tsy mifanerasera afa-tsy amin'izay lalainy** »

Nilaza ny Imâmo Ali(as) hoe:«**Ny olombelona rehetra dia mirona amin'ny mitovy toetra aminy** »

Hoy koa Izy(as) :«**Ireo olon-tsoadia tsy minamana afa-tsy amin'ireo izay manahaka azy ireo ary ireo olon-dratsy dia tsy mitia afa-tsy ireo izay mitovy aminy**»

Araka izany, dia antery amintsika ny misafidy antsipiriany ny olona hatao sakaiza; fa inona avy àry ireo toetoetran'ny sakaiza takiana araka nyvoalazan'ny Kor'âny masina sy ireo teny masina (ahadith)?

1-Sokajian'ny Kor'âny masina ireo mpino(Mou'ominine) amin'ny fomba ankapobeny ho toetran'ny fisakaizana, ka ny fepetra voalohany dia ny fananam-pinoana(Al-Imân), hoy Ilay Avo Indrindra :

وَلاَ تَطْرُدِ الَّذِينَ يَدْعُونَ رَبَّهُم بِالْغَدَاةِ وَالْعَشِيِّ يُرِيدُونَ وَجْهَهُ وَلاَ تَطْرُدِ الَّذِينَ يَدْعُونَ رَبَّهُم بِالْغَدَاةِ وَالْعَشِيِّ يُرِيدُونَ وَجْهَهُ«**Ary aza atosika ireo izay mangataka amin'ny Tompon'izy ireo maraina sy hariva, mitady ny Tavany**» (Kor'âny 6:52) ary hoy koa Ilay Be Fahasoavana sy Avo Indrindra :

وَاصْبِرْ نَفْسَكَ مَعَ الَّذِينَ يَدْعُونَ رَبَّهُم بِالْغَدَاةِ وَالْعَشِيِّ يُرِيدُونَ وَجْهَهُ«**Manàna fiaretana miaraka amin'ireo izay mangataka amin'ny Tompony maraina sy hariva, mitady ny Tavany**» (Kor'âny 18:28)

2-Ny halemem-panahin'ny olona no fahamendrehan'ny fifandraisana ara-pisakaizana, fa niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: «**Ny olona sambatra dia izay mifanerasera amin'ny olona malemy fanahy** »

3-Anisan'ny toetoetra ilaina amin'ny sakaiza nyahatsiarovana an'i Allâh Avo Indrindra ny fahitana azy, ny fiteniny dia fiteny feno fahalalana ary ny asany dia

loharanon'ny fahatahorana an'i Allâh(Taqwâ). Raha nisy nanontany an'ny Mpaminany(saw) mikasika izany dia hoy Izy(saw) :«**Izay mampahatsiahy anareo an'i Allâh ny fahitana azy sy mampitombo ny fahalalanareo ny fiteniny, ary ahatsiarovanareo ny any ankoatra ny asany** »

4-Nitantara ny Imâmo Hassan Askari(as) avy amin'ny Raibeny ny Imâmo Zaynoul-Abidine(as)resaka(hadith) manazava ny tanjona antsipiriany sy mendrika isaka ny fomba fijerin'ny olona marina, nanao hoe:

«**Raha mahita olona izay tsara endrika sy fisehoana ety ivelany sy mampiseho fiteny mamy sy fihetsika malemy ianareo dia mitandrema tsara mba tsy ho voafitany ianareo fa firy amin'ny olona moa no tsy afaka miaina ao anatin'ny haitraitran'ny fiainana eto an-tany sy ny fanaovana zavatra voarara (harâmo) nohon'ny antony henatra sy ny fahalemeny manatanteraka izany, ka raisiny ho toeram-pialokalofana amin'izany ny finoana kanefa izy dia mamitaka ny olona hatrany amin'ny fisehoany ety ivelany fa rehefa mahita hirika kely fotsiny izy hahafahany manao izany dia tanterahiny tsy ampisalasalana tokoa izany. Raha hitanareo izyfa mitandrina fatratra amin'ireo harena voarara (harâmo) dia mitandrema tsara ianareo mba tsy ho voafitany satria samy manana ny faniriana mahasarika azy ny olona fa firy amin'ny olona moa no tsy miraharaha ny harena voarara (harâmo) eny na dia maro tokoa aza izany kanefa ny tenany dia voasarika amin'ny fanirian-dratsy hafa ka minia manao izany zavatra voarara izany izy. Raha hitanareo izy fa fatra-piaro ny tenany amin'izany dia mitandrema tsara ianareo mba tsy**

**ho voafitany, mandra-pahitanareo ny fahamatoran-tsainy fa firy amin'ny olona moa no tsy manatanteraka izany rehetra izany kanefa tsy mato-pisainana akory izy ka noho izany ireo haratsiana vitany nohon'ny habadoany no maro kokoa noho ny hatsarana vokatry ny fisainany. Koa raha hitanareo ny fahamatoran-tsainy dia mitandrema tsara mba tsy ho voafitaka ianareo mandra-pahitanareo na ny sainy no mibaiko ny faniriany na ny faniriany no mibaiko ny sainy, ahoana ny fitiavany ny fahefana sy ny fankahalany izany, fany tena marina misy amin'ny olombelona no matiantoka amin'ny fiainana eto an-tany sy ny any ankoatra, noho izy mamela ny haitraitrai-piainana iray eto an-tany noho ny antony haitraitran'ny fiainany hafa eto an-tany, ka mahita izy fa ny tsiron'ny fahefana tsy marim-pototra dia tsara kokoa noho ireo harena nahazoan-dàlana sy fankasitrahana ireo, kanefa izy mamela izany rehetra izany nohon'ny fitadiavany ny fahefana ka nahatonga ny andininy ao amin'ny Kor'âny 2:206 nilaza hoe:**

وَإِذَا قِيلَ لَهُ اتَّقِ اللّهَ أَخَذَتْهُ الْعِزَّةُ بِالإِثْمِ فَحَسْبُهُ جَهَنَّمُ وَلَبِئْسَ الْمِهَادُ **(Ary raha lazaina izy : Aoka ianao hatahotra an'Andriamanitra, dia ny fanambonian-tena (ratsy) amin'ny fahotana no mibahana ao aminy. Ka ny Afobe dia ampy (sahaza) azy, ary tena tsy misy faharatsiam-pandriana tahaka izany). Arakaizany izy dia tafalatsaka lalina ao anatin'ny fatiantoka tsy hita noanoa, ary dia avelan'Andriamanitra Tompony izy hanao izay sitraky ny fony ao anatin'ny fahotany fa dia ataony ho "halâl" ny zavatra voararan'i Allâh ary ny zavatra voarara avadiny ho "halâl" no sady tsy miraharaha ny fahapotehan'ny finoany izy raha hitany**

**fa mandeha amin'ny laoniny tsara ihany ny fahefany izay tena nanahirana azy fatratra, ka ny olona toy izany no tezeran'i Allâh sy ozoniny ary nampanantenainy sazy henjana ho azy ireo.**

**Fa ny olona izay tena mendrika amin'ny olona rehetra dia izay mametraka ny faniriany mifanaraka amin'ny didin'i Allâh ka ny heriny rehetra dia atolony ho an'ny fifalian'i Allâh ary izy dia mahita fa ny fahambaniana miaraka amin'ny fahamarinana no ahazoana ny voninahitra mandrakizay noho ny fahamboniana tsy amim-pahamarinana; fantany tsara koa fa ny fiaretany amin'ny olana kely mianjady aminy eto an-tany no hahazoany fahasoavana tsy manam-petra any am-paradisa, fa ny fahazoany hatsarana betsaka nohon'ny fanarahany ny sitrapony tafahoatra no mahatonga azy hisedra ny fijaliana tsy hanam-petra. Fa izany no olona tena mendri-piderana, koa aoka ianareo mba hifikitra aminy sy hanaraka ny sori-dàlany, ary aoka ianareo hanao azy ho mpanelanelana amin'ny Andriamanitra Tomponareo, satria ny tonombavaka izay ataony dia tsy holavina velively, ary ny fangatahany dia tsy ho very maina koa** ».

Ny fepetra fototra napetraky ny Imâmo Zaynoul-Abidine(as) amin'ny toetran'nyolombelona tena ilaina dia ny fampanarahana ny sitrapo amin'ny lalàm-pinoan'i Allâh Avo Indrindra.
Izany hoe ny fahitanao azy mazoto manao izay rehetra sitrak'i Allâh(Be Fahasoavana sy Avo Indrindra) ka aleony manaiky resy miaraka amin'ny fahamarinana toy izay mandresy miaraka amin'ny fahadisoana ary hitanao izy fa manana toetra

mahari-pery amin'ny zavatra rehetra. Ny Imâmo Sajâd dia miangavy antsika mba tsy hamitahantsika ny olona sasany amin'ny alalan'ny fisehoana mamirapiratra avy ety ivelany.

5-Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: « **Manontania ianareo an'ireo manam-pahaizana, sy mifaneraserà amin'ireo olon-kendry, ary miaraha mipetraka amin'ireo mahantra** ». Niteny ny lehibentsika Ali(as) hoe: « **Manaova namana amin'ireo olon-kendry, miaraha mipetraka amin'ireo manam-pahaizana, ary miataha amin'ny fiainana eto an-tany dia honina ao amin'ny paradisa Ma-wâ ianao** »; hoy koa Izy(as) : « **Ataovy betsaka ny fahamarinana sy ny hatsarana amin'ny fiarahana amin'ireo manam-pahendrena sy manan-tsaina** »

6-Nofaritan'ny Imâmo Hassan Moujtabâ(as) ireo fepetra amin'ny fakana ireo sakaiza ka hoy Izy tamin'iray amin'ireo mpanara-diany niteny : «**Ataovy namana ny olona izay, rehefa miaraka aminy ianao dia mampihaingo anao izy, rehefa mikarakara azy ianao dia manaja anao izy, rehefa mila vonjy aminy ianao dia manampy anao izy, rehefa miteny ianao dia manamarina ny teninao izy, rehefa hanafika ianao dia hamafisiny ny herinao, rehefa manatsotra ny tananao ianao dia atsotranykoa ny azy, rehefa misy fahabangana aminao dia fenoiny izany, rehefa mahita hatsarana aminao izy dia hotanisainy izany, rehefa mangataka aminy ianao dia omeny, rehefa tsy mahita ny horesahina ianao dia ampiresahany, rehefa ianjadian'nyiray amin'ireo fahoriana ianao dia alahelo anao amin'izany izy** »

7-Nofaritan'ny Imâmo Mohammad Baqîr(as) toy izao kosa ireo fepetran'ny fisakaizana, hoy ny teniny : « **Manaraha an'izay mampitomany anao fa izany no anatra ho anao fa aza manaraka an'izay mampihomehy anao fa fitaka ho anao izany ary mbola hiverina amin'i Allâh daholo ianareo rehetra ka hahafantatra an'izany**»

Niteny ny Imâmo Ja'afar Sâdiq (as) hoe: « **Ny tena tiako amin'ireo namako dia izay manitsy Ahy amin'ireo kilemako**»

**<u>Famintinana</u> :**

- Mba hahitana ny mahazava-dehibe ny sakaiza sy ny anjara toerany eo amin'ny toetra sy fitondran-tenan'ny olombelona no mahatonga ireo lovantsofina izay mampirisika antsika mba handray ireo namana mifanaraka amin'ireo fepetra fototra voalohany indrindra amin'izany dia ny fananam-pinoana(Al-Imân) sy ny fahatahorana an'i Allâh(Taqwâ).

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Inona no tarigetra fototra takiana amin'ny fisafidianana sakaiza?

2-Inona avy ireo fepetra sy toetoetra ilaina mba hananan'ireo sakaiza?

**************

# LESONA FAHA-23

## NY NAMANA AMAN-TSAKAIZA (2)

Nianarantsika tamin'ny lesona teo aloha fa ny olona dia tokony hanadihady antsipirianytsara amin'ny fisafidianana ireo namana aman-tsakaiza, noho izy ireo misy fiantraikany eo amin'ny toetrany sy ny fiainany.

Izany no antony tokony hifidianantsika sakaiza izay mitondra fiantraikany amin'ny lafiny tsara sy manorina ny fiainantsika ho amin'ny tsaratsara kokoa. Amin'ity lesona ity isika dia hahafantatra ireo toetran'ny olona izay tokony hotandremantsika ny mikasika azy ireo sady tsy azontsika raisina ho sakaiza na namana.

Ilaina ny fahalalantsika fa isika dia tsy ho afaka hifanerasera amin'izay tiantsika hatrany, tsy ho afaka ny hiteny araka izay sitrapontsika foana; nilaza ny Imâmo Aaynoul-Abidine(as) nanao hoe:«**Ianao dia tsy ho afaka ny hipetraka miaraka amin'izay sitrakao foana satria Allâh Be Fahasoavana sy Avo Indrindra dia nilaza hoe:**

وَإِذَا رَأَيْتَ الَّذِينَ يَخُوضُونَ فِي آيَاتِنَا فَأَعْرِضْ عَنْهُمْ حَتَّى يَخُوضُواْ فِي حَدِيثٍ غَيْرِهِ وَإِمَّا يُنسِيَنَّكَ الشَّيْطَانُ فَلاَ تَقْعُدْ بَعْدَ الذِّكْرَى مَعَ الْقَوْمِ الظَّالِمِينَ

**(Raha hitanao ireo izay sahirana amin'ny adihevitra mikasika ny Teninay, dia halaviro izy ireo ambara-panaony adihevitra hafa. Ary raha mampanadino anao ny Devoly, dia aza mijanona miaraka amin'ireo mpanao ny**

**tsy rariny raha vantany vao mahatadidy ianao)**(Kor'âny 6:68) **ary ianao dia tsy afaka ny hiteny izay tianao horesahina hatrany satria Allâh Avo Indrindra dia niteny hoe:**

وَلاَ تَقْفُ مَا لَيْسَ لَكَ بِهِ عِلْمٌ**(Ary aza enjehina izay tsy anananao fahalalana na kely aza)**(Kor'âny 17:36) **sady koa ilay Irak'Andriamanitra dia niteny hoe**:**Famindram-pon'i Allâh ho amin'ny mpanompo iray izay miteny soa kahahazo tombony na aleony mangina ka handry fahalemana. Ianao koa dia tsy ho afaka hihaino izay zavatra tianao hohainoina satria Allâh Avo Indrindra dia efa nilaza hoe:**

إِنَّ السَّمْعَ وَالْبَصَرَ وَالْفُؤَادَ كُلُّ أُولـئِكَ كَانَ عَنْهُ مَسْؤُولاً

«**Ny fandrenesana, ny fahitana ary ny fo: dia marina fa hanontanianaamin'izany rehetra izany ny olombelona (**Kor'âny 17:36) »

Ny voka-dratsin'ny sakaiza ratsy dia mitera-dozatokoa izay mahatonga ny fahapotehan'ny fiainan'ny olombelona no hahazoana ny sazin'Andrimanitra.

Nitantara i Soulaymân Al-Ja'afari hoe: Reko ny Rain'i Hassan, ny Imâmo Ridhâ (as) niresaka tamin'ny raiko nanao hoe: Fa nahoana ianao no hitako tao amin'i Abdou-Rahmân zanak'i Y'acoub?. Namaly izy hoe: Tena marina fa anadahin-dreniko izy iny! Hoy Izy: Tena marina fa izy dia miresaka momba an'i Allâh resaka izay tsy mendri-boninahiny: koa na ianao minamana aminy dia mamela Anay na ianao minamana Aminay ka mihataka lavitra aminy. Fa hoy aho : Izy dia

miresaka araka izay sitrany, fa moa ve misy hadisoakao raha tsy miteny izay teneniny aho?! Fa hoy ny Rain'i Hassan (as) :«**Moa ve ianao tsy mba matahotra ny loza hianjady aminy ka hihatra aminareo rehetra izany? Moa ve tsy hainao izay nihatra tamin'ireo mpanara-dian'i Moussâ(as) ary ny rainy dia mpanara-dia an'i Firaona; rehefa nahatratra an'i Moussâ ireo mpitaingin-tsoavalin'i Firaona dia nihemotra aorian'izy ireo Izy mba hananatra an-drainy mba hanara-dia an'i Moussâ(as); fa tamin'izay indrindra no nitosaka tamin'izy roa ny helo-dranomasina ilany ary dia samy rendrika tao izy roa tonta. Nony tonga tamin'i Moussâ ny vaovao dia nanontany ny nahazo Azy ny Anjely Jibrâil dia hoy Izy namaly nanao hoe: Rendrika ilay famindram-pon'i Allân anie ho Aminy ka na dia tsy mitovy hevitra amin-drainy aza Izy fa rehefa tonga ny loza dia tsy hanana fiarovana izay rehetra manakaiky ny mpanota** »

Iza avy àry ireo olona tsy tokony hatao namana sy hifaneraserana? Ireo andinin-tsoratra masina sy ireo teny masina dia mampibaribary izany:

1-Ireo olona izay manao antsirambina ny finoana, hoy Allâh Avo Indrindra :

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُواْ لاَ تَتَّخِذُواْ الَّذِينَ اتَّخَذُواْ دِينَكُمْ هُزُواً وَلَعِباً مِّنَ الَّذِينَ أُوتُواْ الْكِتَابَ مِن قَبْلِكُمْ وَالْكُفَّارَ أَوْلِيَاء

«**Ô ry mpino! Aza maka namana ireo izay manao ny finoanareo ho vazivazy sy kilalao amin'ireo izay nomena ny Boky talohanareo sy ireo tsy mpino**» (Kor'âny 5:57), fa izy ireo no tsy azo atao sakaiza mihitsy, satria izy ireo no

voalohany nanitsakitsaka ny fepetran'ny fisakaizana diany fanajana ny fifanakalozan-kevitra.

2-Ireo andian'olona faharoadia ireo izay tsy mba manome ny haja aman-kasin'ny Mpaminany(saw) sy ireo Fianakaviany madio ara-panahy(as), voalaza ao amin'ny tantaran'ny Mpaminany masina fa i "'Ouqbah ibn Abî Mou'it" dia matetika miara-mipetrapetraka amin'ny Mpaminany(saw) ary nasainy Izy mba hivahiny any aminy fa tsy nety nihinana ny sakafony ny Mpaminany(saw) raha tsy efa nanao ny fanekem-pinoana an-dàlana roa izy, ka dia nataony izany. Nanome tsiny azy anefa ny sakaizany iray atao hoe Ibn Khalaf nanao hoe: Nivadi-pinoana ve ianao?! Hoy izy: Tsia tsy akory! Fa nidongy tsy nihinana ny sakafoko Izy nefa ao an-tranoko ka lasa menatraAzy aho dia voatery nanao fenekem-pinoana teo anatrehany. Fa hoy izy (ilay namany): Tsy faly aminao aho raha tsy mankany Aminy ianaoka hitsahinao ny lamosiny ary roràнао ny tavany . Nony hitany Izy niankohoka tao amin'ny trano fivoriana (dâroun-nadwât) dia notanterahiny izany fa hoy ny Mpaminany(saw) taminy : Tsy hihaona aminao ivelan'ny Makkat Aho raha tsy ahantoko amin'ny lohan-tsabatra ny lohanao. Tamin'ny andron'ny Badr dia lasa babo an'ady izy ary nirahin'ny Mpaminany (saw) i Ali mba hamono azy. Ary nidina tamin'izany ilay andinin-tsoratra masina milaza hoe:

وَيَوْمَ يَعَضُّ الظَّالِمُ عَلَى يَدَيْهِ يَقُولُ يَا لَيْتَنِي اتَّخَذْتُ مَعَ الرَّسُولِ سَبِيلاً يَا وَيْلَتَى لَيْتَنِي لَمْ أَتَّخِذْ فُلَاناً خَلِيلاً لَقَدْ أَضَلَّنِي عَنِ الذِّكْرِ بَعْدَ إِذْ جَاءنِي وَكَانَ الشَّيْطَانُ لِلْإِنسَانِ خَذُولاً

**«Ny andro izay hanaikeran'ny mpanao ny tsy rariny ireo tànany roa sy hilazàny hoe: Indrisy mantsy**

**anie raha mba nanaraka ny làlana niaraka tamin'ilay Iraka mantsy aho! Indrisy mantsy inty lozako! Raha mba tsy naka an-dRanona ho sakaiza mantsy aho! Tena nandiso làlana ahy izy tamin'ny fampahatsiarovana (ny Kor'âny), taorian'ny nahatongavany tamiko ary ny Satana hoan'ny olombelona dia tena mpamitaka**» (Kor'âny 25 :27-29)

Toy izany no hiafaran'i 'Ouqbah sy ireo tahaka azy amin'ny andron'ny fitsanganana nohon'ny antony nanamaizinan'izy ireo ny tenan'izy ireo tamin'ny fiarahana amin'ireo sakaiza ratsy.

Anjarantsika àry ny mba misaintsaina an'ity zava-hiseho amin'ny andro fitsanganana ity rehefa hisy ny sasany hanaikitra ny rantsan-tanany nohon'ny fanenenana tamin'ny nandraisany an-dRanona ho namana nefa namitaka azy sy namery ary nampivily làlana azy niala amin'ny làlan'ny fahamarinana sy fahalavorariana.

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) nampitandrina momba ireo olon'ny fitaka sy fankahalana an'ireo olo-masina Ahlol-Bayt(as) nanao hoe:«**Raha sendra ka tafaraka mipetrapetraka amin'ireo olon'ny fitaka ianao dia ataovy toy ny tafapetraka teo ambony vato mahamay ny fialanao eo fa tena marina i Allâh dia tezitra sy manozona azy ireo, fa raha hitanao izy ireo milona ao anatin'ny firesahana iray amin'ireo Imâmo dia mitsangana haingana fa misy ny hatezeran'i Allâh any ho any no milatsaka ho azy ireo** »

Hoy koa Izy(as) :«**Izay mipetraka eo amin'ny fanaratsiana ny olo-masin'i Allâh dia efa manota amin'i Allâh** »

Hoy hatrany Izy(as) :«**Izay mino an'i Allâh sy ny andro farany dia tsy mipetraka mihitsy ao amin'ny fivoriana izay hanaratsiana ny Imâmo iray na hanambaniana ny mpino iray** »

3-Ireo andian'olona fahatelo izay fadina ny miara-mipetraka sy mifanerasera amin'izy ireo dia ireo olon'ny fanovaovana(mamoromporonaamin'ny finoana) sy ireo izay mampiditra fisalasalana ao amin'ny finoana sy ny fotony. Hoy indrindra ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Raha hitanareo ireo olon'ny fisalasalana sy fanovaovàna any aoriako any dia miataha lavitra azy ireo ianareo ary ataovy betsaka ny fanaratsiana sy fifosana ary ny fanalam-baraka azy ireo ,amin'izay izy ireo tsy maniry ny hanao haratsiana ao amin'ny finoana Islâmo ka hitandrina ny momba azy ireo ny olona no sady tsy hianatra mikasika ny fanovaovàna ataon'izy ireo, fa dia hosoratan'i Allâh ho anareo noho izany ireo fahasoavana ary hasondrony amim-boninahitra ambony ianareo amin'ny andro farany** »

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Aza misakaiza sy miara-mipetraka amin'ny olona mpanovaova sao ataon'ny olona manahaka ny iray amin'izy ireny ianareo** »

Niteny ilay Irak'Andriamanitra(saw) hoe:«**Ny olona eo anatrehan'ny finoana dia miankina amin'ny namany sy ny olon-tiany** »

4-Ireo andian'olona fahaefatra dia ireo olon-dratsy sy mpanimba ary mpanao fahotana sy heloka; niteny ny lehibentsika Ali(as) hoe:«**Ny olona silamo dia tsy tokony hirahalahy amin'ny olona mpanao helokafany tena marina izy no mampihaingo ny asany ho tsara foana ary tiany mba hitovy aminy koa ny olona ary izy dia tsy hanampy azy amin'ny fiainany eto an-tany sy any ankoatra nefa ny fivezivezeny miditra sy mivoaka ao aminy dia henatra ho azy** »

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Ny olona silamo dia tsy tokony hirahalahy na amin'ny mpanao heloka na amin'ny kentrina na amin'ny mpandainga** »

Niteny Izy(as) hoe:«**Tsy mety amin'ny mpino ny mipetraka amin'ny fipetrahana fanaovana fahotana amin'i Allâh ao aminy nefa izy dia tsy afaka manova izany** »

Niteny ny Imâmo Ali(as) hoe:«**Ny fiaraha-mipetraka amin'ireo olon-dratsy dia miteraka ahiahy ratsy amin'ireo olon-tsara ary ny fiaraha-mipetraka amin'ireo olon-tsara dia mahatonga ireo olon-dratsy ho zary olon-tsara, fa ny fiarahan'ireo tsy manan-tsiny mipetraka amin'ireo mpanao heloka dia mahatonga ny tsy manan-tsiny ho zary mpanao heloka, ka izay mampisalasala anareo ny momba azy sady tsy fantatrareo ny finoany dia jereonareo fotsiny ireo izay olona ifaneraserany; fa raha toa ka olon'ny finoan'i Allâh izy ireo dia ao amin'ny finoan'i Allâh izy izany; fa raha olona ivelan'ny finoan'i Allâh izy ireo dia tsy hanana anjara ao amin'ny finoan'i Allâh koa izy izany. Ilay Irak'Andriamanitra(saw) dia nilaza hoe: Izay olona mino an'i Allâh sy ilay andro farany dia aoka tsy**

**hirahalahy mihitsy amin'ny jentilisa, aoka tsy hifanerasera mihitsy amin'ny mpanao heloka, fa izay mirahalahy amin'ny jentilisa na mifanerasera amin'ny mpanao heloka dia jentilisa sy mpanao heloka ihany koa** »

Nilaza koa ny Imâmo(as) hoe:«**Mitandrema ianao amin'ny fiarahana amin'ireo mpanao ratsy, fa tena marina ny haratsiana dia mamindra haratsiana** »

5-Ireo andian'olona fahadimy izay tokony halavirina ny fiarahana sy ny fifaneraserana aminy dia ireo olona tia rendrarendra sy tia fijangajangana sy ny kentrina ary ny mpandainga; hoy ny Imâmo Ali(as) :«**Ny silamo dia tokony hanalavitra ny firahalahiana amin'ny karazan'olona telo: ny mpijangajanga, ny kentrina, ny mpandainga** »

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Nilaza ny Raiko i Ali ibn Houssein(as) nanao hoe: Ô ry zanako! Mitandrema amin'ireo olona dimy ka aza mba minamana sy miresaka amin'izy ireo, aza miaraka amin'izy ireo eny an-dàlana. Fa hoy aho : Ô ry Raiko, fa iza izy ireo? Ampahafantaro Ahy izy ireo. Hoy Izy: Mitandrema amin'ny fiarahana amin'ny mpandainga fa toy ny tanin-kafanana eny amin'ny làlana izy io ka mampanakaiky anao ny lavitra sy mampanalavitra anao ny akaiky; mitandrema ianao amin'ny fiarahana amin'ny mpanao ratsy mpanimba fa mankato anao izy amin'ny alalan'ny sakafo na tombontsoa ambanin'izany; mitandrema ianao amin'ny fiarahana amin'ny olona mahidy fa hamitaka anao izy amin'ny harenany amin'ny fotoana izay ilainao izany aminy; mitandrema ianao amin'ny fiarahana amin'ny olona kentrina fa izy dia mila manasoa anao nefa vao mainka manaratsy anao; mitandrema ianao amin'ny fiarahana amin'ny olona mpanapaka ny rohim-pihavanana fa tena**

**hitako izy no voaozona ao amin'ny Kor'âny amin'ny fomba anankitelo** ».Avy teo dia novakian'ny Imâmo ireo andinin-tsoratra masina ao amin'ny toko Mohammad

**47.22 - Moa raha mitsipaka va ianareo, dia tsy ahiana hampiely fanimbana ety an-tany, sy hanapaka fihavanana amin'ireompiray tampo aminareo?**

**47.23 - Izy ireny no voaozon'Andriamanitra, ka nataony marenina izy ireny, ary nataony jamba ihany koa ny fahitany.) sy ny toko Ra'ad**

**1 3 . 2 5 – Fa ireo izay mandika ny fifanekeny tamin'Andriamanitra, rehefa avy nanaiky izany, sy manapaka izay nodidian'Andriamanitra hitambatra, ary manimba ety ambonin'ny tany, dia hovoaozona ka hahazo ny fonenena ratsy.) ary ny toko Baqarat**

**2.27 - Ireo izay manafoana ny fanekena amin'Andriamanitra taorian'ny fankatoavana izany, sy nanafoana izaynodidin'Andriamanitra ifamatorana,ary ireo izay manimbafiarahamonina ety ambonin'ny tany; izy ireo no tena matiantoka.**

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Efatra tena mankany amin'ny fatiantoka: Fitiavana atolotra ho an'izay tsy manana fahamatorana amin'izany….**»

Niteny ny Imâmo Bâqir(as) hoe:«**Aza miaraka sy mirahalahy amin'ireto olona efatra ireto: Ny kentrina sy ny mahidy sy ny kamo ary ny mpandainga.Fany kentrina dia mila hanasoa anao nefa vao mainka manaratsy anao izy, ny mahidy dia maka ny any aminao fa tsy mba manome anao akory, ny kamo dia mandositra anao sy ny ray aman-dreniny ary ny mpandainga kosa dia milaza ny marina fa tsy azo inoana** »

**<u>Famintinana</u> :**

- Tena marina fa ireo soratra masin'ny Islâmo dia manafatra an'ireo mpino mba tsy hiaraka amin'ireo olon-dratsy mpanimba sy mpandainga sy kentrina, toy izany koa ireo mampiditra fisalasalana amin'ny finoana sy ny fomba finoana ao amin'ny Islâmo.

<u>**Fanontaniana**</u> **:**

1-Nahoana no tsy mety ny mivalampatra amin'ny fisakaizana ny rehetra tsy misy fanavahana?

2-Inona no voka-dratsin'ny fiaraha-mipetraka amin'ireo mpanaraka fomba finoana diso?

3-Inona lesona azo tsoahina amin'ny tantaran'i 'Oqabah ibn Abî Ma'it?

**************

# LESONA FAHA-24

# NY FIFOSANA (1)

Efa nazavaintsika tamin'ny lesona fahaenina fa ny filaminam-piaraha-monina ao amin'ny Islâmo dia nohon'ny fisian'ny rindran-damina ara-poto-pitsipika sy ny fahamboniam-pitondran-tena tsara, toy izany koa ny nampahatsiahivantsika fa ny foto-pitsipika ara-pitondran-tena dia ny fitambaran'ireo toetra sy fomba tsara izay sokajiana ho anisan'ny fepetran'ny fahaiza-miaina sy fahalalam-pomba ara-piaraha-monina ho an'ny silamo tsirairay. Efa nianarantsika koa ireo vondrona toetra ireo dia ny: fanetran-tena, fanaovana ny rariny sy ny hitsiny, ny fitsikiana, ny fanatanterahana fampanantenana, sns…

Eo anilan'ireto toetra manana ny lafy tsarany ireto dia misy koa ireo toetra sy fomba ratsy izay manimba ny fifandraisana ara-piaraha-monina sy miteraka haratsiana goavana. Araka izany dia ny fanalavirana an'izany dia sokajiana ihany koa ho fepetran'ny fahalalam-pomba ara-piaraha-monina ao amin'ny fomba finoana islamika. Noho izany, ny fanalavirana an'ireo toetra ireo dia adidy tsy maintsy hatao araky ny làlam-pinoana.

Ary ao amin'ity fanalaviran'ireo silamo ireo toetra sy fomba ratsy ireo, ity no manamafy orina ny fifandraisana ara-piaraha-monina sy manorina ao amin'ny fiaraha-monin'ny silamo ny fahatoniana sy fahadiovana ary filaminana.

Horaisintiska amin'ity lesona ity ny tena goavana amin'ity vondrona toetra ratsy ity dia ny fifosana.

## Fampianarana voalohany: Famaritana ny atao hoe fifosana

Ny fifosana dia ny firesahana ny zavatra tsy tian'ilay olona amin'ny fotoana tsy maha eo azy. Fa isaky ny isika maneho ny kileman'ny olona amin'izy tsy eo dia mifosa azy isika amin'izay fotoana izay. Ary ny kilema izay resahintsika amin'izany dia mety ho ara-pitondran-tena izany na ara-pinoana ary mety koa ho ara-batana, nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) fa: « **Ny fifosana dia ny firesahanao ny rahalahinao ny zavatra tsy tiany.** Nisy niteny taminy : Eny fana dia hitanao fa misy amin'ilay rahalahiko tokoa aza ny zavatra noresahiko izany? Hoy Izy(saw): **Raha misy aminy tokoa ny zavatra resahinao dia efa nifosa azy ianao, fa raha tsy misy aminy kosa izany dia efananoso-dratsy azy ianao** »

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) fa: « **Ny fifosana dia ny fitenenanao momba ny rahalahinao ny zavatra nafenin'i Allâh ho azy** »

Ny fifosana àry dia ny filazanao mikasika ny rahalahinao sy ny fitanisanao ireo kilemany izay nafenin'i Allâh ny olona ary izany dia tena mampaharary ny fony.

Niteny Imâmo Kâzim(as) fa: **« Izay miresaka olona iray amin'ny fotoana tsy maha eo azyny zavatra izay efa fantatry ny olona fa misy ao aminy tokoa izany dia tsy mba mifosa azy; fa izay miresaka momba azy amin'ny fotoana**

**tsy maha eo azy izay zavatra tsy mbola fantatry ny olona dia mifosa azy ary izay mireska momba azy izay zavatra tsy misy aminy akory dia nanoso-dratsy azy »**

Ny hoso-dratsy dia mihoatra ny fifosana noho izy milaza kilema izay tsy misy amin'izany olona izany akory.

Ny fifosana dia maneho ny fisian'ny tanjona mba hanambaniana ny olona eo anatrehan'ny hafa, fa raha isika no milaza ny kileman'ny olona manoloana ny mpitsabo ara-panahy dia nohon'ny antony fitsaboana azy fa tsy midika ho fifosana akory izany. Toy izany koa ny firesahana ny kileman'ireo jentilisa fahavalon'ny Islâmo dia tsy azo lazaina ho fifosana. Tsy azo sokajiana ho fifosana koa ny filazana ny haratsian'ny olona izay tsy fantatry ny olona ny iresahana an'izany, toy izany koa ny firesahana ny haratsian'ny olona izay mampibaribary izany; ohatra hoe, raha miteny isika fa Ranona dia misotro toaka ary ny olona dia mahalala izany ihany koa noho izy nisotro toaka ampahibemaso.

## Fampianarana faharoa: Fandraràna ny fifosana

Ireo andinin'ny Kor'âny masina sy ireo lovan-tsofina avy amin'ireo Ahlol-Byat(as) dia milaza manazava tsara ny maha-zava-maharikoriko ny fifosana. Rehefa vakiantsika ny andinin-tsoratra masina araka ny tenin'Ilay Avo Indrindra hoe:

وَلَا يَغْتَب بَّعْضُكُم بَعْضاً أَيُحِبُّ أَحَدُكُمْ أَن يَأْكُلَ لَحْمَ أَخِيهِ مَيْتاً فَكَرِهْتُمُوهُ

«**Ary aoka tsy hifampifosa ianareo samy ianareo ,sa misy ny te hihinana ny nofon'ny rahalahiny maty ve ? Harikoriko amin'izany tokoa ianareo**» (Kor'âny 49:12)

Ny fifosana dia zavatra tena maharikoriko araka ny nambaran'ny Kor'âny masina amin'ny alalan'ity andininy mampihoro-koditra ity dia ny fihinanan'ny olona ny nofon'ny rahalahiny maty.

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) fa: « **Ny silamo rehetra eo amin'ny samy silamo dia masina ho azy ny ràny sy ny harenany ary ny voninahiny** »

Ny fifosana dia manambany ny voninahitry ny olona mpino no sady manitsakitsaka ny hasiny. Tahaka ny maharikoriko ny heloka famonoana olona noho izy manapotika ny fiainan'ny olona dia toy izany koa ny fifosana noho izy manapotika ny voninahiny sy ny lazany. Araka izany, izy io dia heloka maharikoriko sy fahotana lehibe. Noho izany, dia antery amin'ny silamo, rehefa maheno olona mifosa ny mpino iray izy dia mila manavotra izany olona fosafosainy izany sy miaro ny voninahiny hatrany.Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) fa: « **Raha misy mpino iray nambaniana eo anatrehany ary izy dia afaka manavotra azy kanefa tsy nanavotra, dia hambanian'i Allâh izy amin'ny andro fitsanganana manoloana ireo zava-boahary rehetra** »

Fa izay miaro ny voninahitry ny rahalahiny mpino eo anatrehan'ireo mpifosa dia hahazo valisoa lehibe, niteny ny lehibentsika sy Mpaminanintsika(saw) fa: « **Izay miaro ny voninahin'ny rahalahiny amin'ny tsy maha eo azy dia**

**zon'i Allâh koa ny miaro ny voninahiny amin'ny andron'ny fitsanganana** »

Hoy koa Izy(as) fa: « **Izay miaro ny voninahitry ny rahalahiny amin'ny tsy maha eo azy dia zon'i Allâh ny mamosotra azy hiala ao amin'ny Afobe** »

Ny faharikorikon'ny fifosana voalazan'ny Kor'âny masina amin'ny alalan'ny andininy mampihoro-koditra tsy misy toy izany no sady tsy nampiasaina mihitsy izanyfiteny izany tamin'ireo fahotana sy ireo heloka hafa.

Voalaza ao amin'ny tenin'ny Mpaminany masina fa : « **Izay mihinana ny nofon'ny rahalalahiny ety an-tany dia atolotra azy ihany koa izany amin'ny andro fitsanganana fa misy milaza: hano ny fatiny tahaka ny nihinanao azy velona, koa dia hohaniny izany ary marikoriko izy no sady mikiakiaka** »

Hoy Izy(saw) ao tantaran'ny fandehanana alina(al-isrâ) sy ny fiakarana tany an-danitra(mi'iraj) : « **Tamin'ny alin'ilayfandehanana alina nataoko dia nandalo teo amin'ny vondrona olonaizay mandrangotra ny tarehin'izy ireo amin'ny hohon'izy ireo fa hoy aho : Ô ry Jibrâil (Anjely Gabriel) fa iza ireo olona ireo? Hoy Izy: Izy ireo no olona nifosa olona no sady nandatsaka ny voninahitr'izy ireo** »

Nilaza koa ny Mpaminany Mohammad(saw) : « **Mitandrema ianareo amin'ny fifosana fa tena marina ny fifosana dia ratsy mihoatra ny fijangajangana, ny olona izay nijangajanga dia mety hibebaka ka dia hamela azy i Allâh**

**fa ny mpifosa kosa tsy hahazo famelan-keloka raha tsy efa namela azy ny olona nofosainy**»

Niteny ny Mpaminany masina(saw) fa: «**Ny vola dirham iray izay azon'ny olona tamin'ny alalan'ny "ribâ" (fakana zana-bola na tombom-barotra tafahoatra) dia tena fahotana goavana eo anatrehan'i Allâh noho ny fijangajangana enina ambin'ny telopolo ataon'ny olona mpijangajanga, eny fa ny "ribâ" izay tena tafahoatra dia ny fandatsahanany voninahitr' ireo mpino silamo** »

Ny fifosana dia anisan'ny fanatanterahana ny fanapariahana haratsiana ao anatin'ny fiaraha-monina ka hoy ny Kor'âny masina : إِنَّ الَّذِينَ يُحِبُّونَ أَن تَشِيعَ الْفَاحِشَةُ فِي الَّذِينَ آمَنُوا لَهُمْ عَذَابٌ أَلِيمٌ «**Ireo izay tia ny faharatsiana (fahalotoana) hiparitaka amin'ireo mpino, dia hahazo sazy mamirifiry**» (Kor'âny 24:19)

Toy izany koa no voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) arak any teniny manao fa: « **Izay milaza momba ny mpino izay zavatra hitan'ny masony sy henon'ny sofiny dia anisan'ireo izay lazain'i Allâh Avo Indrindra :** إِنَّ الَّذِينَ يُحِبُّونَ أَن تَشِيعَ الْفَاحِشَةُ **(Ireo izay tia ny faharatsiana (fahalotoana) hiparitaka)** »

Araka ny hevitry ny teny masina(hadith), raha mahita zavatra amin'ny rahalahiny izy izay tsy hitan'ny olona hafa akory, sy maheno avy aminy izay zavatra izay tsy henon'ny olonahafa avy eo dia aeliny, izany no atao hoe fifosana sy fampielezana haratsiana ary ny fifosana dia sakafon'ireo alikan'ny Afobe; niteny ny lehibentsika Ali(as) : « **Halavironareo ny fifosana fa laokan'ireo alikan'ny Afobe** »

Nandalo ny Imamo Houssein(as) nanoloana ny olonampifosa ka hoy Izy : « **Ô inty ianao, ajanony ny fifosana fa tena marina izy io dia laokan'ireo alikan'ny Afobe** »

Araka ny voalazan'ny Imâmo Zaynoul-Abidine, Ali ibn Houssein(as) : « **Mitandrema ianao amin'ny fifosana fa tena marina izy io dia laokan'ireo alikan'ny Afobe, ary fantaro fa izay milaza imbetsaka ireo kileman'ny olona dia miaiky ao amin'ny tenany ihany ny fisian'ny ankamaroan'izany ka arakaraka ny fisian'izany ao aminy no hiresahany izany amin'ny olona** »

Ity teny masina(hadith) ity dia mampiseho ny toe-panahin'ireo mpifosa sy ireo tratran'ity aretina ity,dia ny fahatsapan'izy ireo ny fahabangana sy ny fisian'ireo kilema ao amin'ny tenan'izy ireo ka miezaka izy ireo manaparitaka izany amin'ny olona mba hanafenana ny fisian'izany amin'ny tenan'izy ireo, izany no nahatonga ny lehibentsika Ali(as) nilaza fa: « **Ireo mpanana kilema dia tia manaparitaka ireo kileman'ny olona mba hahazoan'ireo vahana manafina ireo kieman'izy ireo** »

Ny fifosana dia miasa toy ny fiasan'ny afo izay mandevona ireo hatsarana; niteny ny Imamo Sâdiq(as) fa: « **Ny fifosana dia voarara (harâmo) amin'ny mpino silamo rehetra ary tena marina izy io dia mandevona ireo hatsarana sahala amin'ny afo izay mandevona ny kitay** »

Izy io dia toy ny aretina homamiadana tena loza ao amin'ny mpifosa sy toe-panahiny, nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) fa: « **Ny fifosana dia haingam-pandeha**

**ao amin'ny finoan'ny olona silamo mihoatra ny fandehan'ny sakafo ao antedany**»

Araka ny voalazany koa dia hoy Izy(saw) : « **Antsoina ny olona iray hijoro eo anatrehan'i Allâh amin'ny andro fitsanganana ary atolotra azy ny boky mirakitra ny asa vitany tety an-tany fa tsy nahita ireo asany tsara tao izy ka niteny hoe: Andriamanitro ô, tsy ny bokiko akory inty satria tsy mba hitako ato akory ny asam-pankatoavako Anao ?! Fa misy milaza aminy hoe: Tena marina fa Andriamanitra Tomponao dia tsy mba manary na manadino, fa nanjavona ny asanao nohon'ny fifosanao olona; avy eo dia antsoina indray ny olona iray hafa ary atolotra azy ny bokiny fa nahita ireo asam-pankatoavana betsaka loatra noho ny vitany ka hoy izy : Andriamanitro ô! Tsy ny bokiko akory inty! tsy nanao ireto asam-pankatoavana ireto aho. Fa misy milaza aminy : satria nifosa anao Ranona ka nafindra ho anao ireo asa soa nataony** »

Voalaza ao amin'ireo sombin-tantara fa nisy iray tamin'izy ireo niteny taminy : Ranona no nifosa anao fa dia nitsikitsiky izy no sady naniraka mba handefasana lovia misy mofo mamy tany amin'ilay olona nifosa azy iny,ka nolazainytaminy hoe: Ity mofo mamy ity dia valisoan'ny asa soa izay nalefanao tamiko!

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fifosana dia fitantarana ny kileman'ny olona amin'ny fotoana tsy maha eo azy. Ny Islâmo dia misokajy ny fifosana ho fankahalana ny voninahitry

ny olona silamo sy fanitsakitsahana ny haja amamboninahiny; sy fampielezana ny haratsiana ao amin'ny fiaraha-monina islamika, ary ny fifosana dia fahotana goavana toy ny fakana zana-bola tafahoatra sy ny fijangajangana sns….

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Farito ny atao hoe fifosana.

2-Milaza fepetra roa anisan'ny fepetran'ny fifosana.

3-Ahoana no filazan'ny Kor'âny ny fifosana ary satria nahoana?

4-Nahoana ny Mpaminany(saw) no nanery amin'ny fiarovana ny voninahitry ny mpino?

**************

# LESONA FAHA-25

# NY FIFOSANA (2)

## Fampianarana fahatelo: Ny mahatonga ny fifosana

Fantatsika ny mahazava-maharikoriko sy ny haratsian'ny fifosana sy ny mahafahotana sy heloka lehibe azy; fantatsika ihany koa ny fiantraikany izay mamotika ny fiainan'ny fiaraha-monina, ary ny voka-dratsiny mihatra amin'ny olona mpanao azy amin'ny andro farany.

Amin'ity lesona ity isika handray ny antony mahatonga ny fifosana ka hojerentsika amin'izany ny fomba hanalavirana azy sy fomba fiarovan-tena aminy.

Ireo manam-pahaizana ara-pitondran-tena dia efa namariparitra ireo antony mahatonga ity aretin-doza ara-panahy ity:

1-Fiarovana amin'ny sazy mananontanona: Ny olona sasany dia miezaka ny hahafantatra ireo kileman'ny hafa ao amin'ny toetrany sy ny fihetsiny mba hitsaboana ny fahotana rehefa tsapany avy amin'izany ny sazy mananontanona nohon'nyfanaovany fahotana sy ny kilemany ary toe-panahiny manokana!

Ny mpifosa olona dia enjehin'eritreritra amin'ny ratsy nataony kanefa ho setrin'ny fitsaboana ny tenany sy

hanarenany izany dia aleony mikaroka sy mitady ary mandatsaka ny kileman'ny hafa. Izany no ataony mandra-pitenenan'ny eritreriny fa tsy izy irery no voagejan'ilay kilema, tsy izy irery no nanao ny fahotana fa misy olona betsaka any niara-nanatanteraka izany taminy!

Ny mpifosa dia olona niharan'ny aretina ara-panahin'ny fitondran-tena ary izany aretina izany dia mampitombo kilema iray hafa amin'ireo kilemany, sy fahotana iray lehibe ankoatraireo fahotany.

2-Fireharehana : Mba hampisehoany ny hatsarany sy ny voninahiny dia mitsangana izy manaratsy sy manambanimbany ny hafa. Amin'izay fotoana izay ny mpifosa dia mikendry ny te hoderaina fa izy no olona mendrika izay tsy mba manao fahotana izay ataon'ireo olon-kafa. Ny mahazatra mitranga amin'ity olona marary ity anefa dia ny olona tsy mijery azy ho olona mankamamy ny fahalavorariana fa mahita azy kosa ho olona midera ny tenany fotsiny.

3-Fanesoesoana sy famazivaziana: Ny ankamaroan'ny fifosana dia manana tanjona ny hanesoesoana ny olona sy hamazivaziana azy, horesahintsika any amin'ny lesona faha-27 ity tranga ity.

4-Fialonana : Ny fialonana dia anisan'ny antony mahatonga ny fifosana. Fa isaky ny mahatsapa fahabangana ny sasany sy fahalemen'ny tenany ary indrisy fa rehefa tsy afaka ny mameno ny fahabangany izy no tsy afaka mankahery ny tenany dia izany no manosika azy hanana lolopo hialona ny hafa; indrindra fa ny hikaroka ny kilema sy ny fahabangana sy

ny hadalan'izy ireo mba hanehoana izany eo anatrehan'ny olona.

5-Fakan-tahaka ny hafa :Mifanohitra ny olona ao amin'ny toeram-pilanonana sy fivoriana amin'ny lafiny firesahana. Ao ny sasany midera olona sy miresaka ireo asa soa vitany, ao koa ny sasany mitantara ny kileman'ny hafa; ary amin'izay mba ho hitan'ny olona ny tenany fa mifanaraka amin'ny rehetra dia maka tahaka ny hafa izy ka manomboka mitantara ny kileman'ny hafa, fa mihevitra izy fa izany no tadiavin'ireo olona aminy, ka raha tsy manao izany izy dia angamba ireo olona araka ny fiheverany, handao azy no sady tsy hiraharaha azy. Variana amin'ny fakan-tahaka ny hafa amin'ny resaka mamoafady voarara (harâmo) sy fifosana izay anisan'ny fahotana lehibe, tsy azon'ny silamo atao ny maka tahaka ny olona amin'ny resaka fifosana.

Voalaza ao amin'ny Kor'âny masina, ireo olon'ny paradisa izay mifanontany sy manontany an'ireo olon'ny Afobe momba ireo asa izay nahatonga azy ireo nanana izany fiafarana ratsy izany. Hoy Allâh Avo Indrindra hoe:

فِي جَنَّاتٍ يَتَسَاءلُونَ عَنِ الْمُجْرِمِينَ مَا سَلَكَكُمْ فِي سَقَرَ

قَالُوا لَمْ نَكُ مِنَ الْمُصَلِّينَ وَلَمْ نَكُ نُطْعِمُ الْمِسْكِينَ

وَكُنَّا نَخُوضُ مَعَ الْخَائِضِينَ

**«Ao amin'ny paradisa izy ireo hifanontany mikasika ireo mpanao ratsy: Inona no nahatonga anareo nalefa ao amin'ny Afobe Saqar ? Hiteny izy ireo hoe: Tsy anisan'ireo izay nanao fanompoam-pivavahana (Salât) izahay, sady tsy nanome sakafo ireo mahantra, ary**

**niaraka tamin'ireo nanao resaka tsy misy antony izahay**» (Kor'âny 74:40-45)

6-Fanadisoana resaka mandeha: Rehefa mahatsapa ny olona iray fa misy ny manaratsy azy amin'ny olona iray na maromaro dia mba hoentiny hanadisoana sy handravany izany resaka fanaratsiana mandeha izany dia mitsangana izy manao fifosana amin'ny olona izay naheno izany.

7-Fisehoana amin'ny hagagana : Misy olona sasany mody mampiseho ny hagagany amin-dRanona milaza fa izy hono tsy nieritreritra fa Ranona dia hahavita hanao ity fahotana ity na izany fahotana izany fa ny tena marina anefa izy dia mila maniratsira ny voninahitr'izany olona izany noho ireto antony anankiroa manaraka ireto:

Voalohany: Izy dia afaka tsara tsy nanonona ny anaran'ilay olona.

Faharoa: Raha toa izy ka gaga amin'ilay olona nanao fahotana dia tsy tokonyho nitsangana intsony izy hanao fifosana izay anisan'ireo fahotana lehibe koa.

8-Fisehoana ho mahatsiaro maharary: Io no fomba iray mitovy amin'ny voalaza tetsy aloha izay hanaovan'ny mpifosa mody mahatsiaro ho maharary amin'ny toetran-dRanona izay nahavita nanao fahotana. Fa ny mpifosa eto dia mila maniratsira ny voninahitr'izany olona izany ka manala-baraka azy ary mampiseho fa ny tenany ihany no olona mendrika.

## Fampianarana fahaefatra: Ny fomba azo atao amin'ny fifosana

Na dia voalaza aza fa ny fifosana dia anisan'ireo fahotana lehibe dia misy ihany fomba ivelan'ny famaritan'ny fifosana ka azo atao ny manatanteraka azy:

1-Fitarainana: Rehefa iharan'ny tsindrihazolena ny olona iray dia afaka mitaraina izy mba hanoherany izany tsindrihazolena izany ary izany moa dia tanterahiny amin'ny alalan'ny fitantarana ireo asa ratsin'ny mpanao tsindrihazolena azy. Nilaza Ilay Avo Indrindra hoe:

لاَّ يُحِبُّ اللّهُ الْجَهْرَ بِالسُّوَءِ مِنَ الْقَوْلِ إِلاَّ مَن ظُلِمَ وَكَانَ اللّهُ سَمِيعاً عَلِيماً

**«Tsy tian'i Allâh ny mamoaka fitenenana ratsy afa-tsy izay niharan'ny tsy rariny. Ary Allâh dia mandre sy mahafantatra ny zava-drehetra** » (Kor'âny 4:148)

Allâh(Be Fahasoavana sy Avo Indrindra) dia tsy mitia ny fitenenan-dratsy afa-tsy ny olona izay niharan'ny tsindrihazolena, ka ny fifosana atao amin'ny mpanao tsindrihazolena na dia mpino silamo aza manao izany dia fampiharana ny rariny sy ny hitsiny faratampony; ary izany fomba hanoherana ny mpanao tsindrihazolena izany dia tsy midika ho fanitsakitsahana ny haja aman-kasiny akory eto.

2-Fanitsiana sy fananarana : Noho ny antony fananarana sy hitadiavana fahitsiana dia azon'ny olona atao ny mitantara ny kilema sasany, ohatra raha misy ny maniry hanambady dia zavatra azo atao ny mahafantra ny toetran'ny andaniny sy ny ankilany mikasika ny lehilahy sy ny vehivavy hifanambady. Midika izany fa ny tombontsoan'ny fiaraha-

monina no mavesa-danja kokoa noho ny tombontsoan'nyolon-tokana. Fa raha mifanipaka ireo tombontsoa anankiroa ireo dia ataotsinontsinona ny tombon-tsoan'ny olon-tokana.

3-Fampitandremana : Raha misy olona iray na vondron'olona mijoro amin'ny faniratsirana ny fitondrantenan'ny fiaraha-monina ka ny famelana azy ireo dia hiteraka korontana ao amin'ny fiaraha-monina, dia antery(wâjib) ny fanoherana azy ireo sy filazana ny haratsian'izy ireo sy ny kileman'izy ireo; ary izany dia tsy azo lazaina ho fifosana velively. Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: « **Moa ve ianareo mandà ny hitantara momba ny mpanao heloka mba tsy hahafantaran'ny olona azy?! Tsia, tantarao ny momba azy mba hampitandremana ny olona** »

4-Famahana olana tsy misy asa ratsy : Mba hiarovana ny rindran-damina ara-piaraha-monina sy hanoherana ireo asa ratsy sy haratsiana ao amin'ny fiaraha-monina dia azo atao indrindra fa tena antery(wâjib) amin'ny silamo tsirairay ny mitory any amin'ny mpahay làlana sy ny tompon'andraikitra mikasika ny fanaovana ny asa ratsy, fa izany no manampy ny fahadiovan'ny tontolon'ny fiaraha-monina amin'ireo asa ratsy.

5-Fanarenana sy fanamarinana : Amin'ny fombafomba toy ny fampitàna ny teny masina(hadith) sy ireo lovatsofiny, toy izany koa ny fomba atao amin'ny fijoroana ho vavolombelona amin'ny tranga ara-didy aman-dalàna sy ny hafa mba hahitana ny rariny sy ny fahamarinana izay katsahina, izany rehetra izany dia mitaky ny fanamafisana ny

fahamarinan'ny mpampita ny lovantsofina sy ny toetoetran'ny vavolombelona ka ny filazalazana ny mombamomba ny toe-panahy sy ny fitondran-tena dia azo atao ara-dalàna sy ara-pinoana ary tsy misy fifosana mihitsy ny amin'izany.

6-Anarana mampalaza: Misy olona sasany malaza amin'ny anaram-bosotraizay tsy misy fantatra amin'izany anarana izany afa-tsy izy irery ihany, mety hanambara ny anaran-dRanona ihany izy saingy tsy misy na iray aza mahalala azy raha tsy hoe angaha ianao miteny hoe ilay toka-maso na ilay kilemaina, koa na dia voarara(harâmo) aza araka ny tokony ho izy ity fanomezana anaram-bosotra ity noho izy anisan'ny teny faniratsirana kanefa raha lasa io anaram-bosotra io no ahafantaran'ny maro azy ary izy ireo dia tsy mahalala afa-tsy izy ihany amin'ny alalan'izany anaram-bosotra izany, amin'izay fotoana izay dia azon'izay olona te hampahafantatra azy amin'ny olona ny manambara izany anaram-bosotra izany ka tsy azo sokajiana ho fifosana akory izany.

7-Olon'ny fanovaovàna: Ny filazana ny asa ratsin'ireo olona mpanovaova izay mitady ny hampiditra ny olona amin'ny fahaverezana sy ny hamily azy ireo hiala amin'ny làla-mahitsy dia antery ho an'ny mpino silamo rehetra araka ny lalàna. Ary izany asa izany dia tsy azo sokajiana ho fifosana. Tena marina fa ny olon'ny fanovaovàna dia mikendry ny hamotika ny finoana ka ny fandeferana sy ny fahanginana amin'izy ireo dia tena voarara (harâmo) tokoa.

8-Manao asa ratsy ampahibemaso: Ireo mpanao fahotana sy heloka ampahibemaso dia andian'olona hafa koa

izay azo atao ny mifosa azy ireo; satria izy ireo dia tsy mba manafina ireo asa ratsiny ka tsy misy fifosana akory ny amin'izy ireo tsirairay. Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: « **Karazan'olona telo tsy mba misy fifosana akory: Ny Imâmo mpanao tsy rariny, ny mpanao ratsy maneho ampahibemaso ny asa ratsiny, ny mpamoromporona izay mitaona ny olona hanaraka ny finoana noforoniny** ». Hoy koa Izy(saw) : « **Rehefa maneho ampahibemaso ny haratsiany ny mpanao ratsy dia tsy misy hasiny sy fifosana akory ny amin'izany** »

## Fampianarana fahadimy: Ny fihainoana ny fifosana

Ny fifosana olona dia tena asa ratsy, efa niresaka momba izany antsipiriany isika ary any koa misy asa ratsy ka ny haratsiany dia tsy latsaky ny haratsian'ny fifosana dia ny fihainoana ny fifosana sy ny fihainoana ny mpifosa. Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: « **Ny mpihaino ny fifosana dia iray amin'ireo mpifosa** »

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: « **Ny fifosana dia fikomiana amin'Andriamanitra(koufr) ary ny mpihaino sy faly amin' izany dia Mouchirik(mpampikambana an'Andriamanitra amin'ny zavatra hafa)**»

Ny lalàm-pinoana islamika dia mampirisika amin'ny fanoherana ny fifosana sy ny fiarovana ny hasin'ny mpino ao ampivoriana raha misy olona mifosa izay mpino.

Voalazan'ny Mpaminany(saw) fa : « **Izay olona manohitra ny fifosana ny rahalahiny izay henony tao amin'ny fivoriana dia toherin'i Allâh ho azy ny varavaran-karatsiana miisa arivo eto an-tany sy any ankoatra** »

Ny fiarovana ny hasin'ireo mpino sy fanoherana ny fifosana azy dia asa izay tena ampirisihin'ny lalàna islamika. Fa amin'ny fotoana tsy ahafahan'ny olona samirery manatanteraka izany dia antery aminy ny mandao ny fivoriana mba tsy handrenesany izany fifosana izany, amin'izay izy dia tsy ho anisan'ny mpiray hina amin'ny fahotana.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fototra mety hahatonga ny fifosana ataon'ireo mpifosa dia: ny fireharehana, ny fanesoesoana ny hafa, ny fakan-tahaka ny fomba firesaka, ny fanambaniana ny voninahitr'olona, fikirizana miaro ny loza mananontanona an'eritreritra.
- Ny fitadiavam-panitsiana sy fananarana, ny fampitandremana, ny fisakanana ny asa ratsy, sy izay fomba rehetra hiarovana amin'ny fanakorontanana ny fiaraha-monina, dia tsy azo sokajiana ho fifosana, satria ny mahasoa ny fiaraha-monina aloha vao ny mahasoa ny tsirairay.
- Ny fihainoana ny fifosana dia voarara(harâmo) fa anisan'ny asa ratsy ka ny haratsiany dia tsy latsaky ny haratsian'ny fifosana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Hazavao amin'ny teny fohifohy ny antony mahatonga ny fifosana.

2-Nahoana no azo atao ny fifosana amin'ny fotoana hisian'ny tsindrihazolena sy fitadiavana ny rariny sy ny hitsiny,

3-Nahoana no antery ny fanambarana ampahibemaso ny olon'ny mpanovaova sy mpamilivily ny finoana?

***************

# LESONA FAHA-26

## NY HOSO-DRATSY SY AHIAHY RATSY

Ny hoso-dratsy: iray amin'ireo toetra ratsyeo amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina. Efa nianarantsika tamin'ny lesona lasa teo fa ny fifosana dia ny fitantarana ireo kilaman'ireo olon-kafa sy fanehoana izany ampahibemaso amin'ny olona ; fa ny endrikendrika na ny hoso-dratsy dia ny fitantarana ireo kilema izay tsy misy akory fa ampiharina amin'ny olona foana. Fantatsika arakaizany fa ny hoso-dratsy dia fahotana mihoatra ny fifosana, ka izay manao izany amin'ireo rahalahiny mpino dia tena hahazo sazy mafy amin'ny andro fitsanganana. Nilaza ny Kor' âny masina hoe:«وَمَن يَكْسِبْ خَطِيئَةً أَوْ إِثْماً ثُمَّ يَرْمِ بِهِ بَرِيئاً فَقَدِ احْتَمَلَ بُهْتَاناً وَإِثْماً مُّبِيناً **Ary izay manao fahadisoana na koa fahotàna ka manilika izany ho amin'ny tsy manan-tsiny, dia tena nahavita fanendrikendrehana amin'ny tsy rariny sy fahotàna an-karihary**» (Kor'âny 4:112)

Nilaza ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) hoe: « **Izay manoso-dratsy mpino lahy iray na mpino vavy iray na milaza aminy zavatra tsy misy aminy akory dia hatsangan'i Allâh(Avo Indrindra) izy amin'ny andro fitsanganana eo amin'ny havoana Afobe mandra-pivoahan'izay nolazainy taminy** »

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) hoe: « **Raha manendrikendrika ny rahalahiny ny mpino iray dia**

**levona ny fananam-pinoana(imân) ao am-pony toy ny fahalevonan'ny sira ao anaty rano** »

Tena marina ny fananam-pinoana(imân) dia mifanohitra amin'ity toe-pitondran-tenan'nyolona ity, ka izay manam-pinoana(imân) marina dia tsy mba manendrikendrika ny rahalahiny na manoso-dratsy azy velively.

Ny endrinkendrika dia misy ankolafiny telo toy izao:

Voalohany: Fanaovana endrinkendrika tsy misy antoka mahamarina ny toe-javatra.

Faharoa: Fanaovana endrikendrika miaraka amin'ny fahatokisana fa tsy marim-pototra.

Fahatelo: Ny olona manendrikendrika ireo olon-kafa amin'ny alalan'ireo kilemany.

Na manao ahoana anefa ireo ankolafiny rehetra ireona manao ahoana dia samy ao anatin'ny faharatsiana avokoa fa mazava ho azy kosa fa ny mampiavaka azy ireo dia miankina amin'ny fahamafisan'ny haratsiana.

Fa ny endrinkendrika dia midika faniratsirana ny hasin'ny mpino sy fanaovana tsinontsinona ny voninahiny manokana; ny lalàm-pinoana dia niahy mba hananan'ny silamo fihetseham-po hiaro ny maha-izy azy ny olona.

Ny fihetseham-po hiaro ny maha-izy azy ny olona dia manome fotoana hampivoatra ny tsirairay ao amin'ny fiaraha-monina, fa rehefa mielipatranaeo anivon'ny tsirairay ny hoso-

dratsy dia ny fetezana hivoaran'ny fiaraha-monina dia hihena ary hihemotra ara-pitondran-tena ny mpiara-monina.

Ary tamin'ny fotoana izay nanakanan'ny lalàm-pinoana islamika ny fanendrikendrehana sy fanenjehana mafy ny hoso-dratsy, izany dia nandrisika ny silamo mba hiaro ny tenany amin'ny toerana isian'nyahiahy sy endrikendrika. Hoy indrindra ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) : « **Ny olona mendrika indrindra iharan'ny fanendrikendrehana dia izay miara-mipetraka amin'ny mpanendrikendrika** »

Niteny ny lehibentsika Ali(as) hoe: « **Izay mijoro amin'ny toeran'ny endrinkendrika dia aza manome tsiny mihitsy afa-tsy ny tenany ihany** ». Nilaza ny Imâmo Sâdiqas) hoe: « **Hoy ny Raiko hoe: Ô ry zanako, izay minamana amin'ny namana ratsy dia tsy handry fahalemana, izay miditra amin'ny toerana ratsy dia endrinkendrehina, izay tsy mahafehy ny lelany dia hanenina** »

**<u>Ny ahiahy ratsy</u> :**

Anisan'ny toetra ratsy eo amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina ny " ahiahy ratsy", dia ny fijerena amin'ny lafiny ratsy ny olona hafa, ka mieritreritra zavatra tsy misy amin'izy ireo akory. Ny ahiahy ratsy dia toetra ananan-tsiny, miampy ny mahafahotana ny fanaovana azy satria miteraka fahotana hafa indray.

Hoy Allâh Avo Indrindra :

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا اجْتَنِبُوا كَثِيراً مِّنَ الظَّنِّ إِنَّ بَعْضَ الظَّنِّ إِثْمٌ وَلَا تَجَسَّسُوا وَلَا يَغْتَب بَّعْضُكُم بَعْضاً

« **Ô ianareo izay mino ! Alavironareo ny ahiahy tafahoatra, satria ny sasany amin'ny ahiahy dia fahotana. Ary aoka tsy hitsikilo olona ianareo na hifampifosa ianareo samy ianareo**» (Kor'âny 49:12)

Ny andinin-tsoratra masina dia manambara fa ny sasany amin'ireo ahiahy dia tsy marim-pototra. Ity ahiahy ity dia fahotana raha tsy mifanaraka amin'ny marina. Fa ny ahiahy ratsy dia toetra ratsy satria mahatanteraka ny fanaovana ny fifosana; satria ny olona voan'ny fakam-panahy amin'ny ahiahy ratsy dia voatosika ny hanao fitsikilovana mba hanamarinany ny ahiahiny, ary anisan'ny fitaovana entina mitsikilo ny fifosana satria ny fahazoam-baovao izay tadiavina dia amin'ny alalan'ny fangataham-panazavana sy fanontaniana olona etsy sy eroa ka izany no miteraka ny fanehoana ireo kilema sy fitantarana ny mpino izay zavatra halany. Ny haintenin'ny Islâmo eo am-panoherana ny ahiahy ratsy dia milaza hoe(fa) « **fifandraisana miainga dieny mialoha amin'ny fahamarinana.** Izany hoe ny fototry ny fifandraisana ara-piaraha-monina dia miainga amin'ny fananana ahiahy tsara amin'ny hafa. Ary voalaza ao amin'ireo teny masina avy amin'ireo Ahlol-Bayt(as) ny fanamafisana izany hevitra izany fa hoy ny Imâmo Ali(as) : « **Apetraho ny raharahan'ny rahalahinao amin'ny mahatsara azy mandra-pahatongany aminao izay tena maharesy lahatra anao, ary aza miahiahy ratsy ny teny avoakan'ny rahalahinao ianao fa ho hitanao fa hitondra soa ho anao izany** »

## Ireo fiantraikan'ny ahiahy ratsy :

Ireo teny masina avy amin'ireo Ahlol-Bayt(as) dia vokatra azo avy amin'ny ahiahy ratsy:

1-Hoy ny Imâmo Ali(as) : «**Izay tsy mba manana ahiahy tsara dia ilaozan'ny tsirairay** » .Izany hoe ny olona izay manana ahiahy ratsy dia ho tapaka fifandraisana amin'ny olona satria ny olona rehefa miahiahy ratsy ny hafa dia tsy hisy afaka handray azy ho namana sy rahalahy ary ho lasa honjohonjonysamireryizy ka ho voan'ny fakam-panahy sy eritreritra ratsy .

2-Hoy ny Imâmo Ali(as) : « **Ny ahiahy ratsy dia manimba ny fiainana sy mahatonga ny haratsiana** », ny fifampitokisana sy fiahiahiana tsara dia anisan'ny fanoitran'ny fahatafitana amin'ny raharaham-piaraha-monina fa ny tsy fisian'ny fifampitokisana sy ny fielezan'ny ahiahy ratsy eo amin'ny tsirairay dia hampalemy ny fifandraisana ara-piaraha-monina.

3-Manambara koa ny Imâmo Ali(as) fa ny ahiahy ratsy dia hanimba ny fahatoniana sy filaminana eo amin'ny mpisakaiza, hoy Izy(as) : « **Izay resin'ny ahiahy ratsy dia tsy hisy fifanarahana eo aminy sy ny sakaizany** »

4-Ny ahiahy ratsy dia misy voka-dratsiny eo amin'ny fanompoana ataon'ny olombelona, hoy Izy(as) mikasika izany : « **Mitandrema ianao amin'ny fiahiahianao ratsy, fa ny ahiahy ratsy dia manimba ny finoana no mampitombo ny fahotana** », hoy koa Izy(as) : « **Tsy misy fananam-pinoana(imân) miaraka amin'ny ahiahy ratsy** »

Eo anatrehan’ireo teny masina voalaza ireo dia mahita koa isika teny masina hafa izay manamafy ny tokony hananana ny ahiahy tsara sy mampirisika hanao izany, nilazany lehibentsika Ali(as) fa: « **Ny ahiahy tsara dia anisan’ny fofona tena tsara sy fanomezana tena mendrika** », hoy koa Izy(as) : « **Ny ahiahy tsara dia fahafinaretan’ny fo sy fiadanan’ny finoana(dine)** »; izany hoe ny toe-tsain’ny olona manana ahiahy tsara amin’ireo rahalahiny dia tsara ary ho lavitr’ireo aretina ara-panahy izany olona izany; fa niteny koa Izy(as) hoe: « **Ny ahiahy tsara dia manamaivana ny tebiteby sy manavotra ny olona nahavita fahotana** »; hoy hatrany Izy(as) : « **Izay manatsara ny ahiahiny amin’ny olona dia hahazo fitiavana avy amin’izy ireo** », ity teny masina ity dia manambara fa ny ahiahy tsara dia misyfiantraikany tsara amin’ny olona izay ahazoan’ny olona fitiavana sy fahasoavana.

Ny ahiahy tsara dia vokatry ny fananam-pinoana (imân) tsara sy fahasalamam-po, hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) : « **Ny ahiahy tsara dia miainga avy amin’ny fananan’ny olona finoana(imân) tsara sy fahasalaman’ny fony** »

Voalaza ao amin’ny hainteny avy amin’ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) ny teniny milaza fa: « **Hatsarao ny ahiahinareo amin’ireo rahalahinareo mba hahazoanareo tombontsoa amin’ny fahadiovam-po sy fahadiovan-toetra** »

Ny fahasalamam-po sy ny fahadiovany sy ny fahadiovan-toetra, izany rehetra izany dia mifono ny hevitry

ny fahasalaman-tsaina amam-panahy, araka izany dia fantatsika fa ny ahiahy tsara dia mampitombo ny fifandraisana ara-pisakaizana eo amin'ny tsirairay mpiara-monina mifanohitra amin'ny ahiahy ratsy izay miteraka korontana sy fialonana ary lolopo eo amin'ny tsirairay.

Teo aloha teo isika dia nahafantatra fa ny ahiahy tsara no fototra sy fanoitra tsara amin'ny fifandraisana ara-piaraha-monina; na izany aza anefa ny ahiahy tsara dia manana ny fepetra sy fetra izay raha mivoaka amin'izany fetra izany izy dia hanjary toetra tsy mendrika; efa voalaza ao amin'ireo teny masina avy amin'ireo Ahlol-Bayt(as) moa ny famaritana ity fetra ity amin'ny fomba ankapobeny voasakajy ao anatin'izany ny tsindrihazolena sy ny rariny sy ny fahasimbana sy ny fanatsarana izay fanoitra fototra mikasika izany:

1-Niteny ny Imâmo Ali(as) hoe: « **Raha manankery amin'ny vanim-potoana iray sy ny vahoakany ny hatsarana; avy eo dia nisy olona iray niahiahy ratsy olona iray izay tsy hita niseho taminy akory ny heloka dia efa nanao tsindrihazolena;fa raha manankery amin'ny vanim-potoana iray sy amin'ny vahoaka ny haratsiana nefa mbola niahiahy tsara ihany ny olona iray amin'ny olona hafa dia efa voafitaka** »

2-Hoy ny Imâmo Kâzim(as) : « **Raha toa ka ny haratsiana no manjaka noho ny fahamarinana dia tsy azon'iza na iza atao ny miahiahy tsara mandra-pahafantarany izany aminy** »

3-Hoy ny Imâmo Hâdi(as) : « **Raha amin'ny vanim-potoana iray, ny rariny no manjaka noho ny haratsiana dia voarara(harâmo) ny fananana ahiahy ratsy amin'ny olona iray mandra-pahalalana izany aminy; fa amin'ny vanim-potoana, ny haratsiana no manjaka noho ny rariny dia tsy hisy olona iray hanana ahiahy tsara amin'ny olona iray mandra-pahalalana izany aminy**»

Avy amin'ireo vondrona teny masina voalaza teo ireo no nahafantarantsika fa fiparitahan'ny tsindrihazolena sy ny haratsiana dia manafoana ny ahiahy tsara ary ny fanjakan'ny hatsarana sy ny rariny ao amin'ny fiaraha-monina dia mampirisika amin'ny fananana ahiahy tsara ka tsy zon'ny silamo ny miahiahy ratsy ny rahalahiny silamo amin'ny toe-javatra toy izany. Any koa misy fepetra mikasika ny ahiahy tsara izay tsy mitombina raha toa ka fantatra fa ny olona dia mpisoloky sy mpamitaka; hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) : « **Tsy azonao atao ny matoky olona izay namitaka anao ary aza manoso-dratsy izay olona atokisanao** ».

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny hoso-dratsy dia fampiharana ireo kilema amin'ny olona izay tsy mba hitan'ny masony akory, ary ny hoso-dratsydia anisan'ny fahotana lehibe sy fanoherana ny lalàm-pinoana islamika.
- Ny fototry ny fifandraisana ara-piaraha-monina dia ny fananana ahiahy tsara fa ny ahiahy ratsy dia toetra ratsy.
- Ny ahiahy tsara dia mampitombo ny fifankatiavana eo amin'ny tsirairay ao amin'ny fiaraha-monina fa

mifanohitra amin’izany ny ahiahy ratsy izay mamotika ny fifandraisan’ny fiaraha-monina.

- Ny fepetran’ny ahiahy ratsy sy ahiahy tsara dia miankina amin’ny toetoetran’ny fiaraha-monina, fa raha ny rariny sy ny hatsarana no manjaka ao aminy dia tsy azon’ny silamo atao ny miahiahy ratsy ny olona, fa ny mifanohitra amin’izany dia ny mifanohitra amin’ny efa voalaza teo.

**Fanontaniana :**

1-Inona no atao hoe hoso-dratsy araka ny nianaranao tao amin’ireo andinin-tsoratra masina sy ireo lovantsofina?

2-Tanisao ireo karazana hoso-dratsy.

3-Inona no dikan’ny hoe « **fifandraisana miainga dieny mialoha amin’ny fahamarinana** »?

4-Hazavao fohifohy ny voka-dratsin’ny ahiahy ratsy?

5-Moa ve tsy maintsy atao mandrakariva ny hanana ahiahy tsara ny olona?

**************

# LESONA FAHA-27

# NY TATI-DRESAKA SY ESOESO

Ny tati-dresaka dia aretina ara-panahy sy toetra ratsy miteraka faharatsiam-pifandraisana ara-piaraha-monina eo amin'ny mpiara-monina tsirairay; amin'ny ankapobeny ny voka-dratsin'ny tati-dresaka dia ny fananana fijery ratsy sy ny tsy fisian'ny tsy fifampitokisana eo amin'ny mpiara-monina tsirairay; ity toetra ratsy ity koa dia mampahazo vahana ny lolopo sy ny fankahalana eo amin'ny olona.

Arakaizany dia sokajiana ny tati-dresaka ho antony voalohany miterakany fifandirana eo amin'ny mpiara-monina. Ny lalàm-pinoana islamika dia miady mafy amin'ity aretin-doza ara-panahy ity ka hitantsika amin'izany ireo andinin'ny Kor'âny masina sy ireo lovan-tsofina mendrika hohajaina dia feno fanomezan-tsiny ny tati-dresaka ary izany no mahatonga ireo manampahaizana ao amin'ny Islâmo no manasokajy azy ho anisan'ny heloka goavana.

Ny tati-dresaka dia ny firesahan'nyolona iray ny olon-kafa izay tsy eo, ny resaka izay misy fanomezan-tsiny sy fanaratsiana avy eo dia mitsangana ny iray amin'ireo nanatrika izany mba hitati-dresaka koa ka mampita izany resaka izany any amin'ilay olona indray.

Ny mpitati-dresaka dia olona marary izay tsy mba mampita ny resaka tsara velively fa mampitakosa ireo resaka

izay mampahazo vahana ny loloposy fifankahalana ary fampiadiana.

Ny fisian'ny fampiadiana sy ny lolopo ary fifankahalana eo amin'ny mpinamana sy mpirahalahy ara-pinoana dia fampiadiana olona izay lazain'ny Kor'âny masina ho heloka goavana, hoy Allâh Avo Indrindra :

وَالْفِتْنَةُ أَشَدُّ مِنَ الْقَتْلِ.«**Ary ny fampiadiana olona dia ratsy mihoatra ny famonoana olona** » (Kor'âny 2:191)

Hoy Ilay Be Fahasoavana : وَالْفِتْنَةُ أَكْبَرُ مِنَ الْقَتْلِ«**Ary ny fampiadiana olona dia fahotana lehibe mihoatranoho ny famonoana olona** » (Kor'âny 2:217); hoy Ilay Avo Indrindra : وَيْلٌ لِّكُلِّ هُمَزَةٍ لُّمَزَةٍ«**Loza ho an'ireo mpifosa mpaniratsira**» (Kor'âny 104:1)

Ary efa niresaka ny Tompontsika tamin'ilay Irany(saw) nanao hoe:وَلَا تُطِعْ كُلَّ حَلَّافٍ مَّهِينٍ هَمَّازٍ مَّشَّاء بِنَمِيمٍ«**Ary aza mankato ireo fatra-piozona, mendrika ny hotebahina. Tena mpanala baraka, mpitati-dresaka**» (Kor'âny 68:10-11)

Iretsy andininy farany iretsy dia manambara ny maharatsy fitondrantenan'ny mpitati-dresaka ka tsy tokonyhohajaina. Toy izany koa ny voalazan'ny tenin'ny Mpaminany masina arakany teniny(saw) tamin'ny mpanara-dia azy nanao hoe:«**Moa ve hambarako anareo ny ratsy aminareo? Hoy izy ireo : Eny ô ry Irak'Andriamanitra! Hoy Izy: Ireo fatra-pitati-dresaka; ireo mpampisaraka ny mpifankatia, ireo mpanao herisetra amin'ny tsy manantsiny** »

Hoy Izy(saw) :«**Ny tena halan'i Allâh aminareo dia ireo izay fatra-pitati-dresaka, ireo mpampisaraka ny mpifankatia, mpikaroka ny fahadisoana amin'ny tsy manan-tsiny** »

Hoy koa Izy(saw) :«**Tena marina fa ny tati-dresaka ny lolopo dia ao anaty Afobe, tsy miangona ao am-pon'ny silamo izy roa ireo** »; hoy koa Izy(saw) :«**Tsy hiditra ao am-paradisa ny mpitati-dresaka** »

Araka ny voalazan'ny lehibentsika Ali(as) kosa dia :«**Mitandrema ianao amin'ny tati-dresaka fa tena marina izy io dia mampitsiry ny fialonana ary mampanalavitra an'i Allâh sy ny olona** »

## Fiarahana amin'ny mpitati-dresaka :

Mba hanafoanana ny asa ratsin'ny mpifosa amin'ny fampiadiana ny mpirahalahy sy mpisakaiza dia adidintsika ny mijoro hanao izao manaraka izao:

1-Tsy hanamarina ny zavatra lazainy satria ny mpifosa dia mpanakorontana ary hoy Allâh Avo Indrindra :

إِن جَاءكُمْ فَاسِقٌ بِنَبَأٍ فَتَبَيَّنُوا«**Raha misy olona ratsy tonga mitondra vaovao ho anareo, dia aoka ianareo hijery tsara** » (Kor'âny 49 :6)

2-Manakana azy hanao izany asa ananan-tsiny sy ratsy izany satria ny tati-dresaka dia asa ratsy ary efa nandidy antsika Allâh Avo Indrindra mba hanakana izany asa ratsy izany , hoy Ilay Avo Indrindra :

«وَأْمُرْ بِالْمَعْرُوفِ وَانْهَ عَنِ الْمُنكَرِ**Didio mba hatao izay asa soa fa sakano izay asa ratsy»** (Kor'âny 31 :17)

3-Tokony horaisintsika ho fahavalo ny mpitati-dresaka satria fahavalon'i Allâh izy.

4-Ny tati-dresaka dia naman'ny ahiahy ratsy izay nandidian'i Allâh antsika mba hanalavitra izany, hoy i Allâh Avo Indrindra :«اجْتَنِبُوا كَثِيراً مِّنَ الظَّنِّ إِنَّ بَعْضَ الظَّنِّ إِثْمٌ**Alavironareo ny ahiahy tafahoatra, satria ny sasany amin'ny ahiahy dia fahotana** »

5-Tsy omena vahana ny tati-dresaka ho tonga amin'ny fitsikilovana sy **ny** fanaraha-maso ny olona izay miresaka haratsiana aminy fa efa noraran'i Allâh Avo Indrindra izany araka ny teniny hoe:«وَلَا تَجَسَّسُوا**Ary aza mifampitsikilo ianareo**»

6-Tsy tokony haverimberina ny asan'ny mpitati-dresaka ka tsy ampitaina amin'ny olon-kafa ny tati-dresaka no sady tsy mampiseho hafaliana amin'ny tenany ity asa ity.

Voalaza ao amin'ny tantaran'iray amin'ireo manam-pahaizana izay nanao fandehanana lavitra koa rehefa avy niverina tamin'ny diany izy dia tonga taminy ny namany iray mba hitsidika azy; ary ny resaka nataon'ny namany taminy dia ny nampita taminy ny resak'olona iray mikasika azy izany hoe nitati-dresaka taminy izany izy. Fa namaly azy tamin'alahelo ilay manam-pahaizana nanao hoe: Taorian'izay fe-potoana tsy nahateto ahy izay dia namadika ahy in-telo ianao:

Voalohany dia ianao nametraka ahy mba hananana ahiahy ratsy amin'izany olona izany ka ataonao izay hampifankahala anay.

Faharoa dia ianao mampiditra olana amiko amin'ny alalan'ny resakao kanefa aho dia avy nanala olana tamin'ny fialan-tsasatra.

Fahatelo dia ianao nanary ny fahatokisako anao fa ankehitriny ianao eo anatrehako dia raisina ho mpamitaka.

Arakaizany, dia tena antery ny fampandaingana ny mpitati-dresaka sy ny tsy hiraharahiana ny teniny sy ny tati-dresany ; voalaza ao amin'ny hainteny masina hoe : « **Izay mitati-dresaka aminao dia hitatitra ny resakao ihany koa**»

Ity fanapahan-kevitramatotra raisina manoloana ny mpitati-dresaka ity dia miteraka zavatra anankitelo:

1-Hanenina amin'ny asa nataony ny mpitati-dresaka.

2-Tsy hamerina izany asa ratsy izany intsony izy amin'ny manaraka.

3-Hitohy hatrany ny fifankatiavana eo anatrehan'ny firahalahiana ara-pinoana.

Indray andro "Mohammad ibn Fadhîl" izay anisan'ny mpiara-dia amin'ny Imâmo Moussâ Al-Kâzim(as) dia nitaraina tamin'ny Imâmo hoe: Hajaina anie ianao, fa iray amin'ireo rahalahiko no nanambara zavatra halako momba ahy tamin'ny olona fa raha nanontaniako izany izy anefa dia nandà, ireo olona mendrika atokisana anefa no nilaza izany tamiko. Fa

hoy ny Imâmo(as) : «**Ô ry Mohammad, ataovy lainga ny zavatra renao sy hitanao avy amin'ny rahalahinao fa raha nanaporofo teo anatrehanao izy amin'ny fianianana dimampolo ka nilaza izany taminao dia hamarino izy fa ataovy mandainga izy ireo ary aza mandany fotoana hanao zavatra hahamenatra azy na hamotika ny voninahiny fa sao ianao lasa anisan'ireo izay lazain'i Allâh hoe:** إِنَّ الَّذِينَ يُحِبُّونَ أَن تَشِيعَ الْفَاحِشَةُ فِي الَّذِينَ آمَنُوا لَهُمْ عَذَابٌ أَلِيمٌ«**Ireo izay tia ny faharatsiana hiparitaka amin'ireo mpino, dia hahazo sazy mamirifiry**(Kor'âny 24:19)»

Voalaza ao amin'ny tantara fa nisy lehilahy iray tonga tamin'ny Lehiben'ireo mpino Ali (as) nitantara taminy mikasika olona iray izany hoe nitati-dresaka tamin'ny Imâmo izy fa hoy ny Imâmo Ali(as) hoe:«**Eh ianao inty! Manontany izay zavatra lazainao Izahay. Fa raha marina ny voalazanao dia tezeranay ianao fa raha mandainga ianao dia sazianay ianao, koa raha sitrakao ny hamelanay anao dia avelanay ianao. Hoy ilay lehilahy hoe: Mamelà ahy ô ry Lehiben'ireo mpino** »

## Ny fanesoesoana sy famazivaziana :

Ny fanesoesoana sy famazivaziana olona iray mba hihomezana sy hampihomezana ny olon-kafa amin'ny alalan'ny fakana tahaka ny toetra ara-pitondrantena na ara-batana dia asa voarara(harâmo). Ary sokajiana ho fanitsakitsahana ny voninanhitry ny olona sy faniratsirana ny hasiny ary fanalana baraka ny maha olona azy.

Ny olona mpino ny lalàm-pinoana islamika dia finaritra amin'ny fanajana ny haja aman-kasina sy ny

fahalavorariana; noho izany dia tsy misy na iza na iza mendrika ny halaim-baraka sy hambaniana na hovingavingaina ny voninahiny, hoy i Allâh Avo Indrindra : وَلِلَّهِ الْعِزَّةُ وَلِرَسُولِهِ وَلِلْمُؤْمِنِينَ «**Ary an'i Allâh sy ny Irany sy ireo mpino ny voninahitra** » (Kor'âny 63:8); hoy Ilay Be Fahasoavana sy Avo Indrindra :

إِنَّ الَّذِينَ آمَنُوا وَعَمِلُوا الصَّالِحَاتِ أُولَئِكَ هُمْ خَيْرُ الْبَرِيَّةِ «**Ireo nino sy nanao asa soa kosa, ireo no mendrika indrindra amin'ny zavatra nohariana**» (Kor'âny 98:7)

Niteny ny lehibentsika sy Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Tena marina fa i Allâh Dera anie ho Azy nilaza hoe: (Ianiavako amin'ny Voninahitro sy ny Fahamboniako fa tsy nohariako ao amin'ny voahariko ny voahary izay tena tiako mihoatra ny mpanompoko izay mpino)** »

Araka ny voalazan'ny mpanara-dia hajaina i Jâbir ibn Abdallâh Al-Ansârî fa ilay Irak'i Allâh(saw) nitodika nijery ny Ka'abat ary niteny hoe:Arahabaina manokana ianao ry trano masina! Endrey izany voninahitrao fa nataon'i Allâh goavana ny fahamasinanao; nefa hifantako amin'i Allâh fa ny mpino no tena manan-kasina goavana noho ianao satria Allâh dia nandrara zavatra iray monja ho anao fa ho an'ny mpino dia anankitelo:ny harenany sy ny rány ary ny fiahiahiana azy amin'ny ahiahy ratsy.

Nilaza ny Imâmo Bâqir(as) hoe:«**Allâh Avo Indrindra dia nanome ho an'ny mpino zavatra telo: Voninahitra eto an-tany sy finoana(dine) sy ny fanavotana**

**any ankoatra ary ny fahalehibeazana manerana izao tontolo izao** »

Niteny ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Ny mpino no tena manan-kasina noho ny Ka'abat** », hoy koa Izy(as) :«**Nilaza i Allâh Avo Indrindra hoe: Tena manangana ady Amiko izay maniratsira ny mpanompoko mpino ary tena voaaro amin'ny hatezerako izay manaja ny mpanompoko mpino** »

Amin'ny alalan'ny hevitr'ireo andinin-tsoratra masina sy ireo lovantsofina mikasika ny voninahitra aman-kasin'ny olona mpino no ahatsapantsika ny faharatsian'ny fanesoesoana sy famazivaziana azy; ka izany no nahatonga an'i Allâh Avo Indrindra nilaza hoe:

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لَا يَسْخَرْ قَومٌ مِّن قَوْمٍ عَسَى أَن يَكُونُوا خَيْراً مِّنْهُمْ وَلَا نِسَاء مِّن نِّسَاء عَسَى أَن يَكُنَّ خَيْراً مِّنْهُنَّ«**Ô ianareo izay mino ! Aoka tsy hifaneso ny lehilahy samy lehilahy fa tsy fantatra iza no mendrika amin'izy ireo; toy izany koa ny vehivavy samy vehivavy fa tsy fantatra iza amin'izy ireo no mendrika kokoa?**» (<u>Kor'âny 49:11</u>)

Ny fanesoesoana sy ny famazivaziana dia toetran'ny mpihatsaravelatsihy izay efa nampitandreman'i Allâh ao amin'ny Kor'âny masina hoe:

وَإِذَا لَقُواْ الَّذِينَ آمَنُواْ قَالُواْ آمَنَّا وَإِذَا خَلَوْاْ إِلَى شَيَاطِينِهِمْ قَالُواْ إِنَّا مَعَكْمْ إِنَّمَا نَحْنُ مُسْتَهْزِئُونَ

**«Ary rehefa mifanena amin'ireo olona mpino izy ireny, dia milaza fa:"mino izahay"; kanefa raha mihaona an-kolaka amin'ireo Satana izay miaraka amin'izy ireo, dia milaza fa "izahay dia tena miaraka aminareo ; fa tsy**

**misy afa-tsy fanesoesoana azy ireny fotsiny no ataonay"** » (Kor'âny 2:14)

Ary i Allâh Avo Indrindra moa dia efa nampanantena sazy henjana arakaizao voalazany izao :

الَّذِينَ يَلْمِزُونَ الْمُطَّوِّعِينَ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ فِي الصَّدَقَاتِ

وَالَّذِينَ لاَ يَجِدُونَ إِلاَّ جُهْدَهُمْ فَيَسْخَرُونَ مِنْهُمْ

سَخِرَ اللّهُ مِنْهُمْ وَلَهُمْ عَذَابٌ أَلِيمٌ

«**Ireoizay manendrikendrika ireo mpino izay manao asa fiantrana (sadaqa) an-tsitrapo sy amin'ireo izay tsy mahita afa-tsy izay kely ananany( hatolotra), dia esoesoin'izy ireo, izy ireny. Haneso azy ireo anie i Allâh, ary dia hahazo sazy mamirifiry izy ireo** » (Kor'âny 9:79)

**Famintinana :**

- Tena marina fa ny faniratsirana ny kilema sy ny tati-dresaka ary fampiadiana eo amin'ny mpirahalahy mpino dia asa ratsy sy heloka goavana ary fahotana amin'i Allâh Avo indrindra. Efa nosakanan'i Allâh Avo Indrindra ny fanaovana izany; ary ny olona mpino finaritra miaina ao anatin'ny voninahitra sy haja aman-kasina ary ny fahalavorariana.

**Fanontaniana :**

1-Nahoana no noraran'ny Islâmo ny fanaovana tati-dresaka?

2-Inona no fanapahan-kevitra raisina eo anatrehan'ny mpitati-dresaka?

3-Lazao ny tenin'ny Imâmo Kâzim(as) mikasika ny voninahitry ny mpino.

4-Inona avy ireo voka-dratsin'ny fanaovana fanesoesoana sy famazivaziana?

## LESONA FAHA-28

## NY FIALONANA

Ny fialonana dia anisan'ireo toetra ratsy sy fahotana lehibe. Ity toetra mamoafady ity dia manana ny anjara toerany amin'ny faharavan'ny fifandraisana ara-piaraha-monina. Ny olona misy an'ity fialonana ity dia tsy afaka ny hivoatra sy handroso ho any amin'ny làlan'ny fahalavorarian'ny olombelona.

Voalaza ao amin'ny Kor'âny masina ny tantaran'Iblis ilay Satana nialona ny Raintsika Adam(as) fa noroahin'i Allâh tao amin'ny famindram-pony izy, ka nitondra azy any amin'ny lolopo amin'i Adam sy ny vadiny izany fialonana izany; koa nalainy fanahy Izy roa ary nesorin'i Allâh tao amin'ny paradisa izy roa mba hiaina am-piafiana eto an-tany.

Nialona koa i Qâbîl an-drahalahiny Hâbîl ka nalain'ilay Satana fanahy izy mba hamono an-drahalahiny fa dia novonoiny tokoa izy.Ny fialonana dia ao ambadiky ny lolopo sy ny fankahalana mandrakariva eo amin'ny tantaran'ny olombelona.

## Famaritana ny fialonana :

Ny fialonana dia ny fitsiriritana mba hialan'ny fahasoavan'ny hafa, ka izany fahasoavana izany dia mety ho ara-batana na ara-panahy. Amin'ny ankapobeny, raha ny fomba entin'ny mpialona hanatanterahany ny tanjony no jerena dia mizara ankolafiny efatra ny fialonana:

**Voalohany :** Fitsiriritan'ny mpialona mba hialan'ny fahasoavan'ny olona iray fa tsy mba mitsiriritra izany fahasoavana izany ho azon'ny tenany akory.

**Faharoa :** Fitsiriritan'ny mpialona ny hialan'ny fahasoavan'nyolona izay ialonana mba hifindra any aminy izany fahasoavana izany.

**Fahatelo :** Fitsiriritan'ny mpialona mba hanana fahasoavana mitovy amin'ny hananan'ilay olona izay ialonana fa raha tsy tanteraka izany fitsiriritany izany dia mitsiriritra ny hialan'izany amin'ilay olona izy.

**Fahaefatra :** Amin'ity lafiny ity ny olona dia maniry ny mba homen'i Allâh fahasoavana mitovy amin'ny hanasoavan'i Allâh an'ireo olon-kafa ankoatra azy.

Ity lafiny fahaefatra ity dia tsy azo lazaina ho fialonana ary tsy voasokajy ho asa ratsy fa ity toetra ity no antsoina hoe **“faniriana”**.

Ny faniriana izany dia mifanohitra tanteraka amin'ny fialonana, ary sokajiana ho toetra deraina fa manosika ny olona mba ho any amin'ny fahalavorariana sy handroso ho any amin'ny làlan'ny fahasoavana.

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) hoe:«**Ny mpino dia manam-paniriana fa tsy mba mialona ary ny mpihatsaravelatsihy kosa dia mialona fa tsy mba manam-paniriana**»

## Ny fialonana araka ny voalaza ao amin'ny Kor'âny masina :

Apetraky ny Kor'âny masina ireo haratsian'ny mpialona eo anilan'ny fakam-panahin'ny Satana mpanakorontona, niteny Ilay Be Fahasoavana sy Avo Indrindra miresaka amin'ilay Irany masina(saw) nanao hoe: مِن شَرِّ مَا خَلَقَ وَمِن شَرِّ غَاسِقٍ إِذَا وَقَبَ وَمِن شَرِّ النَّفَّاثَاتِ فِي الْعُقَدِ وَمِن شَرِّ حَاسِدٍ إِذَا حَسَدَ قُلْ أَعُوذُ بِرَبِّ الْفَلَقِ«**Lazao hoe**: " **Mitady fiarovana aho avy amin'ilay Andriamanitra Tompon'ny maraina vao misandratra.Nohon'ny haratsiana ataon'ny zavatra nohariny. Sy nohon' nyfikitroky ny haizina rehefa mihaalina ny andro. Sy nohon'ny haratsian'ireo mpamosavy mpamandrika. Ary nohon'ny haratsian'ireo mpialona rehefa mialona** » (Kor'âny 113:1-5)

Toy izany koa, ny hanakanan'i Allâh Be Fahasoavana sy Avo Indrindra ny faniriana ny fahasoavan'ny olon-kafa, hoy Izy (Voninahitra anie ho azy) :

وَلاَ تَتَمَنَّوْاْ مَا فَضَّلَ اللّهُ بِهِ بَعْضَكُمْ عَلَى بَعْضٍ لِّلرِّجَالِ نَصِيبٌ مِّمَّا اكْتَسَبُواْ وَلِلنِّسَاء نَصِيبٌ مِّمَّا اكْتَسَبْنَ وَاسْأَلُواْ اللّهَ مِن فَضْلِهِ إِنَّ اللّهَ كَانَ بِكُلِّ شَيْءٍ عَلِيماً

«**Ary aoka ny andaniny aminareo tsy hitsiriritra izay fahasoavana nomen'i Allâh ny ankilany ; ireo lehilahy hahazo ny anjarany araka izay fitadiavana nataony,ary ireo vavy koa hahazo ny anjarany araka izay fitadiavana**

**vitany. Ary aoka ianareo hangataka amin'i Allâhny fahasoavany. Hamafisina fa i Allâh dia mahafantatra ny zava-drehetra** » (Kor'âny 4:32)

Ary niresaka tamin'ny Mpaminany(saw) i Allâh Avo Indrindra hoe:

**وَلَا تَمُدَّنَّ عَيْنَيْكَ إِلَى مَا مَتَّعْنَا بِهِ أَزْوَاجاً مِّنْهُمْ«Ary aza atopinao any amin'izay fahafinaretana mandalo nomenay hifalian'ny sasany amin'izy ireo vetivety ny masonao** » (Kor'âny 20:131 Kor'âny 15:88)

Hitantsika ao amin'ny andinin-tsoratra masina hafa koa ny ezaka ataon'ireo "Ahlol-kitâb"(kristianina) mampanalavitra ireo silamo hiala amin'ny finoan'izy ireo. Nohon'ny fialonana amin'ny fananan'ireo silamo finoana(imân) sy ny fiainana ary ny fahalalam-pomban'izy ireo mahafinaritra no nahatonga an'i Allâh Avo Indrindra nilaza hoe:

وَدَّ كَثِيرٌ مِّنْ أَهْلِ الْكِتَابِ لَوْ يَرُدُّونَكُم مِّن بَعْدِ إِيمَانِكُمْ كُفَّاراً حَسَداً مِّنْ عِندِ أَنفُسِهِم مِّن بَعْدِ مَا تَبَيَّنَ لَهُمُ الْحَقُّ«**Maro amin'ireo "Ahlol-kitâb" no maniry hanana fahefana mbahampiverin-dàlana anareo amin'ny tsy finoana taorian'ny nanananareo finoana, fialonana avy amin'izy ireo izany taorian'ny nampiharihary tamin'izy ireoilay fahamarinana**» (Kor'âny 2:109)

## Ny fialonana sy ny mpialona ao amin'ireo lovantsofina islamika :

Araka ny voalazan'ny Mpaminany (saw) hoe:«**Niteny Allâh Avo Indrindra tamin'i Moussâ ibn 'Imrân hoe: Ô ry**

**Ibn ‘Imrân, aza mialona olona amin’ny fahasoavako omeko azy ireo, sy aza atopy mankany ny masonao ary aza mirona amin’izany ny tenanaofa ny tena marina izay mpialona tezitra amin’ny fahasoavako dia manohitra ny fahasoavako izay tsinjaraiko amin’ireo mpanompoko** »

Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) tamin’ireo mpanara-dia Azy hoe:«**Aoka ianareo mba tsy ho fahavalon’ny fahasoavan’i Allâh** », nisy nanontany hoe: Ô ry Irak’Andriamanitra, fa iza no fahavalon’ny fahasoavan’i Allâh?! Hoy Izy(saw) :«**Ireo izay mialona** »

Hoy ny voalazan’ny lehibentsika Ali(as) :«**Ny fialonana dia aretina tsy voatsabo** ». Izany hoe ny fialonana dia aretina tsy misy fanafodiny. Hoy koa Izy(as) :«**Ny fialonana dia managadra ny fanahy** », fa ny fanahin’nyolombelona dia tsy mahafantatra fahafahana rehefa tratr’ityaretim-pialonana ity. Ary hoy Izy(as) :«**Lohan’ny haratsiana ny fialonana** » sy ny hoe:«**Ny fialonana dia ratsy amin’ireo aretina**»

Ny Imâmo Ali(as) dia manana vondrona fehezanteny fohy mifono fahendrena lalina toy izao manaraka izao:

- «**Ny fialonana, biby fitaingina mitondra any amin’ny harerahana** »
- «**Ny vokatry ny fialonana dia fahasahiranana eto an-tany sy any ankoatra**»
- «**Izay miala amin’ny fialonana dia mahazo fitiavana eo anatrehan’ny olona** »
- «**Ny mpialona dia hanenina lava, hitombo avo heny ny haratsiany** »

- **«Ny mpialona dia tsy hoandrianina»**
- **«Ny mpialona dia tsy ho sitrana raha tsy efamiala ny fahasoavana»**
- **«Ny mpialona dia faly amin'ny haratsiana ary malahelo amin'ny hafaliana »**
- **«Ny mpialona dia mahita fa ny fialan'ny fahasoavana amin'ny olona ialonany no fahasoavana ho azy »**
- **«Ny mpialona dia mampiseho fitiavana amin'ireo fiteniny sy manafina ny fankahalany amin'ireo fihetsiny ary izy dia mitondra anarana hoe sakaiza nefa manana toetran'ny fahavalo »**
- **«Izany ny haratsian'ny namana mpialona! »**
- **«Aza mifampialona ianareo fa ny tena marina ny fialonana dia mandoro ny fananam-pinoana (imân) tahaka ny afo mandoro ny kitay »**
- **«Ny fialonana dia mampitsonika ny fananam-pinoana(imân) ao am-po tahaka ny rano mampitsonika ny ranomandry »**

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) kosa dia izao:

- **«Ny mahihitra dia tsy hahita fahafaham-po ary ny mpialona dia tsy hahita fahafinaretana »**
- **«Ny mpialona dia manimba ny tenany mialoha ny hanimbany ny olona ialonany tahaka an'ny Satana Iblis nahatonga ny tenany niharan'ny ozona vokatry ny fialonany fa ho an'i Adam(as) kosa dia lasa olom-boafidin'Andriamanitra»**
- **«Ireo fototry ny (koufr) tsy finoana an'Andriamanitra dia anankitelo: Ny fitsiriritana**

**diso tafahoatra, ny fanamboniantena, ny fialonana** »

- «**Ny fialonana dia mifototra amin'ny fahajamban'ny fo, sy ny fandavana ny fahasoavan'i Allâh Avo Indrindra, ary izy anankiroa ireo dia samy elatra ny tsy finoana an'Andriamanitra, ary tamin'ny alalan'ny fialonana no nahalatsaka ny taranak'i Adama tao anatin'ny fanenenana mandrakizay sy nahapotika azy tamin'ny fahapotehana tsy hisy fanavotana ho azy mandrakizay**»
- «**Kilema manimba ny finoana(dîne) ny fialonana sy ny fiavonavonana ary ny fireharehana** »

Voalazan'ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) fa :«**Moa ve tsy efa nikoriana tao aminareo ny aretin'ireo vahoaka talohanareo dia ny fialonana, marina fa tsy mampihintsana ny volo izy io fa mampihintsana ny finoana kosa**»

Araka ny voalazan'ny lehibentsika Ali(as) ireo teny masina (ahadith) manambara ny haratsiana ateraky ny fialonana amin'ny vatan'ny olombelona manao hoe:

- «**Ny mpialona dia marary mandrakizay** »
- « **Ny fialonana dia mampitsonika ny vatana** »
- « **Mahagaga ny tsy firaharahian'ireo mpialona momba ny fahasalaman'ny vatana** »
- «**Ny Fasalaman'ny vatana dia avy amin'ny hakelin'ny fialonana** »

## Ny mahatonga ny fialonana:

Efa haintsika ny atao hoe fialonana sy ireo voka-dratsiny eo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona sy ny fiaraha-monina, mba hahafahantsika mitsabo an'ity aretin-doza ity dia ilaina isika mba mahalala ireo antony mahatonga azy satria ny fahafantarana ny fototr'aretina no manamora ny fahalalana ny fanafody; ary efa nofaritan'ny manampahaizana ara-pitondrantena ny antony fito mahatonga ny fialonana dia ireto avy:

1-Ny fahalotoana ara-pitondran-tena: Betsaka amin'ny isam-batan'olona no mararin'ny lolom-po(lolopo) ny tenan'izy ireo vokatry ny fialonan'izy ireo ny hafa, fa izy ireo dia faly amin'ny fahorian'ny olona ary ory amin'ny fifalian'izy ireo, mody tsy mijery ny fisian'ny fifandraisana amin'izy ireo na ara-pirahalahiana izany na ara-pankahalana, izy ireo dia mitia ny tsy hisian'ny fifanarahana amin'ny be sy ny maro.

2-Fankahalana : Ny lolopo sy ny fankahalana misy eo amin'ny mpialona sy ny ialonana no iray amin'ireo antony mahatonga ny fialonana. Arakaizany; ny mpialona raha mahita ny fahavalony tafalatsaka ao anatin'ny fikorontanana sy olana dia faly èry izy ary maniry ny mba hitomboan'izany fahavoazana izany; fa raha mifanohitra amin'izany ny zava-miseho na raha hitany ny fahavalony fa nahazo voka-tsoa sy fahatafitana dia manjombona sy malahelo izy no sady manenina mafy ny tenany.

3-Fitiavam-boninahitra aman-karena: Maro amin'ireo mpialona no mangetaheta voninahitra aman-karena izay tian'izy ireo ho izy ireo ihany no manana izany; koa raha

mahita olon-kafa mifaninana aminy amin'izany izy ireo dia mialona azy; ohatra ny mpanakanto mahay na mpivarotra nambinina sy tena manan-karena eo amin'ny fiaraha-monina, fa rehefa mahita olona iray na maromaro mandroso amin'ny asan'izy ireo izy na misongadina mamiratra ao amin'ny fiaraha-monina dia izany no mamoha ao amin'ny tenany ny fialonana azy ireo ary maniry ho azy ireo ny fahalemena sy ny tsy fahombiazana.

4-Fifaninana : Izany dia iarahantsika mahita ao amin'ireo fifaninana toy ny fifaninana hahazo ny laharana voalohany ka rehefa nahazo izany laharana voalohany izany ny iray amin'izy ireo dia miteraka fialonana ao am-pon'ireo mpifaninana aminy izany.

5-Fanambonian-tena: Ny fanambonian-tena sy fitiavan-tenadia antony mahatonga ny fialonana, ka ny olona izay voan'ity aretina ara-panahy ity dia tsy mahatanty mahita ny hafa tafita sy mandroso kokoa noho izy. Fa ny mpanambony tena dia mitia ny fahitana ny hafa ho eo ambaniny foana mba hahafahanymiavonavona aminy ka miandry ny hafa hiondrika aminy sy ho latsa-boninahitra eo anatrehany; fa raha hitany fa nambininy ilay olona sy tafita dia hialonany ary tsiriritiny mba ho fatiantoka sy halemy ary tsy hanana fahombiazana.

6-Fitiavan-tena:Ny fitiavan-tena dia tsy mitovy amin'ny fanambonian-tena satria ny olona manana an'ity toetra ity dia matahotra ny ho afa-baraka,ka izy dia mihevitra fa ny fandrosoan'ny hafa dia miteraka ny fahambaniany.

Fa ny mpanambony tena kosa dia mitady hatrany ny fahamboniana ary tsy mankasitraka izany ho an'ny hafa

ankoatrany; amin'izay fotoana izay ireto olona ireto dia tsy mitady fahamboniana sy tsy hankasitraka izany ho an'ny hafa ankoatrany ihany koa, fa dia hifampialona izy ireo sy hitsiriritra ny tsy fahombiazana ho azy ireo.

7-Fahatalanjonana: Anisan'ny antony mahatonga ny fialonana ihany koa eo amin'ny mpialona sasany, rehefa mahita izy ireo olona nahazo anjaramasoandro sy fahasoavana ary voninahitra dia mialona satria izy ireo dia talanjona amin'izany sy mandray ho tsinontsinona ny fomba nahazoany an'izany ary tian'izy ireo ny hialan'ny fahasoavany.

**<u>Famintinana</u> :**

- Ny fialonana dia toetra tsy mendrika, izy io dia ny fitsiriritan'ny olona hialan'ny fahasoavana amin'ny hafa.
- Angamba ny mpialona dia miezaka manao asa mba hialan'ny fahasoavan'ilay ialonana; fa ity ambaratongan'ny fialonana ity dia misy voka-dratsiny amin'ny tenan'ny mpialona sy miteraka faharatsiana ihany koa amin'ny ialonana.

**<u>Fanontaniana</u> :**

1-Farito ny atao hoe fialonana.

2-Tanisao ny karazan'ny fialonana.

3-Inona no dikan'ny faniriana?

4-Nahoana ny fialonana no sokajiana ho asan'ny fihatsarambelatsihy?

5-Inona no fiantraikan’ny fialonana eo amin’ny fananampinoana(imân)?

6-Fintino ny antony mahatonga ny fialonana.

## LESONA FAHA-29

## NY LAINGA

Ny lainga dia anisan’ny tena ratsy sy fahotana lehibe ary izy io dia anisan’ireo toe-pitondrantena tena miteraka betsaka ny fahapotehana sy faharavan’ny fifandraisana ara-piarahamonina. Mazava ho azy fa ny fifandraisan’ny olombelona dia mijoro amin’ny alalan’ny fahamarinana fa amin’ny fotoana tsy hisian’ny fahamarinana dia mihavery ny hasin’ny tsirairay ao amin’ny fiaraha-monina.Fa raha miparitaka ity toetra arapitondran-tena mpanimba ity dia rovitra ny lambampifandraisana ara-piaraha-monina ary manjary toy ny Afobe tsy ho tanty hiainana ny fiaraha-monina.

Ny endriky ny lainga amin’ny lafiny maro dia notsindrian’ny Kor’âny masina sy nosakanany mafy ary betsaka ireo lovantsofina manome tsiny ny fanaovana izany sy mampitandrina amin’ireo sazy vokatry ny sazy sy ny fiantraikany izay manapotika ny fiainan’ny olombelona.

Fa ny lainga moa dia tsy mampaninona ny mpanao azy loatra amin’ny endrika ety ivelany fa kosa manakorontana ny sain’ny olona betsaka ary mampalahelo anefa fa na dia eo aza ny

voka-dratsin'ity toetra ara-pitondran-tena mirefarefa ambany ity dia hitantsika ny olona sasany mampiasa ny lainga mba entiny hanatanterahany ny faniriany.

Anisan'ny fahadisoana ny handanjan'ny olona izay asa ataony na izany fahotana na tsy fahotana amin'ny alalan'ny mizanan'ny ezaka vitany amin'ny lafiny iray sy amin'ny alalan'izay tombon-tsoasy fahafinaretana azony amin'ny lafiny iray hafa. Fa izany no mahatonga ny olona sasany hihevitra fa ny fanaovana ny lainga dia tsy mampaninona azy akory fa vao maika aza ahazoany tombontsoa.

Noho izany, ny lainga dia olana ara-pitondran-tena izay anisan'ireo aretin'ny fiaraha-monina mitera-doza betsaka eo amin'ny fiainan'ny tsirairay sy ny mpiara-monina.

## Famaritana ny atao hoe lainga :

Ny lainga dia fanehoan-javatra tsy amim-pahamarinana izay manana ny fepetrany anankiroa: Voalohany amin'izany dia ny fanehoan-dresaka amin'ny lela na amin'ny fihetsiky ny rantsam-batana izay mifanohitra amin'ny marina; ny faharoa dia ny fananan'ilay mpiresaka fahalalana momba izany. Fa raha niresaka zavatra mifanohitra amin'ny marina ny olona iray nefa izy tsy mahay ny fahadisoan'izany no mihevitra fa marina ny zavatra resahiny dia tsy azo lazaina ho mpandainga izy.

Ny tena zava-dehibe amin'ny lainga dia izy mety miseho amin'ny alalan'ny fitenenana sy mety mitranga ihany koa amin'ny alalan'ny fihetsika. Sahala amin'ny olona iray izay mampiseho fihetsika namboarina manokana mba hanehoana

amin'ny olona fa izy dia olona kilemaina nefa tsy mba toy izany akory izy; ary izany dia anisan'ny lainga satria ny lainga dia ny fanehoan-javatra mifanohitra amin'ny marina sy ny zava-misy.

## Ny lainga araka ny voalazan'ny Kor'âny masina:

Miovaova matetika ireo endrika hanehoan'ireo andinin'ny Kor'âny masina ny lainga sy mpandainga araka izao manaraka izao ny sasany amin'izany, hoy Allâh Avo Indrindra :

1- فَاجْتَنِبُوا الرِّجْسَ مِنَ الْأَوْثَانِ وَاجْتَنِبُوا قَوْلَ الزُّورِ«**Alaviro ny loton'ireo sampy ary alaviro ny teny feno lainga**» (Kor'âny 22:30)
2- «إِنَّمَا يَفْتَرِي الْكَذِبَ الَّذِينَ لاَ يُؤْمِنُونَ بِآيَاتِ اللّهِ وَأُوْلـئِكَ هُمُ الْكَاذِبُونَ **Ireo izay tsy mino ny tenin'i Allâh irery ihany no mamoron-dainga ; ary izy ireny no mpandainga**» (Kor'âny 16:105)
3- إِنَّ اللَّهَ لَا يَهْدِي مَنْ هُوَ كَاذِبٌ كَفَّارٌ«**Tsy mitari-dalana izay mpandainga syizay tsy mahay mankasitraka Andriamanitra**» (Kor'âny 39:3)
4- إِنَّ اللَّهَ لَا يَهْدِي مَنْ هُوَ مُسْرِفٌ كَذَّابٌ« **i Allâh dia tsy mitari-dàlana izay mihoa-pefy sy mpandainga** »(Kor'âny 40:28)
5- فَنَجْعَل لَّعْنَةَ اللّهِ عَلَى الْكَاذِبِينَ«**Halefan-tsika ho amin'ireo izay mpandainga ny hozon' i Allâh**» (Kor'âny 3:61)
6- أَنَّ لَعْنَتَ اللَّهِ عَلَيْهِ إِن كَانَ مِنَ الْكَاذِبِينَ«**Hianjera aminy ny ozon'i Allâh, raha anisan'ireo mpandainga izy**» (Kor'âny 24:7)

Avy amin'ireto andian-tsoratra masina ireto no ahafantarantsika fa i Allâh(Dera anie ho Azy) dia nametraka ny lainga hitovy lahatra amin'ny fanompoan-tsampy, ary ny lainga dia manambara ny tsy fananam-pinoana(imân) ao am-pon'ny olombelona; ka ny fironanana mankany amin'ny taridàlana dia mihamalefaka ao anatin'ny fanaovana lainga ary miantefa ho amin'ireo mpandainga ny ozon'i Allâh. Fantantsika noho izany àry ny laza ratsin'ny lainga sy ny fanalaviran'ny mpandainga ny làlana mankany amin'ny fahalavorariana.

## Ny lainga araka ny voalazan'ireo teny masina(ahadith) islamika :

Betsaka ireo teny masina sy ireo lovan-tsofina islamika manambara ny mahazava-doza ny lainga sy ny voka-dratsiny izay manimba ny fiainan'ny olombelona, koa ireto manaraka ireto ny andian-teny masina milaza izany:

1-Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Mitandrema ianareo amin'ny lainga fa ny lainga dia manakana ny hananana finoana(imân)** »

2-Niteny ny Imâmo Ali(as) :«**Halavironareo ny lainga fa izy dia manakana amin'ny hananana finoana(imân), ary ny mpilaza ny marina dia eo am-baravaran'ny fanavotana sy voninahitra fa ny mpandainga kosa dia eo am-bavan'ny hantsana sy fahapotehana** »

3-Niteny ny Imâmo Bâqir(as) fa:« **ny lainga dia mandrava ny fananam-pinoana(imân)** »

Fa ny lainga dia tsy mifanaraka tanteraka amin'ny fananampinoana (imân), izany no mahatonga ny mpino tsy mba manana fahazarana mandainga; fa raha ny mpino no sendra nandainga na dia indray mandeha fotsiny aza dia tena mahatsiaro fanenenana mafy, ka izay olona minia mandainga dia tsy mba azo lazaina ho mpino velively.

Iray amin'ireo mpanara-dia an'ny Imâmo Sâdiq(as) dia i Hassan ibn Mahboub no niteny : «**Hoy aho tamin'i Abou Abdallâh(as) : Mety ho mahihitra ve ny mpino? Hoy Izy: Eny…Hoy aho: Mety ho mpandainga ve izy? Hoy Izy:Tsia sady tsy mpamitaka ihany koa. Avy eo Izy niteny : Ny mpino dia manaraka ny toetran'ny natiora rehetra ihany afa-tsy ny famitahana sy ny fandaingana** »

Ireo teny masina sy ireo lovan-tsofina islamika dia manamafy fa ny lainga dia fiandohan'nyfivarinana an-kady sy fivilian-dàlana. Indreto ny teny masina anankiroa manambara izany hevitra izany:

1-Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) fa**:**« **ny lainga dia mitarika any amin'ny fahavetavetana ary ny fahavetavetana dia mitondra mankany amin'ny Afobe** »

2-Niteny ny Imâmo Hassan Askari(as) fa:«**Ny haratsiana rehetra raha nangonina ao an-trano iray dia natao ho fanalahidiny ny lainga** »

Misy koa andian-teny masina sasany izay misokajy ny lainga ho haratsian-toe-pitondrantena tena ratsy:

1-Hoy ny Imâmo Ali(as) :«**Mitandrema ianareo amin'ny lainga fa izy io dia anisan'ny fahambanian-tena , izy io**

**ihany koa dia karazan'ireo heloka sy fahambanian-toetra** »

Hoy Ali(as) : «**Haratsiam-pitondrantena ny lainga sy ny fitsarambelatsihy** »

Hoy Ali(as) :«**Tsy misy toe-panahy ratsy mihoatra ny lainga** »

Hoy Ali(as) :«**Ny fahamarinana dia fahatokisana fa ny lainga dia fitaka** »

Hoy Ali(as) :«**Haratsian'ny teny ny lainga** »

Hoy Ali(as) :«**Mariky ny fananam-pinoana(imân) ny fanarahana ny fahamarinana izay mitera-boka-dratsiny aminao toy izay ny fanarahana ny lainga izay mitera-boka-tsoany aminao**»

Hoy ny Mpaminany Mohammad(saw) : "Fitaka lehibe ny firesahanao amin'ny rahalahinao izay mino resakao nefa ianao mandainga aminy"

Niteny Izy(as) : «**Fahotan'ny lela tena goavana ny lainga** »

Araka ny voalazan'ny Imâmo Sâdiq(as) dia hoy Izy **: « Ny manan-tsaina dia tsy mba mandainga na dia misy filàn'ny sitrapo aza ao aminy** »

Amin'ny alalan'ireo teny masina ireo no ahafantarantsika fa ny lainga dia fitaka izay mifanohitra amin'ny fananam-pinoana (imân) aman-tsaina.

## Ny fahamarinana araka ny voalazan’ny Kor’âny masina sy ny teny masina:

Efa fantantsika izay ny hevitry ny lalàm-pinoana islamika momba ny lainga, efa haintsika koa ireo voka-dratsiny eo amin’ny fiainan’ny fiaraha-monina, fa ankehitriny kosa isika dia hitodika any amin’ny mifanohitra amin’ny lainga dia ny fahamarinana izany, fa ahoana ny anjara toeran’ity toetra mendrika ity ao amin’ny lalànan’Andriamanitra?

Allâh Avo Indrindra dia miantso ireo mpanompony mba ho anisan’ireo mpanao ny marina araka izao teniny izao: يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُواْ اتَّقُواْ اللّهَ وَكُونُواْ مَعَ الصَّادِقِينَ

**«Ô ianareo mpino! Matahora an’Andriamanitra ianareo ary miaraha amin’ireo olo-marina»** (Kor’âny 9:119). Ao amin’ny andininy hafa Allâh Mendri-piderana sy Avo Indrindra dia manambara ireo mpanompony mpanao ny fahamarinana:

هَذَا يَوْمُ يَنفَعُ الصَّادِقِينَ صِدْقُهُمْ لَهُمْ جَنَّاتٌ تَجْرِي مِن تَحْتِهَا الأَنْهَارُ خَالِدِينَ فِيهَا أَبَداً

رَّضِيَ اللّهُ عَنْهُمْ وَرَضُواْ عَنْهُ ذَلِكَ الْفَوْزُ الْعَظِيمُ

**«Niteny Allâh : Indro ilay andro izay hahazoan’ireo olo-marina tombon-tsoaamin’ny fahamarinan’izy ireo ; hanana ireo zaridaina (Paradisa) izay ikorianan’ny rano eo ambaniny izy ireo , hitoetra ao mandrakizay. Nankasitrahan’i Allâh izy ireo, ary izy ireo nankasitraka an’i azy. Izany no tena fahombiazana lehibe»** (Kor’âny 5:119)

Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) fa**:** « **Ny tena akaiky Ahy aminareo rahapitso amin'ny fitoerana dia izay marin-teny aminareo** »

Nilaza ny Imâmo Ali(as) : « **Ny fahamarinana dia voninahitra** », hoy Izy: «**Ny fanaovana ny marina dia rahalahin'ny fanaovana ny rariny** »

Nilaza ny Imâmo Sâdiq(as) nanao :« **i Allâh Avo Indrindra dia tsy mba nandefa mpaminany raha tsy ho marin-teny sy hanatanteraka ny fampahatokisana** »

## Ny lainga azo atao:

Na dia eo aza ny faharatsian'ny lainga sy fandraisana azy ho toetra voatsiny dia mamela ny fanaovana azy ihany ny lalàna amin'ny lafiny hafa, raha toa ka misy tombon-tsoa sy fahaterena mafy, fa inona avy àry ireo antony ahafahana manatanteraka ny lainga? Misy antony telo dia ireto avy izany:

1-Fahaterena : Rehefa tojo izany ny fiainan'ny olona iray dia hoy ny voalazan'ny Kor'âny masina araka ny tenin'Ilay Avo Indrindra : إِلاَّ مَنْ أُكْرِهَ وَقَلْبُهُ مُطْمَئِنٌّ بِالإِيمَانِ «**Afa-tsy izay voatery kanefa ny fony dia feno fahatoniana amin'ny fananampinoana**» (Kor'âny 16:106), ity andinin-tsoratra masina ity dia nidina tamin'ny fotoana nampijaliana an'i Ammar ibn Yâssir izay noterena mba hamoaka teny fanoherana an'Andriamanitra avy amin'ny vavany, ka izany fanerena izany no hahafahana manao zavatra voarara (harâmo), hoy indrindra ny Imâmo Sâdiq(as) momba izany :«**Tsy misy zavatra voararan'i Allâh ka tsy nomeny fahazoan-dàlana ny fanaovana izany ho an'izay voatery amin'izany** », izany no nahatonga ireo

mpahay lalàna niteny fa: **Ny fahaterena dia mahatonga ny zavatra voarara ho azo atao**; fa rehefa iharan'ny fahaterena ny olona iray ka tsy zakany ny miaritra izany amin'ny tenany na amin'ny harenany na amin'ny fandrenesany dia azony atao ny manohitra izany haratsiana izany amin'ny alalan'ny lainga.

2-Fampihavanana: Ny fampihavanana ny olona sy fanalana ny olona ao anatin'ny fifankahalana , fa raha ny lainga no ahafahana manatanteraka izany dia azo atao izany, indrindra fa raha ny fanaovana ny marina no vao mainka mampitombo ny fifankahalana dia lasa voarara ny fanaovana izany. Ny fampihavanana dia mamaha ny fandrarana ny lainga ho azo atao (halâl) sy ny fitenenana ny marina ho voarara(harâmo); niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) tamin'ny Imâmo Ali(as) :«**Ô ry Ali, i Allâh dia mitia ny lainga ao amin'ny fampihavanana sy mankahala ny marina ao amin'ny fanakorontanana** »

3-Famitahana arak'ady: Ny fiezahana mamitaka ny fahavalo ao anatin'ny fifandonana sy ady ary fanafihana ara-miaramila dia zavatra nahazoana-dàlana avy amin'ny lalàna islamika, ary anisan'ny azo atao ny manao fanoherana sy manome hevitra azy tsy amim-pahamarinana sy tsy manaraka ny tetik'ady, fa hoy ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) tamin'ny Imâmo Ali(as) mikasika izany :«**Ny famandrihana dia atao ao anatin'ny ady** »

## Ny lainga ao amin'ny sangisangy:

Mahazatra ny mampifangaro ny sangisangy ratsy amin'ny lainga koa rehefa misangisangy amin'ny sakaizany ny olona ohatra ka hiantohany fa sangisangy ny lainga nataony dia

miteny ampialan-tsiny izy : sangisangiko izany! Ny fahatsapanao ny mahasangisangy na tena izy an'izany zavatra izany dia tsy mampiova ny mahalainga azy ary ny sangisangy miendrika lainga dia tsy eken'ny lalàna, niteny ny Mpaminanintsika Mohammad (saw) : « **Ny lainga dia tsy mahasoa na ampahamatorana na ampivazivaziana**»; hoy koa Izy(saw) :«**Lozan'izay miteny ka mandainga mba hampihomezana ny olona; loza ho azy tena loza ho azy** »

Niteny ny Imâmo Bâqir(as) hoe: Reko ny Raiko nilaza hoe: «**Matahora ianareo amin'ny lainga kely na lehibe ao anatin'ny fahamatorana na vazivazy rehetra** »

## Ny hevitra miafina:

Ny hevitra miafina dia teny manana ny heviny anankiroa; ny hevitra araka ny fikasan'ny mpiteny ho tenenina sy ny hevitra hafa araka ny fahazoan'ny mpihaino azy,ka ny teny manana ny heviny miafina toy izany dia tsy azo lazaina holainga raha tena marina, fa kosa ny fahazoan'ny mpihaino azy mametraka azy ho manakaiky ny lainga. Ny olona dia mirona amin'ny fampiasana an'ity teny mañana hevitra miafina ity rehefa tsy te hilaza ny marina izy no sady tsy te handainga ihany koa. Raisintsika ho ohatra amin'izany, ny olona iray nitady olona iray hafa, avy eo dia nisy olona fahatelo koa nanontany azy fa inty fahatelo farany tsy te hilaza ny marina no sady tsy te handainga ihany koa ka niteny taminy :Tao amin'ny Moske no nahitako azy! Ny fahazoan'ny mpihaino izany dia toy ny hoe vao afaka fotoana vitsy teo no nahitany azy nefa ilay mpiteny manambara izany ao am-pony fa efa afa-kerinandro no nahitany azy.

Nohon'ny fahazoan'ilay mpihaino tsy araka izany tian'ny mpiteny hambara izany no nahatonga azy nankany amin'ny Moske mba hijery azy.

**<u>Famintinana</u>:**

- Ny lainga dia anisan'ny fahotana lehibe ary maro ny fomba mora hanaparitahana azy eo anatrehan'ny ankamaroan'ny olona. Ny lainga dia mitazona anjara toerana eo amin'ny fahapotehan'ny fifandraisana ara-piaraha-monina satria izy dia miendrika zavatra mahafatoky; ka izany no hisokajian'ny Islâmo azy ho anisan'ny toetra ara-pitondrantena tena ratsy eo amin'ny fiainan'ny olombelona.

**<u>Fanontaniana</u>:**

1-Farito ny atao hoe lainga.

2-Toetra manokana manao ahoana no tena betsaka hananan'ny lainga ?

3-Ahoana no fiheveran'ny lalàna mikasika ireo mpandainga?

4-Ahoana ny filazan'ireo teny masina (ahadith) mikasika ny lainga?

5-Amin'ny fomba ahoana avy ny lainga no  azo atao?

6-Moa ve azo atao ny mandainga ao amin'ny sangisangy? Porofoy amin'ny alalan'ny tenin'ny Mpaminany masina izany.

7-Inona no atao hoe "hevitra miafina"?Manomeza ohatra amin'izany.

***************

## LESONA FAHA-30

## FAMARANANA NY LESONA

Tao anatin'ireo lesona miisa sivy amby raoapolo ireo isika dia nianatra fa ny Islâmo dia mikendry ny mba hahasambatra ny olombelona amin'ny alalan'ny fahatratrarana ny ambaratongan'ny fahalavorariana; ary mba hahatanteraka izany tanjona izany dia nofaritana ho azy ireo ny fahalalam-pomba sy fitondran-tena handrindrana ny fifandraisana ara-piaraha-monina.

Fantantsika fa ny olombelona ankoatra ireo olo-masina (Ma'assoumine) ireo dia mahatsapa ny fahabangana hatrany ampiterahana ka izany no hitadiavany olon-kafa ankoatra azy mba hanampy azy hizotra amin'ny làlan'ny fahalavorariana, fa ny olona samirery dia tsy afaka ny hahafeno ireo fepetra ilain'ny tenany eo amin'ny fiainana ara-batana na ara-panahy mba hahatongavany amin'ny fahalavorariana kendrena, fa tsy maintsy mitaky fifanakalozan-kevitra sy tari-dàlana sy fanampiana ara-pitaovana aryfahalalana. Betsaka tokoa mantsy ireo filàn'ny olombelona, anisan'izany ireo filàna ara-batana sy ireo filàna ara-pitiavana, ka tsy ho vitan'ny olombelona samirery ny manangona an'ireo filàny tsy tambo isaina ireo.

Isika silamo dia firenena ao anatin’ireo firenena maro izay manam-pahavalo miezaka manakana antsika amin’ny làlan’ny fandrosona sy fivoarana ary fahalavorariana, araka izanydia antery amin’ny silamo rehetra ny miray hina sy manambatra ny hery amin’ny fanoherana izany fahavalo izany.

Niteny ny Mpaminanintsika Mohammad(saw) :«**Ireo silamo dia mifanolo-tanana amin’izay mitovy fikasana amin’izy ireo** »

Ary mazava ho azy fa ireo tànana maro rehefa mitambatra ho tànana tokana dia mampitombo ny tanjany fa raha misaratsaraka kosa dia mampihena ny heriny . Izany no antony nahatonga an’i Allâh Avo Indrindra nanakana an’ireo mpino silamo amin’ny fitsitokotokoana sy fisaratsarahana araka izao teniny izao: وَأَطِيعُواْ اللّهَ وَرَسُولَهُ وَلاَ تَنَازَعُواْ فَتَفْشَلُواْ وَتَذْهَبَ رِيحُكُمْ وَاصْبِرُواْ إِنَّ اللّهَ مَعَ الصَّابِرِينَ«**Ary aoka ianareo hankatoa an’i Allâh sy ny Irany; ary aza mifanditra ianareo, raha tsy izany ianareo dia hitolefika ary ho very ny herinareo. Ary manàna faharetana ianareo, satria i Allâh dia miaraka amin’ireo manam-paharetana**» (Kor’âny 8:46)

Izany no nahatonga ireo mpanjakazaka manao fampisaraham-bazana sy fizarazarana eo amin’ireo taranak’olombelona tokana mba hahafahany mifehy azy ireo; hoy indrindra Ilay Avo Indrindra mikasika an’i Firaona:

إِنَّ فِرْعَوْنَ عَلَا فِي الْأَرْضِ وَجَعَلَ أَهْلَهَا شِيَعاً يَسْتَضْعِفُ طَائِفَةً مِّنْهُمْ
«**Mpanambony tena i Faraona tety an-tany ; nozarazarainy ho foko ireo mponina tao aminy mba hanararaotiny ny fahalemen’ny anankiray amin’izy ireo**» (Kor’âny 28:4)

Fa raha ny fiaraha-monina iray no lasa mitsitokotoko maro sy misaratsara-kevitra dia manjary malemy ny heriny ka mora ny manjanaka azy ireo.

Noho izany dia nampitandreman'ny Kor'âny ny amin'ny fitsitokotokoana ary nampifandraisany amin'ny asan'ny Satana, hoy Allâh Be Voninahitra sy Avo Indrindra hoe: إِنَّمَا يُرِيدُ الشَّيْطَانُ أَن يُوقِعَ بَيْنَكُمُ الْعَدَاوَةَ وَالْبَغْضَاء«**Ny Devoly dia tsy mitady afa-tsy ny hahatonga anareo ho mpifahavalo sy hifankahala**» (Kor'âny 5:91)

Fa ny fikambanana sy fivondronana ary firaisankina, izany rehetra izany dia manome ny hery, hoy ny Imâmo Ali(as) :« **tsy hikambana amin'ny raharahany mihitsy ny vahoaka raha tsy hihamafy ny raharahan'izy ireo ary hihatanjaka ny fifandraisan'izy ireo** »

Izany no nahitantsika an'nyImâmo miantso amin'ny fandinihana ny tantaran'ireo vahoaka fahagola sy amin'ny fakana lesona amin'ny zava-niseho tamin'ny fiainan'izy ireo, hoy Izy(as) ao amin'ny toriteniny fantatra amin'ny anarana hoe "Al-Qâsi'at" :«**Mitandrema ianareo amin'izay zava-niseho tamin'ireo vahoaka talohanareo mikasika ireo sazy nohon'ireo fihetsika ratsy sy asa maloto. Tsarovinareo ny hatsarana sy ny haratsiana nitranga tamin'izy ireo, ary mitandrema mba tsy ho tahaka azy ireo ianareo. Fa raha ianareo no mba mamakafaka ny antony nahatonga ny fiadanana sy fahasahiranan'izy ireo dia aoka ianareo hanaraka izay antony rehetranahazoan'izy ireo fandresena teo amin'ny fiainan'izy ireo sy antony nahatonga ireo fahavalo nanalavitra azy ireo sy ny nampaharitra ny fahasalamana teo amin'izy ireo sy ny**

**nahatarika ny fahasoavana nirotsaka tamin'izy ireo ary ny antony nahatongavan'ny voninahitra tamin'izy ireo dia nohon'ny antony fanalaviran'izy ireo ny fitsitokotokoana sy ny fanajana ny fifankatiavana, sy mifampirisika ary mifananatra amin'izany, fa halavironareo ny antony rehetra izay manapaka ny hazon-damosin'izy ireo sy mampahalemy ny tanjak'izy ireo; avy min'ny fifankahalan'ireo fo, sy fifanoheran-tsaina, sy fifambohoan'ny vatana, ary fahalemen'ny fifanampiana; saintsaino koa ny fiaim-piainan'ireo mpino teo alohanareo, nanao ahoana izy ireo tamin'ny fotoan'ny fitsapana sy ny fahoriana nahazo azy ireo, moa ve tsy izy ireo no olona tena novesaran'ny fahantrana tamin'ireo zava-boahary, sy mpanompo tena niharam-pahoriana, sy tena sahirana mafy amin'ny mponina eto an-tany; nataon'ireo Firaona ho andevo izy ireo ary nampahoriany tamin'ny fampijaliana sy nampitelemany ny mangidy, nefa tsy nampihontsina azy ireo izany faniratsirana mihatra aman'aina sy tery vay manta izany. Fa izy ireo dia tsy nahita fomba hisakanana an'izany sy làlana mba hiarovan-tena, nony farany dia hitan'i Allâh(Dera anie ho azy) ny fiaretana mafy tamin'ny fampijaliana nianjady tamin'izy ireo nohon'ny fitiavana Azy, sy ny fizakana ireo haratsiana nohon'ny fahatahorana Azy dia nomeny azy ireo ny fanavotana tamin'ny loza, ka ilay fahafaham-baraka iny dia navadiny ho voninahitra, ilay fahatahorana ho fandriam-pahalemena, ary lasa mpanjaka sy mpitondra sy mpitarika ny firenena izy ireo, tanteraka tamin'izy ireo ny fanomezam-boninahitra avy amin'i Allâh ho azy ireo izay tsy mba nantenaina ho tanteraka amin'izy ireo akory.**

**Fa mba jereonareo nanao ahoana izy ireo rehefa nikambana ny vahoaka, ny saina nifankatia, ny fo nifandefitra, ny tànana nifanampy, ny sabatra nifamonjy, ny ampinga nifampiaro, ny fikasana niraisana, moa ve tsy lasa ho andrian'ny vazan-tany rehetra izy ireo, sy mpanjakan'ireo andevon'izao tontolo izao. Nefa mba jereonareo koa nanao ahoana izy ireo tamin'ny fiafaran'ny fiainan'izy ireo, rehefa tafalatsaka tao anatin'ny fitsitokotokoana , sy nivakivakim-pitiavana, sy tsy nifanara-kevitra aman-tsaina, sy nizarazara ho foko samihafa ary nisaratsaraka ho antoko isankarazany, fa dia nesorin'i Allâh tamin'izy ireo ny lambam-boninahitra, sy nongotany tamin'izy ireo ny fanomezam-pahasoavana, ary ny tantaran'izy ireo no sisa tavela eo aminareo mba ho lesona ho an'ireo olona mendrika** ».

Amin'ny alalan'ity fanambarana mampieritreritra ity no ahafantarantsika mazava tsara fa ny fikambanana ho iray sy ny fiaraisankina ary ny fivondronana no antony ahazoan'ny vahoaka ny fandrosoana sy fahasambarana fa ny fitsitokotokoana sy ny fizarazarana ary ny fisaratsarahana dia antony lehibe mahatonga ny fahambaniana sy fahalemena ary faharesena.

Malaza fa ny vahoakan'ny Islâmo tamin'ny andron'ny Mpaminany(saw) dia voadera amin'ny fananana ny fitondrantena tsara sy fanajana izany amin'ny alalan'ny fahalalam-pomban'ny Islâmo; fa ireo mpino silamo tamin'izany fotoana izany dia nifandefitra teo amin'izy samy izy ireo fa kosa nifampihenjana teo amin'ireo jentilisa. Ay ny fiaraha-monina tao Madinat-oul-Mounawwarat dia nahazo

anjara lehibe tamin'ny fandrosoana ara-piaraha-monina sy ny fahalavorarian'ny olombelona; ka izany no nahatonga ny firenena islamika ho modelin'ireo firenena hafa, hoy indrindra i Allâh Avo Indrindra :

وَكَذَلِكَ جَعَلْنَاكُمْ أُمَّةً وَسَطاً لِّتَكُونُواْ شُهَدَاء عَلَى النَّاسِ وَيَكُونَ الرَّسُولُ عَلَيْكُمْ شَهِيداً
«**Toy izany ihany koa ny nanaovanay anareo vahoaka marina mba hijoroanareo vavolombelona eo anatrehan'ny olona, ary ny mba hijoroan'ny Irak'Andriamanitra vavolombelona ho anareo**» (Kor'âny 2 :143), hoy koa Ilay Mendri-piderana sy Avo Indrindra : كُنتُمْ خَيْرَ أُمَّةٍ أُخْرِجَتْ لِلنَّاسِ تَأْمُرُونَ بِالْمَعْرُوفِ وَتَنْهَوْنَ عَنِ الْمُنكَرِ«**Ianareo no nanjary ho vahoaka mendrika indrindra notsongaina avy tamin'olombelona rehetra. Ianareo no mamporisika amin'ny fanaovan-tsoa sy mandrara amin'ny fanaovan-dratsy**» (Kor'âny 3:110)

Amin'ny alalan'ireo fahalalam-pomba mendrika sy toetra mihaja ary fitondrantena maha te hidera no hahatonga ny isam-batan'olona sy ireo fiaraha-monina ary ny firenena ho modely sy fakan-tahaka, fa hoy ny teny masina milza izany:«**Aoka ianareo ho mpiantso ny olona tsy amin'ny alalan'ny lelanareo**»

Fa ny teny dia tsy misy lanjany loatra no sady tsy misy vokany raha tsy ampiarahina amin'ny asa; fa raha tiantsika ny fanevan'ny Islâmo hiakatra ambony sy ny hafatr'i Allâh mba hiely patrana manerana ny tontolo dia adidintsika ny mankamamy ny fahalalam-pomban'ny Islâmo sy manana toetra mifanaraka amin'ny toetran'ny Islâmo izay avy amin'Andriamanitra Avo fa amin'izay fotoana izay isika dia

ho lasa fakan-tahak'ireo firenena sy modelin'ireo vahoaka…….

Ny adidintsika dia ny maka tahaka ireo fahalalam-pomban'ny Islâmo mba hahatonga antsika ho firenena matanjaka handosiran'ireo fahavalo. Allâh Avo Indrindra dia nandidy antsika mba hifanome tànana ao anatin'ny fikambanana fa nandrara antsika Izy (Ilay Avo Indrindra) amin'ny fisaratsarahana sy fifandirana.

Avy amin'izany no ahafantarantsika fa ny tanjona fototra amin'ny fahalalam-pomba aman-dalàna islamika dia izao manaraka izao :

1-Voninahitry ny firenena islamika sy fiarovana ny hajany amin'ny alalan'ny fampiharana ny firahalahiana sy firaisankina eo amin'ny samy silamo.

2-Fiezahana miantso ny firenena samihafa mba hanaraka ny finoana Islâmo amin'ny alalan'ny fanomezana ohatra sy modely mivaingana.

3-Firaisankina sy fifampiahiana mba hirosoan'ireo silamo amin'ny fahalavorariana sy fivoaram-piaraha-monina islamika, fandrosoany mba hahatongavana any amin'ny fahasambarany.

Izany anefa dia tsy tanteraka raha tsy amin'ny alalan'ny fampiharana ny fifankatiavana sy firahalahiana ary ny fanajana ny fahalavorariana sy fifampiankinan'ny tsirairay ao anatin'ny fiaraha-monina islamika.

*************

# Fizahan-takelaka

LESONA VOALOHANY ............................................................2

NY ISLAMO FINOANA ARA-PIARAHA-MONINA ........................2

Ny salât ataon'ny olona maro miaraka (jama'ât).....................8

Ny salât-joum'at fanao amin'ny andro Zoma :.......................10

Ny famporisihana amin'ny fanaovan-tsoa sy ny fanakanana amin'ny fanaovan-dratsy : .............................................11

Ny ampahadimin-karena(khoums) sy ny hetra masina(zakat) : ..........................................................................................12

LESONA FAHAROA..............................................................16

NY FIRAHALAHIANA ISLAMIKA ...........................................16

LESONA FAHATELO.............................................................26

IREO ZON'NY RAY AMAN-DRENY ........................................26

1-Ny fanaovan-tsoa amin'ny Ray aman-dReny ......................27

2-Fanalavirana ny fanaovan-dratsy ......................................30

3-Ny fahalemem-panahy sy famindram-po ...........................34

LESONA FAHA-04...............................................................37

FANOHIZANA NY ROHIM-PIHAVANANA...............................37

Fanapaham-pifandraisana amin'ireo havana........................42

LESONA FAHA-05...............................................................46

ZON'IREO MPIFANOLOBODIRINDRINA .................................46

Fampijaliana ny mpifanolobodirindrina ................................50
LESONA FAHA-06 ...............................................................56
FAHALALAM-POMBA AMIN'NY FIFANERASERANA ...............56
Hatsaran-toetra .................................................................57
Ny vokatsoa ateraky ny hatsaran-toetra ...............................62
LESONA FAHA-07 ...............................................................66
NY FANETREN-TENA ..........................................................66
Famantarana ny fanetren-tena ............................................70
Vokatry ny fanetren-tena ....................................................70
LESONA FAHA-08 ...............................................................75
FANAJANA NY FAMPANANTENANA .....................................75
Ny mahazava-dehibe ny fanajana ny fampanantenana.........78
LESONA FAHA-09 ...............................................................84
NY HALEMEM-PANAHY-(1) ..................................................84
Inona àry no vahaolana azo atolotra? ..................................86
Fampianarana voalohany: Ny hatezerana .............................86
Indreto atolotra anao .........................................................88
LESONA FAHA-10 ...............................................................94
NY HALEMEM-PANAHY-(2) ..................................................94
Fampianarana faharoa:Ny halemem-panahy ........................94
Fampianarana fahatelo: Ohatra vitsivitsy amin'ny fahalemam-panahy sy ny fitazoman-katezerana .....................................99

LESONA FAHA-11 ..........................................................105
NY FAMELAN-KELOKA SY NY FANDEFERANA ......................105
Ny mahasamy hafa ny famelan-keloka sy ny fandeferana...108
Famelan-keloka eo anatrehan'ny fahafahana.....................110
Toeran'ny famelan-keloka................................................112
LESONA FAHA-12 ..........................................................115
NY RARINY ....................................................................115
Fanamarihana ny ara-pitsipi-pitondrantena .......................120
LESONA FAHA-13 ..........................................................123
NY FITSIKITSIKIANA SY NY SANGISANGY ............................123
Tombontsoa sy vokatsoan'ny fitsikiana ..............................124
Ny sangisangy .................................................................126
Vondrona voalohany .........................................................126
Vondrona faharoa .............................................................127
Vondrona fahatelo ............................................................129
LESONA FAHA-14 ..........................................................133
NY FANKAHEREZANA SY NY FANATANTERAHANA NY FILANA ..........................................................................133
LESONA FAHA-15 ..........................................................141
FANOMEZAM-PIFALIANA SY FAMPIHAVANANA EO AMIN'IREO MPINO ...................................................................141
Fampihavanana ireo mpino...............................................144
LESONA FAHA-16 ..........................................................151

FIAHIANA NY KAMBOTY SY FIKARAKARANA NY MAHANTRA ..........151
LESONA FAHA-17 ..........161
FAMANGIANA NY MARARY ..........161
1-Famangiana ..........161
2-Fampirisihana amin'ny famangiana ..........163
3-Fahalalam-pomba amin'ny famangiana ..........164
LESONA FAHA-18 ..........169
FIOMBONAN-KAFALIANA SY ALAHELO ..........169
1-Fanekem-panasana ..........169
2-Fanatrehana ny fampiononana sy fivoriam-pisaonana ..........172
LESONA FAHA-19 ..........178
NY FIVAHINIANANA SY NY FITSIDIHANA ..........178
Ny fivahiniana ..........181
Fahalalam-pomba amin'ny fivahiniana ..........182
LESONA FAHA-20 ..........188
NY FIARAHABANA SY NY FIRARIAN-TSOA ..........188
Fahalalam-pomba amin'ny fiarahabana sy firarian-tsoa ..........193
Ny fifandraisan-tanana sy fifamihinana ..........196
LESONA FAHA-21 ..........199
FIAROVANA IREO ZAVA-MASINA ..........199
1-Ny hasin'ny isam-batan'olona ..........199

2-Fanafenana ireo kilema ..................................................202
3-Fanatanteraham-pahatokisana .......................................204
LESONA FAHA-22 ..............................................................208
NY NAMANA AMAN-TSAKAIZA (1) .....................................208
LESONA FAHA-23 ..............................................................215
NY NAMANA AMAN-TSAKAIZA (2) .....................................215
LESONA FAHA-24 ..............................................................225
NY FIFOSANA (1) ...............................................................225
Fampianarana voalohany: Famaritana ny atao hoe fifosana ..........................................................................226
Fampianarana faharoa: Fandraràna ny fifosana ..................227
LESONA FAHA-25 ..............................................................234
NY FIFOSANA (2) ...............................................................234
Fampianarana fahatelo: Ny mahatonga ny fifosana ............234
Fampianarana fahaefatra: Ny fomba azo atao amin'ny fifosana ...............................................................................238
Fampianarana fahadimy: Ny fihainoana ny fifosana ............241
LESONA FAHA-26 ..............................................................244
NY HOSO-DRATSY SY AHIAHY RATSY ..................................244
Ireo fiantraikan'ny ahiahy ratsy ...........................................248
LESONA FAHA-27 ..............................................................253
NY TATI-DRESAKA SY ESOESO ............................................253
Fiarahana amin'ny mpitati-dresaka ....................................255

Ny fanesoesoana sy famazivaziana ......................................258
LESONA FAHA-28...............................................................262
NY FIALONANA ..................................................................262
Famaritana ny fialonana.....................................................263
Ny fialonana araka ny voalaza ao amin’ny Kor’âny masina .264
Ny fialonana sy ny mpialona ao amin’ireo lovantsofina islamika..........................................................................265
Ny mahatonga ny fialonana ................................................269
LESONA FAHA-29...............................................................272
NY LAINGA .........................................................................272
Famaritana ny atao hoe lainga ...........................................273
Ny lainga araka ny voalazan’ny Kor’âny masina..................274
Ny lainga araka ny voalazan’ireo teny masina(ahadith) islamika..........................................................................275
Ny fahamarinana araka ny voalazan’ny Kor’âny masina sy ny teny masina ......................................................................278
Ny lainga azo atao ..............................................................279
Ny lainga ao amin’ny sangisangy........................................280
Ny hevitra miafina ..............................................................281
LESONA FAHA-30...............................................................283
FAMARANANA NY LESONA ................................................283